NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • MEY 2016

# Liahona



## Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

Tempoly efatra vaovao no nambara

Fiantsoana Fitopololahy vaovao sy Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany vaovao



© MICHAEL T. MALM, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY ILLUME GALLERY OF FINE ART, TSY AZO ADIKA

Dia niloa-bava Izy ka nampianatra azy, *nataon'i Michael Malm*

*Rehefa nandao ireo vahoaka i Jesoa dia niakatra teo amin'ny tendrombohitra iray niaraka tamin'ny mpianany. "Dia niloa-bava Izy ka nampianatra azy hoe: "Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan'ny lanitra" (Matio 5:2–3). Io no voalohany amin'ny andinin-tsoratra masina sivy izay fantatra amin'ny hoe ny Fahasambarana. Nanjary fantatra tamin'ny hoe ilay Toriteny teo An-tendrombohitra io zava-nitranga io, izay hita ao amin'ny Matio toko 5–7.*

# Votoatin'ny Mey 2016

Boky 16 • Laharana faha-2


## Fivoriamben'ny Vehivavy maneran-tany

6 **Angatahiny mba isika no ho tanany**
*Cheryl A. Esplin*

10 **Inona no hatao[ntsika]?**
*Neill F. Marriott*

13 **"Mpivahiny aho"**
*Linda K. Burton*

16 **Matokia an'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara**
*Filoha Henry B. Eyring*

## Fivoriana sabotsy maraina

19 **Na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo**
*Filoha Henry B. Eyring*

23 **Fanomezana iray manome fitarihana ho an'ny zanaka**
*Mary R. Durham*

26 **Zanaky ny Ray aho**
*Loholona Donald L. Hallstrom*

29 **Aiza ny fanalahidy sy fahefan'ny Fisoronana?**
*Loholona Gary E. Stevenson*

33 **Ilay diloilo manasitran'ny famelan-keloka**
*Loholona Kevin R. Duncan*

36 **Aoka ianao hanetry tena**
*Loholona Steven E. Snow*

39 **"Mba hahazoako misintona ny olon-drehetra atỳ Amiko"**
*Loholona Dale G. Renlund*

## Fivoriana sabotsy tolakandro

43 **Fanohanana ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

45 **Tatitry avy amin'ny departemantan'ny Fiangonana misahana ny fanamarinam-bola, taona 2015**
*Kevin R. Jergensen*

45 **Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2015**
*Brook P. Hales*

46 **Mijoro miaraka amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana**
*Loholona Ronald A. Rasband*

49 **"Na zovy na zovy no mandray azy ireo, dia mandray Ahy"**
*Loholona Neil L. Andersen*

53 **Hamonjy ny hafa: vitantsika izany**
*Loholona Mervyn B. Arnold*

56 **Ilay toerana masin'ny famerenana amin'ny laoniny**
*Loholona Jairo Mazzagardi*

59 **Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo**
*Loholona David A. Bednar*

63 **Ireo filankevitry ny mpianakavy**
*Loholona M. Russell Ballard*

## Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany

66 **Ny saran'ny fananana herin'ny fisoronana**
*Loholona Russell M. Nelson*

70 **Izay mpitarika lehibe indrindra no mpanara-dia lehibe indrindra**
*Stephen W. Owen*

77 **Ho fiderana ireo izay manavotra**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

81 **Fianakaviana Mandrakizay**
*Filoha Henry B. Eyring*

85 **Andraikitra Masina**
*Filoha Thomas S. Monson*

## Fivoriana alahady maraina

86 **Ireo safidy**
*Filoha Thomas S. Monson*

87 **Mino ve aho?**
*Bonnie L. Oscarson*

90 **Lamina hahazoana fiadanana**
*Eveka W. Christopher Waddell*

93 **Ny ray**
*Loholona D. Todd Christofferson*

97 **Alaivo sary an-tsaina ny tenanao hoe any amin'ny tempoly**
*Loholona Quentin L. Cook*

101 **Ataony eo an-tsorony ianao dia entiny mody**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

## Fivoriana alahady tolakandro

105 **Ny Fanahy Masina**
*Loholona Robert D. Hales*

108 **Tsarovy mandrakariva Izy**
*Loholona Gerrit W. Gong*

111 **Fialofana amin'ny tafio-drivotra**
*Loholona Patrick Kearon*

114 **Fifanoherana amin'ny zava-drehetra**
*Loholona Dallin H. Oaks*

118 **Ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra**
*Loholona Kent F. Richards*

121 **Ary tsy hisy fahafatesana intsony**
*Loholona Paul V. Johnson*

124 **Rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo ny Tompo**
*Loholona Jeffrey R. Holland*

72 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

128 **Niteny tamintsika izy ireo: Manome anjara toerana ny fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika**

130 **Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe**

131 **Vaovaom-piangonana**




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-186

**Sabotsy hariva, 26 martsa 2016, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Rosemary M. Wixom.
Vavaka fanokafana: Morgan Munford.
Vavaka famaranana: Sokhanny Parco.
Hira nataon'ny amboarampeo mitambatry ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny Fikambanana Ifanampiana avy amin'ireo tsatòka ao Salt Lake City, Utah; Lillian Severinsen, mpitarika ny hira; Linda Margetts, mpitendry ôrga; Kerstin Tenney, mpitendry lokanga; Elizabeth Marsh, mpitendry lokangabe: "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223; hira natambatra, narindran'i Mohlman, tsy navoaka: "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 113, sy "Aimez nos frères," *Cantiques,* no. 200; "Tsara ny asa," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 25; "Viens et suis moi," *Cantiques*, no. 61, narindran'i Mohlman, tsy navoaka; "Ah, donne moi, Père," *Cantiques,* no. 70, narindran'i Goates, tsy navoaka.

**Sabotsy maraina, 2 aprily 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Linda K. Burton.
Vavaka famaranana: Loholona Arnulfo Valenzuela. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "How Wondrous and Great," *Hymns,* no. 267; "Ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 7; "Je ressens son amour," *Chants pour les enfants,* 74, narindran'i Cardon, navoakan'i Jackman; "Instant de paix, moment si doux," *Cantiques,* no. 79; "Seigneur, tu me prépareras," *Cantiques,* no. 58, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "Come, Thou Fount of Every Blessing," *Hymns* (1948, no. 70, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford.

**Fomba ahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana amin'ny fiteny maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny **conference. lds.org** ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny Application Gospel Library ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana.

**Sabotsy tolakandro, 2 aprily 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Hugo E. Martinez. Vavaka famaranana: Loholona Tad R. Callister. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatra avy ao amin'ny Brigham Young University–Idaho; Eda Ashby sy Rebecca Lord, mpitarika ny hira; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Sing Praise to Him," *Hymns,* no. 70, narindran'i Kempton, tsy navoaka.; "Israël, ton Dieu t'appelle," *Cantiques,* no. 6, narindran'i Ashby, tsy navoaka.; "Mifalia," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 64; "Ny lalanao no lalako," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 92, narindran'i Kempton, tsy navoaka.

**Sabotsy tolakandro, 2 aprily 2016, Fivoriamben'ny Fisoronana**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona Stanley G. Ellis. Vavaka famaranana: Loholona Craig A. Cardon. Hira nataon'ny amboarampeon'ny fisoronana avy ao amin'ny Institiota fianarana ny filazantsara ao Logan, Utah; Allen M. Matthews sy Eric Stauffer, mpitarika ny hira; Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "In Hymns of Praise," *Hymns,* no. 75, narindran'i Christiansen; Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 44, narindran'i Zabriskie, navoakan'ny LDS Music Source; "O viens Toi Roi des rois," *Cantiques,* no. 29; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 9, narindran'i Wilberg, navoakan'ny Hinshaw.

**Fivoriana alahady maraina, 3 aprily 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Anthony D. Perkins. Vavaka famaranana : Carol F. McConkie. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny hira; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns,* no. 41; "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques,* no. 1, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Je suivrai le plan de Dieu," *Chants pour les enfants,* 164, narindran'i Hofheins/Christiansen, tsy navoaka; "Tu éclaires le chemin," *Cantiques,* no. 145, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques,* no. 34; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ!" *Cantiques,* no. 40, narindran'i Wilberg; "Rocher du salut suprême," *Hymns,* no. 168, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**Alahady tolakandro, 3 aprily 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona C. Scott Grow.
Vavaka famaranana: Loholona Shayne M. Bowen. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Louange à Dieu," *Cantiques,* no. 37, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "For I Am Called by Thy Name," Gates, navoakan'i Sonos; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques,* no. 39; "Du grand millenium" *Cantiques,* no. 26; narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Que nos voix s'unissent," *Cantiques,* no. 87, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**Hafatra ho an'ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano**
Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangianao.

**Eo amin'ny fonony**
Eo anoloana: Sary nalain'i Cody Bell.
Ao ambadika: Sary nalain'i Ale Borges.

**Sary nandritra ny Fihaonambe**
Ireo sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao Salt Lake City dia nalain'i Welden C. Andersen, Cody Bell, Janae Bingham, Ale Borges, Randy Collier, Mark Davis, Craig Dimond, Nate Edwards, Ashlee Larsen, Leslie Nilsson, Matt Reier, ary Christina Smith; sarin'i Yvette Bugingo, avy amin'i Yvette Bugingo; sarin"i Joseph Ssengooba sy i Joshua Walusimbi, avy amin'i Joseph Ssengooba; sarin'i Joseph Ssengooba sy i Leif Erickson, avy amin'i Leif Erickson, sarin'ny ankizy sy ny fivoriampiangonana tany Congo, avy amin'i Neil L. Andersen sy ny Vondrom-paritra Afrika Atsimo atsinanana; sarin'ny zazavavy eo am-baravarankely, nalain'i Kirt Harmon; sarin'i Fernando Araujo miaraka amin'ny zatovolahy sy ny fianakaviana Araujo, avy amin'i Fernando Araujo; sarin'i Russell M. Nelson sy Rahavavy Nelson, ary ny fianakaviana Jimmy Hatfield, avy amin'i Russell M. Nelson; iStock; sarin'ny dinaozôro sy ankizy, iStock.



**MEY 2016 BOKY. 16 LAH. 2**
**LIAHONA 13285 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** James B. Martino, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Randall K. Bennett, Craig A. Cardon, Cheryl A. Esplin, Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Larry R. Lawrence, Carole M. Stephens

**Tale mpitantana:** Peter F. Evans
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Megan VerHoef Seitz
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jill Hacking, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, L. Jane Clayson, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty, Derek Richardson
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Latviana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2016 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
May 2016 Vol. 16 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Andersen, Neil L., 49
Arnold, Mervyn B., 53
Ballard, M. Russell, 63
Bednar, David A., 59
Burton, Linda K., 13
Christofferson, D. Todd, 93
Cook, Quentin L., 97
Duncan, Kevin R., 33
Durham, Mary R., 23
Esplin, Cheryl A., 6
Eyring, Henry B., 16, 19, 81
Gong, Gerrit W., 108
Hales, Brook P., 45
Hales, Robert D., 105
Hallstrom, Donald L., 26
Holland, Jeffrey R., 124
Jergensen, Kevin R., 45
Johnson, Paul V., 121
Kearon, Patrick, 111
Marriott, Neill F., 10
Mazzagardi, Jairo, 56
Monson, Thomas S., 85, 86
Nelson, Russell M., 66
Oaks, Dallin H., 114
Oscarson, Bonnie L., 87
Owen, Stephen W., 70
Rasband, Ronald A., 46
Renlund, Dale G., 39
Richards, Kent F., 118
Snow, Steven E., 36
Stevenson, Gary E., 29
Uchtdorf, Dieter F., 77, 101
Waddell, W. Christopher, 90

## Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra

Ankizy, 23, 36, 49, 79, 81
Asa atao any amin'ny tempoly, 29, 66, 97
Asa fampahavitrihana, 53
Asa fanompoana, 6, 13, 16, 66, 70, 111, 118
Asa fitoriana, 29, 81
Batisa, 23, 59
Bokin'i Môrmôna, 56
Drafitry ny famonjena, 81, 114, 121
Fahafahana misafidy, 86, 105, 114
Fahafatesana, 121
Fahalavoana, 114
Fahamendrehana, 85
Faharetana, 124
Fahasambarana, 77
Fahasoavana, 33
Fahoriana, 26, 36, 77, 90, 121, 124
Famelan-keloka, 33, 108
Famerenana amin'ny laoniny, 56, 105
Fanahy Masina, 16, 19, 23, 59, 105
Fanambadiana, 77, 81, 93
Fanantenana, 101, 121, 124
Fanasan'ny Tompo, 39, 59, 108
Fanasitranana, 33
Fandalinana ny soratra masina, 66
Fanekempihavanana, 23, 29, 81, 90, 97, 118
Fanetrentena, 16, 36
Fangorahana, 111
Fanjakan'Andriamanitra, 10, 87
Fankatoavana, 101
Fiadanana, 90, 105
Fianakaviana, 49, 79, 77, 81, 87
Fianarana, 93, 105
Fiantrana, 77, 111
Fibebahana, 86, 90, 97, 108, 124
Fieboeboana, 77
Fifanampiana, 39
Fifanoherana, 26, 114
Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, 19, 124
Fijoroana ho vavolombelona, 19
Fikambanana Ifanampiana, 13
Filankevitra, 79
Finamanana, 53
Finoana, 10, 19, 86, 87, 101
Fiomanana, 85
Fiombonana, 49, 53
Fiovampo, 87
Fisoronana, 29, 66, 70, 81, 85, 87
Fitarihana, 46, 70
Fitiavana, 6, 10, 13, 16, 77, 93, 111, 124
Fitsanganana amin'ny maty, 121
Fitsipi-pifehezana, 93
Hira, 26, 36
Jesoa Kristy, 6, 10, 16, 33, 39, 46, 59, 70, 77, 81, 87, 90, 101, 108, 114, 121, 124
Joseph Smith, 29, 56, 97, 105, 114
Mampianatra, 23, 93
Mpaminany, 36, 46, 87, 90
Mpitarika ao amin'ny Fiangonana, 46
Ny maha-mpanara-dia, 70, 87, 101
Ny maha-ray, 81, 93
Ny maha-ray aman-dreny, 49, 63
Ny maha-reny, 10
Ohatra, 93
Ôrdônansy, 29, 59, 87, 97, 118
Paska, 10, 121
Ray any An-danitra, 33, 101
Sorompanavotana, 33, 39, 59, 81, 90, 108, 114, 124
Tantaram-pianakaviana, 29, 97
Teknôlojia, 63, 97
Tempoly, 81, 86, 87, 90, 97, 118
Toetra araka an' Andriamanitra, 13, 26, 66, 85, 101
Vavaka, 19, 56, 63, 66, 105, 108
Vehivavy, 10, 13
Zatovo, 46, 49





# Zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany faha-186 an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny fivoriana sabotsy marainan'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, volana aprily dia nanomboka tamin'ny fanasana nataon'ny Filoha Henry B. Eyring izay namporisika ny mpihaino mba hivavaka ho an'ireo mpandahateny sy ireo amboarampeo, na mialoha na mandritra ny fotoana hanaovany lahateny sy hihirany. Ary rehefa namarana ny fihaonambe ny alahady tolakandro ny Loholona Jeffrey R. Holland, dia niteny hoe: "raha toa ka mahita ianao ao anatin'ireo andro ho avy . . . ireo singa eo amin'ny fiainanao izay mbola tsy mifanaraka amin'ireo hafatra henonao tamin'ity faran'ny herinandro ity ihany koa, dia aza avela ho kivy ny fanahy ary aza milavo levona. . . . Ny zavatra tena tsara mikasika ny filazantsara dia mahazo fitahiana isika rehefa *miezaka* na dia hoe tsy voatery hahomby foana aza isika" (pejy 125, 126).

Ny antso mba hanao asa nataon'izy ireo dia nampiditra mialoha sy nanamafy ny antso nataon'ny Filoha Thomas S. Monson fa "rehefa mandinika ireo fanapahan-kevitra raisintsika eo amin'ny fiainantsika isan'andro isika . . . raha misafidy an'i Kristy isika dia efa nanao ny safidy tsara" (pejy 86).

Ireo zavatra nisongadina hafa nandritra ny fihaonambe dia ahitana:

- Ny fanambaran'ny Filoha Monson ireo tempoly efatra vaovao: any Bélem, Brésil; Quito, Équateur; Lima, Pérou (tempoly faharoa any); ary Harare, Zimbabwe (jereo ny tantara ao amin'ny pejy 142).
- Ny fanohanana ireo Manampahefana Ambony vaovao miisa 11 (manomboka ao amin'ny pejy 131) ny tantaram-pianan'izy ireo).
- Ny fanohanana ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany vaovao (manomboka ao amin'ny pejy 136) ny tantaram-pianan'izy ireo).
- Ny fanambarana ny ezaka vaovao ho an'ny tsirairay sy ny fianakaviana mba hanolo-tanana eo an-toerana ho fanampiana ireo mpitsoa-ponenana (jereo ny pejy 13, 111 ary 141).
- Ny fifantohana amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy, indrindra fa ny anjara asan'ny lehilahy amin'ny maha-vady, ray ary mpihazona ny fisoronana azy ireo.
- Hevi-baovao ara-potopampianarana avy amin'ireo mpandahateny, toy izao avy tamin'ny Loholona Dale G. Renlund izao: "Rehefa manakaiky an' Andriamanitra isika dia ho tonga amin'ny fiainantsika ilay hery manome fahafahana hanao zavatra avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ary toy ireo mpianatra teny an-dalana nankany Emaosy dia hahita isika fa teo akaikintsika teo foana ny Mpamonjy" (pejy 42).







**Nataon'i Cheryl A. Esplin**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Angatahiny mba isika no ho tanany

*Ny tena asa fanompoana tahaka ny an'i Kristy dia feno fahafoizan-tena sy mifantoka amin'ny hafa.*

"Aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa."[1] Ireo teny ireo, izay nohirain'ity amboarampeo tena miavaka ity, dia nolazain'i Jesoa ora vitsy monja talohan'ilay sorompanavotana lehibe nataony—sorona izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland fa "fanehoam-pitiavana madio lehibe indrindra izay naseho teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao."[2]

Tsy vitan'ny hoe nampianatra antsika hifankatia i Jesoa, fa niaina ny zavatra nampianariny ihany koa Izy. Nandritra ny asa fanompoana nataony, dia "nandehandeha nanao soa"[3] i Jesoa ary "niantso ny olon-drehetra Izy mba hanaraka ny ohatra nomeny."[4] Nampianatra Izy hoe: "Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery izany; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia izy no hamonjy izany."[5]

Ny Filoha Thomas S. Monson, izay nahatakatra sy niaina ny didin'ny fifankatiavana, dia nilaza hoe: "Mino aho fa ny Mpamonjy dia milaza amintsika fa raha tsy manolo-tena hanompo ny hafa isika, dia ho kely ihany ny tanjon'ny fiainantsika. Ireo izay miaina ho an'ny tenany fotsiny ihany dia ho trotraka amin'ny farany sy . . . hahavery ny ainy, kanefa ireo izay manolo-tena hanompo ny hafa dia hivoatra sy hiroborobo—ary hamonjy ny ainy tokoa izy ireo."[6]

Ny tena asa fanompoana tahaka ny an'i Kristy dia feno fahafoizan-tena sy mifantoka amin'ny hafa. Nanazava ny vehivavy iray izay nikarakara ny vadiny kilemaina hoe: "Aza eritreretina ho zioga ny asanao; fa eritrereto ho fahafahana iray hianarana hoe inona marina ny atao hoe fitiavana."[7]

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony tamin'ny fampaherezam-panahy tao BYU, ny Rahavavy Sondra D. Heaston dia nanontany hoe: "Ahoana moa raha tena afaka mahita izay ao am-pon'ny tsirairay isika? Moa ve hifankahazo bebe kokoa isika? Amin'ny fahatsapana izay tsapan'ny hafa sy fahitana izay hitan'ny hafa ary fandrenesana izay ren'ny hafa, moa ve isika hanokana fotoana sy hampiasa izany mba hanompoana ny hafa? Moa ve hanana faharetana kokoa sy hatsaram-panahy kokoa ary fandeferana kokoa isika amin'ny fitondrantsika azy ireo?"

Nizara ny zavatra niainany nandritra ny lasin'ny Zatovovavy iray izay nanaovany asa fanompoana ny Rahavavy Heaston. Hoy izy:

"Ny iray tamin'ireo . . . mpandahateny tamin'ny fampaherezam-panahy natrehinay . . . dia nampianatra anay momba ny hoe 'tokony ho lasa olona manao ahoana isika.' Ny iray tamin'ny zavatra noteneniny . . . dia hoe: 'Mbà olona izay manolo-tanana hamantatra sy hanompo ny hafa—atsaharo ny fijerena fitaratra fa mijere eo am-baravarankely.'

"Mba hampisehoana izany, dia nanasa ny iray tamin'ireo zatovovavy izy ary nangataka azy mba hijoro manatrika azy. Avy eo dia namoaka fitaratra [izy] ary nametraka izany teo anelanelan'izy sy ilay zatovovavy amin'izay izy, [ilay mpandahateny], dia sady nijery ilay fitaratra izy no niezaka nifampiresaka tamin'ilay zatovovavy. Tsy nahagaga fa tsy nahomby ary tsy avy amin'ny fo ny fifampiresahan'izy ireo. Lesona avy amin'ny ohatra azo tsapain-tanana tena mahery vaika izany, izay naneho



*Sarotra ny mifandray amin'ny hafa sy ny manompo ny hafa raha tsy miraharaha afa-tsy ny tenantsika sy ny zavatra ilaintsika ihany isika.*



*Ny fanompoana marina dia mitaky ny hifantohantsika amin'ny zavatra ilain'ny hafa sy ny fihetsehampon'izy ireo.*



fa sarotra ny mifandray sy manompo ny hafa raha toa isika mieritreritra be loatra ny momba antsika sy tsy mahita afa-tsy ny tenantsika sy ny zavatra ilaintsika. Avy eo dia nesoriny ilay fitaratra, ary namoaka sisim-baravarankely [izy], ary nataony teo anelanelan'ny tarehiny sy ny tarehin'ilay zatovovavy izany. . . . Afaka nahita izahay fa ilay zatovovavy no lasa nobanjininy ary ny tena asa fanompoana marina dia mitaky ny hibanjinantsika ny filan'ny hafa sy ny fahatsapan'izy ireo. Indraindray isika dia miahiahy fatratra ny amin'ny momba antsika sy ny fiainantsika feno zavatra atao—rehefa mijery ao amin'ny fitaratra isika kanefa miezaka ny hitady fahafahana manompo—hany ka tsy hitantsika mazava tsara ny eo amin'ny varavarankelin'ny asa fanompoana."[8]

Nampahatsiahy antsika matetika ny Filoha Monson fa isika dia "voahodidin'ireo izay mila ny fifantohantsika, ny famporisihantsika, ny fanohanantsika, ny fampaherezantsika, ny hatsarampanahintsika—na fianakaviana izy ireo, na namana, na olom-pantatra na olon-tsy fantatra." Hoy izy: "Isika no tanan'ny Tompo ety ambonin'ny tany, ary nirahiny hanompo sy hampitraka ireo zanany isika. Miantehitra amintsika tsirairay Izy."[9]

Tamin'ny volana Janoary tamin'ny herintaona, Ny gazetiboky *L'Ami* sy ny *Liahona* dia nanasa ireo ankizy manerana izao tontolo izao mba hanaraka ny torohevitry ny Filoha Monson—mba ho lasa tanan'ny Tompo. Nasaina ireo ankizy mba hanao asa fanompoana—na lehibe na kely. Avy eo dia namporisihana izy ireo hanao sary ny tanany eo amin'ny taratasy, hanety izany, sy hanoratra ny asa fanompoana nataony eo amin'ilay izy, ary handefa izany any amin'ny gazetiboky. Maro aminareo izay mihaino anio hariva no mety ho isan'ireo ankizy an'arivony izay nanao asa fanompoana feno fitiavana sy nandefa izany.[10]



*Ankizy an'arivony no nanaraka ny torohevitry ny Filoha Thomas S. Monson mba ho lasa tanan'ny Tompo amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana.*

Rehefa mianatra ny fomba hitiavana sy hanompoana ny hafa mandritra ny fahatanorany ny ankizy, dia mametraka lamina arahina amin'ny fanaovana asa fanompoana ho an'ny fiainan-koaviny rehetra izy. Matetika ny ankizy dia mampianatra antsika fa ny fanehoampitiavana sy ny fanompoana dia tsy voatery ho lehibe sy mahatalanjona izay vao manan-danja sy manova zavatra.

Nizara ity ohatra manaraka ity ny mpampianatra iray ao amin'ny Kilonga: "Androany," hoy izy, "dia nanamboatra rojon'ny fitiavana ireo ankizy dimy sy enin-taona. Nanao sary teo amin'ny taratasy lavalava ny ankizy tsirairay: misy ny sarin'izy ireo sy ny sarin'i Jesoa ary ny sarin'ny sasany amin'ny fianakaviany na olon-tiany. Nasiana lakaoly ny sisin'ireo taratasy lavalava mba hanome boribory izay natao mifamatotra mba hanome ny rojon'ny fitiavana. Rehefa nanao sary ireo ankizy, dia niresaka momba ny fianakaviany izy ireo.

"Hoy i Heather hoe: 'Tsy tia ahy ny rahavaviko araka ny eritreritro. Miady foana izahay. . . . mankahala ny tenako aza aho. Ratsy ny fiainako.' Ary nohazoniny tamin'ny tanany ny lohany.

"Nieritreritra ny toe-javatra misy eo amin'ny fianakaviany aho dia nahatsapa fa mety tena sarotra tokoa ny fiainany. Kanefa rehefa avy niteny an'izany i Heather, dia namaly i Anna, avy eo amin'ny ilan'ny latabatra hoe: 'Heather a! ataoko ao amin'ny rojoko ianao eo anelanelanay sy i Jesoa, satria tia anao Izy ary tia anao aho.'



"Rehefa niteny an'izay i Anna, dia nandady tao ambany latabatra i Heather namonjy an'i Anna ka namihina azy.

"Taorian'ny fotoam-pianarana, rehefa tonga naka azy ny renibeny, dia hoy i Heather hoe: 'Mba fantatrao ve ry Bebe? Tia ahy i Jesoa.'"

Rehefa manolo-tanana isika hitia sy hanompo na dia amin'ny fomba kely indrindra aza, dia hisy fo miova sy fo mihamalefaka rehefa mahatsapa ny fitiavan'ny Tompo ireo hafa.

Indraindray, anefa, noho ireo olona tsy tambo isaina manodidina antsika izay mila fanampiana sy fanamaivanana ny ziogany, dia mety ho sarotra ny manome ireo zavatra maro ilain'izy ireo maika.

Ry Rahavavy isany, ny sasany aminareo izay mihaino dia mety hahatsapa fa manao izay vitanareo ianareo mba hanomezana izay ilain'ny fianakavianareo. Tsarovy fa rehefa manao ireo asa fanao mahazatra sy mahamonamonaina indraindray, dia "tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."[11]

Ny hafa aminareo dia mety mahatsapa fahabangana izay azo fenoina rehefa mitady fahafahana hanamaivana ny ziogan'ny hafa eo amin'ny manodidina anareo na eo amin'ny mpiara-monina aminareo ianareo.

Azontsika rehetra ampidirina ao amin'ny fiainantsika andavanandro ny asa fanompoana. Miaina ao anaty tontolo feno fifandirana isika. Manao asa fanompoana isika rehefa tsy mitsikera, rehefa mandà tsy hifosafosa, rehefa manatsahatra ny fitsaratsarana, rehefa mitsiky, rehefa misaotra, ary rehefa maharitra sy tsara fanahy.

Ireo karazana asa fanompoana hafa dia mitaky fotoana, drafitra milamina tsara ary angovo fanampiny. Kanefa tsy very maina ny ezaka ataontsika amin'izy ireny. Mety hoe azontsika atao ny manomboka amin'ny fametrahana ireto fanontaniana ireto amin'ny tenantsika:

- Iza amin'ireo olona fantatro no azoko ampiana anio?
- Manao ahoana ny fotoanako ary inona avy ireo loharano ananako?

- Ahoana no ahafahako mampiasa ny talenta sy ny fahaiza-manaoko mba hitahiana ny hafa?
- Inona no azonay sy ny fianakaviako atao?

Nampianatra ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe:

"Tsy maintsy manao . . . izay nataon'ny mpianatry ny Tompo nandritra ny fotoampitantanana rehetra ianao any amin'ny faritra misy anao: miaraka mifanakalo hevitra, mampiasa ireo loharano rehetra misy, mikatsaka fitaomam-panahy avy amin' ny Fanahy Masina, mangataka amin'ny Tompo ny fankatoavany, ary dia mampiakatra ny tanan'akanjonao ary mandeha miasa.

"Mampanantena anareo aho," hoy izy. "Fa raha manaraka izany lamina izany ianareo, dia hahazo fitarihana manokana mikasika ny hoe *iza, inona, rahoviana,* ary *aiza* eo amin'ny fanomezan-javatra amin'ny fomban'ny Tompo."[12]

Isaky ny manontany tena aho hoe hanao ahoana rehefa ho avy indray ny Mpamonjy, dia mieritreritra ny fitsidihany ny Nefita aho tamin'izy nanontany hoe:

"Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento atŷ ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento atŷ izy dia hositraniko, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindram-po. . . .

"... ary nositranin'[ny Mpamonjy] ny tsirairay avy taminy."[13]

Amin'izao dia angatahiny mba isika no ho tanany.

Nianatra aho fa ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny namana no mampisy dikany ny fiainana. Enga anie isika mba hanaraka ny ohatra nomen'ny Mpamonjy sy ny didy nomeny mba hanolo-tanana ny hafa amim-pitiavana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tena marina ny fampanantenana nataon'ny Filoha Henry B. Eyring "fa raha [h]ampiasa ny fanomezampahasoavana [ananantsika] mba hanompoana olon-kafa isika, dia [ho] tsapantsika ny fitiavan'ny Tompo io olona io. [Ho] tsapantsika ihany koa ny fitiavany [antsika]."[14] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Fanamarihana: Ny Rahavavy Esplin dia nisaorana tamin'ny 2 aprily 2016 tamin'ny naha-mpanolotsaina voalohany azy tao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.*





**FANAMARIHANA**

1. Jaona 13:34.
2. Jeffrey R. Holland, "Fahamarinana, fitiavana, famindrampo no tafaraka soa," *Liahona,* mey 2015, 106.
3. Asan'ny Apostoly 10:38.
4. "Ilay Kristy Velona: Ny tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Liahona,* apr. 2000, 2.
5. Lioka 9:24.
6. Thomas S. Monson, "What Have I Done for Someone Today?" *Liahona,* nôv. 2009, 85.
7. Lola B. Walters, "Sunshine in My Soul," *Ensign,* aôg. 1991, 19.
8. Sondra D. Heaston, "Keeping Your Fingers on the PULSE of Service" (fampaherezampanahy tao Brigham Young University, jona 23, 2015), 1, 5, speeches.byu.edu. Ilay nandray fitenenana tamin'ny lasin'ny Zatovovavy izay nizara ireo hevi-baovao ireo dia ny Rahavavy Virginia H. Pearce.
9. Thomas S. Monson, "What Have I Done for Someone Today?" 86.
10. Jereo ny "Give Us a Hand!" *Liahona,* Jan. 2015, 64–65.
11. Môsià 2:17.
12. Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny fomban'ny Tompo," *Liahona,* nôv. 2011, 55.
13. 3 Nefia 17:7, 9.
14. Henry B. Eyring, *To Draw Closer to God* (1997), 88.



**Nataon'i Neill F. Marriott**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

# Inona no hatao[ntsika]?

*Manorina ny fanjakana isika rehefa mikarakara ny hafa. Manorina ny fanjakana koa isika rehefa miteny ny marina sy mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana.*

Fotoana fohy taorian'ny Fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty sy ny Fiakarany tany an-danitra dia nampianatra ny Apôstôly Petera hoe: "Koa aoka ho fantatry ny . . . rehetra marimarina fa iny Jesoa nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana iny dia efa nataon' Andriamanitra ho Tompo sy Kristy." Nanindrona ny tao am-pon'ireo olona nihaino izany ka nanontania-n'izy ireo i Petera sy ny hafa hoe: "Ry rahalahy, inona no hataonay?"[1] Ary dia nankatò ireo fampianaran'i Petera tamim-pifaliana izy ireo taorian'izany.

Alahadin'ny Paska rahampitso ary manantena aho fa ho voatsindrona koa ny ao am-pontsika noho ny fanekena ny Mpamonjy ka hibebaka sy hankatò amim-pifaliana isika.

Haheno torolalana tena tsara izay homen'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, lahy sy vavy, isika ao anatin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity. Noho ny fahafantarako fa hanohina ny fontsika ny tenin'izy ireo, dia anontaniako ianareo hoe: "Ry vehivavy sy rahavavy, inona no hataontsika?"

Nambaran'i Eliza R. Snow tamin'ny naha-Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany azy 150 taona latsaka kely izay hoe: "Nametraka andraikitra lehibe eo amintsika ny Tompo"[2] dia ijoroako ho vavolombelona fa mbola marina ny fanambarany amin'izao fotoana izao.

Ny Fiangonan'ny Tompo dia mila vehivavy tarihin'ny Fanahy izay mampiasa ireo fanomezam-pahasoavany miavaka mba hikarakarana ny hafa sy hitenenana ny marina koa ary hijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny filazantsara. Ireo aingam-panahy entintsika sy ny tsindrimandrintsika dia ampahany tena ilaina ao amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra izay ny tena dikany dia hoe manao ny anjarantsika amin'ny fitondrana famonjena ho an'ny zanak' Andriamanitra.




#### Manorina ny fanjakana amin'ny alalan'ny fikarakarana ny hafa

Manorina ny fanjakana isika rehefa mikarakara ny hafa. Kanefa ny zanak' Andriamanitra voalohany tsy maintsy aorintsika tsara ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia ny tenantsika. Nilaza i Emma Smith hoe: "Iriako ny hanana ny Fanahin' Andriamanitra mba hahafantarako sy hahatakarako ny tenako, ka mba hahafahako mandresy na inona na inona fomban-drazana na toetra voa-janahary izay tsy mitondra ahy amin'ny fisandratana."[3] Tsy maintsy mametraka fototra iorenan'ny finoana ny filazantsaran'ny Mpamonjy isika sy mandroso mankany amin'ny fisandratana, rehefa nahazo hery avy amin'ireo fanekempihavanan'ny tempoly.

Ahoana moa raha tsy misy toerana ho an'ny fomban-drazantsika sasany ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny? Mety hitaky fanohanana ara-pihetsehampo sy fifanohanana tahaka izay niseho tamiko ny famoizana azy ireo.

Tamin'ny fahaterahako dia namboly hazo maniolia tao an-tokotany ny ray aman-dreniko mba hisy voninkazo maniola any amin'ny fanamasinana ny fanambadiako izay hatao any amin'ny fiangonan'ireo razambeko. Saingy tsy nisy ray aman-dreny teo anilako tamin'ny andro nanambadiako ary tsy nisy maniolia. Mpikambana vaovao vao herintaona aho tamin'izany ary nandeha tany Salt Lake City, Utah mba handray ny fanafiana masina sy hofehezina amin'i David fofombadiko.

Nisy fahatsapana ho irery nanenika ahy rehefa nandao an'i Louisianne aho ary nanakaiky an'i Utah. Hipetraka any amin'ny renibe kelin'i David izay nantsoina tamim-pitiavana hoe Nenitoa Carol aho alohan'ny fanambadiana.

Dia iny ary aho vahiny tao Utah, handeha hipetraka any amin'ny tranon'olon-tsy fantatra iray alohan'ny

hamehezana ahy mandrakizay amin'ny fianakaviana iray izay zara raha fantatro. (Soa ihany fa tiako sy natokisako ilay ho vadiko sy ny Tompo!)

Naniry ny hisitri-belona aho rehefa nanakaiky ny varavarana hidirana tao amin'ny tranon'i Nenitoa Carol izaho sy i David. Nivoha ny varavarana—Nijoro teo tahaka ny bitro raiki-tahotra aho—dia tsy niteny i Nenitoa Carol fa nanatona sy namihina ahy. Izy, ilay tsy nanan-janaka, dia nahafantatra—nahafantatra ilay fony tia mikarakara—fa mitady toerana hialofana aho. Tena nampahery sy mamy tokoa izany fotoana izany! Nanjavona ny tahotro ary nisy fahatsapana ho nahazo fialofana tao anatin'ny toerana azo antoka arapanahy iray tonga tao amiko.

Ny fitiavana dia mampisy toerana ho an'ny olona hafa eo amin'ny fiainanao tahaka ny nataon'i Nenitoa Carol tamiko.

Manokana toerana ara-bakiteny ao anatin'ny vatany ny reny mba hikarakarana ny zanany tsy mbola teraka—ary manantena hahazo toerana ao ampony koa eo am-pitaizan'izy ireo azy ireo—kanefa tsy mijanona eo amin'ny fiterahana sy fitaizana zanaka fotsiny ny fikarakarana. Nantsoina mba ho "reny" i Eva talohan'ny nananany zanaka.[4] Ary mino aho fa ny "miteraka" dia midika hoe "manome aina." Eritrereto ireo fomba maro hanomezanareo aina. Mety fanomezana aina ara-pihetsehampo an'ireo izay very fanantenana izany na fanomezana aina ara-panahy an'izay miahiahy. Afaka mamorona toerana manasitrana ny fihetsehampo ho an'ny ianjadian'ny fanavakavahana sy ho an'ny nolavina ary ho an'ny olon-tsy fantatra isika omban'ny fanampian'ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'ireo fomba feno hatsaram-panahy nefa mahery vaika ireo no anorenantsika ny fanjakan' Andriamanitra. Ry rahavavy isany, isika rehetra dia tonga tety an-tany miaraka amin'ireo fanomezampahasoavan'ny fanomezana aina sy fikarakarana ary toetran'ny reny satria izay no drafitr' Andriamanitra.

Mitaky fahafoizan-tena mifono fitiavana ny fanarahana ny drafiny sy ny fahatongavana ho mpanorina ny



fanjakana. Nanoratra ny Loholona Orson F. Whitney hoe: "Ny zavatra rehetra mampijaly antsika sy zakaintsika, indrindra rehefa zakaintsika amimpaharetana izany, . . . dia manadio ny fontsika. . . ary mahatonga antsika ho lasa tsara fanahy sy hanana fiantrana bebe kokoa. . . . Amin'ny alalan'ny . . . asa mafy sy ny fahoriana no hahazoantsika fahalalana . . . izay hahatonga antsika hitovy kokoa amin'ny Raintsika sy Renintsika any An-danitra."[5] Ireo fisedrana manadio ireo dia mitondra antsika mankany amin'i Kristy, izay afaka manasitrana antsika sy manao izay hahatonga antsika ho ilaina ao anatin'ilay asa famonjena.

#### Manorina ny fanjakana amin'ny alalan'ny firesahana sy ny fijoroana ho vavolombelona

Manorina ny fanjakana koa isika rehefa miteny ny marina sy mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana. Ny Tompo no lamina arahintsika amin'ny fanorenana ny fanjakana. Miteny sy mampianatra amin'ny alalan'ny hery sy fahefan' Andriamanitra Izy. Afaka manao izany koa isika ry rahavavy. Amin'ny ankapobeny ny vehivavy dia tia miresaka sy mifampitaona! Rehefa miasa amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana izay nampitaina mba hanánantsika isika, dia mitombo ho fampianarana ny filazantsara sy fitarihana ny firesahana sy ny fifampitaomana.

Nampianatra ny Rahavavy Julie B. Beck, filoha teo aloha an'ny Fikambanana Ifanampiana hoe: "Ny fahafahana hanana fahamendrehana ny hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana sy handray izany ary handray andraikitra eo anatrehan'izany no fahaiza-manao faran'izay manandanja azo tovozina eto amin'ity tany ity. . . . Mitaky ezaka voalanjalanja tsara izany."[6]

Ny fanambarana ho an'ny tena manokana izay avy amin'ny Fanahy Masina dia hanosika antsika lalandava hianatra sy hiteny momba ny fahamarinana mandrakizay—dia ny fahamarinan'ny Mpamonjy. Rehefa manaraka bebe kokoa an'i Kristy isika dia hahatsapa bebe kokoa ny fitiavany sy ny fitarihany. Rehefa mahatsapa bebe kokoa ny fitiavany sy ny fitarihany isika dia haniry bebe kokoa hiteny sy hampianatra tahaka ny nataony na dia amin'ny fotoana misy fanoherana aza.

Taona maro lasa izay, dia nivavaka tamim-pitebitebena mafy aho mba hahazo fanambarana hoentina hiarovana ny maha-reny rehefa naharay antso an-tariby avy amin'olon-tsy fantatra iray.

Nanontany ilay olona niantso hoe: "Ianao ve no Neill Marriott, ilay reny manan-janaka be dia be?"

Namaly tamim-pifaliana aho hoe: "Eny!" sady nanantena ny haheno azy hilaza zavatra toy ny hoe: "Hay! Tsara izany!"

Saingy tsy nilaza izany izy! Tsy hohadinoiko velively ny valinteniny rehefa niteny tamin'ny telefaonina ilay feony hoe: "Tena faran'izay tafintohina aho noho ny fitondranao zanaka eto amin'ity planeta efa hipoka ity!"

"Aaaa!" hoy aho tamim-piakanakanana, "Azoko ny zavatra tsapanao."

Nivazavaza izy hoe: "Tsia—tsy azonao izany e!"

Dia nisento aho nanao hoe: "Eny e! Mety tsy azoko ary izany ilay izy."

Nanomboka niresaka tamim-pahatezerana mikasika ny safidy adaladala nataoko mba ho reny izy. Rehefa nanohy niresaka izy dia nanomboka nivavaka aho mba hahazo fanampiana ary nisy eritreritra malefaka tonga tao an-tsaiko: "Inona no havalin'ny Tompo azy?" Nahazo fahatsapana ho nijoro teo amin'ny fototra mafy orina aho ary nahazo herimpo rehefa nieritreritra an'i Jesoa Kristy.

Henoko ny tenako nilaza hoe: "Faly aho fa renin'ny fianakaviana lehibe anankiray ary mampanantena anao aho fa hanao izay rehetra tratran'ny heriko mba hitaizana ny zanako amin'ny fomba izay hahafahan'izy ireo manao an'ity izao tontolo izao ity ho toerana tsara kokoa."

Novaliany hoe: "Eny ary! Manantena aho fa hanao izany ianao!" dia napetrany ny telefaonina.

Tsy nampivarahontsana ahy loatra izany—raha ny marina, dia tao an-dakoziako aho tsy naninona tsy naninona! Kanefa afaka niteny mba hiarovana ny fianakaviana aho noho ny zavatra anankiroa: (1) Nahatakatra sy nino ny foto-pampianaran' Andriamanitra momba ny fianakaviana aho ary (2) nivavaka mba hahazo teny hijoroana ho vavolombelona momba io fahamarinana io.

Hiteraka fanakianana ny fiavahana sy ny fahasamihafana amin'ireo vehivavin'izao tontolo izao, saingy tsy maintsy mampifikitra ny tenantsika amin'ireo fitsipika mandrakizay isika sy hiteny ny marina na inona na inona valintenin'izao tontolo izao.



Rehefa manontany ny tenantsika isika hoe: "Inona no hatao[ntsika]?" Ndeha hosaintsainintsika ity fanontaniana ity: "Inona no ataon'ny Mpamonjy tsy tapaka?" Mikarakara Izy. Mamorona Izy. Mamporisika ny hisian'ny fivoarana sy ny hatsarana Izy. Ry vehivavy sy rahavavy, afaka manao izany isika! Ry ankizivavy Kilonga, misy olona mila ny fitiavanareo sy ny hatsarampanahinareo ve ao amin'ny fianakavianareo? Manorina ny fanjakana koa ianareo amin'ny fikarakarana ny hafa.

Ny faharian'ny Mpamonjy ny tany teo ambany fitarihan'ny Ray dia asa lehibe iray maneho fikarakarana. Nanome toerana iray ho antsika Izy mba hivoarana sy hananana finoana an'ilay heriny manavotra. Ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany no toerana faran'izay tsara hahazoana fanasitranana sy fanantenana ary fivoarana sy hananana tanjona. Mila manana fahatsapana ara-panahy sy ara-batana hoe manana fialofana isika rehetra. Afaka manolotra io toerana io isika rehetra ry rahavavy ary toerana masina mihitsy aza izany.

Ny andraikitsika ambony indrindra dia ny ho tonga vehivavy mpankatò izay mikarakara amim-pitandremana sy miteny tsy amin-tahotra ary mandrindra amim-pandinihana. Rehefa mangataka amin'ny Ray any An-danitra isika mba hanao izay hahatonga antsika ho mpanorina ny fanjakany, dia hiboiboika ao anatintsika ny heriny ary ho fantatsika ny fomba hikarakarana, ary amin'ny farany dia ho lasa tahaka ireo ray aman-drenintsika any an-danitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Asan'ny Apostoly 2:36–37.
2. Eliza R. Snow, ao amin'ny *Filles dans mon royaumes: L'Histoire et L'Œuvre de la société de secours* (2011), 42.
3. Emma Smith, ao amin'ny *Filles dans mon royaumes,* 12.
4. Jereo ny Genesisy 3:20.
5. Orson F. Whitney, in Spencer W. Kimball, *Faith Precedes the Miracle* (1972), 98.
6. Julie B. Beck, "And upon the Handmaids in Those Days Will I Pour Out My Spirit," *Liahona,* mey 2010, 11.



**Nataon'i Linda K. Burton**
Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

# "Mpivahiny aho"

*Farito ombam-bavaka ny zavatra azonareo atao—araka ny fotoanareo manokana sy ny zavatra iainanareo—mba hanompoana ireo mpitsoa-ponenana mipetraka ao amin'ny tanàna sy fiaraha-monina misy anareo.*

Nanambara i Emma Smith tamin'ny andro nananganana ny Fikambanana Ifanampiana hoe: "Hanao zavatra mahatalanjona isika. . . . Miandrandra fotoana mahatalanjona sy vonona amin'ny fitakiana maika isika."[1] Ireo fitakiana maika sy fotoana mahatalanjona ireo dia niseho matetika tamin'izany—toy ny amin'izao fotoana izao koa.

Nitranga ny iray tamin'izany nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tany amin'ny voalohandohan'ny volana ôktôbra 1856 rehefa nambaran'ny Filoha Brigham Young tamin'ny mpiangona fa nihitsoka tany amin'ny kilaometatra an-jatony maro ireo mpamaky lay nitondra sarety tarihin-tanana. Nanambara izy hoe: "Ny finoanareo sy ny fivavahanareo ary ny fanelezanareo ny fivavahanareo dia tsy hanavotra fanahy iray any amin'ny fanjakana selestialin' Andriamanitra velively raha tsy manatanteraka amin'ny antsakany sy andavany ireo fitsipika tahaka izay ampianariko anareo amin'izao fotoana izao ianareo. Mandehana ary ento aty amin'ny lohasaha ireo vahoaka ireo izao, ary karakarao akaiky ireo zavatra izay antsointsika hoe aranofo, . . . raha tsy izany dia ho tsy misy dikany ny finoanareo."[2]

Tsaroantsika amin'ny fiderana arahim-pankasitrahana ireo lehilahy, vonona hamoy ny ainy, izay nizotra namakivaky ny ranomandry mba hanavotra ireo Olomasina nijaly. Inona kosa no nataon'ireo rahavavy?

"Ny Rahavavy [Lucy Meserve] Smith dia nanoratra . . . fa taorian'ny fiangaviana nataon'ny Filoha Young dia nandray andraikitra ireo izay nanatrika teo. . . . '[Nesorin]'ireo vehivavy ny atin'akanjony [atin'akanjo lehibe ambanin'ny zipo izay anisan'ny lamaody tamin'izany andro izany ary nanome hafanana ihany koa] sy ny bà lava ary izay rehetra azon'izy ireo nomena, tao anatin'ny Tabernakely [taloha] tao mihitsy, ka nafatratr'izy ireo tao anatin'ny sarety mba ho alefa any amin'ireo Olomasina tany an-tendrombohitra [izany].' "[3]



Herinandro maromaro taty aoriana dia nivory niaraka tamin'ny Olomasina tao amin'ny Tabernakely taloha indray ny Filoha Brigham Young rehefa nanakaiky an'i Salt Lake City ireo mpanavotra sy ireo andian-tsarety. Tamin'ny fahamehana lehibe no niangaviany ny Olomasina—indrindra ireo rahavavy—mba hitsabo ireo mijaly sy hamahana azy ireo ary handray azy ireo, ka nilaza hoe: "Ny sasany dia ho hitanareo miaraka amin'ny tongotra mivaingana hatreo amin'ny kitrokeliny; ny sasany mivaingana hatreo amin'ny lohaliny ary ny sasany manana tanana mivaingana. . . . Tianay ianareo mba handray azy ireo toy ny zanakareo mivantana, ka hanehoanareo ny fitiavanareo izy ireo."[4]

Nanoratra ihany koa i Lucy Meserve Smith hoe:

"Nataonay izay rehetra azonay natao hankaherezana ireo sahirana, niaraka tamin'ny fanampian'ireo rahalahy sy rahavavy tsara fanahy. . . . Nivaingana izaitsizy ny tanana sy tongotr'izy ireo. . . . Tsy natsahatray ny ezaka nataonay raha tsy efa nahazo aina daholo ny rehetra. . . .

"Tsy mbola nahatsapa fahafaham-po toy izany aho, na lazaiko hoe fahafinaretana teo amin'ny asa izay nataoko teo amin'ny fiainako, satria nisy fahatsapana firaisan-kina mahery vaika tao. . . .

"Inona indray no azon'ny olona vonona hanampy toy izany atao?"[5]

Ry rahavavy malala, azo ampitahaina amin'ny androntsika sy amin'ireo izay mijaly manerana izao tontolo izao ity tantara ity. Misy "fotoana mahatalanjona" iray hafa izay mampihetsi-po antsika.

"Misy mpitsoa-ponenana maherin'ny 60 tapitrisa maneran-tany ka anisan'izany ireo olona nesorina tamin-kery tamin'ny fonenany. Ankizy ny antsasak'izy ireo.[6] "Niaina fahasahiranana

goavana ireo olona ireo ary nanomboka fiainam-baovao any amin'[ireo] firenena sy kolontsaina vaovao. Na dia misy aza indraindray ireo fikambanana izay manampy azy ireo amin'ny toerana honenana sy ireo zavatra fototra ilaina, ny zavatra ilain'izy ireo dia namana sy mpanohana izay afaka manampy azy ireo [hifankahazatra] amin'ny fonenany vaovao, olona iray izay afaka manampy azy ireo hianatra ny fiteny sy hahatakatra ny kolontsaina ary hahatsapa fa ao anatin'ny fiarahamonina izy ireo."[7]

Tamin'ny fahavaratra lasa teo dia nihaona tamiko ny Rahavavy Yvette Bugingo, izay fony izy 11 taona dia nitsoa-ponenana lava rehefa maty nisy



*Taorian'ny naha-mpitsoa-ponenana azy nandritra ny taona maro dia nihaona tamin'ny mpivady tsara fanahy iray izay nanampy azy ireo hizatra toeram-ponenana iray vaovao i Yvette Bugingo (etsy ambony) sy ireo olona hafa tao amin'ny fianakaviany.*

namono ny rainy ary tsy hita popoka tany amin'ny faritra irain'izao tontolo izao rotiky ny ady ny anadahiny telo. Nonina ho mpitsoa-ponenana tao amin'ny firenena mpifanolobodirindrina nandritra ny enin-taona i Yvette sy ny sisa tavela tamin'ilay fianakaviana mandra-pahafahan'izy ireo nifindra tany amin'ny toeram-ponenana maharitra, izay nahitan'izy ireo mpivady tsara fanahy izay nanampy azy ireo tamin'ny fitaterana sy ny fianarana ary ireo zavatra hafa. Nilaza izy hoe: "Valin'ny vavaka nataonay mihitsy izy ireo."[8] Miaraka amintsika eto anio ilay reny tsara tarehy sy ny zandriny vavy mahafatifaty, ka mihira ao amin'ny amboarampeo. Nanontany tena imbetsaka aho hatramin'ny nihaonako tamin'ireo vehivavy mahafinaritra ireo hoe: "Ahoana moa raha tantara*ko* ny tantaran'*izy ireo*?"

Isika mpirahavavy dia mihoatra noho ny antsasaky ny zavatra ao amin'ny trano fanobian'ny Tompo mba hanampiana ny zanaky ny Ray any Andanitra. Tsy ahitana zavatra na fitaovana fotsiny ihany ny trano fanobiany fa ahitana fotoana sy talenta ary toetra araka an' Andriamanitra ananantsika ihany koa. Ny Rahavavy Rosemary M. Wixom dia nampianatra hoe: "Ny toetra araka an' Andriamanitra ao anatintsika dia mampitombo ny faniriantsika hanampy ny hafa ary manosika antsika hanao zavatra."[9]

Rehefa nahatsapa ny fananantsika izany toetra araka an' Andriamanitra izany ny Filoha Russell M. Nelson dia nanazava izy hoe:

"Mila ireo vehivavy izay mahafantatra ny fomba hanatanterahana ireo zavatra manan-danja amin'ny alalan'ny finoan'izy ireo, sy mpiaro amin'ny risim-po ny fahadiovam-pitondrantena sy ny fianakaviana ao anatin'ny tontolo izay feno fahotana [isika] . . . ; vehivavy izay mahafantatra ny fomba hahazoana fanampiana avy amin'ireo herin'ny lanitra mba hiarovana sy hampatanjahana ny zanaka sy ny fianakaviana. . . .

". . . Ianareo rahavavy, na manambady na tokan-tena, dia manana fahafahana manao zavatra miavaka sy fahatsapana manokana izay noraisinareo toy ny fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra. Tsy afaka manana fitaomana miavaka tahaka ny anareo izahay rahalahy."[10]

Ny taratasy iray nosoratan'ny Fiadidiana Voalohany izay nalefa tany amin'ny Fiangonana tamin'ny 27 ôktôbra 2015 dia naneho ny ahiahy lehibe sy ny indrafo ho an'ireo olona an-tapitrisany izay nitsoaka ny fonenany ka nitady fanampiana noho ny adim-poko sy ireo fahasahiranana hafa. Nasain'ny Fiadidiana Voalohany ny tsirairay sy ny fianakaviana ary ny rantsana ao amin'ny Fiangonana mba handray anjara amin'ny asa fanompoana araka an'i Kristy any amin'ireo fotodrafitrasa fanampiana ireo mpitsoa-ponenana, ary hitondra anjara biriky amin'ny kitapom-bolan'ny Fiangonana ho an'ny asa fanasoavana, any amin'ny toerana azo anaovana izany.

Nieritreritra ny fomba handraisana anjara amin'ny fanasan'ny Fiadidiana Voalohany ireo fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy Zatovovavy ary Kilonga maneran-tany. Fantatray ry rahavavy malalanay isany amin'ny salan-taona rehetra fa samy nanana ny tantaram-piainany sy miaina ao anatin'ny toe-javatra samihafa ianareo. Ny olona tsirairay ao amin'ity fikambanan'ny mpirahavavy maneran-tany ity dia nanao fanekempihavanana tamin'ny batisa mba "hampionona izay mila fampiononana."[11] Kanefa tsy tokony hisy hihazakazaka haingana kokoa noho izay tratran'ny heriny.[12]

Raha nieritreritra ireo fahamarinana ireo izahay dia nanangana asa fanampiana iray antsoina hoe: "Mpivahiny aho." Manantena izahay fa hosaintsaininareo ombam-bavaka ny zavatra azonareo atao—araka ny fotoanareo manokana sy ny zavatra iainanareo—mba hanompoana ireo mpitsoa-ponenana mipetraka ao amin'ny tanàna sy fiaraha-monina misy anareo. Fahafahana iray hanompoan'ny tsirairay sy ny fianakaviana ary ny fikambanana izany mba hanolorana finamanana sy fanampiana akaiky ary asa fanompoana araka an'i Kristy; ary koa anisan'ireo fomba maro ahafahan'ny mpirahavavy manompo.

Amin'ireo ezaka rehetra ataonareo mba hanompo dia tokony hampiharinareo ny torohevitra feno fahendrena nomen'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany rehefa avy niangavy azy ireo hikarakara ireo sahirana izy: "Ezaho izay hanaovanareo ireo zavatra ireo amin'ny fahendrena sy ny filaminana."[13]

Ry rahavavy isany, fantatray fa manan-danja amin'ny Tompo ny fanolorana tanana amim-pitiavana ho an'ny hafa. Saintsaino ireto fampitandremana ao amin'ny soratra masina ireto:

"Ny vahiny eo aminareo dia hataonareo tahaka ny tompon-tany aminareo ihany ka ho tianareo tahaka ny tenanareo."[14]

"Aza manadino ny fampiantranoambahiny, fa tamin'izany dia nampiantrano anjely ny sasany, nefa tsy fantany."[15]

Ary ny Mpamonjy dia niteny hoe:

"Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo:

"Tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo."[16]

Neken'ny Mpamonjy tamim-pitiavana ilay mpitondratena izay farantsa roa monja ny anjara biriky noentiny satria nanao izay azony natao izy.[17] Notantarainy ihany koa ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy izay nofaranany tamin'ny filazana hoe: "Mandehana ianao ka manaova toy izany koa."[18] Matetika dia tsy mampahazo aina loatra ny manolo-tena hanampy. Rehefa miara-miasa amim-pitiavana sy amim-piraisankina anefa isika dia afaka manantena ny fanampiana avy any an-danitra.

Nandritra ny fotoam-bavaka fanaovam-beloma ny zanakavavin' Andriamanitra mahafinaritra iray dia nisy olona iray nizara fa ity rahavavy ity, fony izy filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo amin'ny tsatòka, dia niara-niasa tamin'ny olona hafa teo amin'ny tsatòkany mba hanolotra bemiray hanome hafanana ireo olona nijaly tany Kosovo nandritra ny taona 1990. Ary tahaka ilay Samaritana tsara fanahy dia nanao ezaka hanao bebe kokoa izy ka nitondra ny fiara tsy mataho-dalana iray feno ireo bemiray ireo avy tany Londres nankany Kosovo izy sy ny zanany vavy. Teny an-dalampodiana dia nahazo fahatsapana arapanahy tsy azo nodisoana velively izay tafalatsaka lalina tao am-pony izy. Izao ilay fahatsapana: "Tena tsara ny zavatra nataonao. Izao dia mandehana mody, miampità ny arabe, ary manompoa ny mpifanolobodirindrina aminao!"[19]

Heniky ny tantara fanampiny izay nanentana ny fanahy momba ny fomba namantaran'ity vehivavy mahatoky ity sy namaliany ireo fitakiana mahatalanjona sy maika—ary koa ireo fotoana niavaka—nataon'ireo olona manodidina azy ny fandevenana. Ohatra, nosokafany ny tokantranony sy ny fony hanampiany ireo tanora nanana olana tamin'ny ora rehetra—na andro na alina.

Ry rahavavy malalako isany, afaka mahatoky ny fanampian'ny Ray any An-danitra isika rehefa mandohalika sy mangataka fitarihana avy amin' Andriamanitra mba hitahiana ny zanany. Vonona hanampy ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjintsika ary ny Fanahy Masina.

Nizara ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ananany tamin'ireo vehivavy ato amin'ny Fiangonana ny Filoha Henry B. Eyring:

"Mandre sy mamaly ny vavaka natao tamim-pinoana izay nangatahana fitarihana sy fanampiana mba haharetanareo ao amin'ny asa fanompoanareo Azy ny Ray any An-danitra.

"Nalefa ho any aminareo sy ireo izay karakarainareo ny Fanahy Masina. Ho hatanjahana ianareo ary koa hahazo fanentanam-panahy hamantarana ny fetra sy ny fahafahanareo manompo. Hankahery anareo ny Fanahy rehefa mety manontany tena ianareo hoe: 'Moa ve ampy ny nataoko?'"[20]

Rehefa mieritreritra ireo "fitakiana maika" ataon'ireo izay mila ny fanampiantsika isika dia handeha hanontany tena hoe: "Ahoana moa raha tantara*ko* ny tantaran'*izy ireo*?" Enga anie isika ka hikatsaka fitaomam-panahy, sy hanao asa araka ireo fahatsapana azontsika, ary hanolo-tanana amim-piraisankina mba hanampy ireo izay sahirana rehefa afaka manao izany sy rehefa entanin'ny fanahy mba hanao izany. Angamba amin'izay dia azo lazaina momba antsika, tahaka ny nolazain'ny Mpamonjy momba ny rahavavy be fitiavana iray izay nanompo Azy hoe: "Asa soa no nataony tamiko . . . Efa nanao izay azony natao izy."[21] Antsoiko hoe mahatalanjona izany! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



#### FANAMARIHANA


1. Emma Smith, ao amin'ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 14.
2. Brigham Young, ao amin'ny *Daughters in My Kingdom,* 36.
3. *Daughters in My Kingdom,* 36–37.
4. Brigham Young, tao amin'ny James E. Faust, "Go Bring Them in from the Plains," *Liahona,* nôv. 1997, 7; jereo ihany koa ny LeRoy R. and Ann W. Hafen, *Handcarts to Zion: The Story of a Unique Western Migration 1856–1860* (1960), 139.
5. Lucy Meserve Smith, ao amin'ny Jill Mulvay Derr and others, eds., *The First Fifty Years of Relief Society: Key Documents in Latter-day Saint Women's History* (2016), 217, 218, natao manara-penitra ny tsipelina sy ny mari-tsoratra; jereo koa ny *Daughters in My Kingdom,* 37.
6. Jereo ny "Facts and Figures about Refugees," unhcr.org.uk/about-us/key-facts-and-figures.html.
7. "40 Ways to Help Refugees in Your Community," sept. 9, 2015, mormonchannel.org.
8. Email avy tamin'i Yvette Bugingo, 12 Mar. 2016.
9. Rosemary M. Wixom, "Mahita ireo toetra araka an' Andriamanitra ao amintsika," *Liahona,* nôv. 2015, 8. I Emily Woodmansee, iray tamin'ireo navotana tamin'ny 1856 tao anatin'ny andian-tsarety tarihin-tanan'i Willie dia nanazava izany toetra araka an' Andriamanitra izany tamin'izao fomba izao (izay nasiako fanovana kely monja):
   *Nomena ny vehivavy ny asan'ny anjely;*
   *Ary izany dia fanomezana takintsika rahavavy:*
   *Dia ny hanao izay rehetra feno hatsarampanahy sy [araka an'i Kristy],*
   *Hankahery sy hitahy amin'ny anaran'[ny Mpamonjy].*
   ("Nous soeurs de Sion," *Cantiques,* no. 201)
10. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 96, 97.
11. Môsià 18:9.
12. Jereo ny Môsià 4:27.
13. Môsià 4:27.
14. Levitikosy 19:34.
15. Hebreo 13:2.
16. Matio 25:35–36.
17. Jereo ny Lioka 21:1–4.
18. Lioka 10:37.
19. Fotoam-pandevenana an'i Rosemary Curtis Neider, Jan. 2015.
20. Henry B. Eyring, "The Caregiver," *Liahona,* nôv. 2012, 124.
22. Marka 14:6, 8.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Matokia an'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara

*Manatona kokoa ny Mpamonjy isika rehefa manompo ny hafa amin'ny anarany, noho ny fitiavana madio.*

Feno fankasitrahana aho miaraka aminareo mandritra izao takariva hitsaohana sy handinihana ary hanoloran-tena izao. Niara-nivavaka isika. Nihaino antsika ny Raintsika any An-danitra be fitia. Nahatsiaro ny Mpamonjy isika, dia i Jesoa Kristy Tompo,



raha nampientana antsika ireo fihirana fiderana Azy. Nentanim-panahy isika hanao bebe kokoa hanampiana ny Tompontsika amin'ny Asany hampitrakana sy hamonjena ireo zanaky ny Raintsika any An-danitra.

Ny fankasitrahantsika noho ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika no mampivelatra ny faniriantsika hanompo ny hafa. Izany no maha-vontom-pifaliana antsika rehefa maheno ny tononkira hoe: "Satria aho nomena be, dia tokony mba hanome ihany koa."[1] Nampanantena fahatongavan'io fahatsapana fankasitrahana io i Benjamina Mpanjaka tao amin'ny toriteny lehibe nataony izay voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny Môsià 2:17–19).

Rehefa ny finoantsika an'i Jesoa Kristy no mitarika antsika hanao zavatra izay maha-mendrika antsika hahatsapa ilay fifalian'ny famelankeloka atolony dia mahatsapa faniriana isika hanompo ny hafa noho ny Aminy. Nampianatra i Benjamina Mpanjaka fa ny famelan-keloka dia tsy tanteraka ao anatin'ny indray mipi-maso.

Toy izao no nilazany izany: "Ary ankehitriny, noho ny amin'ireo zavatra izay efa nolazaiko anareo ireo—izany hoe, noho ny amin'ny fitanana ny famelana ny fahotanareo isan'andro isan'andro, ka hahazoanareo mandeha tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra—dia mba tiako ny hizaranareo amin'ny fananananareo amin'ny mahantra, ny olona tsirairay dia araka izay ananany avy, toy ny famahanana ny noana, ny fanafiana ny mitanjaka, ny famangiana ny marary sy ny fiahiana ny fanampiana azy, na ara-panahy na ara-batana, araka ny filàny" (Môsià 4:26).

I Amioleka, namana mahatokin'i Almà, dia nampianatra ihany koa ilay fahamarinana hoe tsy maintsy manohy ny fanompoantsika Azy isika mba hitazonana ny famelana ny helotsika: "Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, aza mihevitra ianareo fa izay ihany; fa rehefa avy nanao ireo zavatra rehetra ireo ianareo, raha manosi-bohon-tanana ny mahantra sy ny mitanjaka ianareo, ary tsy mamangy ny marary sy ny ory, ary tsy mizara amin'ny fananananareo nefa manana ianareo, ho an'ireo izay mila izany—lazaiko aminareo, raha tsy manao na inona na inona amin'ireo zavatra ireo ianareo, dia indro, zava-poana ny vavakareo sady tsy mahasoa anareo na amin'inona na amin'inona izany, ary ianareo dia tahaka ny mpihatsaravelatsihy izay mandà ny finoana" (Almà 34:28).

Androany hariva aho dia nieritreritra an'ireo vehivavy eo amin'ny fiainako. Misy vehivavy sy ankizivavy 31 ao amin'ny fianakavianay, manomboka amin'ny vadiko ka tafiditra hatramin'ireo zafiafinay vavy telo vaovao indrindra. Ny sasany amin'ireo dia miaraka amintsika eto androany hariva. Dimy no latsaky ny 12 taona. Izao no mety sambany hanatrehan'izy ireo fivoriana ato amin'ny Ivontoeran'ny fihaonambe miaraka amin'ireo rahavaviny ato amin'ny Fiangonan'ny Mpamonjy. Samy hahazo karazana fahatsiarovana samihafa ny tsirairay ary samy hanao ny fanoloran-tenany manokana avy amin'izao traikefa izao anio hariva izao.

Fahatsiarovana telo sy fanoloran-tena telo no antenaiko fa hotsaroan'izy ireo

mandritra ny androm-piainany ary na aorian'izany aza. Ireo fahatsiarovana dia mikasika ny fahatsapana. Ary ireo fanoloran-tena dia mikasika ny zavatra atao.

Ny fahatsapana manan-danja indrindra dia ny fitiavana. Tsapanao teo ny fitiavana nananan'ireo rahavavy mpitarika izay niteny teo. Ary tsapanao tamin'ny alalan'ny Fanahy fa tia anao izy ireo na dia tsy mahafantatra anao akory aza satria izy ireo nahatsapa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy anao. Izany no mahatonga azy ireo haniry mafy hanompo anao sy haniry ny handraisanao ireo fitahiana izay tian' Andriamanitra ho azonao.

Nahatsapa fitiavana ho an'ny hafa ianao androany hariva—fitiavana namana, mpiara-mianatra, mpiara-monina, ary na olona izay sendra tafiditra teo amin'ny fiainanao aza, vahiny iray. Fanomezana avy amin' Andriamanitra izany fahatsapana fitiavana izany. Ny soratra masina dia miantso izany hoe "fiantrana" sy "fitiavana madion'i Kristy" (Môrônia 7:47). Nahatsapa an'io fitiavana io ianao androany hariva, ary afaka mandray izany matetika raha mikatsaka izany.

Ny fahatsapana faharoa nanananao androany hariva dia ny fiantraikan'ny Fanahy Masina. Rahavavy maro no nampanantena anao androany fa hitarika anao ny Fanahy Masina mba hahitanao izay asa fanompoana tian'ny Tompo ho atolotrao ny hafa amin'ny Anarany. Tsapanao tamin'ny alalan'ny Fanahy fa avy amin'ny Tompo ny fampanantenana nataon'izy ireo ary marina.

Hoy ny Tompo: "Ary ankehitriny, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, apetraho amin'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokianao—eny, hanao araka ny hitsiny handeha amim-panetren-tena, hitsara araka ny rariny; ary izany no Fanahiko" (F&F 11:12).

Mety efa nahazo izany fitahiana izany ianao androany hariva. Ohatra, mety tonga tao an-tsainao ny anarana iray na ny endriky ny olona iray izay sahirana mandritra ity fivoriana ity. Mety ho eritreritra manidina fotsiny izany, saingy noho ny zavatra renao androany hariva dia hivavaka momba izany ianao, mahatoky fa hitarika anao



Andriamanitra hanao ilay zavatra tsara izay Tiany ho azy ireo. Rehefa lasa fomba fanao eo amin'ny fiainanao ny vavaka toy izany, dia ho lasa tsaratsara kokoa ianao sy ny hafa.

Ny fahatsapana fahatelo izay nanananao androany hariva dia ny faniriana hanatona kokoa ny Mpamonjy. Na dia ny zazavavy zandriny indrindra eto aza dia ho nahatsapa ny maha-tena izy an'ilay fanasana ao amin'ilay hira hoe: "'Avia re hanaraka Ahy,' hoy ny Mpamonjy. Ary andeha hanaraka ny diany."[2]

Koa, noho ireo fahatsapana ireo, ny zavatra voalohany tsy maintsy hanoloranao tena fa hataonao dia ny handeha sy hanompo, sady mahafantatra fa tsy mandeha irery ianao. Rehefa mandeha ianao hankahery sy hanompo olona noho ny amin'ny Mpamonjy, dia manomana ny lalana eo anoloanao Izy. Ankehitriny, araka izay ho lazain'ireo misiônera efa tafaverina izay manatrika eto androany hariva, dia tsy midika akory izany fa ny olona tsirairay izay ao ambadiky ny varavarana tsirairay dia vonona handray anao tsara na hoe hisaotra anao daholo ny olona tsirairay izay ezahanao ho tompoina. Fa handeha eo anoloanao ny Tompo hanomana ny lalana.

Imbetsaka ny Filoha Thomas S. Monson no nilaza fa fantany fa tena marina ny fampanantenan'ny Tompo manao hoe: "Ary na zovy na zovy no mandray anareo, dia ho eo koa Aho, fa Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo" (F&F 84:88).

Anisan'ny fomba handehanany eo anoloanao ny fanomanany ny fon'ny olona iray izay nasainy ho tompoinao. Hanomana ny fonao ihany koa izy.

Ho hitanao ihany koa fa mametraka mpanampy eo anilanao ny Tompo, eo ankavananao sy eo ankavianao ary manodidiana anao. Tsy mandeha irery ianao rehefa manompo ny hafa amin'ny Anarany.

Nanao izany tamiko Izy androany hariva. Nanomana "vavolombelona maro" (Hebreo 12:1) ny Tompo, sady amin'ny teny no amin'ny hira, mba hitambatra sy hampitombo ny herin'ny zavatra tiany ho lazaiko. Nila nahazo antoka fotsiny aho fa afaka hampifanaraka tsara ny anjarako ao amin'ilay hafatra tiany hampitaina. Manantena aho sady mivavaka fa hahatsapa fankasitrahana sy fahasambarana ianao rehefa ampiarahan'ny Tompo amin'ny hafa ianao mba hiara-hanompo amin'ny Anarany.

Rehefa miaina izany matetika ianao, ary hitranga tokoa izany, dia hitsiky amim-pankasitrahana, tsy misy hafa amiko, isaky ny mihira ilay hoe "Tsara ny asa."[3]



Hitsiky ihany koa ianao rehefa mahatsiaro ity andinin-tsoratra masina ity: "Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko" (Matio 25:40).

Ny zavatra faharoa izay tokony hataonao dia ny mahatsiaro ny Tompo rehefa manao asa fanompoana amin'ny Anarany ianao. Tsy hoe mandeha eo anoloantsika sy mandefa anjely hiarahanompo amintsika fotsiny ny Tompo, fa tsapany ihany koa ny zavatsoa atolotsika ny hafa toy ireny hoe Taminy no nanolorantsika izany.

Ny zanakavavin' Andriamanitra tsirairay izay mandre sy mino ireo hafatra tamin'ity fivoriana ity dia hanontany hoe "Inona no tian'ny Tompo hataoko mba hanampiana Azy hanolotra famonjena ho an'ireo sahirana?" Samy hafa avokoa ny toe-javatra iainan'ny rahavavy tsirairay. Marina izany ho an'ireto zanako vavy, ireto vinantovaviko, ireto zafikeliko vavy, ary ireto zafiafiko vavy ireto. Amin'izy ireo ary amin'ireo zanakavavin'ny Ray any An-danitra rehetra no hamerenako ilay torohevitra hendry nomen-dRahavavy Linda K. Burton.

Nangataka anao izy hivavaka amimpinoana mba hahafantarana izay tian'ny Tompo hataonao amin'ny toe-javatra misy anao. Ary avy eo dia nomeny anao ny fampanantenana fa hahazo ilay fiadanana mamy izay ny Tompo mihitsy no nanome izany an'ilay vehivavy izay notsikeraina fa nanosotra ny lohan'ny Tompo tamin'ny menaka lafo vidy, raha toa ka tokony ho azo namidy izany hanampiana ny mahantra.

"Fa hoy Jesosy taminy: Avelao izy; nahoana ianareo no mampalahelo azy? Asa soa no nataony tamiko.

"Fa ny malahelo dia eto aminareo mandrakariva, ary na oviana na oviana no tianareo hanaovana soa aminy, dia mahazo manao ianareo; fa Izaho kosa tsy mba ho eto aminareo mandrakariva.

"Efa nanao izay azony natao izy: namonjy nanosotra ny tenako hanamboarany Ahy halevina izy.

"Ary lazaiko aminareo marina tokoa: Na aiza na aiza amin'izao tontolo izao no hitoriana ny filazantsara, dia holazaina koa izao nataon-dravehivavy izao mba ho fahatsiarovana azy" (Marka 14:6–9).

Io soratra masina fohy io dia tena mamy sy mifono fahendrena ho an'ireo rahavavy mahatoky ao amin'ny fanjakan'ny Tompo ao anatin'ny fotoan'ny korontana. Hivavaka ianao mba hahafantarana hoe iza no tian'ny Ray ho tompoinao noho ny fitiavanao Azy sy ny Mpamonjy. Ary dia tsy hanantena fankasitrahana ampahibemaso ianao noho izany, araka ny ohatra nasehon'ilay vehivavy voarakitra ao amin'ny bokin'i Marka, izay tsaroana ny asa soa vitany nanomezany voninahitra ny Mpamonjin'izao tontolo izao, fa tsy ny anarany.

Ny fanantenako dia ny hoe hanao izay rehetra tratrany ireo rahavavy ao amin'ny fianakaviantsika, noho ny fitiavana an' Andriamanitra, mba hanompoana ireo sahirana. Ary ny zavatra fahatelo izay antenaiko fa ho ataon'izy ireo dia ny hanetry tena mikasika ny asa soa ataon'izy ireo. Mivavaka aho ny mba haneken'izy ireo ny torohevitry ny Tompo—izay inoako fa ilaintsika rehetra ny mandre azy, manao hoe:

"Tandremo mba tsy hanao ny asan'ny fahamarinanareo eo imason'ny olona hahitany izany; fa raha tsy izany, dia tsy manana valim-pitia amin'ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo."

Ary notohizany hoe:

"Fa hianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tànanao ankavia izay ataon'ny tànanao ankavanana,

"mba hatao ao amin'ny mangingina ny fiantranao; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao" (Matio 6:1–4).

Ny vavaka ataoko ho an'ireo rahavavy ato amin'ny fanjakana, na aiza na aiza ary na inona na inona toe-javatra mety hisy azy, dia ny hahafahan'ny finoan'izy ireo ny Mpamonjy sy ny fanehoany fankasitrahana ny Sorompanavotany hitarika azy ireo hanao izay rehetra tratran'izy ireo ho an'ireo izay asain' Andriamanitra ho tompoin'izy ireo. Raha manao izany izy ireo, dia mampanantena aho fa handroso kokoa izy ireo eo amin'ny lalana hahatongavan'izy ireo ho vehivavy masina, izay ho raisin'ny Mpamonjy sy ny Ray any An-danitra tsara ary homeny valisoa.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy efa nitsangana tamin'ny maty. Nitsangana Izy ary nanonitra ny sarany ho an'ny fahotantsika rehetra. Fantatro fa noho Izy dia hitsangana amin'ny maty isika ary afaka handray ny fiainana mandrakizay. Ny Filoha Thomas S. Monson no Mpaminaniny velona. Mihaino sy mamaly ny vavaka ataontsika ny Ray any Andanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa manatona kokoa ny Mpamonjy isika rehefa manompo ny hafa amin'ny anarany, noho ny fitiavana madio. Avelako aminareo izany fijoroana ho vavolombelona mafy orina izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Seigneur, j'ai tant reçu," *Cantiques*, no. 139.
2. "Viens et suis moi," *Cantiques,* no. 61.
3. "Tsara ny asa," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 25.



Fivoriana Sabotsy Maraina | 2 April 2016

**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo

*Raha mihaino miaraka amin'ny Fanahy ianareo dia hahita fa hihamalefaka ny fonareo, hihamatanjaka ny finoanareo ary hitombo ny fahafahanareo mitia ny Tompo.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, miarahaba anareo aho tonga soa eto amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-186 an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Faly aho tafaraka aminareo eto ary miarahaba anareo amim-pitiavana be.

Feno fankasitrahana aho fa tonga teto amin'ny fihaonambe ianareo mba hahatsapa fanentanam-panahy avy any an-danitra sy hahatsapa ho akaiky kokoa ny Raintsika any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy Tompo.

Tafavory ao anatin'ity fivoriana ampitaina manerana an'izao tontolo izao ity ireo mpianatr'i Jesoa Kristy an-tapitrisany maro izay nanao fanekempihavanana fa hahatsiaro Azy mandrakariva sy hanompo Azy. Toa tsy misy ny elanelam-potoana sy ny halavirana goavana noho ny fahagagana entin'ny teknôlôjia maoderina. Mivory toy ireny hoe ao anatin'ny trano lehibe iray ireny isika rehetra.

Fa ny manan-danja bebe kokoa noho ny fivoriantsika miaraka dia ny hoe amin'ny anaran'iza no anaovantsika izany. Nampanantena ny Tompo fa na dia maro dia maro aza ny mpianany eto an-tany amin'izao fotoana izao dia hanakaiky antsika tsirairay Izy. Hoy Izy tamin'ilay andiana mpianatra keliny tamin'ny 1829 hoe: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, . . . fa na aiza na aiza no iarahan'ny roa na telo miangona amin'ny anarako, . . . dia indro, ho eo afovoany Aho—tahaka izany koa dia eo afovoanareo Aho" (F&F 6:32).


Ankehitriny mihoatra ny iray na roa no mpianany tafavory eto amin'ity fihaonambe ity ary araka ny nampanantenaina dia eo afovoantsika ny Tompo. Noho Izy olona nitsangana tamin'ny maty sy be voninahitra, dia tsy manatrika ara-batana any amin'ny toerana rehetra ivorian'ny Olomasina izy. Fa amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy no ahafahantsika mahatsapa fa miaraka amintsika eto Izy androany.

Miankina amintsika tsirairay ny toerana sy ny fotoana ahatsapantsika ny fanakaikezan'ny Mpamonjy. Nanome izao torolalana izao Izy:

"Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo marina tokoa ry sakaizako, avelako aminareo ireny teny ireny mba ho saintsaininareo ao am-ponareo, miaraka amin'izao didy izay omeko anareo izao, dia ny hiantsoanareo Ahy dieny mbola akaiky aho—

"Manakaikeza Ahy dia hanakaiky anareo Aho; tadiavo fatratra Aho dia hahita Ahy ianareo; mangataha dia hahazo ianareo, dondòny dia hovohana ianareo" (F&F 88:62–63).

Mahafantatra olona roa aho farafahakeliny izay mihaino eto ary maniry izany fitahiana izany amin'ny fon'izy ireo manontolo. Hiezaka mafy izy ireo hanakaiky kokoa ny Tompo mandritra ity fihaonambe ity. Samy nanoratra tamiko izy ireo—herinandro iray no nahatongavan'ny taratasin'izy ireo tany amin'ny biraoko—nitalaho mba hahazo io karazana fanampiana io.





Samy olona niova fo tato amin'ny Fiangonana izy ireo ary samy efa nahazo fijoroana ho vavolombelona mazava mikasika ny fitiavan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany, ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao. Fantatr'izy ireo fa nanorina ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny fanambarana mivantana avy amin' Andriamanitra ny Mpaminany Joseph Smith ary naverina ireo fanalahidin'ny fisoronana masina. Samy nanana fijoroana ho vavolombelona izy tsirairay fa ao amin'ny Fiangonana ireo fanalahidy amin'izao fotoana izao. An-tsoratra no nizaran'izy ireo tamiko tamin'ny fomba miezinezina ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo.

Kanefa samy nalahelo izy ireo fa nihanihena ny fahatsapana fitiavana ho an'ny Tompo sy ny fitiavany azy ireo. Samy naniry tamin'ny fony manontolo izy ireo ny hanampiako azy ireo mba hiverina hanana indray ilay fifaliana sy fahatsapana ho tiana izay nananan'izy ireo tamin'izy ireo tonga tao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Samy naneho tahotra izy ireo fa raha toa tsy afaka mahazo tanteraka indray ilay fahatsapana fitiavana ho an'ny Mpamonjy sy ny Fiangonany izy ireo dia handrendrika ny finoany amin'ny farany ireo fahoriana sy fisedrana atrehan'izy ireo.

Tsy irery izy ireo ao anatin'ny olany ary tsy vaovao akory ny fisedrana lalovany. Nandritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tety an-tany dia nozarainy tamintsika ilay fanoharana mikasika ny voa sy ny mpamafy. Ilay voa dia ny tenin' Andriamanitra. Ilay mpamafy dia ny Tompo. Niankina tamin'ny toe-tany ny fahaveloman'ilay voa sy ny faniriany. Tsaroanareo ny teniny manao hoe:

"Ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dàlana; dia avy ny vorona ka nandany azy.

"Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy; dia nalaky nitrebona ireny, satria tsy nisy tany lalina.

"Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo ireny, ary satria tsy nanampaka, dia maty izy.

"Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tsilo; ary ny tsilo naniry ka nangeja azy.

"Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tany tsara, dia namoa: ny sasany avy zato heny, ny sasany avy enimpolo heny, ary ny sasany avy telopolo heny.

"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino" (Matio 13:4–9).

Averiko indray, ilay voa dia ny tenin' Andriamanitra. Ilay tany dia ny fon'ilay olona mandray ilay voa.

Isika rehetra dia manana zavatra itovizana amin'ireo olona mahafinaritra ireo izay nanoratra tamiko mba hahazoana fanampiana sy fahatokiana indray. Efa nisy ny fotoana nambolena voa, na ny tenin'Andriamanitra, tao ampontsika rehetra. Ho an'ny sasany dia tamin'ny fahazazana no nanasan'ny ray aman-drenintsika antsika mba hataon'ireo izay manana fahefana batisa sy ho raisina ho mpikambana amin'ny alalan'ireo izay manana ny fahefana. Ny hafa kosa dia nampianarin'ireo mpanompon' Andriamanitra. Samy nahatsapa ny tsirairay fa tsara ilay voa, eny, nahatsapa ny fandrombonany tao an-tratrantsika mihitsy aza, ary niaina fifaliana rehefa toa nivelatra ny fontsika sy ny saintsika.

Samy efa nosedraina ny finoantsika rehetra noho ny fitahiana sarobidy nahemotra, noho ny fanafihana mafy nataon'ireo izay te hamotika ny fanahintsika, noho ny fakam-panahy hanota ary noho ny fitiavan-tena izay nampihena ny ezaka ataontsika hikolokoloana sy hanalefahana ny halalin'ny fontsika ara-panahy.

Ireo izay malahelo noho ny fahaverezan'ilay fifaliana izay efa teo ampelatanany no sambatra. Ny sasany dia tsy mahita ny fihozongozonan'ny finoana ao anatin'izy ireo. *Fetsy i Satana*. Lazainy an'ireo izay iriny ho fadiranovana fa ilay fifaliana izay nisy fotoana tsapan'izy ireo dia rediredin-jaza ihany.

Ny hafatro anio ho antsika rehetra dia ny hoe hisy fotoana tena tsara ao anatin'ny andro vitsivitsy manaraka hisafidianana ny hanalefaka ny fontsika ka handraisana sy hikolokoloana ilay voa. Ilay voa dia ny tenin' Andriamanitra ary harotsaka eo amintsika rehetra izay mihaino sy mijery ary manaraka izay voalaza mandritra ity fihaonambe

ity izany. Ny hira sy ny lahateny ary ny fijoroana ho vavolombelona dia efa nomanin'ireo mpanompon' Andriamanitra izay nikatsaka mafy ny hitarihan'ny Fanahy Masina azy ireo tao anatin'ny fanomanana nataon'izy ireo. Nivavaka nandritra ny fotoana ela kokoa sy tamim-panetrentena kokoa izy ireo rehefa nanakaiky ny andron'ny fihaonambe.

Nivavaka izy ireo mba hananana hery hamporisihana anareo hanao safidy izay hampisy toerana lonaka kokoa ao amin'ny fonareo hahafahan'ny teny soan' Andriamanitra haniry ka hahavokatra. Raha mihaino miaraka amin'ny Fanahy ianareo dia hahita fa hihamalefaka ny fonareo, hihamatanjaka ny finoanareo ary hitombo ny fahafahanareo mitia ny Tompo.

Ny safidinareo hivavaka amin'ny fonareo manontolo dia hanova ny zavatra iainanareo mandritra ireo fivorian'ny fihaonambe ary mandritra ireo andro sy volana aorian'izany.

Efa nanomboka ny maro taminareo. Tany am-piantombohan'ity fivoriana ity dia nanao zavatra nihoatra noho ny fihainoana ilay vavaka fotsiny ianareo. Nampianareo ny finoanareo ilay fangatahana mba hianoka ilay fitahiana amin'ny fananana ny firotsahan'ny Fanahy Masina eo amintsika. Rehefa natsofokareo tao ny fangatahanareo mangina tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy dia nanakaiky kokoa Azy ianareo. Fihaonambeny ity. Ny Fanahy Masina ihany no afaka mitondra ireo fitahiana izay irin'ny Tompo ho antsika. Noho ny fitiavany antsika dia nampanantena Izy fa ho tsapantsika hoe:

"Ary na inona na inona hotenenin'izy ireo noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina dia ho soratra masina, ho sitrapon'ny Tompo, ho sain'ny Tompo, ho tenin'ny Tompo, ho feon'ny Tompo, dia ny herin' Andriamanitra ho famonjena.

"Indro, izany no fampanantenan'ny Tompo ho anareo, ô ianareo ry mpanompoko isany.

"Koa mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo; ary ianareo dia ho vavolombelona hanambara Ahy, Jesoa Kristy, fa Izaho no Zanak'ilay Andriamanitra velona, fa Izaho ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy" (F&F 68:4–6).

Afaka mivavaka ianareo sy manampy ny finoanareo isaky ny misy mpanompon' Andriamanitra eto amin'ny polipitra mba ho tanteraka ilay fampanantenana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana faha-50 hoe:

"Lazaiko aminareo marina tokoa, izay voatokako ary irahin'ny Mpampionona hitory ny tenin'ny fahamarinana araka ny Fanahin'ny fahamarinana, moa mitory izany amin'ny Fanahin'ny Fahamarinana va izy sa amin'ny fomba hafa?

"Raha amin'ny fomba hafa, dia tsy avy amin' Andriamanitra izany.

"Ary ankoatra izany, izay mandray ny tenin'ny fahamarinana, moa va izy mandray izany amin'ny Fanahin'ny fahamarinana sa amin'ny fomba hafa?

"Raha amin'ny fomba hafa dia tsy avy amin' Andriamanitra izany.

"Koa nahoana no tsy hainareo takarina sy fantarina fa izay mandray ny teny amin'ny alalan'ny Fanahin'ny fahamarinana dia mandray izany araka izay itorian'ny Fanahin'ny fahamarinana izany?

"Koa izay mitory sy izay mandray dia mifankahazo ka samy mahazo hery sy miara-mifaly" (F&F 50:17–22).

Afaka mivavaka ianareo rehefa iny handeha hihira iny ny amboarampeo. Ny mpitarika ny amboarampeo sy ny mpitendry ôrga ary ireo olona ao amin'ny amboarampeo dia efa nivavaka sy nanao famerenana niaraka tamin'ny vavaka tao am-pon'izy ireo ary tamim-pinoana fa ny mozika sy ny tononkira dia hanalefaka ny fo sy hampitombo ny hery ahafahan'izy ireo manorina ny finoan'ny hafa. Hanao fampisehoana ho an'ny Tompo izy ireo toy ireny hoe eo anoloan'izy ireo ireny Izy, ary ho fantatr'izy ireo fa maheno azy ireo ny Raintsika any An-danitra toy ny fahenoany ny vavaka ataon'ny tenan'izy ireo. Niara-niasa tamimpitiavana izy ireo mba hanatanterahana ilay fampanantenana nataon'ny Mpamonjy tamin'i Emma Smith hoe: "Fa finaritra amin'ny hiran'ny fo ny fanahiko; eny, ny hiran'ny marina dia vavaka ho Ahy ary hovaliana amin'ny fitahiana eo ambony lohany izany" (F&F 25:12).

Raha toa ianareo ka tsy mihaino fotsiny fa mivavaka koa rehefa mihira izy ireo dia hovaliana ny vavaka ataonareo sy ny vavaka ataon'izy ireo miaraka amin'ny fitahiana arotsaka eo ambony lohanareo sy eo amin'ny lohan'izy ireo koa. Hahatsapa fitahiana ianareo dia ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny fankatoavany. Ireo rehetra izay mirotsaka ao anatin'izany fiderana





izany dia hahatsapa ny fitombon'ny fitiavan'izy ireo Azy.

Mety hisafidy ny hivavaka ianareo rehefa iny eo an-dalam-pamaranana ny hafany iny ny mpandahateny iray. Hivavaka ao am-pony amin'ny Ray any An-danitra izy mba hanomezan'ny Fanahy Masina azy ny teny fijoroana ho vavolombelona izay hampamelombelona ny fon'ny mpihaino sy ny fanantenany ary ny fahavononany hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy sy hitandrina ireo didy izay nomeny antsika.

Tsy ho fitanisana ilay hafatra ny fijoroana ho vavolombelona. Fa ho fanamafisana ny fahamarinana sasany izay azon'ny Fanahy entina ao am-pon'ireo izay hivavaka mba hahazo fanampiana sy torolalana avy any an-danitra ary mba hanana ny fitiavana madion'i Kristy.

Fijoroana ho vavolombelona marina no homena an'ireo mpandahateny. Mety ho fohy ny tenin'izy ireo saingy hoentina ao am-pon'ilay mpihaino manetry tena, izay tonga tato amin'ny fihaonambe noho izy te handray ny teny soan' Andriamanitra.

Fantatro tamin'ny alalan'ny zavatra niainako ny zavatra azon'ny finoan'ny olona tsara atao mba hamoahana teny avy amin'ny Fanahy any amin'ny fiafaran'ny lahateny iray. Mihoatra ny indray mandeha no nilazan'ny olona tamiko taorian'ny fijoroako ho vavolombelona hoe: "Ahoana no nahafantaranao ny zavatra tena nilaiko ho heno?" Nianatra ny tsy ho gaga aho rehefa tsy afaka mahatadidy izay teny nolazaiko. Nanambara ireo teny vavolombelona aho saingy teo ny Tompo nanome ahy azy ireo tamin'iny fotoana iny. Ilay fampanantenana hoe ny Tompo dia hanome antsika teny amin'ny fotoana sahaza dia mihatra indrindra indrindra amin'ny fijoroana ho vavolombelona (jereo ny F&F 24:6). Henoy tsara ireo fijoroana ho vavolombelona zaraina mandritra ity fihaonambe ity—hahatsapa ho akaiky kokoa ny Tompo ianareo.

Tsapanareo fa tonga eo amin'ny fotoana hamaranako ny hafatra niezahako nampitaina aho amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana. Ny vavaka hataonareo dia hanampy ahy hahazo ireo teny ho fijoroana ho vavolombelona izay mety hanampy olona iray mitady mafy ny valin'ireo fanontaniany.

Apetrako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona azo antoka fa ny Raintsika any An-danitra, ilay Elohima lehibe dia tia sy mahafantatra antsika, isika tsirairay avy. Teo ambany fitarihany i Jehovah Zanany no Ilay Mpahary. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa avy any Nazareta no nateraka ho Zanak' Andriamanitra. Nanasitrana ny marary Izy, nampahiratra ny jamba ary nanangana ny maty. Nanonitra ny saran'ny fahotan'ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra teraka teto an-tany Izy. Nanapaka ny famatoran'ny fahafatesana ho an'ny rehetra Izy rehefa nitsangana avy tao am-pasana ny alahadin'ny Paska voalohany. Velona izy amin'izao fotoana izao, ilay Andriamanitra—nitsangana tamin'ny maty sy be voninahitra.

Ity no hany Fiangonana marina ary Izy no Fehizoro indrindra ao amin'izany. Mpaminaniny ho an'izao tontolo izao i Thomas S. Monson. Miteny ho an'ny Tompo ireo mpaminany sy apôstôly ho renareo handray fitenenana mandritra ity fihaonambe ity. Mpanompony izy ireo, nahazo lalana hanao asa ho Azy. Mitarika ireo mpanompony manerana izao tontolo izao Izy. Fantatro izany. Ary ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarany, dia ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i Mary R. Durham**
Vao nisaorana tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Fanomezana iray manome fitarihana ho an'ny zanaka

*Ahoana no fomba hampianarantsika ny zanatsika mba hitsipaka ireo fitarihan'izao tontolo izao ka hatoky ny Fanahy?*

Tena teo am-pilentehana anaty rano ny raim-pianakaviana vao herotrerony anankiray. Nandehandeha an-tongotra nanodidina ny farihy izy sy ny zanany anankiroa ary ny rafozandahiny. Nohodidinin'ny tendrombohitra rakotra alan-kazo kesika tsara tarehy izy ireo ary manga ny lanitra, feno rahona fotsy malefaka izay namoaka hatsarana sy fahatoniana. Rehefa nihanafana sy vizana ny ankizy dia nanapa-kevitra ny hibaby ny ankizy izy ireo ka hilomano hiampita ilay farihy izay tsy lavitra ny elanelany.

Toa mora ery izany—mandrapahatongan'ny fotoana nanombohan'ilay raim-pianakaviana ho nahatsapa toa nisy nisintona hilentika, ary lasa tena navesatra ny zavatra rehetra. Natosiky ny rano ho any amin'ny fanambanin'ilay farihy izy ary nisy fahatsapana te hitroatra nanenika azy. Inona no hataony mba tsy hilentehany—ary hanao izany miaraka amin'ilay zanany vavy malalany ao an-damosiny?

Tsy tonga lavitra intsony ny feony rehefa niantsoantso izy. Efa lasa lavitra loatra ny rafozandahiny ka tsy afaka namaly ilay fiantsoana vonjy mafy. Nahatsapa ho irery sy tsy nanan-kery izy.

Azonareo alaina sary an-tsaina ve ny tenanareo hoe irery toy ny fahatsapany ny tenany, tsy afaka nanakatra zavatra mba hifikirana ary nitolona mafy ho an'ny ainareo sy ny an'ny zanakareo tao anatin'ny toe-javatra mahakivy iray? Indrisy anefa fa miaina karazana fahatsapana toy izany isika rehetra rehefa ao anatin'ny toe-javatra izay tena ilantsika fanampiana mafy mba ho tafavoaka velona sy mba hamonjena ireo izay tiantsika.

Raha iny nanomboka ho raikitahotra iny izy dia nahatsapa fa nisintona azy hilentika ny kirarony feno rano. Teo am-piezahana mba tsy hilentika dia nanomboka nanandrana nanala tamin'ny tongony ny kirarony mavesatra izy. Saingy toa niraikitra tahaka ny nisy nitroka ireny izany. Vonton-drano ireo tadin-kiraro ka dia nanery bebe kokoa ny hidiny izany.

Tao anatin'ilay mety hoe fotoana farany feno hakiviana dia afaka nanala ny kirarony teny amin'ny tongony izy ary namotsotra ilay fihazonany mafy ny kiraro tamin'ny farany, ka tonga dia latsaka haingana tany amin'ny fanambanin'ilay farihy. Rehefa afaka tamin'ilay zavatra navesatra izay nisintona azy hilentika izy, dia tonga dia nanosika ny tenany sy ny zanany hiakatra. Afaka nanohy nilomano amin'izay izy, nandroso nankeny amin'ny faritra azo antoka teny amin'ny ilan'ilay farihy.

Mety mahatsapa ho toy ny mihamilentika izany isika rehetra indraindray. Mety havesatra ny fiainana. "Miaina ao anatin'ny tontolo feno tabataba sy



tontolo mirotoroto isika. . . . Raha tsy mitandrina isika dia alain'ireo zavatr'izao tontolo izao ny toeran'ireo zavatry ny Fanahy."[1]

Ahoana no fomba anarahantsika io ohatra nasehon'ny raim-pianakaviana anankiray io mba hanalana ny sasany amin'ny enta-mavesatr'izao tontolo izao izay lanjaintsika, ka ahafahantsika manao izay tsy hilentehan'ny lohan'ny zanatsika sy ny saintsika manokana feno ahiahy ao anaty rano? Ahoana no ahafahantsika "manaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika" araka ny torohevitr'i Paoly?[2] Ahoana no ahafahantsika manomana ny zanatsika hiatrika ny andro rehefa tsy afaka miantehitra amintsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika intsony izy ireo—rehefa izy ireo indray no hilomano?

Tonga ny valiny rehefa mahafantatra ilay loharano masina manome hery isika. Matetika tsy dia raharahiana izany loharano izany, kanefa azo ampiasaina isan'andro izany mba hanamaivanana ny enta-mavesatsika sy hitarihana ireo zanaka malalantsika. Ny Fanahy Masina io loharano io izay fanomezana manome fitarihana.

Afaka miatrika ny batisa ny ankizy rehefa valo taona. Mianatra mikasika an' Andriamanitra sy manao fanekempihavanana Aminy izy ireo. Manodidina azy ireo ireo olona tiany rehefa asitrika anaty rano izy ireo ary mivoaka avy ao amin'ny fitoeran-drano fanaovana batisa miaraka amin'ny fahatsapana fifaliana lehibe. Dia mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo izay fanomezana tsy hay lazaina sy afaka mitantana azy ireo tsy tapaka rehefa manana fiainana mendrika izany fitahiana izany.



Hoy ny Loholona David A. Bednar hoe: "Ny fahatsoran'ny [fandraisana ho mpikambana] dia mety hitarika antsika tsy hahita ny dikany. Ireo teny efatra—'Raiso ny Fanahy Masina'—dia tsy teny tonontononina fotsiny; fa mifono baiko avy amin'ny fisoronana izany—fampitandremana feno fahefana mba hihetsika ho azy fa tsy hetsehina."[3]

Manana faniriana voajanahary hanao ny tsara sy te ho tsara ny ankizy. Afaka mahatsapa ny tsy fananany tsiny sy ny fahadiovany isika. Tena mora mahatsapa ilay feo tony sy malefaka izy ireo.

Nasehon'ny Mpamonjy amintsika tao amin'ny 3 Nefia 26 ny hery ara-panahy ananan'ny ankizy:

"Novahany ny lelany, ary izy ireo dia niteny tamin-drainy zavatra lehibe sy mahatalanjona, lehibe kokoa noho izay nambarany tamin'ny vahoaka aza. . . .

". . . Sady nahita izy no nandre ireo ankizy ireo; eny, na dia ny zaza aza dia nanokatra ny vavany sy nanambara zavatra mahatalanjona."[4]

Ahoana no ahafahantsika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika mampitombo ny hery ara-panahin'ireo zanatsika? Ahoana no fomba ampianarantsika azy ireo hitsipaka ireo fitarihan'izao tontolo izao ka hiantehitra amin'ny Fanahy rehefa tsy miaraka amin'izy ireo isika ary rehefa irery ao anatin'ny rano lalin'ny fiainana izy ireo?

Mamelà ahy hizara hevitra vitsivitsy aminareo.

**Voalohany, azontsika ampahafantarina ny zanatsika ny fotoana hahenoany sy hahatsapany ny Fanahy.** Ndeha isika hiverina any amin'ny tantaran'ny Testamenta Taloha mba hijery ny fomba nanaovan'i Ely izany tamin'i Samoela.

Naheno feo indroa i Samoela zazalahy ka nihazakazaka nankany amin'i Ely dia niteny hoe: "Inty aho."

"Tsy niantso aho," hoy i Ely.

Saingy "[tsy mbola nahalala an'i Jehovah i Samoela], sady tsy mbola nanehoana ny tenin'i Jehovah izy."

Tamin'ny fanintelony no nahafantaran'i Ely fa ny Tompo no niantso an'i Samoela ary nasainy niteny i Samoela hoe: "Mitenena, Jehovah ô; fa mihaino ny mpanomponao."[5]

Nanomboka nahatsapa sy nahafantatra ary nihaino ny feon'ny Tompo i Samoela. Kanefa tsy nanomboka nahatakatra izany io zazalahy io raha tsy namorain'i Ely ny famantarana izany. Ary rehefa nampianarina i Samoela dia lasa nahafantatra ilay feo tony sy malefaka.

**Faharoa, afaka manomana ny tokantranontsika sy ny zanatsika isika mba hahatsapa ilay feo tony sy malefaka.** "Mpampianatra teny vahiny maro no mino fa tena mahafehy ny fiteny iray ny ankizy rehefa manaraka ny 'fampianarana fiteny amin'ny alalan'ny filonana,' satria ao anatin'izany dia voahodidin'ireo hafa izay miteny ilay fiteny izy ireo ka tsy maintsy miteny izany izy ireo. Tsy mianatra fotsiny ny fomba fiteny ireo teny izy ireo fa mianatra miteny misosa ilay fiteny sy mieritreritra mihitsy amin'izany fiteny vaovao izany. Ny toerana 'filonana' [tsara indrindra] ho an'ny fianarana ara-panahy dia any an-trano izay toerana ahafahana manao ireo fitsipika ara-panahy ho fototra enti-miaina isan'andro."[6]

"Dia ampianaro tsara ny zanakao ny [tenin'ny Tompo] ary resaho [izany] na mipetraka ao an-tranonao hianao na mandeha any an-dalàna, na mandry na mifoha."[7] Ny filonan'ny fianakaviantsika ao anatin'ny Fanahy dia hihazona ny fisokafan'ny fon'ny zanatsika amin'ny fitarihany.

**Fahatelo, afaka manampy ny zanatsika isika hahatakatra ny fomba firesaky ny Fanahy amin'izy ireo.** Nampianatra i Joseph Smith hoe: "Raha mankeo amin'ny ankizy kely Izy dia hampifanaraka ny tenany amin'ny fomba firesaka sy fahatakaran'ny ankizy kely."[8] Nisy reny iray nahatsikaritra hoe, satria mianatra amin'ny fomba samihafa ny ankizy—ny sasany mianatra amin'ny alalan'ny fijerena, na amin'ny alalan'ny fihainoana na amin'ny alalan'ny fikasihana na amin'ny alalan'ny fahatsapana—dia tsapany bebe kokoa rehefa nandinika bebe kokoa ny zanany izy fa mampianatra ny zanany amin'ny fomba izay samy tena hahaizan'ny tsirairay amin'izy ireo tsara ny Fanahy Masina.[9]



Nisy renim-pianakaviana iray hafa nizara ny zavatra niainany mikasika ny fanampiana ny zanany hianatra hamantatra ny Fanahy. "Indraindray," hoy izy nanoratra, "tsy fantatry [ny ankizy] fa ny fiverimberenan'ny zavatra iray ao an-tsaina, ny fahatsapana fampaherezana aorian'ny fitomanian'izy ireo, na ny fahatsiarovana zavatra iray amin'ny fotoana tena ilàna azy no fomba ifandraisan'ny Fanahy Masina [amin'izy ireo]." Notohizany hoe: "Mampianatra ny [zanako] hifantoka amin'ny zavatra tsapany aho [sy handray andraikitra eo anatrehan'izany]."[10]

Hitondra hery ara-panahy eo amin'ny fiainan'ny zanatsika ny fahatsapana sy famantarana ny Fanahy ary hihamazava hatrany amin'izy ireo ilay feo fantany. Ho toy izao nilazan'ny Loholona Richard G. Scott azy izao izany: "Rehefa mahazo traikefa sy fahombiazana ianao eo amin'ny fitarihan'ny Fanahy anao, dia afaka ny ho lasa azo antoka kokoa ny fahatokianao ireo zavatra tsapanao noho ny fianteheranao amin'ny zavatra hitanao na renao."[11]

Tsy mila matahotra isika rehefa mahita ny zanatsika mirotsaka ao anatin'ny ranon'ny fiainana satria nampiantsika izy ireo hanaisotra ireo enta-mavesatr'izao tontolo izao. Nampianarintsika izy ireo mba hanana fiainana mendrika an'ilay Fanahy izay fanomezana manome fitarihana. Io fanomezana io dia hanohy hanamaivana ny enta-mavesatra lanjain'izy ireo ary hitondra azy ireo hiverina any amin'ny fonenany any an-danitra raha toa izy ireo ka manana fiainana mendrika an'izany sy manaraka ny bitsiny. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph B. Wirthlin, "The Unspeakable Gift," *Liahona,* mey 2003, 27.
2. Hebreo 12:1.
3. David A. Bednar, "Raiso ny Fanahy Masina," *Liahona,* nôv. 2010, 95.
4. 3 Nefia 26:14, 16.
5. Jereo ny 1 Samoela 3:4–10.
6. C. Terry and Susan L. Warner, "Helping Children Hear the Still, Small Voice," *Tambuli,* aog. 1994
7. Deoteronomia 6:7.
8. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 3:392.
9. Jereo ny Merrilee Browne Boyack, "Helping Children Recognize the Holy Ghost," *Liahona,* des. 2013.
10. Irinna Danielson, "How to Answer the Toughest 'Whys' of Life," 30 ôkt. 2015, lds.org/blog.
11. Richard G. Scott, "Mahazo fitarihana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2009, 7.



**Nataon'ny Loholona Donald L. Hallstrom**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Zanaky ny Ray *aho*

*Tena ilaina amin'ny fisandratantsika ny fahatakarana marina ny lovantsika any an-danitra.*

Anisan'ny tena fototry ny fotopampianarantsika ny fahalalana fa isika dia zanak' Andriamanitra velona. Izany no antony mahatonga ny iray amin'ny anarany tena masina indrindra antsoina hoe Ray—Ray any An-danitra. Io fotopampianarana io dia efa nampianarin'ireo mpaminany mazava tsara hatry ny ela:

- Rehefa nalain'i Satana fanahy i Mosesy dia nandà azy nanao hoe: "Iza moa ianao? Fa indro izaho dia *zanak' Andriamanitra*."[1]
- Raha niresaka tamin'i Isiraely ilay mpanao Salamo dia nanambara hoe: "*Zanaky ny Avo Indrindra* hianareo rehetra."[2]
- Nampianatra an'ireo Atenianina tao Areopago i Paoly fa izy ireo dia *"terak' Andriamanitra."*[3]
- Nahita ny Ray sy ny Zanaka tao anatin'ny fahitana i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon, ary nisy feo avy any an-danitra nanambara fa ny mponin'izao tontolo izao "dia *ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra*."[4]
- Tamin'ny taona 1995 dia nanamarina ireo apôstôly sy mpaminany velona 15 fa: "Ny olombelona rehetra . . . dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia *fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra*."[5]
- Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "*Zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra velona isika*. . . . Tsy afaka ny hino tanteraka izany isika raha tsy miaina fahatsapana lalina vaovao hoe nahazo tanjaka sy hery."[6]

Io fotopampianarana io dia diso fantatra loatra sy lazaina matetika ary raisin'ny olona ho tena tsotra ka toa zavatra mahazatra, kanefa raha ny tena marina dia izany no anisan'ny fahalalana miavaka indrindra mety ho azontsika. Tena ilaina amin'ny fisandratantsika ny fahatakarana marina ny lovantsika any an-danitra. Izany no fototra iorenan'ny fahatakarana ilay drafitry ny famonjena lehibe sy ny fikolokoloana ny finoana an'ilay voalohan-teraky ny Ray, dia i Jesoa Kristy, sy ny Sorompanavotany feno famindram-po.[7] Ankoatra izay dia manome famporisihana tsy tapaka ho antsika izany mba hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanantsika mandrakizay izay tena manan-danja.

Ankoatra ny olona vitsivitsy, ny olona tsirairay izay ato amin'ity fivoriana ity dia afaka mihira izao dia izao ny "Zanaky ny Ray aho,"[8] tsy mila tonony sy feony akory. Io hira be mpitia ao anaty fihirana io dia iray amin'ireo hira matetika hiraina indrindra ato amin'ity Fiangonana ity. Saingy ny fanontaniana tena manan-danja indrindra dia ny hoe, tena fantatsika *marina* ve izany? Fantatsika ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ary ao anaty fanahintsika ve izany? Ny maha-avy any an-danitra antsika ve no famantarana antsika voalohany sy lalina indrindra?

Eto an-tany dia maro ny fomba famantarana hoe iza isika, anisan'izany ny toerana nahaterahantsika sy ny fiaviantsika ary ny fitenintsika. Ny



sasany aza dia mampahafantatra ny tenany amin'ny alalan'ny asany sy ny fialamboliny. Ireo famantarana ny tena eto an-tany ireo dia tsy diso *raha tsy hoe* manolo na manimba ny famantarana antsika mandrakizay izany—dia ny maha-zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra antsika.

Tamin'ny zanakay farany indrindra feno enin-taona ary tao amin'ny kilasy voalohany dia nanome asa nampanaovina an-tsoratra an'ireo ankizy ny mpampianany. Volana oktôbra tamin'izay, volan'ny Halloween, fety ankalazaina any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao. Na dia tsy izany aza no fety tiako indrindra dia mihevitra aho fa mety misy lafiny sasantsasany izay tsy manan-tsiny sy manavotra ihany ao amin'ny Halloween.

Nizara taratasy ho an'ireo mpianatra madinika ilay mpampianatra. Teo an-tampon'izany dia nisy sarina mpamosavy nalaina avy amin'ny angano (lazaiko aminareo hoy aho fa tsy ity no fety tiako indrindra) izay mitsangana eo ambony vilany misy rano mangotraka. Ny fanontaniana napetraka teo amin'ilay pejy, mba hamporisihana ny ankizy hieritreritra sy hitsapana ny fototry ny fahaizany manoratra, dia hoe: "Vao avy nisotro kaopy iray tamin'ny ranon-javatra nataon'io mpamosavy io ianao. Inona no nitranga taminao?" Fantaro azafady fa ity tantara ity dia tsy zaraina mba ho asaina ataon'ny mpampianatra.

"Vao avy nisotro kaopy iray tamin'ny ranon-javatra nataon'io mpamosavy io ianao. Inona no nitranga taminao?" Tamin'ny alalan'ny soratanany tsara indrindra amin'ny maha-vao mianatra manoratra azy no nanoratan'ilay zanakay vavy kely hoe: "Ho faty aho ka ho any an-danitra. Ho tiako ny any. Ho tiako izany satria any no toerana tsara indrindra tokony hitoerana satria miaraka amin'ny Rainao any An-danitra ianao." Azo inoana fa nahagaga an'ilay mpampianany io valinteny io, kanefa rehefa nentin'ny zanakay vavy nody ilay asa vitany dia hitanay fa nomena kintana izy, izay naoty farany ambony indrindra.

Amin'ny tena fiainana dia miaina zava-tsarotra tena misy isika, fa tsy



kisarisary. Misy ny fanaintainana—ara-batana sy ara-pihetsehampo ary ara-panahy. Misy ny ratram-po rehefa tena tsy mitovy amin'izay efa noeritreretintsika ny zavatra mitranga. Misy ny tsy rariny rehefa toa tsy mendrika ho antsika ny toe-javatra iainantsika. Misy ny fahadisoam-panantenana rehefa namitaka antsika ny olona iray izay natokisantsika. Misy ny olana ara-pahasalamana sy ara-bola izay mety hampanahiran-tsaina antsika. Mety hisy ny fotoana izay hampiahiahy antsika rehefa misy resaka ara-potopampianarana sy ara-tantara izay mihoatra ny fahatakarantsika.

Rehefa mitranga eo amin'ny fiainantsika ny zava-tsarotra, inona ny zavatra tonga dia ataontsika? Moa ve miteraka fisafotofotoan-tsaina na ahiahy na fisitahana ara-panahy izany? Moa ve fandonana tampoka ny finoantsika izany? Moa ve manome tsiny an'Andriamanitra sy ny hafa isika noho ny toe-javatra izay iainantsika? Sa ve ny fihetsitsika voalohany dia ny mahatsiaro hoe iza isika—hoe isika dia zanak' Andriamanitra velona? Moa ve izany miaraka amin'ny fahatokiana tanteraka fa mamela ny hisian'ny fijaliana sasany eto an-tany Izy *satria* fantany fa hitahy antsika tahaka ny afon'ny mpandrendrika izany mba ho tonga tahaka Azy ka handray ny lovantsika mandrakizay?[9]

Vao tsy ela aho no nanatrika fivoriana iray niaraka tamin'ny Loholona Jeffrey R. Holland. Tao anatin'ny fampianarany momba ilay fitsipika hoe ny fiainana an-tany dia mety haharary saingy ny zava-tsarotra iainantsika dia manana tanjona mandrakizay—na dia mbola tsy takatsika aza izany amin'io fotoana io—dia nilaza ny Loholona Holland hoe: "Afaka mahazo izay tianao ianao, na afaka mahazo zavatra tsaratsara kokoa ianao."

Dimy volana lasa izay izaho sy ny vadiko Diane dia nandeha tany Afrika niaraka tamin'ny Loholona sy Rahavavy David A. Bednar. I Liberia no firenena fahenina sy farany notsidihinay. I Liberia dia firenena tena tsara sy ahitana mponina manana ny maha-izy azy ary manan-karena tantara, saingy tsy mora ny zavatra niainan'ny olona tao. Ireo korontana ara-pôlitika sy ady an-trano an-taonany maro dia vao mainka nampitombo ny fahantrana. Ankoatra izany, ilay valan'aretina mampatahotra



Ebola dia nahafaty olona teo amin'ny 5.000 teo nandritra ny fiparitahan'izany farany indrindra teo. Izahay no vondron'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana voalohany avy any ivelan'ny faritra nitsidika an'i Monrovia, renivohitry ny firenena, taorian'ny nanambaran'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny fahasalamana (OMS) fa tsy atahorana ny manao izany taorian'ny krizin'ny Ebola.

Ny alahady maraina izay tena nafana sy mando dia nandeha tany amin'ny toeram-pivoriana izay nofaina tao afovoan'ilay tanàna izahay. Efa tafapetraka teo ny seza rehetra izay nisy, izay nitotaly 3.500. Ny isan'ny olona izay nanatrika tamin'ny farany dia 4.100. Saika ny rehetra izay tonga teo dia nandeha an-tongotra na nandeha tamin'ny alalan'ny karazana fitateram-bahoaka izay somary manahirana avokoa. Tsy mora tamin'ireo Olomasina ny namonjy ilay fivoriana. Saingy tonga izy ireo. Ny ankamaroany dia tonga ora maromaro mialoha ny fotoana voatondro hanombohan'ny fivoriana. Rehefa niditra ilay efitra izahay dia nampientanentana ilay tontolo ara-panahy niseho tao! Vonona ny ho ampianarina ireo Olomasina.

Rehefa milaza andinin-tsoratra masina ny mpandahateny iray dia tononin'ny mpikambana mafy izany. Tsy ankanavaka io—na andinin-tsoratra masina fohy na lava dia valian'ny mpiangona iray manontolo miaraka izany. Tsy hoe voatery atao anefa izany saingy nahatalanjona tokoa fa vitan'izy ireo izany. Ary ny amboarampeo—dia tena niavaka tokoa. Nihira tamin-kery sy tanjaka ireo mpikambana niaraka tamin'ilay mpitarika ny amboarampeo izay nafana fo sy zatovolahy 14 taona nitendry pianô.

Avy eo dia nandray fitenenana ny Loholona Bednar. Izany, mazava ho azy, no tena antony nahatonga ilay fivoriana lehibe—dia ny hihaino ny Apôstôly hampianatra sy hijoro ho vavolombelona. Mazava fa noho ny fitarihan'ny Fanahy teny anelanelan'ny lahateniny dia nijanona ny Loholona Bednar ka niteny hoe: "Hainareo ve ny 'Fototra mafy orina'?"

Toa ny 4.100 no niara-namaly tamin'ny feo mafy hoe "ENY!"

Avy eo izy dia nanontany hoe "Hainareo ve ny andininy faha-7?"

Dia niara-namaly indray izy manontolo hoe "ENY!"

Tao anatin'izay 10 taona lasa nihiran'ny Amboarampeon'ny Tabernakely Môrmôna izay ny fandrindrana an'ilay hira ao amin'ny fihirana hoe "Fototra mafy orina" dia nampiana ny andininy faha-7 izany izay tsy dia fihira loatra. Nanome torolalana ny Loholona Bednar hoe: "Ndao hihira ny andininy 1, 2, 3, ary 7."

Tsy nisalasala akory dia nitsangana avy hatrany ilay mpitarika ny amboarampeo ary ilay mpihazona fisoronana Aharôna izay mpitendry tonga dia nanomboka nitendry tamimpahavitrihana ny feon-kira fampidirana. Tamim-pahatokiana lehibe izay mbola tsy tsapako tamin'ny fihiran'ny daholobe hatrizay dia nihira ny andininy 1 sy 2 ary 3 izahay. Avy eo dia nihamafy ny feo sy ny hery ara-panahy rehefa nihira ny andininy fahafito ny feo miisa 4.100 ka nilaza hoe:

*Tolory an'i Jesoa ny fiainanao,*
*Fa tsy handao anao mandrakizay Izy.*
*Na manangoly aza i Satana,*
*Na oviana na oviana, na oviana na oviana,*
*Na oviana na oviana, tsy ho foiny ianao!*[10]

Tao anatin'ny iray tamin'ireo trangan-javatra ara-panahy niavaka indrindra tamin'ny fiainako dia nianatra lesona tena lalina aho tamin'io andro io. Miaina ao anatin'ny tontolo iray isika izay mety hahatonga antsika hanadino hoe iza marina moa isika. Arakaraka ny habetsahan'ireo zavatra mahavariana manodidina antsika no hahamora kokoa amintsika ny hanamaivana sy tsy hiraharaha ary avy eo dia hanadino ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra. Tsy dia nanana zavatra firy ara-nofo ireo Olomasina tao Liberia, nefa toa nanana ny zavatra rehetra ara-panahy izy ireo. Ny zavatra hitanay tamin'izay andro izay tao Monrovia dia vondrona zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra izay nahafantatra izany!

Ao amin'izao tontolo izao ankehitriny, na aiza na aiza ipetrahantsika ary na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra iainantsika, dia zava-dehibe ny hoe, ny maha-zanak' Andriamanitra antsika no tokony ho famantarana faratampony antsika. Ny *fahafantarana* izany dia hampiroborobo ny finoantsika sy hamporisika antsika hanohy ny fibebahana ary hanome hery mba "hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina" mandritra ny diantsika eto amin'ny fiainana an-tany.[11] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Mosesy 1:13; nampiana fanamafisana.
2. Salamo 82:6; nampiana fanamafisana.
3. Asan'ny Apostoly 5:29; nampiana fanamafisana.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24; nampiana fanamafisana.
5. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona*, nôv. 2010, 129; nampiana fanamafisana.
6. Thomas S. Monson, "Kanaria Misy Loko Volombatolalaka eny amin'ny Elany," *Liahona,* jona 2010, 4; nampiana fanamafisana.
7. Jereo ny Kolosiana 1:13–15.
8. "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana,* p. 113.
9. Jereo ny Malakia 3:2.
10. "Fototra Mafy Orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 12.
11. Môsià 5:15.



**Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Aiza ny fanalahidy sy fahefan'ny Fisoronana?

*Ny fahefana sy fanalahidin'ny fisoronana no manome ny hery, manokatra ny varavaran'ny lanitra, ahafahana mampiasa ny herin'ny lanitra ary manokatra ny lalan'ireo fanekempihavanana ilaintsika hiverenana any amin'ny Raintsika any An-danitra.*

Indray tolakandron'ny ririnina, rehefa iny hilentika tao ambadik'ilay tendrombohitra midadasika fanaovana ski rakotry ny oram-panala iny ny masoandro dia namely mafy ny takolakay sy ny oronay ny rivotra mamirifirin'ilay tendrombohitra ka toa nanosika anay hamonjy ny fiaranay tao amin'ny fitobiampiarakodian'ilay toerana fanaovana ski. Ao anatin'izany fiaranay izany dia vetivety foana, noho ireo fitaovana famanàna, dia hahazo hafanana ny rantsantananay sy rantsantongotray. Ny feon'ny oram-panala mivaingana mikaratsaka ao ambany tongotray dia manambara ny hamafin'ny hatsiaka.

Avy nankafy tontolo andro feno fahafinaretana teo amin'ilay toerana fanaovana ski ny fianakaviako, izay niafara tamin'ny hatsiaka tena mamirifiry. Rehefa tonga teo amin'ilay fiara izahay dia nisava ny paosiko aho hitadiavana ny fanalahidy, avy eo dia nisava paosy iray hafa ary paosy iray hafa koa. "Fa aiza ny fanalahidy?" Samy niandry tamim-panahiana ny hahitako ny fanalahidy ny tsirairay! Efa feno ny baterian'ilay fiara, ary efa vonona avokoa ny rafitra rehetra (anisan'izany ny fitaovana famanàna), kanefa raha tsy misy fanalahidy dia tsy ho tafiditra ao amin'ilay fiara izahay. Raha tsy misy fanalahidy dia tsy hamokatra angovo ho an'ilay fiara ny maotera.

Tamin'izay fotoana izay dia ny fomba hidiranay tao anatin'ny fiara no laharampahamehana taminay, kanefa dia tafaeritreritra aho (na dia tamin'ny fotoana toy izany aza) fa azo hisintonana lesona izao toe-java-nitranga izao. Raha tsisy fanalahidy dia ho toy ny plastika sy vỳ fotsiny io milina mahatalanjona io. Na dia azo hanaovana zavatra betsaka aza ilay fiara dia tsy mahavita ny zavatra tokony ho vitany raha tsy misy fanalahidy.

Arakaraka ny nisaintsainako io zavatra niainako io no nampahalalina tamiko an'io fanoharana io. Talanjona aho amin'ny fitiavan'ny Ray any Andanitra an'ireo zanany. Nampiaiky ahy ny nisehoan'ireo olon'ny lanitra tamin'i Joseph Smith sy ireo fahitana ny zavatra mandrakizay izay nasehon' Andriamanitra azy. Ary indrindra indrindra, heniky ny fankasitrahana ny foko noho ny namerenana ny fahefan'ny fisoronana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana tamin'ny laoniny. Raha tsy nisy izany famerenana amin'ny laoniny izany dia tsy ho tafiditra ao amin'ilay fiara tokony hitondra antsika amin'ny diantsika hody any amin'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra be fitiavana isika. Ny fanatanterahana ny ôrdônansin'ny famonjena rehetra momba ireo fanekempihavanana izay mitondra antsika miverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra dia mitaky fitarihana araka ny tokony ho izy amin'ny alalan'ireo fanalahidin'ny fisoronana.

Tamin'ny mey 1829 dia niseho tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery i Jaona Mpanao Batisa, ka nanome





azy ireo ny Fisoronana Aharôna ary nanolotra azy ireo ny fanalahidy mifandraika amin'izany fisoronana izany. Tsy ela taorian'izay dia nomen'i Petera sy i Jakoba ary i Jaona azy ireo ny fanalahidin'ny Fisoronana Melkizedeka.[1]

Tokony ho fito taona taty aoriana, indray alahady tao amin'ny Tempolin'i Kirtland, dia "niseho tamin'ny voninahitra [tamin'i Joseph sy i Oliver] i Jehovah Tompo," tranga iray izay narahan'ny fisehoan'i Mosesy sy i Elià ary i Elia izay nanolotra "ny fanalahidiny sy ny fotoampitantanany."[2] Efa very nandritra ny taonjato maro ilay fahefan'ny fisoronana izay naverina tamin'ny laoniny, miaraka amin'ireo fanalahidy ireo. Tahaka ny tsy nahafahan'ny fianakaviako niditra tao amin'ilay fiara noho ny fahaverezan'ny fanalahidy ihany koa no tsy nahafahan'ireo zanaky ny Ray any An-danitra mandray ireo ôrdônansin'ny famonjena ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy—raha tsy efa nisy famerenana amin'ny laoniny masina notanterahan'ireo iraka avy any an-danitra ireo. Tsy voatery hanontany intsony isika hoe: "Fa aiza ny fanalahidy?"

Indray andro fararano mahafinaritra tamin'ny taon-dasa aho dia nitsidika ilay ala milamina ao avaratra atsinanan'i Pennsylvania, antsoina ao amin'ny soratra masina hoe Harmony, izay toerana nisehoan'i Jaona Mpanao Batisa tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ka namerenany tamin'ny laoniny ny Fisoronana Aharôna. Nijoro teo amoron'ny renirano Susquehanna ihany koa aho, izay toerana nifanaovan'i Joseph sy i Oliver batisa rehefa avy nomena ny fahefana sy ny fanalahidin'ny fisoronana izy ireo. Teo akaikin'io renirano io ihany no nisehoan'i Petera sy i Jakoba ary i Jaona ka namerenany tamin'ny laoniny ny Fisoronana Melkizedeka sy ny fanalahidy miaraka amin'izany.[3]

Ireo toerana ireo, ary koa ilay trano voalohany an'i Joseph sy i Emma naverina naorina, izay toerana nandikana ny ankamaroan'ny Bokin'i Môrmôna, sy ny tranon'ny ray aman-drenin'ny Emma izay eo akaiky eo ary toerana iray fandraisana mpitsidika, izay ao anatin'ny trano fiangonana iray vaovao no mandrafitra ilay Ivontoerana vaovao namerenana ny fisoronana tamin'ny laoniny, izay notokanan'ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny volana septambra tamin'ny taon-dasa. Tany aho dia nahatsapa ny hery sy ny tena nahanisy marina ireo fisehoan'ny zavatra avy any an-danitra ireo izay nitranga teo amin'izany tany masina izany. Io zavatra niainako io dia nitarika ahy handinika sy handalina ary hivavaka momba ny fahefana sy ny fanalahidin'ny fisoronana, ka nanome faniriana ahy hiresaka amin'ireo zatovolahy sy zatovovavin'ny Fiangonana mikasika ny fomba ahafahan'ny fahefan'ny fisoronana sy ny fanalihidin'ny fisoronana naverina amin'ny laoniny mitahy ny fiainan'izy ireo.

Voalohany dia mety hanampy ny fahatakarana an'ireo teny ireo. Ny fisoronana na ny fahefan'ny fisoronana dia nofaritana hoe "ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra"[4] ary "ny hery faratampony eto an-tany."[5] Ny fanalahidin'ny fisoronana dia nofaritana mba ho takatsika ihany koa: "Ny fanalahidin'ny fisoronana dia ilay fahefana izay nomen' Andriamanitra an'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana hitarihana sy hifehezana ary hitantanana ny fampiasana ny Fisoronany eto ambony tany."[6] Ny fanalahidin'ny fisoronana no mifehy ny fampiasana ny fahefan'ny fisoronana. Ireo ôrdônansy izay raketina ao amin'ny firaketan'ny Fiangonana dia mila fanalahidy ary tsy azo atao raha tsy nahazoana lalana. Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks hoe: "Amin'ny farany, dia Jesoa Kristy Tompo no mihazona ny fanalahidy rehetra an'ny fisoronana, fisoronana izay Azy. Izy no mamaritra hoe fanalahidy inona no zaraina amin'ny olombelona ary ahoana no fomba ampiasana azy."[7]

Ankehitriny, ho anareo zatovolahy sy zatovovavy, dia nandinika fomba telo aho ahafahanareo "mahita ireo fanalahidy" na mampiasa ny fanalahidy sy ny fahefan'ny fisoronana hitahiana ny fiainanareo sy ny fiainan'ny hafa.

#### Ny voalohany dia ny miomana hanao asa fitoriana ny filazantsara

Ry zandriko lahy sy zandriko vavy isany, mety tsy tsapanareo izany, fa ny fanalahidin'ny fanangonana an'i Isiraely izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Mosesy dia ahafahana manatanteraka ny asa fitoriana amin'izao

fotoampitantanana izao. Diniho anie fa misiônera amin'ny fotoana feno miisa 75,000 eo ho eo no miasa eny an-tsaha eo ambany fitarihan'izany fanalahidy izany. Eo am-pieritreretana izany dia tadidio fa tsy misy izany hoe aloha loatra izany amin'ny fiomananareo hanao asa fitoriana ny filazantsara. Ao amin'ny *Jeunes, soyez forts,* dia mamaky isika hoe: "Ry zatovolahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna, . . . miasà amim-pahavitrihana mba hiomananareo hisolo tena ny Tompo rehefa lasa misiônera."[8] Afaka miomana ihany koa ireo zatovovavy, "saingy izy ireo dia tsy iharan'izany adidy eo an-tsorok'ireo zatovolahy izany."[9] Ny fiomanana rehetra izay ataonareo koa anefa, na manompo amin'ny fotoana feno ianareo na tsia, dia hahasoa anareo mandritra ny androm-piainanareo rehefa mitory ny filazantsara amin'ny maha-mpikambana anareo ianareo.

#### Ny fomba faharoa hahafahana "mahita ny fanalahidy" dia ny mandeha any amin'ny Tempoly

Ny fanalahidin'ny famehezana izay naverin'i Elia mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha tamin'ny laoniny no ahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy any amin'ireo tempoly masina. Ireo ôrdônansy izay tanterahina any amin'ireo tempoly ireo no manome fahafahana ny olona sy ny fianakaviana hiverina eo anatrehan'ny ray amandrenintsika any an-danitra.

Mamporisika anareo izahay ry zatovolahy sy zatovovavy mba hikaroka sy hitady ny anaran'ireo razambenareo ka hanatanteraka ny batisa amin'ny alalan'ny fisoloan-tena ho azy ireo any amin'ny tempoly. Hitanay fa efa tena mihoatra lavitra noho ny taloha ny fanatanterahana izany manerana an'izao tontolo izao! Feno zatovolahy sy zatovovavy ny toerana fanaovana batisa ao amin'ny tempoly maro vao maraina ary mandra-paharivan'ny andro. Ampiasaina mba hamehezana ireo fianakaviana ny fanalahidy rehefa tanterahina any amin'ireo tempoly ireo ny ôrdônansy masina.

Takatrareo ve ny ifandraisan'ny fanalahidin'ny fisoronana sy ireo fitahiana? Rehefa mandray anjara amin'ity asa ity ianareo dia mieritreritra aho fa ho hitanareo fa ny Tompo dia miditra an-tsehatra hatrany amin'ny antsipiriany. Ny zavatra anankiray niainako dia maneho izany. Vao tsy ela aho no nianatra avy tamin'ny reny iray izay manatitra tsy tapaka ireo zanany any amin'ny tempoly mba hanatanteraka batisa amin'ny alalan'ny fisoloantena. Tamin'io andro manokana io, rehefa nahavita ny batisany ka iny hiala ny tempoly iny io fianakaviana io dia nisy lehilahy iray niditra tao amin'ny toerana fanaovana batisa niaraka tamin'ny anaran'olona marobe tao amin'ny fianakaviany. Rehefa nahita ny mpiasa iray tao amin'ny tempoly fa tsy nisy olona tavela intsony tao amin'ilay fanaovana batisa ka afaka hanampy amin'ireo anarana ireo dia notratrariny ity fianakaviana izay efa handeha ity ka nanontany ireo ankizy izy raha toa ka afaka miverina miditra izy ireo sy misolo akanjo indray mba hanampy amin'ireo batisa ireo. Nanaiky antsitrapo izy ireo ka niverina tao indray. Teo am-panaovana batisa an'ireo ankizy, raha nihaino tsara iny ny renin'izy ireo, dia nanomboka nahafantatra ireo anarana izy ary talanjona ny rehetra fa tsy ela dia hita fa razamben'ny fianakaviany efa maty ihany koa ireo anarana nentin'ilay lehilahy ireo. Fitahiana feno fitiavana sy famindram-po ho azy ireny izany.

Roa herinandro lasa izay dia notokanana ny Tempolin'i Provo City Center ary io no tempoly faha-150 amperinasa an'ny Fiangonana manerantany. Marihina fa tamin'ny nanohanana ny Filoha Thomas S. Monson ho Apôstôly tamin'ny taona 1963 dia 12 no isan'ny tempoly am-perinasa tato amin'ny Fiangonana. Mihamanakaiky anareo hatrany ny tempoly. Na izany aza, ho an'ireo izay mipetraka amin'ny toerana tsy ahafahana mandeha matetika any amin'ny tempoly noho ny halavirana sy ny toe-java-misy, dia tokony hihazona ny tenanareo ho mendrika ny hiditra tempoly foana ianareo. Afaka manatanteraka asa manan-danja ivelan'ny tempoly ianareo rehefa mikaroka sy mampiditra ny anaran'ny fianakavianareo.

#### Fahatelo farany: Mandrosoa hatrany amim-pinoana

I Abrahama, mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha, dia nahazo fitahiana lehibe tamin'ny Tompo nandritra ny fotoampitantanany, izay matetika antsoina hoe ny Fanekempihavanan'i Abrahama. An'arivony taona taty aoriana dia naverina tamin'ny laoniny ireo





fitahian'ny fotoampitantanan'ny filazantsara nomena an'i Abrahama. Nitranga izany rehefa niseho tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ny mpaminany Elià.

Amin'ny alalan'io famerenana amin'ny laoniny io no ahafahanareo tsirairay mahazo ireo fitahiana mahafinaritra nampanantenaina an'i Abrahama. Ho anareo ireo fitahiana ireo raha toa ka mijanona ho mahatoky sy miaina amim-pahamendrehana ianareo. Ao anatin'ilay kiboky hoe *Jeunes, soyez forts*, dia omena izao torolalana tena azo ampiharina izao ianareo mikasika ny fomba ahafahana "mandroso amim-pinoana." Fintiniko ny sasany amin'izany torohevitra izany: "Mba hanampiana anareo ho tonga amin'izay rehetra tian'ny Tompo hahatongavanareo dia mandohaliha isa-maraina sy hariva mivavaka amin'ny Rainareo any An-danitra. . . . Halalino isan'andro ny soratra masina ka ampiharo amin'ny fiainanareo ny zavatra izay novakinareo. . . . Miezaha ho mpakantò isan'andro. . . . Araho ny fampianaran'ireo mpaminany amin'ny toe-javatra rehetra. . . . Manetre tena ary mivonòna hihaino ny Fanahy Masina."

Io torohevitra io dia arahina fampanantenana izay mitondra mankany amin'ireo fampanantenana azo avy amin'ireo fitahian'i Abrahama: "Raha manao ireo zavatra ireo ianareo dia hampamokatra bebe kokoa ny fiainanareo ny Tompo, mihoatra lavitra noho izay vitanareo manokana. Hampitombo ny fahafahanareo manao zavatra sy hampivelatra ny fijerinareo ary hankahery anareo Izy. Hanome ny fanampiana izay ilainareo Izy hiatrehana ireo fitsapana sy fanamby iainanareo. Hahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa ianareo ka hahita ny tena fifaliana rehefa mahafantatra ny Rainareo any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ka hahatsapa ny fitiavan' Izy Ireo anareo."[10]

Hamintinana azy dia: miomàna hanao asa fitoriana, mandehana any amin'ny tempoly ary mandrosoa hatrany amim-pinoana.

#### Famaranana

Andeha hiverenantsika ilay tantara tany am-boalohany hamaranana azy, raha tafahitsoka teo amin'ilay fitobiampiarakodia mamanala nanontany hoe: "Fa aiza ny fanalahidy?" izahay. Ho fampahafantarana dia hitako ny harivan'io tamin'ny fomba mahagaga ihany ny fanalahidy izay latsaka avy tao ampaosiko teny amin'ilay tendrombohitra. Nasehon'ny Tompo anay fa tsy hamela anay Izy hijanona eo amin'ny hatsiaka tsy misy fanalahidy na fahefana hitondra anay hody soa aman-tsara any an-trano.

Raha toa ahy ianareo dia mety efa matetika nahita ny tenanareo manontany hoe "Fa aiza ny fanalahidin'" ny fiara, na ny an'ny birao, na ny an'ny trano? Rehefa mitranga amiko izany dia tsy maintsy mitsiky anakampo aho, satria rehefa mitady fanalahidy aho dia lasa mieritreritra ireo fanalahidin'ny fisoronana aho izay naverina tamin'ny laoniny sy mieritreritra ny Filoha Thomas S. Monson, izay tohanantsika "ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara"[11] ary ho hany ilay olona eto an-tany manana sy nahazo lalana hampiasa ireo fanalahidin'ny fisoronana rehetra. Eny, hazonin'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara amin'ny fomba azo antoka tsara ireo fanalahidy. Izany dia omena sy ampandraiketina ary tendrena ho an'ny hafa araka ny sitrapon'ny Tompo, eo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Fiangonana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fahefana sy ny fanalahidin'ny fisoronana no manome ny hery, manokatra ny varavaran'ny lanitra, ahafahana mampiasa ny herin'ny lanitra ary manokatra ny lalan'ireo fanekempihavanana ilaintsika hiverenana any amin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana.

Mivavaka aho mba hahatonga anareo zatovolahy sy zatovovavy taranaka vao misondrotra "[hibosesika] handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy,"[12] sy mba hahatakaranareo fa tombontsoa masina ho anareo ny manao zavatra eo ambany fitarihan'ireo izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana izay hanokatra ireo fitahiana sy fanomezampahasoavana ary herin'ny lanitra ho anareo.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin' Andriamanitra Ray, ny amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ny amin'ny Fanahy Masina, ary ny amin'ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny amin'izao andro farany izao, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:68–72.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110, sasin-tenin'ny fizarana.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:20.
4. *Manuel 2:Administration de l' Église* (2010), pejy 8.
5. Boyd K. Packer, "Ny fahefan'ny fisoronana ao an-tokantrano" (worldwide leadership training meeting, feb. 2012), lds.org/broadcasts; jereo ihany koa ny James E. Faust, "Power of the Priesthood," *Ensign,* mey 1997, 41–43.
6. *Manuel 2,* 2.1.1.
7. Dallin H. Oaks, "Ny fanalahidy sy ny fahefan'ny fisoronana," *Liahona,* mey 2014, 50.
8. *Jeunes, soyez forts* (kiboky, 2011), 43.
9. Thomas S. Monson, "Tongasoa eto amin'ny Fihaonambe," *Liahona,* nôv. 2012, 5.
10. *Jeunes, soyez forts* 42–43.
11. Teny avy ao amin'ny taratasy ahitana ireo Mpiandraikitra Notohanana izay vakina any amin'ireo fihaonamben'ny paroasy sy any amin'ireo fihaonamben'ny tsatòka fanao isan-taona.
12. 2 Nefia 31:20.



**Nataon'ny Loholona Kevin R. Duncan**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ilay diloilo manasitran'ny famelan-keloka

*Fitsipika feno voninahitra sy manasitrana ny famelan-keloka. Tsy voatery ho voa indroa isika. Afaka mamela heloka isika.*

Izay rehetra avy amin' Andriamanitra dia ahitana fitiavana sy fahazavana ary fahamarinana. Isika anefa amin'ny maha-olombelona antsika dia miaina ao amin'ny tontolo izay lavo, indraindray feno haizina sy fisafotofotoana. Tsy mahagaga hoe hisy ny fahadisoana sy hitranga ny tsy fahamarinana ary hisy ny fahotana. Vokatr'izany, tsy misy olona miaina ka tsy ho tratran'ny vokadratsin'ny tsy firaharahiana na fitondrantena manafintohina na fihetsika feno fahotana mihitsy aza, izay ataon'ny hafa, amin'ny fotoana izay tsy fantatra. Izany dia zavatra samy ananantsika rehetra.

Mahavelom-pankasitrahana fa Andriamanitra, noho ny fitiavany sy ny famindram-pony an'ireo zanany, dia nanomana fomba hanampiana antsika hamakivaky ireo zavatra iainana eo amin'ny fiainana ireo, izay matetika sarotra. Nanome fomba ahatafavoahana Izy ho an'ireo izay iharan'ny faharatsiana ataon'ny hafa. Nampianatra antsika Izy hoe afaka mamela heloka isika! Na dia mety hoe ho voa indray mandeha aza isika, dia tsy voatery ho voa fanindroany isika amin'ny fizakana ny ziogan'ny fankahalana, na ny ngidin'ny fiainana, na ny alahelo, ny otripo, eny fa na dia ny valifaty aza. Afaka mamela heloka isika, ary afaka ny ho olon'afaka isika!

Taona maro lasa izay, raha nanamboatra fefy aho, dia nisy silaka hazokely tafiditra tao amin'ny rantsantanako. Zara raha niezaka ny nanaisotra ilay hazokely aho ary nihevitra aho fa afaka ilay izy, saingy toa tsy izay no izy. Rehefa nandeha ny fotoana, dia voarakotry ny hoditra naniry ilay silaka hazokely, ka lasa nisy nibontsina teo amin'ny rantsantanako. Nanelingelina ilay izy ary indraindray narary.

Taona maro taty aoriana dia nanapakevitra ny hanao zavatra aho nony farany. Ny hany nataoko dia nanisy diloilo tamin'ilay mibontsina fotsiny ary nofonosiko bandy manodidina azy. Nataoko matetika izay zavatra izay. Tsy azonareo an-tsaina ny hatairako rehefa nivoaka avy tao amin'ny rantsantanako ilay silaka hazokely indray andro teo am-panaisorako ilay bandy.

Nampanalefaka ilay hoditra ilay diloilo ka nampivoaka ilay zavatra kely izay niteraka fanaintainana nandritra ny taona maro. Rehefa afaka ilay silaka hazokely, dia sitrana haingana ilay rantsantanana, ary ankehitriny dia tsy misy diana ratra tavela.

Amin'ny fomba mitovy amin'izany, ny fo izay tsy mamela heloka dia mitondra fanaintainana tsy ilaina akory. Rehefa manosotra ilay diloilo manasitran'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy isika, dia hanalefaka ny fontsika Izy ary hanampy antsika mba hiova. Afaka *manasitrana* ny fanahy maratra Izy (jereo ny Jakôba 2:8).

Resy lahatra aho fa ny ankamaroantsika dia te hamela heloka, kanefa hitantsika fa sarotra ny manao izany. Rehefa niharan'ny tsy rariny isika, dia



mety halaky hiteny hoe: "Nanao ny tsy mety io olona io. Mendrika fanasaziana izy. Aiza ny fahamarinana?" Mieritreritra am-pahadisoana isika hoe *raha* mamela heloka isika, dia tsy ho tontosa ny rariny amin'ny lafiny iray ary tsy hihatra ny sazy.

Tsy izay tsotra izao no izy. Hanome sazy ara-drariny ho an'ny rehetra Andriamanitra, satria ny famindram-po dia tsy afaka mandroba ny fahamarinana (jereo ny Almà 42:25). Manome toky ho ahy sy ho anao Andriamanitra hoe: "Aoka ho Ahy irery ny fitsarana, fa Ahy izany ary Izaho no hamaly. Ho aminareo [kosa] anie ny fiadanana" (F&F 82:23). Ny mpaminany Jakôba ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nampanantena ihany koa fa Andriamanitra dia "hampionona [anareo] amin'ny fahorianareo, ary harovany ny tombontsoanareo, ary hampidininy amin'ireo izay mitady handrava anareo ny famaliana" (Jakôba 3:1).

Rehefa voa isika, ka *mahatoky*, dia afaka mahazo fampiononana lehibe amin'ny fahafantarana fa hanonitra amintsika izay tsy rariny rehetra iainantsika Andriamanitra. Nilaza ny Loholona Joseph B. Wirthlin hoe: "Manonitra ny olona mahatoky ny Tompo amin'izay famoizana rehetra. . . . Ny ranomaso rehetra ankehitriny dia hovaliana amin'ny ranomasom-piravoravoana sy fankasitrahana an'arivony avo heny."[1]

Rehefa milofo hamela ny heloky ny hafa isika, dia aoka isika hiezaka ny hahatsiaro fa isika rehetra dia mitombo ara-panahy avokoa, kanefa amin'ny ambaratonga samy hafa avy. Raha toa ka mora ny mijery ireo fiovana sy fitomboana eo amin'ny vatana, dia sarotra kosa ny mijery ny fitomboana eo amin'ny fanahintsika.

Ny fanalahidy iray amin'ny famelana ny heloky ny hafa dia ny miezaka mijery azy ireo tahaka ny fijerin' Andriamanitra azy ireo. Indraindray Andriamanitra dia mamela antsika hahatakatra izay ao am-po sy ao anaty ary ao amin'ny fanahin'ny olona iray hafa izay nanafintohina antsika. Izany fijery vaovao izany dia mety hitondra antsika hankany amin'ny fitiavana mitafotafo an'ilay olona mihitsy aza.

Mampianatra antsika ny soratra masina fa tonga lafatra ny fitiavan' Andriamanitra ireo zanany. Fantany fa afaka ny hanao ny tsara izy ireo na manao ahoana na manao ahoana ny lasany. Rehefa natao ny fandinihana, dia tsy afaka ho nisy fahavalo masiaka sy lozabe ho an'ireo mpanara-dia an'i Jesoa Kristy mihoatra noho i Saoly avy any Tarsosy. Kanefa rehefa nasehon' Andriamanitra an'i Saoly ny fahazavana sy ny fahamarinana, dia tsy mbola nisy mpianatry ny Mpamonjy feno fanoloran-tena sy mazoto ary tsisy tahotra noho izy. Lasa Paoly Apôstôly i Saoly. Ny fiainany dia ohatra mahagaga maneho ny fomba fijerin' Andriamanitra ny olona tsy amin'izay maha-izy azy ankehitriny fa amin'izay mety hahatongavany. Isika rehetra eo amin'ny fiainantsika manokana dia manana olona mitovy amin'i Saoly izay mety ho lasa Paoly. Azonareo atao sary an-tsaina ve ny mety hiovan'ny fianakaviantsika sy ny fiaraha-monina misy antsika ary izao tontolo izao amin'ny ankapobeny raha toa isika rehetra ka miezaka ny hifampijery tahaka ny fijerin' Andriamanitra antsika?



Matetika loatra isika no mijery ny mpanafintohina amin'ny fomba hijerentsika ny vongan-dranomandry lehibe iray eny an-dranomasina—ny tendrony ihany no hitantsika fa tsy izay ao ambany ranomasina. Tsy fantatsika izay rehetra mitranga eo amin'ny fiainan'ny olona iray. Tsy fantatsika ny lasan'izy ireo; tsy fantatsika ny olan'izy ireo; tsy fantatsika ny fanaintainana zakain'izy ireo. Ry rahalahy sy anabavy, aoka mba tsy ho diso ny fahatakaranareo. Ny mamela heloka dia tsy hoe manaiky. Tsy manamarina ny fitondrantena ratsy isika na mamela ny hafa hanao ratsy amintsika *noho* ny olany na ny fanaintainany na ny fahalemeny. Kanefa *afaka* mahazo fahatakarana sy fiadanana bebe kokoa isika rehefa mijery amin'ny fomba fijery midadasika kokoa.

Azo antoka fa ireo izay latsadatsaka

ny fahamatorany ara-panahy dia mety hanao fahadisoana lehibe—kanefa tsy misy amintsika tokony ho *faritana* avy amin'ny zavatra ratsy indrindra nataontsika fotsiny. Andriamanitra no mpitsara tonga lafatra. Mahita izay ao ambanin'ny hita maso Izy. Mahafantatra sy mahita ny zavatra rehetra Izy (jereo ny 2 Nefia 2:24). Nilaza Izy hoe: "Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra" (F&F 64:10).

I Kristy aza, rehefa nendrikendrehina tsy ara-drariny, sy notafihina tamin'ny habibiana avy eo, ary nokapohina sy navela hijaly teo amin'ny hazofijaliana, tamin'izay fotoana izay dia niteny hoe: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony" (Lioka 23:34).

Ao anatin'ny tsy fieritreretana lavitra, dia indraindray mora amintsika ny mamboly lolompo amin'ny hafa izay tsy mitovy fihetsika na eritreritra amintsika. Mety hanana fihetsika tsy misy fandeferana isika avy amin'ny zavatra toy ny fanohanana ekipampanatanjahantena mifanandrina, fananana fijery ara-pôlitika samy hafa, na ny fananana finoana ara-pivavahana samy hafa.

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanome torohevitra hendry rehefa nilaza izy hoe: "Ny fahafahana mihaino ireo izay avy amin'ny antokompivavahana na firehana ara-pôlitika samihafa dia afaka mitondra fandeferana sy fianarana."[2]

Ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka momba ny fotoana iray nahitana fa "ny olon'ny Fiangonana dia nanomboka nanandran-tena tao amin'ny avonavon'ny masony, ary . . . nanomboka nifanebaka izy samy izy sy nanomboka nanenjika ireo izay tsy nino araka ny sitrapony sy ny safidiny" (Almà 4:8). Aoka isika rehetra hahatsiaro fa Andriamanitra dia tsy mijery ny lokon'ny fanamian'ny mpanao fanatanjahantena. Fa hoy kosa ny nolazain'i Amôna: "[Andriamanitra dia] mitsinjo ny zanak'olombelona; ary fantany ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo rehetra" (Almà 18:32). Ry rahalahy sy anabavy, amin'ireo fifaninana misy eo amin'ny fiainana, raha mandresy isika, dia aoka isika handresy



amin'ny hatsaram-panahy. Raha resy isika, aoka isika ho resy amin'ny hatsaram-panahy. Satria isika raha miaina amin'ny hatsaram-panahy ho an'ny tsirairay, dia hatsaram-panahy no ho valisoantsika amin'ny andro farany.

Tahaka ny iharan'ny faharatsiana ataon'ny hafa amintsika rehetra amin'ny fotoana izay tsy fantatra, dia indraindray koa isika no manao ratsy. Samy manao hadisoana avokoa isika ary mila ny fahasoavana sy famindram-po ary famelana heloka. Mila mahatsiaro isika fa ny famelana ny helotsika sy ny hadisoantsika dia miankina amin'ny famelantsika ny hafa. Hoy ny Mpamonjy hoe:

"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra:

"Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo" (Matio 6:14–15).

Amin'ireo zavatra rehetra mety nolazain'ny Mpamonjy tao amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo, izay miavaka ny hafohiny, dia mahaliana fa nisafidy ny hampiditra Izy hoe: "Ary mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay" (Matio 6:12; 3 Nefia 13:11).

Ny famelan-keloka no tena antony nandefasan' Andriamanitra ny Zanakalahiny, koa aoka isika hifaly amin'ny fanatitra nataony mba hanasitranana antsika. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia tsy natao fotsiny ho an'ireo izay mila mibebaka; fa natao ihany koa ho an'ireo izay mila mamela heloka. Raha manana fahasahiranana ianao amin'ny famelàna ny heloky ny hafa na ny an'ny tenanao aza dia angataho Andriamanitra mba hanampy anao. Fitsipika feno voninahitra sy manasitrana ny famelan-keloka. Tsy voatery ho voa indroa isika. Afaka mamela heloka isika.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavana sy ny fandeferan' Andriamanitra maharitra ho an'ireo zanany rehetra aho sy ny amin'ny faniriany antsika mba hifankatia tahaka ny hitiavany antsika (jereo ny Jaona 15:9, 12). Rehefa manao izany isika, dia hivoaka avy amin'ny haizin'izao tontolo izao ho amin'ny voninahitra sy ny halehiben'ny fanjakany any an-danitra. Ho afaka isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph B. Wirthlin, "Come What May, and Love It," *Liahona,* nôv. 2008, 28.
2. Russell M. Nelson, "Listen to Learn," *Ensign,* mey 1991, 23.



**Nataon'ny Loholona Steven E. Snow**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Aoka ianao hanetry tena

*Ny fanetrentena no hahafahantsika ho lasa ray aman-dreny, zanaka, vady, mpifanolobodirindrina ary namana tsaratsara kokoa.*


Sambatra isika ato amin'ny Fiangonana fa manana antontan-kira izay manampy antsika hitsaoka amin'ny alalan'ny hira. Mandritra ireo fivoriana ato amin'ny Fiangonana dia, "manasa ny Fanahin'ny Tompo, mahatonga ny fanahin'ny fanajana, mampiray hina ny mpikambana, ary manome antsika fahafahana hidera ny Tompo [ny hira]. Ny sasany tamin'ireo lahateny lehibe sy tsara indrindra dia natao tamin'ny alalan'ny fihirana."[1]

Volana vitsivitsy monja taorian'ny nanorenana ny Fiangonana dia nandray fanambarana iray ho an'i Emma vadiny ny Mpaminany Joseph Smith. Nilaza tamin'i Emma ny Tompo fa "zavatra ankasitraha[ny] ny [hifantenany] araka izay hanentanan'ny Fanahy [azy] ireo hira masina mba hatao ao amin'ny fiangona[ny]."[2]

Nanambatra antontan-kira i Emma Smith izay nivoaka voalohany tao amin'ity fihirana tany Kirtland ity tamin'ny taona 1836.[3] Sivifolo monja no hira nampidirina tao anatin'ity bokikely manify ity. Betsaka tamin'izany no hira avy tamin'ireo finoana Protestanta. Raha kely indrindra dia 26 tamin'izany no noforonin'i William W. Phelps, izay nanomana sy nanampy tamin'ny fanaovana printy ny boky fihirana taty aoriana. Ny tononkira ihany no nosoratana. Tsy nisy naotina mozika niaraka tamin'ireo tonony. Io boky fihirana kely sy tsotra io dia nanjary fitahiana lehibe ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany am-piandohana.

Ny edisiôna farany amin'ny boky fihiranantsika amin'ny teny anglisy dia navoaka tamin'ny taona 1985. Maro tamin'ireo fantina izay nosafidian'i Emma taona marobe tany aloha tany no mbola tafiditra ao anatin'ny boky fihiranantsika, tahaka ny "Velona ny Mpanavotra Ahy" na ny "Fototra Mafy Orina."[4]

Ny hira vaovao iray tao anatin'ny boky fihirana navoaka ny taona 1985 dia ny "Oh! Sois humble."[5] Io hira milamindamina io dia nosoratan'i Grietje Terburg Rowley, izay nodimandry tamin'ny taon-dasa. Lasa




*Tontosa tamin'ny 1836 ny edisiôna voalohan'ny fihiran'ny Olomasin'ny Andro Farany.*

mpikamban'ny Fiangonana izy ny taona 1950, tany Hawaii, mpampianatra an-tsekoly izy tany. Ny Rahavavy Rowley dia mpikambana tao amin'ny Kaomitin'ny Mozika Maneran-tany ary nanampy tamin'ny fampifanarahana ireo hira ho amin'ny fiteny samihafa. Ny tononkiran'ny "Oh! Sois humble" dia nalainy avy tamin'ny andinintsoratra masina anankiroa: ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:10 sy ny Etera 12:27. Ilay andininy ao amin'ny bokin'i Etera dia mivaky toy izao: "Ary raha manatona Ahy ny olona dia hasehoko azy ny fahalemeny. Omeko ho an'ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; . . . fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manampinoana Ahy, amin'izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy."

Tahaka ny hira rehetra an'ny Fiangonana dia mampianatra fahamarinana madio sy tsotra ny "Oh! Sois humble." Mampianatra antsika izany fa raha manetry tena isika dia hovaliana ny vavaka ataontsika; hahazo fiadanan-tsaina isika; hahomby kokoa isika rehefa manompo ao amin'ny antsontsika; ary raha mijanona ho mahatoky hatrany isika dia hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra amin'ny farany.

Nampianatra ireo mpanara-dia Azy ny Mpamonjy fa tsy maintsy manetry tena tahaka ny zaza madinika izy ireo mba hahafahany miditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.[6] Rehefa manabe ireo zanatsika isika dia mila manampy azy ireo hijanona ho manetry tena rehefa miha-matotra ka lasa olondehibe. Tsy amin'ny fanimbana ny fanahin'izy ireo amin'ny alalan'ny haratsiam-panahy na amin'ny fanitsiana azy ireo amin'ny fomba henjana loatra no hanaovantsika izany. Rehefa mikolokolo ny fahatokian-tenany isika sy ny fanomezany lanja ny tenany dia mila mampianatra azy ireo ireto toetra tsara ireto, dia ny tsy fitiavan-tena, ny hatsaram-panahy, ny fankatoavana, ny tsy fiavonavonana, ny fahalalampomba, ary ny tsy fizahozahoana. Ilaintsika izy ireo mba hianatra mifaly amin'ny fahombiazan'ny mpiray

tampo aminy sy ny namany. Ny Filoha Howard W. Hunter dia nampianatra fa "tokony hiraharaha marina ny fahombiazan'ny hafa isika."[7] Raha tsy izany ireo zanatsika dia mety ho lasa mifantoka be loatra amin'ny tombontsoan'ny tenany manokana, amin'ny fihoarana ny hafa, amin'ny fialonana, ary ny tsy fifaliana amin'ny fahombiazan'ny namany. Mankasitraka ny reniko aho, izay rehefa nahita fa lasa nieboebo loatra aho fony aho zazalahy, dia nilaza hoe: "Anaka, ny fanetrentena kely ataonao amin'izao dia tsy hanenenanao any aoriana any."

Fa ny fanetrentena dia tsy zavatra natokana ho hampianarina amin'ny zanaka fotsiny. Isika rehetra dia tsy maintsy miezaka ny hanetry tena kokoa. Tena ilaina ny fanetrentena mba hahazoana ireo fitahian'ny filazantsara. Ny fanetrentena no mahatonga antsika hanana fo torotoro rehefa nanota na rehefa nanao fahadisoana ka mahatonga antsika ho afaka mibebaka. Ny fanetrentena no hahafahantsika ho lasa ray aman-dreny, zanaka, vady, mpifanolobodirindrina ary namana tsaratsara kokoa.

Etsy ankilany kosa dia afaka manimba ireo fifandraisana ao amin'ny fianakaviana, sy mandrava fanambadiana ary manimba finamanana ny hambo-po diso toerana. Tena ilaina manokana ny mahatsiaro ny fanetrentena rehefa mahatsapa ianao fa mipoitra ao antokantrano ny fifandirana. Diniho ny ratram-po izay azonao sorohina amin'ny fanetrenao tena rehefa miteny hoe: "Miala tsiny aho" na hoe "Tena tsy mety ny nataoko" na "Inona no mba tianao hatao?" na "Tena tsy nieritreritra tsotra izao aho" na "Tena faly aminao aho." Raha ampiasana amim-panetrentena ireo andian-teny ireo dia hihena ny fifandirana ary hitombo ny fiadanana ao an-tokantranontsika.

Ny miaina tsotra izao dia efa mety ho mampanetry tena ary matetika dia izany tokoa. Ny loza manjo sy ny aretina, ny fahafatesan'ny olon-tiana, ny olana ara-pifandraisana, ary na dia ny fitotonganan'ny toe-bola aza dia mety mampietry antsika. Na dia tonga noho ny fahadisoana avy tamintsika



aza ireo fotoan-tsarotra ireo, na koa vokatry ny fanapahan-kevitra ratsy sy ny safidy tsy dia tsara loatra nataontsika dia mampietry avokoa ireo fitsapana ireo. Raha misafidy ny hihaino ny Fanahy sy ny hanetry tena ary ny ho azo ampianarina hatrany isika dia ho lasa amin-kitsimpo kokoa ny vavaka ataontsika, ary hitombo ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona rehefa mandresy ireo fitsapan'ny fiainana antany isika. Miandrandra ny fisandratana avokoa isika rehetra, fa mialoha ny hitrangan'izany dia tsy maintsy maharitra ilay nolazaina hoe "ny lohasahan'ny fanetrentena" isika.[8]

Taona maro lasa izay dia nijaly be noho ny ratra tao amin'ny lohany i Eric zanakay lahy, izay 15 taona. Ny fahitana azy tsy nahatsiaro tena efa nandritra ny herinandro mahery dia nampahalahelo anay tokoa. Nilaza ireo mpitsabo fa tsy azon'izy ireo antoka izay mety hitranga manaraka. Nazava ho azy fa nientanentana izahay rehefa nanomboka nahatsiaro tena izy. Nihevitra izahay tamin'izany fa hilamina avokoa ny zava-drehetra, kanefa diso izahay.

Rehefa taitra izy dia tsy afaka nandeha na niteny na namahan-tena. Ary ny nampalahelo indrindra dia tsy nahatadidy ny zavatra izay vao nitranga vao haingana izy. Tadidiny ny ankamaroan'ny zava-nitranga talohan'ilay loza, fa tsy afaka nitadidy ny zavatra nitranga taorian'io izy, na dia zavatra nitranga vao minitra vitsy lasa aza.

Nisy fotoana izahay niahiahy fa hanan-janaka izay tsy hitombo aratsaina intsony mihoatra ny faha-15 taonany. Ny zava-drehetra tamin'ny fiainan'ny zanakay lahy dia nizotra tsara avokoa talohan'ilay loza. Mpanao fanatanjahantena izy sady nalaza ary nahay tsara tany am-pianarana. Taloha dia toa namirapiratra ny hoaviny; ankehitriny dia niahiahy izahay fa mety tsy hanana hoavy izy, na farafaharatsiny hoavy azony tadidiana. Izao izy dia sahirana mamerina mianatra ireo zavatra tena fototra. Izany dia tena fotoana nampanetry tena azy tokoa. Ary fotoana tena nampanetry tena ny ray aman-dreniny ihany koa.

Raha ny marina dia nanontany tena izahay hoe ahoana no nahafahan'izany

nitranga. Niezaka nanao ny tsara foana izahay. Laharampahamehana ho an'ny fianakavianay ny miaina ny filazantsara. Tsy azonay notakarina ny nitrangan'izany zavatra nangirifiry izany taminay. Naetry tanteraka izahay vantany vao nahita fa toa haharitra volana maro, ary taona maro mihitsy aza ny fanarenana azy. Ary mbola sarotra taminay kokoa ny fahatsapana tsikelikely fa tsy ho tahaka ny tamin'ny taloha intsony izy.

Nandritra io fotoana io dia betsaka ny ranomaso nalatsaka ary ny vavaka nataonay dia lasa vokatry ny fo kokoa ary tamin-kitsimpo kokoa. Tamin'ny alalan'ny fomba fijery manetry tena izahay no nanomboka nahita tsikelikely ireo fahagagana bitika nisy nandritra ny fotoana nijalian'ny zanakay lahy. Nihatsara tsikelikely izy. Ny toe-tsainy sy ny fomba fijeriny dia tena tsara.

Ankehitriny i Eric zanakay lahy dia nanambady olona tena mahafinaritra, ary manan-janaka dimy tsara tarehy izy ireo. Mpanabe mahafatrapo izy sy mpandray anjara amin'ny fanatsarana ny fiaraha-monina misy azy sy ny Fiangonana. Ary indrindra indrindra, mbola miaina araka ilay fanahin'ny fanetrentena nianarany fotoana maro lasa izay.

Ahoana kosa anefa raha azontsika atao ny manetry tena mialoha ny handehanantsika ao amin'ny "lohasahan'ny fanetrentena"? Nampianatra i Almà hoe:

"Hotahiana izay manetry ny tenany, rehefa tsy terena hanetry tena."

"Eny, hotahiana kokoa [izy ireo] noho ireo izay voatery hietry."[9]

Feno fankasitrahana aho noho ireo mpaminany toa an'i Almà, izay nampianatra antsika ny lanjan'io toetra lehibe io. I Spencer W. Kimball, Filohan'ny Fiangonana faha-12, dia nilaza hoe: "Ahoana no hampanetry tena ny olona iray? Amiko dia tsy maintsy hampahatsiahivina tsy tapaka azy fa miankina amin'olona izy. Miankina amin'iza? Amin'ny Tompo. Inona no fomba fampahatsiahivana? Amin'ny alalan'ny vavaka tena izy, atao tsy tapaka sy araka ny fanahin'ny fitsaohana ary feno fankasitrahana."[10]

Tsy tokony hahagaga raha ny "Mila Anao Aho"[11] no hira tian'ny Filoha Kimball indrindra. Ny Loholona Dallin H. Oaks dia nilaza fa io no hira fanokafana fanaon'ireo Rahalahy matetika indrindra tao amin'ny tempoly nandritra ny taona voalohandohany naha-tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy. Hoy izy: "Alaivo sary an-tsaina ny fiantraikany ara-panahy nisy vokatry ny fihiran'ny mpanompon'ny Tompo vitsivitsy an'io hira io mialoha ny hivavahan'izy ireo mba ho tarihiny eo amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra goavana izay nosahanin'izy ireo."[12]

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny lanjan'ny fanetrentena eo amin'ny fiainantsika. Feno fankasitrahana aho noho ireo olona tahaka ny Rahavavy Grietje Rowley izay nanoratra tononkira sy feonkira nentanim-panahy izay manampy antsika hianatra ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, anisan'izany ny fanetrentena. Feno fankasitrahana aho fa manana lova isika amin'ny alalan'ireo fihirana izay manampy antsika hitsaoka amin'ny alalan'ny hira, ary feno fankasitrahana aho noho ny fanetrentena. Ny vavaka ataoko dia ny mba hiezahantsika rehetra hanana fanetrentena eo amin'ny fiainantsika, mba hahafahantsika ho lasa ray aman-dreny, zanaka lahy sy zanaka vavy, ary mpanara-dia tsaratsara kokoa ny Mpamonjy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. "Préface de la Première Présidence," *Cantiques de L'Église de Jésus Christ des Saints des Derniers Jours* (1985), ix.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:11.
3. Ny pejin-dohatenin'ny boky fihirana an'ny Olomasin'ny Andro Farany edisiôna voalohany dia ahitana ny daty 1835, kanefa tsy vita sy azon'ny rehetra nananana izany raha tsy tamin'ny voalohandohan'ny taona 1836.
4. Hira enina amby roapolo tamin'ireo hira tao anatin'ny boky fihirana tamin'ny taona 1835 no tafiditra ao anatin'ny boky fihiranantsika ankehitriny (jereo ny Kathleen Lubeck, "The New Hymnbook: The Saints Are Singing!" *Ensign,* sept. 1985, 7).
5. "Oh! Sois humble," *antiques,* lah. 69.
6. Jereo ny Matio 18:1–4.
7. Howard W. Hunter, "The Pharisee and the Publican," *Ensign,* mey 1984, 66.
8. Anthon H. Lund, ao amin'ny Conference Report, apr. 1901, 22.
9. Almà 32:16, 15.
10. *The Teachings of Spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball (1982), 233.
11. "Mila Anao Aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* p. 23; jereo koa ny Brent H. Nielson, "I Need Thee Every Hour," *Ensign,* apr. 2011, 16.
12. Dallin H. Oaks, "Worship through Music," *Ensign,* nôv. 1994, 10.



**Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# "Mba hahazoako misintona ny olon-drehetra atỳ Amiko"

*Rehefa manakaiky an' Andriamanitra isika dia ho tonga amin'ny fiainantsika ilay hery manome fahafahana hanao zavatra avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala isany, fony aho nonina tany Afrika dia nangataka torohevitra tamin'ny Loholona Wilford W. Andersen ao amin'ny Fitopololahy mikasika ny fanampiana ireo Olomasina izay miaina ao anatin'ny fahantrana. Anisan'ireo hevitra miavaka nozarainy tamiko izao manaraka izao: "Arakaraka ny elanelana ara-pifandraisana misy eo amin'ny mpanome sy ny mpandray no hitomboan'ny fiheveran'ilay mpandray fa tokony homena zavatra izy."

Mihatra amin'ny rafitry ny fifanampiana ao amin'ny Fiangonana io fitsipika io. Rehefa tojo fahasahiranana ireo mpikambana dia mitodika any amin'ny fianakaviany aloha izy ireo. Avy eo, raha ilaina, dia afaka mankany amin'ny mpitarik'izy ireo ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana ihany koa izy ireo mba hanampy azy ireo amin'ny olana ara-pivelomany.[1] Ny olona ao amin'ny fianakaviana sy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ao an-toerana no akaiky indrindra an'ireo sahirana sy efa niatrika matetika toe-javatra mitovy amin'izay iainan'izy ireo ary mahatakatra tsara indrindra ny fomba hanampiana azy ireo. Noho ny fifandraisana akaiky misy amin'ireo mpandray sy ireo mpanome, ny mpandray izay mandray fanampiana araka ity lamina ity dia ho feno fankasitrahana ary tsy tokony hahatsapa ho tokony homena zavatra.

Ilay foto-kevitra hoe—"arakaraka ny elanelana ara-pifandraisana misy eo amin'ny mpanome sy ny mpandray no hitomboan'ny fiheveran'ilay mpandray ho tokony homena zavatra"—dia ahitana fampiharana lalina amin'ny lafiny ara-panahy ihany koa. Ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany no Mpanome amin'ny zava-drehetra. Arakaraka ny hanalavirantsika Azy Ireo no hahatsapantsika fa tokony homena zavatra isika. Manomboka mieritreritra isika fa mendrika handray fahasoavana ary tokony homena fitahiana. Lasa mora mijery ny hafa isika ka mahita zavatra tsy araka ny rariny ary mahatsiaro malahelo—tafintohina mihitsy aza—noho ny tsy rariny hitantsika. Mety tsy hanandanja loatra ny tsy rariny, na koa tena mety hiteraka fanaintainana ara-tsaina sy ara-pihetsehampo be, saingy rehefa lavitra an' Andriamanitra isika dia toa lehibe foana na dia ny tsy rariny kely indrindra aza. Mahatsapa isika fa manana andraikitra hanova zavatra Andriamanitra—ary hanova izany izao dia izao!





Ny fahasamihafana ateraky ny fifandraisantsika akaiky amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia hita taratra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fahasamihafana miharihary teo amin'i Nefia sy i Lamana ary i Lemoela zokiny lahy.

- "Nanam-paniriana lehibe [i Nefia] ny hahafantatra ny mistery momba an' Andriamanitra, noho izany dia nitalaho tamin'ny Tompo [izy]" ary nihanalefaka ny fony.[2] I Lamana sy i Lemoela kosa tetsy andaniny dia lavitra an' Andriamanitra—tsy nahafantatra Azy.
- Tsy nimonomonona i Nefia fa nanaiky ireo andraikitra sarotra nomena azy, fa i Lamana sy i Lemoela kosa dia "nimonomonona tamin-javatra maro." Ny mimonomonona no ohatra ao amin'ny soratra masina maneho ny fitaraindrainana lava. Voarakitra ao amin'ny soratra masina fa "izy ireo dia nimonomonona, satria tsy fantany ny fitondran'ilay Andriamanitra izay efa nahary azy ireo."[3]
- Ny naha-akaiky an' Andriamanitra an'i Nefia no nahatonga azy hahafantatra sy hankasitraka ny "halehiben'ny famindram-pon'" Andriamanitra.[4] Rehefa nahita kosa i Lamana sy i Lemoela fa nandray fitahiana i Nefia dia "nisafoaka taminy [izy ireo] noho izy ireo tsy nahatakatra ny fitondran'ny Tompo."[5] Noraisin'i Lamana sy i Lemoela ho zavatra tokony nomena azy ireo fitahiana azony ary nihevitra tamimpahatezerana izy ireo fa tokony hahazo bebe kokoa. Toa noheverin'izy ireo ho "tsy rariny" natao tamin'izy ireo ny fitahiana nomena an'i Nefia. Izany dia ohatra ao amin'ny soratra masina maneho ny fahasorenana noho ny tsy nahazoana izay fitahiana tokony ho an'ny tena.
- Nampihatra finoana an' Andriamanitra i Nefia mba hanatanterahana izay nangatahana ho nataony.[6] I Lamana sy i Lemoela kosa anefa, "noho ny hamafin'ny fony, . . . dia tsy niandrandra ny Tompo araka ny tokony ho nataony."[7] Toa nihevitra izy ireo fa ny Tompo dia voatery tsy maintsy mamaly ireo fanontaniana izay tsy napetrak'izy ireo akory. "Tsy mampahafantatra anay ny zavatra toy izany ny Tompo," hoy izy ireo, kanefa tsy nanao ezaka ny mba hangataka akory izy ireo.[8] Izany no ohatra ao amin'ny soratra masina maneho ny fisalasalana maneso.

Koa satria lavitry ny Mpamonjy i Lamana sy i Lemoela dia nimonomonona, ka lasa be fifandirana ary tsy nanam-pinoana. Nahatsapa izy ireo fa tsy rariny ny fiainana ka tokony hahazo ny fahasoavan' Andriamanitra izy ireo. I Nefia kosa, noho izy nanaiky an' Andriamanitra hatrany, dia tsy maintsy nahafantatra fa ny fiainan'i Jesoa Kristy no nahitana tsy rariny indrindra. Na dia tsy nanan-tsiny mihitsy aza ny Mpamonjy dia Izy no nijaly indrindra.

Arakaraka ny maha-akaiky antsika amin'i Jesoa Kristy eo amin'ny eritreritra sy ny fikasan'ny fo no hankasitrahantsika kokoa ny fijaliana tsy rariny nianjady taminy, sy ny hankasitrahantsika kokoa noho ny fahasoavana sy ny famelan-keloka, ary haniriantsika bebe kokoa ny hibebaka ka ho lasa tahaka Azy. Lehibe ny elanelantsika tanteraka amin' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy, kanefa ny fitodihantsika dia mainka manan-danja kokoa. Finaritra kokoa Andriamanitra amin'ireo mpanota mibebaka izay miezaka manakaiky Azy noho ny amin'ireo mpanamari-tena sy mpanome tsiny izay tsy mahatsapa fa tena mila mibebaka tokoa, toy ireo Fariseo sy mpanora-dalana fahiny.[9]

Fony aho zazalahy dia niventso hira soedoa iray fanao amin'ny Krisimasy izay mampianatra lesona tsotra nefa mahery vaika—dia ny hoe ny fanakaikezana ny Mpamonjy dia *mahatonga* antsika hiova. Toy izao ny tononkiran'ilay izy:

*Rehefa mangirana ny marainan'ny*
*Krisimasy*
*Dia te hankany amin'ilay tranon'omby aho*
*Izay nandritra ny alina mangina*
*No efa nandrian' Ilay Andrimanitra teo*
*amin'ny mololo.*

*Akory ny hatsaranao izay naniry*
*Hidina tety ambonin'ny tany!*
*Fa izaho kosa anio tsy mba maniry*
*Ny handaniako ny fahazazako amin'-*
*ny fahotana intsony!*

*Jesoa ô, mila anao izahay*
*Ianao Ilay namana malalan'ireo*
*ankizy.*
*Tsy te hampalahelo anao intsony aho*
*Noho ny fahotako indray.*[10]

Rehefa toy ny hoe mandeha any amin'ilay tranon'omby any Betlehelema isika, "izay nandritra ny alina mangina no efa nandrian' Ilay Andriamanitra teo amin'ny mololo," dia ho afaka handray bebe kokoa ny Mpamonjy ho toy ny fanomezana avy amin'ny Ray any An-danitra tsara fanahy sy feno fitiavana. Tsy mba hahatsapa ho tokony hahazo ireo fitahiana avy Aminy sy ny fahasoavany isika fa hanana kosa faniriana lehibe ny tsy hampalahelo an' Andriamanitra intsony.

Na manao ahoana na manao ahoana fitodihantsika na elanelantsika amin' Andriamanitra sy Jesoa Kristy ankehitriny, dia afaka misafidy ny hitodika any amin' Izy Ireo isika sy ny hanakaiky Azy Ireo kokoa. Hanampy antsika Izy Ireo. Araka ny voalazan'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty:

"Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazofijaliana; ary taorian'ny efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazofijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra atỳ Amiko, . . .

"Ary noho izany antony izany no efa nanandratana Ahy; koa, araka ny fahefan'ny Ray, dia hosintoniko ny olon-drehetra hankatỳ Amiko."[11]

Mba hahafahantsika manakaiky kokoa ny Mpamonjy dia tsy maintsy mampitombo ny finoantsika Azy isika, manao fanekempihavanana sy mitandrina izany, ary manana ny Fanahy Masina miaraka amintsika. Tsy maintsy manao zavatra amim-pinoana ihany koa isika sady manaraka ny fitarihan'ny Fanahy izay voaraintsika. Ireo zavatra rehetra ireo dia tanteraka avokoa mandritra ny fanasan'ny Tompo. Eny tokoa, ny fomba tsara indrindra fantatro hanakaikezana kokoa an' Andriamanitra dia ny miomana tsara sy mandray amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro.

Nisy namanay iray tany Afrika Atsimo nizara ny fomba nahatakarany izany. Fony i Diane mpikambana vaovao dia nanatrika tany amin'ny sampana iray ivelan'i Johannesbourg. Indray alahady, raha nipetraka niaraka tamin'ny daholobe izy, noho ny endrik'ilay trano fiangonana dia tsy tazan'ilay diakona izy nandritra ny fizarana ny fanasan'ny Tompo. Diso fanantenana i Diane saingy tsy nilaza na inona na inona. Nisy mpikambana iray hafa nahatsikaritra ny fanadinoana an'i Diane ka nilaza izany tamin'ny filohan'ny sampana taorian'ny fivoriana. Rehefa nanomboka ny Sekoly Alahady dia nasaina ho ao amina efitrano fianarana tsy nisy olona i Diane.


Nisy mpihazona fisoronana iray niditra tao. Nandohalika izy, dia nanamasina mofo ka nanolotra ny ampahan'izany taminy. Dia nohanin'i Diane izany. Nandohalika indray ilay mpihazona fisoronana dia nanamasina rano ka nanolotra kaopy kely azy. Dia nosotroin'i Diane izany. Taorian'izay dia zavatra roa no tonga nifanesy haingana tao an-tsain'i Diane: Voalohany, "Ndry! [ilay mpihazona fisoronana] dia nanao izany ho ahy fotsiny." Ary avy teo, "Ndry! [ny Mpamonjy] dia nanao izany ho ahy fotsiny." Nahatsapa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra i Diane.

Ny fahatakarany fa ny sorona nataon'ny Mpamonjy dia ho azy mihitsy dia nanampy azy hahatsapa ho akaiky Azy ka nahatonga faniriana tsy hainy notoherina hitandrina izany fahatsapana izany ao am-pony, tsy ny alahady ihany fa isan'andro. Tonga saina izy fa na dia nipetraka niaraka tamin'ny daholobe mba handray ny fanasan'ny Tompo aza izy, dia ho azy manokana ireo fanekempihavanana nohavaoziny isak'alahady. Ny fanasan'ny Tompo dia nanampy—ary mbola manampy an'i Diane hatrany—hahatsapa ny herin'ny fitiavan' Andriamanitra, sy hamantatra ny tanan'ny Tompo eo amin'ny fiainany ary hanakaiky kokoa ny Mpamonjy.

Ny Mpamonjy dia nandray ny fanasan'ny Tompo ho zavatra tsy maintsy ilaina amin'ny fiorenana ara-panahy. Hoy Izy:

"Ary omeko anareo ny didy mba hanaovanareo ireo zavatra ireo [dia ny mandray ny fanasan'ny Tompo]. Ary raha manao mandrakariva ireo zavatra ireo ianareo, dia hotahiana ianareo, fa miorim-paka eo ambonin'ny vatolampiko ianareo.

"Saingy na zovy na zovy no manao mihoatra na latsaka ireo dia tsy miorina eo ambonin'ny vatolampiko izy, fa miorina kosa eo amin'ny fanorenana fasika; ary rehefa mirotsaka ny orana sy tonga ny riaka, ary mifofofofo ny rivotra, ary mamely azy, dia hianjera izy, ary misokatra sahady ny vavahadin'ny helo handray azy."[12]



Tsy nilaza i Jesoa hoe "*raha* mirotsaka ny orana, na *raha* tonga ny riaka, na *raha* mifofofofo ny rivotra" fa nilaza kosa izy hoe "*rehefa*." Samy iharan'ny olana eo amin'ny fiainana avokoa ny rehetra; mila ny fiarovana azo avy amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo avokoa isika rehetra.

Ny andro nitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia nandeha tany amin'ny tanàna kely natao hoe Emaosy ny mpianatry ny Tompo anankiroa. Ny Tompo, izay efa nitsangana tamin'ny maty ka tsy fantatr'izy ireo dia niara-dia tamin'izy ireo. Teny an-dalana dia nampianatra azy ireo avy tamin'ny soratra masina Izy. Rehefa tonga tany amin'ilay toerana nokasainy haleha izy ireo dia nanasa Azy hiara-hisakafo.

"Ary raha niara-nipetraka nihinana teo aminy Izy, dia nandray ny mofo ka nisaotra, dia namaky sy nanolotra azy.



"Dia nahiratra ny mason'ireo, ka nahalala Azy; fa Izy kosa dia tonga tsy hitany.

"Dia niresaka hoe izy: Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dalàna Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika?

"Dia niainga tamin'izany ora izany izy roa lahy ka niverina nankany Jerosalema, ary nahita [an'ireo Apôstôly] mbamin'izay nomba azy tafangona teo."

Ary nijoro ho vavolombelona tamin'ireo Apôstôly izy ireo avy eo fa "efa nitsangana marina tokoa ny Tompo. . . .

"Ary ireo kosa dia nilaza izay efa niseho teny an-dalàna sy ny nahafantarany Azy tamin'ny namakiana ny mofo."[13]

Ny fanasan'ny Tompo dia manampy antsika marina tokoa hahafantatra ny Mpamonjy antsika. Mampahatsiahy antsika ihany koa izany fa tsy nanantsiny Izy nefa nijaly. Raha ilay tena rariny no nampiharina teo amin'ny fiainana dia tsy hitsangana amin'ny maty velively izaho sy ianao; tsy ho afaka ny hijoro ho madio eo anatrehan' Andriamanitra mihitsy izaho sy ianao. Eo anatrehan'izany dia feno fankasitrahana aho fa tsy ilay tena rariny no nampiharina teo amin'ny fiainana.

Afaka manantitrantitra ihany koa anefa aho fa noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, any amin'ny farany, eo amin'ny firafitry ny zava-drehetra ao anatin'ny mandrakizay dia tsy hisy ny tsy rariny. "Ireo zavatra rehetra tsy rariny eo amin'ny fiainana dia azo hahitsy."[14] Mety tsy hiova ny toe-javatra misy antsika ankehitriny, kanefa noho ny famindram-pon' Andriamanitra sy ny hatsaram-panahiny ary ny fitiavany, dia handray mihoatra noho izay tokony ho mendrika ho antsika isika rehetra, sy mihoatra noho izay mety ho azontsika, ary mihoatra noho izay rehetra mety azontsika antenaina. Nampanantenaina isika fa "hofafan' [Andriamanitra] ny ranomaso rehetra amin'ny mason[tsika]; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha."[15]

Na manao ahoana na manao ahoana ny fifandraisanao amin' Andriamanitra dia manasa anao aho hanakaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy, izay Mpitahy sy Mpanome ny zavatra tsara rehetra. Manasa anao aho hanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro ary handray amin'ireo tandindona masin'ny vatan'ny Mpamonjy sy ny rany. Manasa anao aho hahatsapa ny maha-akaiky an' Andriamanitra rehefa mampahafantatra ny Tenany aminao Izy, tahaka ny tamin'ireo mpianatra fahiny, nandritra ny "namakiana ny mofo."

Rehefa manao izany ianao dia mampanantena aho fa hahatsapa ho akaiky kokoa an' Andriamanitra ianao. Ireo fironana voa-janahary hitaraindraina lava, sy ho sorena noho ny tsy nahazoana izay fitahiana tokony ho an'ny tena ary ny fisalasalana maneso dia hanjavona. Ireo fihetsehampo ireo dia hosoloina fahatsapana fitiavana sy fankasitrahana lehibe kokoa noho ny fanomezan'ny Ray any An-danitra ny Zananilahy. Rehefa manakaiky an' Andriamanitra isika dia ho tonga amin'ny fiainantsika ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ary, toy ireo mpianatra teny an-dalana nankany Emaosy dia hahita isika fa teo akaikintsika teo foana ny Mpamonjy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 6.2. Mamaky isika ao amin'ny pejy 1 an'ny *Providing in the Lord's Way: Summary of a Leader's Guide to Welfare* (kiboky, 2009) hoe, "Rehefa manao izay rehetra azony atao mba hamelomana ny tenany ny mpikamban'ny Fiangonana nefa mbola tsy afaka mahazo ireo zavatra fototra iankinan'ny fivelomany, dia tokony hangataka fanampiana any amin'ny fianakaviany aloha izy ireo. Rehefa tsy ampy izany dia vonona hanampy ny Fiangonana."
2. 1 Nefia 2:16.
3. 1 Nefia 2:11, 12.
4. 1 Nefia 1:20.
5. Môsià 10:14.
6. Jereo ny 1 Nefia 17:23–50.
7. 1 Nefia 15:3.
8. 1 Nefia 15:9; jereo koa ny andininy 8.
9. Jereo ny Lioka 15:2; jereo koa ny Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 5:260–62.
10. Ilay hira fanao amin'ny Krismasy dia nosoratan'i Abel Burckhardt (1805–82) tamin'ny teny alemana, izay archidiacre tany Bâle, Soisa. Ny dikanteny soedoa dia nataon'i Betty Ehrenborg-Posse tamin'ny taona 1851. Ny lohateny amin'ny teny soedoa dia manao hoe "När juldags morgen glimmar." Betsaka ireo dikanteny anglisy natao izay ahafahana mihira ilay hira amin'ny alalan'ny feon-kira alemana hain'ny maro fampiasa mahazatra. Ny dikanteny anglisy nomena teto dia nataon'ny rahavaviko (Anita M. Renlund) sy ny tenako.

    *When Christmas morning gleams*
    *I want to go to the stable,*
    *|: Where God in the nighttime hours*
    *Already rests upon the straw. :|*

    *How good Thou wast to desire*
    *To come down to the earth!*
    *|: Now, I do not wish to waste*
    *My childhood days in sin anymore! :|*

    *Jesus, we need Thee,*
    *Thou dear children's friend.*
    *|: I no longer wish to grieve Thee*
    *With my sins again. :|*

    *När juldagsmorgon glimmar,*
    *jag vill till stallet gå,*
    *|: där Gud i nattens timmar*
    *re'n vilar uppå strå. :|*

    *Hur god du var som ville*
    *till jorden komma ner!*
    *|: Nu ej i synd jag spille*
    *min barndoms dagar mer! :|*

    *Dig, Jesu, vi behöva,*
    *du käre barnavän.*
    *|: Jag vill ej mer bedröva*
    *med synder dig igen. :|*
11. 3 Nefia 27:14–15.
12. 3 Nefia 18:12–13.
13. Lioka 24:30–35; jereo koa ny andininy 13–29.
14. *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 52.
15. Apokalypsy 21:4.





**Natolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana

Rahalahy sy rahavavy, nanasa ahy ny Filoha Monson hanolotra ny anaran'ireo Mpiandraikitra ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra mba hotohananareo.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; i Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ary i Dieter Friedrich Uchtdorf amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany.

Voaray ny fanehoan-kevitra.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Russell M. Nelson ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'io kôlejy io: Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, ary i Dale G. Renlund.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany koa.

Voaray ny fanehoan-kevitra.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Voaray ny fanehoan-kevitra.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto Fitopololahin'ny Vondrom-paritra manaraka ireto, ka mihatra manomboka ny 1 mey, 2016: Manuel M. Agustin, Kent J. Allen, Stephen B. Allen, W. Mark Bassett, Patrick M. Boutoille, Mark A. Bragg, Marcelo F. Chappe, Eleazer S.



Collado, Valeri V. Cordón, Joaquin E. Costa, Jeffrey D. Cummings, Massimo De Feo, Donald D. Deshler, Nicolas L. Di Giovanni, Jorge S. Dominguez, Gary B. Doxey, David G. Fernandes, Hernán D. Ferreira, Moroni Gaona, Jack N. Gerard, Ricardo P. Giménez, Douglas F. Higham, Brent J. Hillier, Robert W. Hymas, Lester F. Johnson, Matti T. Jouttenus, Chang Ho Kim, Alfred Kyungu, Dane O. Leavitt, Remegio E. Meim Jr., Ismael Mendoza, Cesar A. Morales, Rulon D. Munns, Ramon C. Nobleza, S. Mark Palmer, Fouchard Pierre-nau, Gary B. Porter, José L. Reina, Esteban G. Resek, George F. Rhodes Jr., Gary B. Sabin, Evan A. Schmutz, D. Zackary Smith, Lynn L. Summerhays, Wenceslao H. Svec, Craig B. Terry, Ernesto R. Toris, Fabian I. Vallejo, Emer Villalobos, J. Romeo Villarreal, ary Terry L. Wade.

Ireo izay maniry hiara-haneho aminay ny fankasitrahana azy ireo noho ny asa fanompoana tena tsara natolotr'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ao anatin'ny fankasitrahana avy ao ampo an-dRahavavy isany Rosemary M. Wixom, sy Cheryl A. Esplin, ary Mary R. Durham tamin'ny naha-Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany azy ireo. Arosonay torak'izany ihany koa ny fisaorana an'ireo mpikambana tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany.

Ireo rehetra izay te hiara-haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo rahavavy ireo noho ny asa fanompoana sy fanoloran-tena tena niavaka nasehon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'ireto Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao ireto: W. Mark Bassett, Mark A. Bragg, Weatherford T. Clayton, Valeri V. Cordón, Joaquin E. Costa, Massimo De Feo, Peter F. Meurs, K. Brett Nattress, S. Mark Palmer, Gary B. Sabin, ary Evan A. Schmutz.

Izay rehetra manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, aoka haneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana ireto manaraka ireto ho Fitopolololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: P. David Agazzani, Quilmer A. Agüero, René R. Alba, Victorino A. Babida, Steven R. Bangerter, Richard Baquiran, Dong Chol Beh, Michael V. Beheshti, Matthieu Bennasar, Hubermann Bien-Aimé, Kevin E. Calderwood, Luis J. Camey, Matthew L. Carpenter, Douglas B. Carter, Aroldo B. Cavalcante, Luis C. Chaverri, Ulises Chávez, Brent J. Christensen, Douglas L. Dance, Marc C. Davis, Alessandro Dini Ciacci, J. Scott Dorius, M. Dirk Driscoll, Antonio F. Faúndez, Jose A. Fernández, Matias D. Fernandez, Candido Fortuna, Bruce E. Ghent, Michael A. Gillenwater, Daniel G. Hamilton, Mathias Held, Tom-Atle Herland, Raymond S. Heyman, Christophe Kawaya, Todd S. Larkin, Pedro X. Larreal, Juan J. Levrino, Felix A. Martinez, Kevin K. Miskin, Mark L. Pace, Ryan V. Pagaduan, A. Moroni Pérez, Carlos E. Perrotti, Mark P. Peteru, Alan T. Phillips, Thomas T. Priday, Brian L. Rawson, Rene Romay, Blake M. Roney, Luis G. Ruiz, Maximo A. Saavedra Jr., Pedro A. Sanhueza, Eric J. Schmutz, Benjamin Ming Tze Tai, Heber D. Texeira, Maxsimo C. Torres, Jesús Velez, Carlos Villarreal, Paul H. Watkins, C. Dale Willis Jr., William B. Woahn, ary Luis G. Zapata.



Izay rehetra manohana aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Joy D. Jones mba ho Filohan'ny Kilonga Maneran-tany, miaraka amin'i Jean B. Bingham ho mpanolotsaina voalohany, sy i Bonnie H. Cordon ho mpanolotsaina faharoa.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireo Manampahefana Ambony hafa sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny maneran-tany hafa rehetra araka izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy.

Ry Filoha Monson, efa noraketina ireo fanehoan-kevitra. Manasa ireo izay nanohitra na inona na inona tamin'ireo zavatra naroso teto mba hihaona amin'ny filohan'ny tsatòkany avy.

Mankasitraka anareo rehetra izay manohana ireo mpitarika ny Fiangonana amin'ny antso masina izay hazonin'izy ireo, ary asaintsika izao ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao sy ny fiadidiana vaovao an'ny Kilonga Maneran-tany hamonjy ny toeran'izy ireo ety amin'ny lampihazo. ■

# Tatitra avy amin'ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny Fanamarinam-bola, taona 2015

**Natolotr'i Kevin R. Jergensen**
Tale Mpitantana, Deparmantan'ny Fiangonana misahana ny Fanamarinam-bola

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

Ry rahalahy isany: Araka ny torolalana avy amin'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha-120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia ny Filankevitry ny Fampiasana ny Fahafolonkarena—izay ahitana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Episkôpà Mpiahy—no manome fankatoavana ny fampiasana ny volan'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana dia mitsinjara ny vola araka ireo tetibola sy fitsipika ary fomba fiasa efa nahazoana fankatoavana.

Ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny fanamarinam-bola, izay ahitana matihanina manana maripahaizana ary tsy miankina amin'izay departemanta hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana, dia manana andraikitra hanatontosa ireo fanamarinam-bola mba hanomezana antoka azo ekena mikasika ireo anjara biriky voaray, sy ireo fandaniam-bola atao ary mba hiarovana ny fananan'ny Fiangonana.

Raha mifototra amin'ireo fanamarinam-bola notanterahina, dia mahita ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny fanamarinam-bola fa eo amin'ny antsipiriany rehetra, ny anjara biriky voaray sy ny fandaniana natao ary ny fananan'ny Fiangonana tamin'ny taona 2015 dia voarakitra ary notantanana araka ireo tetibola sy fitsipika ary fomba fitantanan'ny Fiangonana efa nahazoana fankatoavana. Ny Fiangonana dia manaraka ireo fitsipika ampianarina an'ireo mpikambana ao aminy hoe miaina araka ny tetibola sy miala amin'ny fitrosana ary manao tahiry hiatrehana ny vodiandro merika.

Atolotra amim-panajana,

Ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny Fanamarinam-bola

Kevin R. Jergensen

Tale mpitantana ■



# Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2015

**Natolotr'i Brook P. Hales**
Mpitantsoratra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka ity manaraka ity momba ny antontan'isa tato amin'ny Fiangonana hatramin'ny 31 desambra 2015 ity.

**Rantsan'ny Fiangonana**

| | |
|---|---|
| Tsatòka | 3.174 |
| Misiôna | 418 |
| Distrika | 558 |
| Paroasy sy sampana | 30.016 |

**Mpikamban'ny Fiangonana**

| | |
|---|---|
| Totalin'ny mpikamban'ny Fiangonana | 15.634.199 |
| Zaza vaovao voarakitra | 114.550 |
| Mpikambana vaovao | 257.402 |

**Misiônera**

| | |
|---|---|
| Misiônera manompo amin'ny fotoana feno | 74.079 |
| Misiônera mpanao asa fanasoavana | 31.779 |

**Tempoly**

| | |
|---|---|
| Tempoly dimy natokana tamin'ny taona 2015 (Córdoba Argentine, Payson Utah, Trujillo Pérou, Indianapolis Indiana, ary Tijuana Mexique) | 5 |
| Tempoly roa naverina natokana tamin'ny taona 2015 (Mexico City Mexique sy Montréal Québec) | 2 |
| Tempoly am-perinasa hatramin'ny faran'ny taona | 149 |



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mijoro miaraka amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana

*Moa ve ianao mijoro miaraka amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana, ao anatin'ny tontolo izay mihamaizina, mba hahafahanao manaparitaka ny Fahazavan'i Kristy?*

Manolotra ny fiarahabana mitafotafo ho an'ireo Manampahefana Ambony sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao ary ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany vaovao, izay mahafinaritra tokoa izahay. Ary mankasitraka lalina ireo izay nisaorana izahay. Tianay ianareo tsirairay avy.

Ry rahalahy sy anabavy malala, vao avy nandray anjara tamin'ny fotoana manan-danja feno fitahiana isika, tamin'ny nananganantsika ny tanantsika ho fanohanana ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara, ary ireo mpitarika hafa sy mpiandraikitra ao amin'ny fisoronana, izay nantsoin' Andriamanitra amin'izao vanimpotoana izao. Tsy mbola nohamaivaniko mihitsy ny fahafahana manohana sy hotarihin'ny mpanompon'ny Tompo. Ary raha mbola volana vitsy izao no niantsoana ahy ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia mampanetry tena ahy ny fanohananareo sy ny fahatokianareo. Sarobidy amiko ny fahavononanareo hijoro miaraka amiko sy miaraka amin'ireo mpitarika lehibe rehetra ireo.

Fotoana fohy taorian'ny nanohanana ahy tamin'ny volana ôktôbra lasa teo dia nandeha namita iraka tany Pakistan aho, ary dia nihaona tamin'ireo Olomasina mahafinaritra sy feno fanoloran-tena tao amin'io firenena io. Vitsy an'isa izy ireo saingy lehibe ara-panahy. Fotoana fohy taorian'ny nodiako dia naharay izao hafatra izao avy tamin'ny rahalahy Shakeel Arshad aho, izay mpikambana malala nihaona tamiko nandritra ny fitsidihako. [Hoy izy]: "Misaotra ry Loholona Rasband tamin'ny fahatongavanao taty Pakistan. Te hilaza aminao aho fa izahay . . . mpikamban'ny Fiangonana . . . dia manohana anao sy tia anao. Mahatsiaro ho voatahy [izahay] noho ny fahatongavanao taty sy ny nahenoanay anao. Tena "andro volamena" teo amin'ny fiainan'ny fianakaviako ny nihaonanay tamin'ny Apôstôly iray."[1]



Ny fihaonana amin'ny Olomasina toy ny Rahalahy Arshad dia tena traifeka mameno ny fo sy mampanetry tena tokoa, ary araka ny teniny dia "andro volamena" ho ahy ihany koa izany.

Tamin'ny volana janoary teo dia nandray anjara tamina fandaharana tafatafa mivantana tamin'ny tanora maneran-tany sy ny mpitarika azy ireo, ary ny ray aman-dreniny ny mpitarika ny Fiangonana. Nandeha mivantana tamin'ny alalan'ny Internet ny fandaharana tany amin'ny toerana maro tany amin'ny firenena miisa 146. Ny faritra sasany dia nahitana mpandray anjara maro nameno ny Fiangonana, ary ny sasany kosa dia tanora anankiray avy tamin'ny tokantrano iray. Raha natambatra dia amana hetsiny maro no nandray anjara.

Teo am-pifandraisana tamin'ny mpihaino be dia be dia namaly fanontaniana avy tamin'ireo tanorantsika ny Rahavavy Bonnie Oscarson, Filohan'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany, sy ny Rahalahy Stephen W. Owen, Filohan'ny Zatovolahy maneran-tany ary ny tenako—niaraka tamin'ny fanohanan'ireo mpanolotra tanora sy ireo mpitendry zava-maneno ary olona hafa.

Ny tanjonay dia ny hanolotra ny lohahevitra iraisana ho an'ny taona 2016 hoe "Tsy maintsy mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy ianareo," izay avy amin'ny 2 Nefia izay mivaky toy izao: "Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy ianareo, amin'ny fananananareo fanantenana

mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olondrehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin'ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin'ny farany, dia indro, izao no lazain'ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo."[2]

Inona no nianaranay rehefa namaky ireo fanontaniana an-jatony napetraky ny tanorantsika izahay? Nianatra izahay fa tia ny Tompo ny tanorantsika, manohana ny mpitarika azy ary mba maniry hahazo ny valin'ny fanontaniany izy ireo! Ny fanontaniana dia fanehoana ny faniriana lalina kokoa mba hianatra sy hampitombo ireo fahamarinana izay efa mitoetra ao amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ary mba ho voaomana tsara kokoa mba "[hibosesika] handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy."

Ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara dia nanomboka tamin'ny zatovo iray, Joseph Smith, izay nametraka fanontaniana. Maro tamin'ireo fampianaran'ny Mpamonjy nandritra ny fotoam-panompoany no nanomboka tamin'ny fanontaniana. Tsarovy ny fanontaniana napetrany tamin'i Petera: "Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?"[3] Ary namaly i Petera nanao hoe: "Hianao no Kristy Zanak' Andriamanitra velona."[4] Mila mifanampy isika mba hahazo ny valintenin'ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy.

Nandritra ilay fandaharana dia hoy aho tamin'ny zatovo:

"Ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia tsy vahiny amin'ireo olana sy ahiahy ary fanamby atrehanareo.

"Manan-janaka izahay. Manan-jafikely izahay. Mihaona matetika amin'ny tanora maneran-tany izahay. Ary dia mivavaka ho anareo izahay, miresaka mikasika anareo ao amin'ny toerana masina indrindra izahay ary tia anareo."[5]

Te hizara ny iray amin'ireo valinteny maro voarainay nandritra io fotoana io aho.

I Lisa, avy ao Grande Prairie, Alberta, Canada, dia nanoratra hoe: "Nahafinaritra ity tafatafa mivantana ity. Nitondra hery ho an'ny fijoroana ho



vavolombelona ananako sy ny finoako ny filazantsara izany. Tena voatahy izahay manana mpitarika tarihin'ny Fanahy izay nantsoina hanompo amin'ny toerana samihafa."[6]

I Liz, avy ao Pleasant Grove, Utah, dia nanoratra hoe: "Feno fankasitrahana aho noho ny finoako manokana sy ny fahafahana manohana ny mpaminan' Andriamanitra iray sy ireo lehilahy sy vehivavy miaraka manompo aminy."[7]

Nanohana mpitarika isika androany, izay nantsoina tamin'ny alalan'ny fitarihan' Andriamanitra mba hampianatra sy hitarika antsika, ary miantso antsika mba hitandrina manoloana ireo loza izay hatrehintsika ankehitriny— manomboka amin'ny fanamasinana ny andro Sabata, ka hatramin'ny loza mananontanona ny fianakaviana sy ny fanafihana ny fahalalahana ara-pivavahana, eny, na dia ny fiadiankevitra mikasika ireo fanambarana amin'ny andro farany aza. Ry rahalahy sy anabavy, moa ve mihaino ny torohevitr'izy ireo isika?

Mihira imbetsaka ireo teny mahafinaritra manao hoe "Tariho, ampio, miaraha eo anilanay"[8] isika, mandritra ireo fihaonambe, fivoriana fanasan'ny Tompo ary fotoam-pianaran'ny Kilonga. Inona no dikan'ireo teny ireo aminao? Iza no tonga ao an-tsainao rehefa mieritreritra momba izany ianao? Nahatsapa ny fitaoman'ireo mpitarika marina ve ianao, dia ireo mpianatr'i Jesoa Kristy izay nitaona anao taloha sy mbola manao izany hatrany ankehitriny, izay miara-mandeha aminao eo amin'ny lalan'ny Tompo? Mety akaiky anao izy ireo ao an-tokantrano, eo anivon'ny mpiara-mivavaka, na koa miresaka avy eny amin'ny polipitra mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ireo mpianatra ireo dia mizara amintsika ny fitahiana dia ny fananana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, Ilay mpitarika an'ity Fiangonana ity, Ilay mpitarika ny fanahintsika, izay nampanantena hoe: "Koa mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo."[9]

Tsaroako ny nizaran'ny Filoha Thomas S. Monson ilay tantara mikasika ny nanasana azy tany an-tranon'i Paul C. Child, filohan'ny tsatòkany mba hiomana amin'ny fandrosoana ho ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka. Tena fitahiana miavaka tokoa izany ho an'ny Filoha Child, izay tsy nahafantatra tamin'izany fotoana izany fa nampianatra zatovolahy mpihazona ny Fisoronana Aharôna izay ho lasa mpaminanin' Andriamanitra indray andro any izy.[10]

Nahazo ny anjaram-potoanako manokana nianarana avy tamin'ny Filoha Monson mpaminany malalalantsika aho. Tsy isalasalako ato am-poko na ato an-tsaiko mihitsy fa izy no mpaminanin'ny Tompo ety an-tany. Mpihaino sy mpandray feno fanetrentena aho rehefa nandray fanambarana sy nanaraka izany



izy. Nampianatra antsika izy mba hifanome tanana, hifampiaro ary hifamonjy. Tahaka izany no nampianarina teny amin'ny reniranon'i Môrmôna. Ireo izay "naniry . . . hantsoina hoe vahoakany" dia vonona ny "hifampitondra ny entamavesatry ny tsirairay mba hanamaivanana izany," sy "te hiara-malahelo amin'izay malahelo"ary "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra."[11]

Anio aho dia mijoro amin'ny mahavavolombelon' Andriamanitra Ilay Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanany ahy. Fantatro fa velona ny Mpamonjy antsika ary tia antsika sy mitarika ireo mpanompony Izy, dia izaho sy ianao, mba hanatanterahana ireo tanjony lehibe eto amin'ity tany ity.[12]

Rehefa mandroso isika, ka misafidy ny hanaraka ireo torohevitra sy fampitandremana avy amin'ny mpitarika antsika, dia misafidy ny hanaraka ny Tompo isika eo am-pizoran'izao tontolo izao amin'ny lalana hafa. Misafidy ny hihazona ny anja-by isika, ny ho Olomasin'ny Andro Farany, ny ho iraky ny Tompo ary ho feno "fifaliana mitafotafo."[13]

Ny fanontaniana tena mipetraka ankehitriny dia mazava: moa ve ianao mijoro miaraka amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana, ao anatin'ny tontolo izay mihamaizina, mba hahafahanao manaparitaka ny Fahazavan'i Kristy?

Ny fifandraisana amin'ireo mpitarika dia tena manan-danja sy lehibe. Na firy taona ireo mpitarika na firy taona, na lavitra izy ireo na akaiky, ary na tamin'ny fotoana inona na tamin'ny fotoana inona no mety nikasihan'izy ireo ny fiainantsika dia hita taratra amin'ny alalan'ny tenin'ilay poeta amerikanina Edwin Markham ny fitaoman'izy ireo, izay nilaza hoe:

*Misy anjara iray mahatonga antsika*
*ho mpirahalahy:*
*[Tsy misy olona] mizotra irery amin'ny*
*lalany:*
*Izay rehetra omentsika ho an'ny hafa*
*Dia miverina ho antsika ihany.*[14]

I Shakeel Arshad, ilay namako any Pakistan, dia nanolotra fanohanana ho ahy, izay rahalahiny sy namany. Torak'izany koa no efa nataon'ny maro aminareo. Rehefa manolo-tanana mba hifampahery isika dia manaporofo ireo teny tena mahakasika ny fo manao hoe: "Tsy misy olona mizotra irery amin'ny lalany."

Ambonin'izany rehetra izany dia mila an'i Jesoa Kristy, izay Mpamonjy sy Tompontsika isika. Anisan'ireo tantara ao amin'ny soratra masina izay nahakasika ny fanahiko hatrany ilay tantaran'i Jesoa Kristy nandeha teo ambony rano mba hihaona tamin'ireo mpianany izay nandeha tao anaty sambo tany amin'ny Ranomasin'i Galilia. Izy ireo dia mpitarika, izay vao nantsoina, tahaka ny maro amintsika izay mitoetra ety ambony ety ankehitriny. Voarakitra ao amin'ny Matio io tantara io:

"Ary efa mby teo ampovoan'ny ranomasina ny sambokely tamin'izay, dia natopatopan'ny alon-drano izy, fa notohain'ny rivotra.

"Ary tamin'ny fiambenana fahefatra amin'ny alina dia nankeny amin'ny mpianany i Jesosy, nitsangantsangana teny ambonin'ny ranomasina.

"Ary nony nahita Azy nitsangantsangana teny ambonin'ny ranomasina ny mpianatra, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Matoatoa io; dia niantso izy noho ny tahotra.

"Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'izay hoe: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra."[15]

Naheno izany antso fankaherezana mahafinaritra avy tamin'ny Tompo izany i Petera.

"Ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho.

"Ary hoy [Jesosy], Manatòna."[16]

Tena feno fahasahiana izany. Mpanjono i Petera ary nahafantatra mikasika ny loza mety hateraky ny ranomasina izy. Na dia izany aza dia vonona izy ny hanaraka an'i Jesoa—na andro na alina, na eo an-tsambo na an-tanety.

Azoko an'eritreritra i Petera niala avy tao anaty sambo, tsy niandry fanasana fanindroany, ka nanomboka nandeha teny ambony rano. Ary marina tokoa fa nilaza ny soratra masina hoe "Nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy [izy]."[17] Rehefa nihamafy ny tanjaky ny rivotra ary nihanasiaka nanodidina ny tongony ny onja dia nanjary "natahotra [i Petera]; ary vao nilentika izy, dia niantso hoe: Tompo o, vonjeo aho!

"Ary naninjitra ny tanany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy."[18]

Tena lesona mahery vaika izany. Teo ny Tompo ho azy, tahaka ny maha-eo Azy ho ahy sy ho anao. Nanolotra ny tanany Izy ary dia nisintona an'i Petera ho any Aminy sy ho amin'ny toerana azo antoka.

Nila ny Mpamonjy sy ny fanavotan'ny tanany aho ombieny ombieny. Mila Azy aho ankehitriny mihoatra ny teo aloha, tahaka ny tsirairay aminareo. Misy fotoana aho mahatsiaro ho feno fahatokian-tena ka miala avy ao anaty sambo, tsy ara-bakiteny akory, ary mandeha amin'ny toerana tsy mahazatra, ary dia tonga saina fa tsy afaka manao izany irery aho.

Araka izay noresahanay nandritra ny tafatafa mivantana dia matetika ny Tompo no manolo-tanana antsika amin'ny alalan'ny fianakaviantsika sy ny mpitarika antsika, ary manasa antsika hanatona Azy—tahaka ny nanolorany tanana an'i Petera.

Ianao koa dia hanana fotoana maro hamaliana ilay fanasana matetika mba"[ha]natona an'i Kristy."[19] Moa ve tsy izany no anton'ity fiainana

ety an-tany ity? Mety ho famonjena olona iray ao amin'ny fianakaviana ilay antso; na mba hitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno; na mba hiverina hiangona; na mba handeha any amin'ny tempoly masina; ary tahaka ny henontsika vao haingana avy tamin'ireo tanorantsika mahafinaritra nandritra ny tafatafa mivantana, ilay antso dia mety hoe "Mba valio ny fanontaniako azafady." Amin'ny fotoana mampety azy dia handre ilay antso hoe "Avia, modia" isika tsirairay avy.

Mivavaka aho ny mba hanolorantsika tanana—ny mba hanolorantsika tanana sy ny mba handraisantsika ny tanan'ny Mpamonjy izay atolony antsika, izay matetika no amin'ny alalan'ireo mpitarika nantsoiny sy ireo olona ao amin'ny fianakaviantsika izany—ary ny mba hihainoantsika ny antsony mba hanatona.

Fantatro fa velona i Jesoa Kristy; tiako Izy ary fantatro amin'ny foko manontolo fa tia antsika tsirairay avy Izy. Izy no Ohatra lehibe ho antsika ary mpitarika masina ho antsika zanaky ny Ray rehetra. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Resadresaka ao amin'ny Facebook izay nifanaovan'i Shakeel Arshad sy i Ronald A. Rasband, 2 des. 2015.
2. 2 Nefia 31:20.
3. Matio 16:15.
4. Matio 16:16.
5. Ronald A. Rasband, nandritra ny Tafatafa mivantana, 20 jan. 2016, lds.org/media-library.
6. Teny taorian'ilay Tafatafa mivantana nataon'i Lisa Jarvis, avy any Grande Prairie, Alberta, Canada.
7. Tweet avy tamin'i Liz Darger, Pleasant Grove, Utah, 4 apr 2015.
8. "Zanaky Ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* faha 113.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:6.
10. Jereo ny Thomas S. Monson, "Our Sacred Priesthood Trust," *Liahona,* mey 2006, 55–56.
11. Môsià 18:8–9.
12. Jereo ny Môsià18:8–9.
13. 1 Nefia 8:12.
14. Edwin Markham, "A Creed," *Lincoln and Other Poems* (1901), 25.
15. Matio 14:24–27.
16. Matio 14:28–29.
17. Matio 14:29.
18. Matio 14:30–31.
19. Môrônia 10:32.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# "Na zovy na zovy no mandray azy ireo, dia mandray Ahy"

*Miaina ao anatin'ny toe-piainam-pianakaviana maro samihafa sy sarotra ny ankizy amin'izao fotoana izao. Mila manolo-tanana ireo izay mahatsapa ho irery sy tsy misy miraharaha ary any ivelan'ny fefy isika.*

Tia ankizy Andriamanitra. Tiany ny ankizy rehetra. Hoy ny Mpamonjy hoe: "Avelao ny zaza . . . hanatona Ahy; fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra."[1]

Miaina ao anatin'ny toe-piainam-pianakaviana maro samihafa sy sarotra ny ankizy amin'izao fotoana izao.

Ohatra, ankehitriny ao Etazonia dia avo roa heny ny isan'ny ankizy raha oharina ny tamin'ny 50 taona lasa no miaina miaraka amin'ny rainy na ny reniny fotsiny.[2] Ary maro ireo fianakaviana no tsy dia miray hina eo amin'ny fitiavany an' Andriamanitra sy eo amin'ny finiavany hitandrina ireo didiny.

Ao anatin'izany fikorontanana arapanahy tsy mitsaha-mitombo izany, dia hanohy hitondra ilay faneva sy tarigetra ary lamin'ny Tompo ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny.

"Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. . . .

"Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. . . . Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, [ary] hitandrina ny didin' Andriamanitra."[3]

Mahafantatra ray aman-dreny tsara marobe avy amin'ny finoana hafa rehetra manerana izao tontolo izao isika izay mikarakara amim-pitiavana ireo zanany. Ary mahafantatra amim-pankasitrahana ireo fianakaviana ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany isika izay manana ny fiahian'ny ray sy reny niova fo ho an'ny Mpamonjy, izay nofehezina tamin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana, ary izay mianatra ao amin'ny fianakaviany ny hitia sy hatoky ny Rainy any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany.

#### Fiangaviana ny tanora

Fa ny fiangaviana hataoko anio kosa dia ho an'ireo ankizy sy zatovo ary tanora amana hetsiny maro izay tsy avy amin'ireo izay lazaiko hoe, tsy mahita teny tsaratsara ilazana azy aho afa-tsy ny hoe, fianakaviana "tonga lafatra." Tsy ireo tanora izay niaina fahafatesana na fisarahan'ny ray aman-dreny na fihenan'ny finoan'ny ray aman-dreniny fotsiny no resahiko, fa ireo zatovolahy sy zatovovavy an'aliny manerana izao tontolo izao koa izay manaiky tanteraka ny filazantsara saingy tsy manana reny na ray tonga miaraka aminy any am-piangonana.[4]

Miditra ao amin'ny Fiangonana miaraka amin'ny finoana lehibe ireo zatovo Olomasin'ny Andro Farany ireo. Manantena izy ireo fa hanorina fianakaviana tonga lafatra ao anatin'ny fiainan'izy ireo manokana amin'ny ho avy.[5] Ho avy ny fotoana hahatongavan'izy ireo ho ampahany manan-danja ao anatin'ny tafiky ny misiônerantsika sy ao anatin'ny tanorantsika marintoetra ary ao anatin'ireo izay mandohalika eo amin'ny alitara mba hanangana ny fianakaviany manokana.

#### Fangorahana

Hanohy ny fampianarana ny lamin'ny Tompo ho an'ny fianakaviana isika, saingy eo anatrehan'ireo mpikambana an-tapitrisany maro amin'izao fotoana izao sy ny fahasamihafana misy amin'ireo ankizin'ny Fiangonana dia mila maneho hatsaram-panahy sy fangorahana bebe kokoa hatrany isika. Tena miavaka mihitsy indraindray ny kolotsaintsika sy ny fomba fitenintsika ato amin'ny Fiangonantsika. Tsy hijanona tsy hihira ny "Ensemble à tout jamais"[6] intsony akory ny Kilonga saingy rehefa mihira hoe: "Quand papa rentre à la maison, je suis très heureux"[7] na hoe "car mes parents me montrent la voie,"[8] izy ireo dia tsy ny ankizy rehetra no hihira ny zavatra iainany ao amin'ny fianakaviany.

I Bette namantsika dia nizara ny zavatra niainany tany am-piangonana fony izy 10 taona. Hoy izy hoe: "Nizara lesona momba ny fanambadiana any amin'ny tempoly ny mpampianatra anay. Nanontany ahy manokana izy hoe: 'Bette a! Tsy nivady tany amin'ny tempoly ny ray aman-dreninao, tsy izany ve?' Fantatr'ilay [mpampianatra sy ny iray kilasy] ny valiny." Nitohy ny lesona nataon'ilay mpampianatra ary nieritreritra i Bette fa zava-doza no hitranga. Hoy i Bette hoe: "Nitomany tao anatin'ny alina maromaro aho. Rehefa tratran'ny aretim-po aho roa taona taty aoriana ka nieritreritra hoe ho faty dia natahotra aho, nihevitra fa ho irery mandrakizay."

Mandeha irery ny namako Leif rehefa miangona. Indray mandeha dia nangatahina hanao lahateny fohy tao amin'ny Kilonga izy. Tsy nanana neny na dada izy tao am-piangonana mba hijoro eo akaikiny ka hanampy azy raha toa ka tsy tadidiny izay holazaina. Raiki-tahotra i Lief. Mba tsy hahatonga azy ho afa-baraka dia nijanona tsy niangona nandritra ny volana maromaro izy.

"Niantso ankizy kely iray hankeo Aminy [i Jesoa] dia nametraka azy teo afovoany . . .

"Ary [nilaza hoe] na zovy na zovy no handray zazakely anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy."[9]

#### Fo feno finoana sy fanomezam-pahasoavana ara-panahy

Nomena fo feno finoana sy fanomezam-pahasoavana ara-panahy ireo ankizy sy zatovo ireo. Hoy i Lief tamiko hoe: "Fantatro lalina tao antsaiko fa Andriamanitra dia Raiko ary fantany sy tiany aho."

Hoy i Veronique namantsika hoe: "Rehefa nianatra ireo fitsipiky ny filazantsara sy nandalina ny Bokin'i Mômôna aho, dia toa nahatsiaro ny zavatra efa haiko nefa hadinoko izany aho."

I Zuleika namantsika dia avy any Alegrete, Brésil. Na dia tsy mpivavaka aza ny fianakaviany, fony izy 12 taona dia nanomboka namaky ny Baiboly i Zuleika ary nitsidika ireo fiangonana teo an-toerana, nikatsaka ny hahafantatra bebe kokoa momba an' Andriamanitra. Rehefa naneho fankatoavana nifono fisalasalana ireo ray amandreniny dia nandray fampianarana tamin'ireo misiônera izy ary nahazo fijoroana ho vavolombelona ka natao batisa. Hoy i Zuleika tamiko hoe: "Nandritra ireo resaka nifanaovanay dia nampisehoana ahy ny sarin'ny Tempolin'i Salt Lake ary noresahina tamiko ny momba ireo ôrdônansin'ny famehezana. Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nanam-paniriana ny hiditra ny tranon'ny Tompo aho indray andro any ka hanana fianakaviana mandrakizay."

Raha toa ka tsy tonga lafatra ny toe-piainan'ny ankizy iray eto an-tany, dia tonga lafatra ny mombamomba azy ara-panahy, satria zanakalahy na zanakavavin' Andriamanitra no tena marina ny tsirairay.

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ampio ireo zanak' Andriamanitra hahatakatra ny zavatra tena misy sy manan-danja amin'ity fiainana ity. Ampio izy ireo hampitombo ny hery hifidianana ireo lalana izay hiaro azy ireo eo amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay."[10] Andeha hosokafantsika bebe kokoa ny sandrintsika sy ny fontsika. Mila ny fotoantsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ireo zatovo ireo.

Niresaka tamiko momba ireo izay nanampy azy taloha sy taorian'ny batisany i Brandon, izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana tany Colorado tamin'izy tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Hoy izy hoe: "Tao anaty tokantranon'olona niaina ny filazantsara aho. Naneho fenitra izay tsapako fa ho azoko ampiharina amin'ny fianakaviako manokana izany."

Fony izahay nipetraka tany Allemagne dia niray sekoly tamin'i Kristen zanakay vavy i Veronique, izay teraka tany Pays-bas. Hoy i Veronique hoe: "Nanana fahazavana niavaka ireo mpianatra izay mpikamban'ny Fiangonana. Nahafantatra aho fa avy amin'ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy sy ny fiainany ny fampianarany izany hazavana izany."

I Max namako dia vita batisa fony izy valo taona. Tsy mpivavaka tamina fiangonana ny rainy ary afaka nandeha na tsy nandeha niangona i Max.

Rehefa lasa zatovo i Max, taorian'ny tsy fandehanana tany am-piangonana

nandritra ny volana maro dia nanana fahatsapana izy fa nila niverina ka tapakevitra izy indray alahady maraina fa hiverina. Saingy nihanihena ny fahavononany rehefa nanatona ny varavarana fidirana ny fiangonana izy; lasa tsy nahazo aina izy.

Nijoro teo amin'ilay varavarana ny eveka vaovao. Tsy fantatr'i Max izy ary toa azony antoka fa tsy fantatr'ilay eveka i Max. Rehefa nanatona i Max dia naninjitra ny tanany niaraka tamin'ny endrika falifaly ilay eveka no sady nilaza hoe: "Max a! Tena mahafinaritra ny mahita anao!"

"Rehefa nilaza ireo teny ireo izy," hoy i Max, "dia nisy fahatsapana hafanana nanenika ny tenako ary fantatro fa nety ny zavatra nataoko."[11]

Afaka manova zavatra ny fahafantarana ny anaran'ny olona iray.

"Ary . . . dia nodidian'[i Jesoa] ny hitondrana ny ankizy madininy [ho eo aminy]. . . .

"Ary . . . nalainy tsirairay [izy ireo] ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

"Ary nony nanao izany Izy dia nitomany."[12]

#### Ireo zatovo mbola tsy vita batisa

Noho ny fangatahan'ireo ray amandreny dia zatovo maro izay tia ny filazantsara no miandry aman-taonany vao hatao batisa.

Nisaraka ny ray aman-drenin'i Emily fony izy mbola zaza, ary tsy nahazo lalana hatao batisa izy raha tsy efa feno 15 taona. Nidera ny mpitarika ny Zatovovavy iray izay "nanolo-tanana sy nanampy azy foana mba hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona [nananany]" i Emily namantsika.[13]

I Colten sy i Preston dia zatovo mipetraka ao Utah. Nisaraka ny ray aman-drenin'izy ireo, ary tsy nahazo lalana hatao batisa izy ireo. Na dia tsy afaka mizara ny fanasan'ny Tompo aza izy ireo dia izy ireo no mitondra ny mofo isan-kerinandro. Ary na dia tsy afaka miditra ny tempoly aza izy ireo mba hanao batisa miaraka amin'ireo zatovo rehefa mandeha any amin'ny tempoly ny paroasy misy azy ireo dia mahita anarana fianakaviana izy







*Joseph Ssengooba fony izy zatovolahy (etsy ambony), miaraka amin'i Elder Joshua Walusimbi (eo amin'ny tampony havanana) izay namany sady mpanofana azy amin'ny maha-misiônera, ary miaraka amin'i Leif Erickson (etsy ambany havanana) izay filohan'ny misiônany.*

mirahalahy rehefa mitsidika ny ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana izay eo akaiky eo. Ny tena manana hery mitarika lehibe eo amin'ny fanampiana ny zatovontsika hahatsapa ho tsy voailikilika dia ny zatovo marin-toetra hafa ihany.

#### Elder Joseph Ssengooba

Faranako amin'ny ohatra mikasika ny namako iray vaovao ny lahateniko, olona iray izay nihaona taminay herinandro vitsivitsy lasa raha nitsidika ny Misiônan'i Lusaka Zambie izahay.

I Elder Joseph Ssengooba dia avy any Ouganda. Maty ny dadany fony izy fito taona. Tamin'ny fahasivy taonany dia tsy afaka nikarakara azy ny reniny sy ny havany ka dia nikarakara ny tenany irery izy. Rehefa feno 12 taona izy dia nifanena tamin'ireo misiônera ka natao batisa.

Notantarain'i Joseph ahy ny androny voalohany tato am-piangonana: "Rehefa vita ny fivoriana Fanasan'ny Tompo dia nihevitra aho hoe tokony hody amin'izay, saingy nampahafantarin'ireo misiônera an'i Joshua Walusimbi aho. Nilaza tamiko i Joshua fa ho namako izy, dia nomeny boky *Chants pour les enfants* iray aho mba tsy hidirako ao amin'ny Kilonga tsy mitondra na inona na inona. Tao amin'ny Kilonga dia nametraka seza iray fanampiny teo akaikin'ny sezany i Joshua. Nanasa ahy ho eny anoloana ny filohan'ny Kilonga ka nangataka ny Kilonga iray manontolo hihira ho ahy ny 'Zanaky ny Ray aho.' Nahatsapa tena ho tena niavaka aho."

Nentin'ny filohan'ilay sampana tany amin'ny fianakaviana Pierre Mungoza i Joseph ka lasa tany izy no nonina nandritra ny efa-taona nanaraka.

Valo taona taty aoriana rehefa nanomboka ny asa fitoriany i Elder Joseph Ssengooba dia akory ny fahagagany fa i Elder Joshua Walusimbi, ilay ankizilahy nahatonga azy hahatsapa ho tena noraisina tamim-pitiavana tamin'ny androny voalohany tao amin'ny Kilonga no mpanofana azy. Ary iza no filohan'ny misiônany? Ny Filoha Leif Erickson, ilay zazalahy kely nisintaka ny Kilonga noho ny tahony hanao lahateny. Tian' Andriamanitra ny zanany.

#### Niditra ireo ankizy nihazakazaka

Tamin'izaho sy i Kathy vadiko tany Afrika, herinandro vitsy lasa izay, dia nitsidika an'i Mbuji-Mayi, Repoblika Demôkratikan'i Congo izahay. Noho ny hakelin'ilay trano fiangonana izay tsy antonona mpikambana miisa 2.000 dia nivory tao ivelany teo ambany tafo plastika lehibe izay notohanana tamin'ny bararata izahay. Rehefa nanomboka









*Nandritra ny fivoriana niarahana tamin'ny Olomasin'ny Andro Farany miisa 2.000 tao amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo (eo amin'ny farany ambony) dia nisy ankizy lian-kahafantatra am-polony nivondrona teo ivelan'ny fefy manodidina ilay toerana izay nanaovana ilay fivoriana (etsy ambony). Rehefa nasaina niditra ireo ankizy dia tamy nihazakazaka.*

ny fivoriana dia nahita ankizy maro izay nijery anay izahay, namikitra ireo tsora-by avy any ivelan'ilay fefy vy nanodidina ilay toerana. Nibitsibitsika i Kathy hoe: "Neil a! Mety ho azonao asaina hiditra ve ireo zaza ireo araka ny hevitrao?" Nanatona ny Filoha Kalonji, filohan'ny Distrika izay teny amin'ny lampihazo aho ka nangataka azy raha afaka mampandroso ireo ankizy teo ivelan'ny fefy mba hiditra ka hiaraka aminay.

Akory ny fahagagako fa niaraka tamin'izay dia tsy hoe niditra fotsiny ireo ankizy ireo fa sady nihazakazaka—nihoatra ny 50 teo, angamba 100 izy ireo—ny sasany nanao akanjo rovidrovitra sady tsy nikiraro saingy samy nanana tsiky nahafinaritra sy tarehy faly izy ireo.

Tena nampihetsipo be ahy io zavatra nitranga io ary noraisiko ho toy ny mariky ny tokony hanoloran-tanana ny zatovo izay mahatsapa ho irery sy tsy misy miraharaha ary any ivelan'ny fefy izany. Andeha isika hieritreritra azy ireo, handray tsara azy ireo, hamihina azy ireo ary hanao izay rehetra azontsika atao hahamafy orina ny fitiavan'izy ireo ny Mpamonjy. Hoy i Jesoa hoe: "Na zovy na zovy no handray [zaza] anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy."[14] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Matio 19:14.
2. Jereo ny "Family Structure," Child Trends DataBank (des. 2015), tovana 1, pejy 9, childtrends.org/databank.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129, andalana 7 sy 6.
4. Te hankasitraka manokana an'ireo reny marin-toetra amana hetsiny aho, ary reny tokan-tena ny ankamaroany, izay manatanteraka amin-kerimpo ilay andraikitra manan-danja lehibe dia ny fanamafisana orina ara-panahy ny zanany. Hoy i Shelley namantsika avy any Kanadà mikasika ny reniny hoe:

   "Nandondona teo amin'ny varavaran'ny ray aman-dreniko ny misiônera, dimy taona talohan'ny nahaterahako. Nandray lesona vitsivitsy ny ray aman-dreniko, fa tsy liana intsony ny raiko avy teo. Nanohy nandray ireo lesona ny reniko ary naniry ny hatao batisa. Nandeha niangona nanditra ny dimy taona ny reniko ary tsy mbola mpikambana izy tamin'izany fotoana rehetra izany, fa telo volana taorian'ny nahaterahako no nahavitana ny batisany.

   "Tsy mba niresaka loatra ny reniko ary tsy mba nihazona andraikitra lehibe amin'ny maha-mpitarika izy. Nanana fijoroana ho vavolombelona tena tsotra sy tsara ary tsy niovaova izy, . . . ary niaina tamimpifikirana ny zavatra fantany fa marina izy isan'andro. Nahatonga ahy mba ho akaiky ny Tompo sy ny Fiangonana hatrany izany ohatra mangina sy tsotra izany."
5. Hoy ilay namantsika Randall tamiko hoe: "Nampianarina sy nahafantatra aho fa zanakalahin'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary ny fahafantarako ny tena maha-izy ahy sy ny tena momba ahy dia nitondra fanantenana fa tsy nila nanaraka ny ray aman-dreniko aho, izay tiako tokoa saingy tsy nalaiko tahaka. Natoky ny zavatra nampianarina ahy tany amin'ny Kilonga sy ny Sekoly Alahady ary ny Zatovolahy sy ny zavatra nampianarin'ireo mpampianatra hafa aho. Nahita ilay karazana fianakaviana mahatoky sy faly teo anivon'ny paroasy sy teo amin'ny fianakaviambeko aho, ary natoky ny Ray any An-danitra sady nahafantatra fa raha mitoetra ho mahatoky aho dia hanampy ahy Izy hanana fianakaviana toy izany."
6. "Ensemble à tout jamais", *Chants pour les enfants*, 98.
7. "Le retour de papa," *Chants pour les enfants*, 110.
8. "Ces mots d'amour", *Chants pour les enfants*, 102.
9. Matio 18:2, 5.
10. Thomas S. Monson, "Mianara Amiko," *Liahona,* mar. 2016, 6.
11. Jereo ny Max H. Molgard, *Inviting the Spirit into Our Lives* (1993), 99.
12. 3 Nefia 17:11, 21–22.
13. Na dia tsy nanana ray aman-dreny nazoto niangona aza i Emily, dia niresaka tamimpitiavana mikasika ireo ray aman-drenibe, ary nenitoa sy dadatoa ary ireo olona hafa izay "nijoro ho" ray aman-dreniny izy. Raha niresaka mikasika ny mpitarika iray tao amin'ny Zatovovavy tany Michigan izy dia nilaza hoe: "Efa lehibe ny zanany ary nataony izay nahatsapan'ny zatovovavy tsirairay hoe toy ny zanany vavy mihitsy izy ireo. . . . Afaka nanafana ny fonoao ny tsikiny tao anatin'ireo andro tena sarotra. . . . Nametraka tanjona ny hanaraka ny torolalany aho ary ho Rahavavy Molnar ho an'ireo ankizy izay mahatsapa ho 'tsy mitovy amin'ny hafa,' na 'tsy misy miraharaha,' na 'voailika.'"
14. Matio 18:5.



**Nataon'ny Loholona Mervyn B. Arnold**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Hamonjy ny hafa: vitantsika izany

*Ny Tompo dia nanome ireo fitaovana rehetra ilaintsika mba handehanana mamonjy ireo namantsika mpikambana malaindaina sy tsy mpikambana.*

Takatry ny Mpamonjy tsara ny iraka nampanaovina Azy mba hamonjy ireo zanaky ny Raintsika any Andanitra, satria nanambara Izy hoe:

"Fa tonga ny Zanak'olona hamonjy ny very. . . .

"*[Satria] tsy sitraky ny Rainareo Izay any an-danitra,* raha ho very na dia *iray* aza amin'ireny madinika ireny."[1]

I Jasmine Bennion Arnold, ilay reniko be fitiavana dia nahatakatra tsara ny anjara asany amin'ny fandraisana anjara amin'ny famonjena ireo ondry maratra na very an'ny Raintsika any An-danitra, anisan'izany ireo zanany sy zafikeliny. Anjara asa mahafinaritra azon'ireo ray aman-drenibe sahanina tokoa izany eo amin'ny fiainan'ireo zafikeliny.

Mazàna i Neny no nomena andraikitra hamangy isan-tokantrano ireo rahavavy nanana olana teo amin'ny finoan'izy ireo, ireo mpikambana malaindaina sy ireo fianakaviana misy tsy mpikambana ao aminy; kanefa anisan'ireo olona notsidihany ireo maro hafa izay tsy nasain'iza na iza novangiany. Tamin'ny ankapobeny dia tsy indray mandeha monja isam-bolana ny famangiany satria nihaino am-pahanginana, nikarakara ny marary ary nanome fankaherezana amim-pitiavana tsy tapaka izy. Tao anatin'ireo volana maromaro farany teo amin'ny fiainan'i Neny dia tsy afa-nihetsika tao an-trano noho ny aretiny izy ka dia nandany ora maro nanoratana taratasy ho azy ireo, naneho ny fitiavany, nijoro ho vavolombelona, ary nampahery ireo izay tonga nitsidika.

Rehefa mandeha mamonjy olona isika dia manome antsika hery sy fankaherezana ary fitahiana Andriamanitra. Rehefa nandidy an'i Mosesy Izy mba hamonjy ny zanak'Isiraely dia natahotra i Mosesy, tahaka ny maro amintsika izay matahotra koa. Nitady fialan-tsiny i Mosesy, ka nilaza hoe: "Olona tsy mahay mandaha-teny aho, . . . fa votsa vava sy miadam-piteny aho."[2]

Nanome toky an'i Mosesy ny Tompo:

"Iza moa no nanao ny vavan'ny olona? . . . tsy izaho Jehovah va?

"Koa ankehitriny, dia mandehana, fa Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao."[3]

Raha ny marina dia nilaza tamin'i Mosesy ny Tompo hoe: "Vitanao izany!" *Ary hitanareo! Vitantsika koa izany!*

Mamelà ahy hizara fitsipika efatra izay hanampy antsika amin'ny ezaka ataontsika mba hamonjy.

**Fitsipika 1: Tsy tokony hanemotra ny fotoana handehanantsika mamonjy isika**

Ny Loholona Alejandro Patanìa, izay Fitopololahin'ny Vondrom-paritra teo aloha, dia nitantara ny tantaran'i Daniel zandriny lahy, izay nandeha sambo mba hanjono niaraka tamin'ireo mpiara-miasa namany. Fotoana kelikely taorian'izay dia nahazo fampitandremana maika i Daniel fa nisy tafio-drivotra lehibe nanatona haingana tokoa. Niverina haingana teny amin'ny seranana i Daniel sy ireo mpiara-miasa taminy.

Rehefa nihamafy ilay tafio-drivotra dia maty ny maoteran'ny sambo mpanjono iray teo akaikin'izy ireo. Nampisarangotra tady teo amin'ilay sambo tsy afaka nandeha i Daniel sy ny mpiara-miasa taminy ka nanomboka nisintona izany ho amin'ny toerana azo antoka. Nangataka fanampiana tamin'ny alalan'ny radiô izy ireo satria fantany fa nila fanampiana teo no ho eo izy noho ilay tafio-drivotra efa nitombo hery.

Raha mbola niandry tao anatin'ny tebiteby ireo havan-tiana dia nivory ireo tompon'andraikitra avy amin'ny mpiambina ny morontsiraka sy ny fikambanan'ny mpanjono ary ny tafika an-dranomasina mba hanapa-kevitra momba ny paikady tsara indrindra entina mamonjy. Naniry ny handeha teo no ho eo ny sasany saingy nasaina niandry ny drafitra novolavolaina izy ireo. Raha mbola nanohy niangavy ny hamonjena azy ireo izay tao anatin'ny tafio-drivotra dia nanohy nivory ireo tompon'andraikitra mba hiezaka hifanaraka ny amin'izay asa sy drafitra mety amin'izany.

Rehefa voarafitra amin'izay ny vondrona iray mpamonjy voina dia nisy fangatahana iray farany feno hakiviana tonga. Nanapaka ilay tady teo anelanelan'ireo sambo roa ilay tafio-drivotra mahery vaika ka dia nandeha niverina mba hijery i Daniel sy ireo mpiara-miasa taminy raha toa ka afaka mamonjy ireo namana mpiara-manjono aminy izy ireo. Tamin'ny farany dia rendrika avokoa ireo sambo roa sy ireo tantsambo tao anatiny, ka anisan'ny





*Raha mbola niandry tao anatin'ny tebiteby ireo havan-tiana dia nanemotra ny ezaka nataony mba hamonjy ireo mpamonjy voina kanjo tara loatra izany.*

maty tamin'izany i Daniel rahalahin'ny Loholona Patanìa.

Io loza io dia nampitahain'ny Loholona Patanìa tamin'ny fananarana nomen'ny Tompo rehefa nilaza Izy hoe: "Tsy manatanjaka, . . . [na] mampody ny noroahina, . . . [na] mikatsaka ny very [ianareo]; . . . fa hovonjeko eo amin'ny vava[nareo] ny ondriko."[4]

Nanazava ny Loholona Patanìa fa, raha mbola tsy maintsy mifandamina ao anatin'ireo filankevitra, kôlejy, vondrona fanampiny, eny fa na isam-batan'olona aza isika dia tsy tokony hanemotra mihitsy ny fandehanana manavotra. Indraindray dia herinandro maro no lasa eo am-piresahantsika mikasika ny fomba hanampiana ireo fianakaviana na ny isam-batan'olona izay manana filàna manokana. Mieritreritra tsara momba ny olona hamangy azy ireo sy ny fomba hanatonana azy ireo isika. Mandritra izany fotoana izany dia mitohy ny fanampiana ilain'ireo rahalahy sy anabavintsika izay very ka miantso vonjy sy mitalaho mafy mihitsy aza izy ireo. Tsy tokony hanemotra fotoana isika.

**Fitsipika 2: Tsy tokony hilavo lefona mihitsy isika**

Ny Filoha Thomas S. Monson, izay nampaneno ny anjomara fanairana mba handeha hamonjy ny hafa dia nilaza hoe: "Ny mpikambana ao amintsika dia tokony hampahatsiahivina fa tsy misy izany hoe tara izany mihitsy raha . . . ireo mpikambana malaindaina . . . ao amintsika izay mety ho noheverina fa tsy misy fanantenana intsony no resahina."[5]

Tahaka ny maro aminareo dia nizara ny filazantsara tamin'ny olona sasany izay vetivety dia natao batisa na naverina ho mavitrika aho, ary ireo hafa—tahaka an'i Tim izay namako tsy mpikambana sy i Charlene vadiny izay mpikambana malaindaina dia nila fotoana lavalava kokoa.

Nandritra ny 25 taona mahery dia nifanakalo hevitra momba ny filazantsara tamin'i Tim aho ka nitondra an'i Tim sy i Charlene nanatrika ireo varavarana misokatra an'ny tempoly. Nanampy tamin'ny famonjena azy ny hafa, na izany aza anefa dia nolavin'i Tim ny fanasana rehetra natao mba hihaonany tamin'ireo misiônera.

Tamin'ny faran'ny herinandro iray izay dia nasaina niahy fihaonamben'ny tsatòka iray aho. Nangataka ilay filohan'ny tsatòka aho mba hifady hanina sy hivavaka mikasika ny olona tokony hovangianay. Tohina ny foko rehefa natolony ahy ny anaran'i Tim namako. Rehefa nandondona ny evekan'i Tim sy ny filohan'ny tsatòka ary ny tenako dia novohain'i Tim ny varavarana, nijery ahy izy ary nijery ny eveka, ary avy eo dia niteny hoe: "Eveka a! Nataoko fa nilaza tamiko ianao hoe hitondra olona miavaka aty amiko!"

Dia nihomehy i Tim ka nilaza hoe: "Mandroso ry Merv. a!" Nisy fahagagana nitranga tamin'io andro io. Efa vita batisa i Tim amin'izao ary efa voafehy tany amin'ny tempoly izy sy i Charlene. Tsy tokony hilavo lefona isika.

**Fitsipika 3: Akory ny halehiben' ny fifalianareo raha mitondra olona iray monja ho an'i Kristy**

Taona maro lasa izay, nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia niresaka mikasika ny fomba nahatakaran'i José de Souza Marques ny tenin'ny Mpamonjy aho hoe "raha misy olona matanjaka ao amin' ny Fanahy eo anivonareo, dia aoka izy haka izay malemy hiaraka aminy, . . . ka hahatonga azy ho matanjaka ihany koa."[6]

Fantatry ny Rahalahy Marques ny anaran'ny mpikambana rehetra tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona nisy azy ary tsikariny fa tsy tao i Fernando. Nitady an'i Fernando tany an-tranony izy, dia tany amin'ny tranon'ny namany avy eo, ary nankany amin'ny morontsiraka mihitsy aza.

Hitany nanao surf teny amin'ny ranomasina i Fernando nony farany. Tsy niandry mandra-pilentiky ny sambo tahaka ilay tao anatin'ny tantaran'i Daniel izy. Niroboka avy hatrany tao anaty rano izy mba hanavotra ny ondriny very ka nitondra azy nody tamim-pifaliana.[7]

Nataony izay nahazoana antoka tamin'ny alalan'ny fanompoana tsy tapaka fa tsy handao ilay vala intsony i Fernando.[8]

Mamelà ahy hampahafantatra anareo ny fivoaran'ny zava-nitranga hatramin'ny nanavotana an'i Fernando sy hizara ny fifaliana azo avy amin'ny fanavotana

ondry very iray monja. Nanambady an'i Maria malalany tany amin'ny tempoly i Fernando. Manan-janaka 5 sy zafikely 13 izy ireo amin'izao fotoana izao, ary mazoto ao am-piangonana avokoa izy ireo. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ihany koa ny havan'izy ireo maro hafa sy ny fianakaviany. Niara-nandefa anaran'ny razambeny an'arivony izy ireo mba handray ireo ôrdônansin'ny tempoly, ary mitohy hatrany ny fahatongavan'ireo fitahiana.

Eveka fanintelony i Fernando amin'izao fotoana izao ary mbola manohy mamonjy tahaka ny namonjena azy izy. Vao haingana izy no nizara an'izao: "Manana zatovolahy mavitrika miisa 32 ao amin'ny Fisoronana Aharôna izahay ao amin'ny paroasinay, ary ny 21 amin'ireo dia vao navotana tao anatin'ny 18 volana farany." *Mahavita izany* isika tsirairay avy, ny fianakaviana, ny kôlejy, ny vondrona fanampiny, ny kilasy, ary ny mpampianatra sy ny mpamangy isan-tokantrano.

**Fitsipika 4: Na firy taona isika na firy taona dia antsoina avokoa handeha hamonjy ny hafa**

Nanambara ny Filoha Henry B. Eyring hoe: "Nantsoina isika hiasa amim-piraisankina hanampy ny [Mpamonjy] ao anatin'ilay fijinjany fanahy mandra-piveriny indray, na firy taona isika na firy taona, na inona na inona fahaiza-manao ananantsika na antsompiangonana sahanintsika, ary na aiza na aiza misy antsika."[9]

Isan'andro dia mihamaro hatrany ireo zanatsika, zatovontsika, tanora tokan-tena, ary ireo olon-dehibe mpikambana no mihaino ny antso mazavan'ny Mpamonjy mba handeha hamonjy ny hafa. Misaotra amin'ny ezaka ataonareo! Mamelà ahy hizara ohatra vitsivitsy:

I Amy, fito taona 7, dia nanasa an'i Arianna namany sy ny fianakaviany hanatrika ny fandaharam-potoan'ny Kilonga amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo fanaony isan-taona.Volana vitsy taty aoriana dia natao batisa i Arianna sy ny fianakaviany.

I Allan, izay tanora tokan-tena, dia nahatsapa ho nentanim-panahy hizara ireo horonantsarin'ny Fiangonana sy ireo *Hafatra Môrmôna,* ary andinintsoratra masina tamin'ny namany rehetra tamin'ny alalan'ny tambazotra ifaneraserana.

Nanomboka nizara ny filazantsara tamin'ireo mpanao dokambarotra izay niantso Rahavavy Reeves.

Nanasa an'i Shane izay namany tsy mpikambana hanatrika ny batisan'ny zanany vavy i James.



*Rehefa novonjen'ny mpitarika iray nanahy ny momba azy i Fernando Araujo (eo afovoany ao amin'ireo sary roa) fony izy zatovolahy dia mamonjy zatovolahy izy amin'izao fotoana izao amin'ny maha-eveka azy (etsy ambony), ary manana taranaka mavitrika ao amin'ny Fiangonana (etsy ambony).*



Nandefa rohy ahitana ny lahateny nataon'ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny anabaviny izay mpikambana malaindaina i Spencer ka nanao tatitra hoe: "Namaky ilay lahateny izy dia nahazo fanantenana."

Ny Tompo dia nanome ireo fitaovana rehetra ilaintsika mba handehanana mamonjy ireo namantsika mpikambana malaindaina sy tsy mpikambana. *Vitantsika rehetra izany!*

Manasa anareo tsirairay aho hihaino ny antson'ny Mpamonjy mba handeha hamonjy ny hafa. *Vitantsika izany!*

Mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba manetriketrika aho fa fantatro fa i Jesoa no Mpiandry Tsara, fa tia antsika Izy ary mitahy antsika rehefa mandeha mamonjy ny hafa isika. Fantatro fa velona Izy. Fantatro izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Matio 18:11, 14; nampiana fanamafisana.
2. Eksodosy 4:10.
3. Eksodosy 4:11–12.
4. Ezekiela 34:4, 10.
5. Thomas S. Monson, Fivorian'ny Mpitarika Manampahefana Ambony ao amin'ny Fiangonana, ôktôbra 2015, nampiasaina rehefa nahazoana lalana.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:106.
7. Jereo ny Lioka 15:5.
8. Jereo ny Mervyn B. Arnold, "Strengthen Thy Brethren," *Liahona,* mey 2004, 46–47.
9. Jereo ny Henry B. Eyring, "Iray isika," *Liahona,* mey 2013, 62.



**Nataon'ny Loholona Jairo Mazzagardi**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ilay toerana masin'ny famerenana amin'ny laoniny

*Tao Palmyra no nitrangan'ny Famerenana amin'ny laoniny, izay naharenesana ny feon'ny Ray efa ho roa arivo taona aty aoriana.*

Nisy namako iray mpikamban'ny Fiangonana niezaka nampianatra ahy ny filazantsaran'ny fianakaviana mandrakizay nandritra ny taona maro. Rehefa nanatrika ny varavarana misokatra ho an'ny Tempolin'i São Paulo tamin'ny ôktôbra 1978 aho vao tafiditra tao am-poko izany fotopampianarana momba ny fianakaviana mandrakizay izany rehefa niditra ny efitrano famehezana aho, ary nivavaka aho nandritra ny andro maromaro mba hahafantatra raha toa ka ity no Fiangonana marina.

Tsy mpivavaka aho tamin'izay fa nobeazin'ny ray aman-dreny mpivavaka ary efa nahita ny tsara tao amin'ireo fivavahana hafa. Tamin'izay fotoana teo amin'ny fiainako izay dia nieritreritra aho hoe neken' Andriamanitra avokoa ny fivavahana rehetra.

Taorian'ny fitsidihako ilay varavarana misokatra ho an'ny tempoly dia nikatsaka ny valin'ny fanontaniako tamin'ny alalan'ny vavaka aho, sady nanana finoana sy fahatokiana tanteraka fa hovalian' Andriamanitra aho hoe iza no Fiangonany eto an-tany.

Taorian'ny tolona lehibe ara-panahy dia nahazo valiny mazava ihany aho tamin'ny farany. Nasaina mba hatao batisa aho. Nitranga ihany ny batisako nony farany ny 31 ôktôbra 1978, ny alina talohan'ny fivoriana iray fanokanana ny Tempolin'i São Paulo.

Tsapako fa nahafantatra sy niahy ahy ny Tompo rehefa namaly ny vavaka izay nataoko.

Ny ampitso marainan'io dia nandeha tany São Paulo izaho sy ny vadiko hanatrika ny fivoriana fanokanana ilay tempoly.

Tao izahay saingy mbola tsy tena haiko ny fomba hankasitrahana izany tombontsoa mahatalanjona izany. Ny ampitson'izay dia nanatrika fihaonamben'ny vondrom-paritra izahay.

Nanomboka ny fiainanay amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anay izahay ary nahita namana tsara izay nandray anay nandritra izany fiovampiainana izany.

Tena nahafinaritra ireo kilasin'ny mpikambana vaovao izay natrehanay isan-kerinandro tamin'ny fivorianay rehefa alahady. Nofenoin'izany fahalalana tao anatinay ary nahatonga anay haniry ny hahatapitra haingana ny herinandro izany mba hahafahanay mahazo fanampin'izany sakafo arapanahy izany ny alahady.

Tsy andrinay mivady ny hidirana ny tempoly mba hamehezana mandrakizay ny fianakavianay. Nitranga izany iray taona sy fito andro taorian'ny batisako, izay fotoana tena nahafinaritra. Tsapako ho toa teo anelanelan'ny zavatra nitranga teo aloha sy ny zavatra niseho taorian'ilay famehezana no nizaràn'ny mandrakizay rehefa teo amin'ny alitara.



Noho izaho nipetraka ara-dalàna nandritra ny taona vitsivitsy tany amin'ny morontsiraka atsinanan'i Etazonia dia somary nahafantatra ireo tanàna aho, izay kely ny ankamaroany.

Rehefa namaky na naheno momba ireo trangan-javatra nitondra ho amin'ny Fahitana Voalohany aho dia olona maro no voatonona, ary tsy nisy dikany tamiko izany.

Nanomboka nisy fanontaniana nitsiry tao an-tsaiko. Nahoana no tsy maintsy tany Etazonia no namerenana tamin'ny laoniny ny Fiangonana fa tsy tany Brésil na Italie, izay tanin'ireo razambeko?

Taiza ireo andian'olona voatonona ireo, ireo izay nandray anjara tamin'ny fifohazam-panahy sy ny fisavorovoroana ara-pivavahana ireo—ka izany rehetra izany dia nitranga tamin'ny toerana milamina sy tony toy izany?

Nanontany olona maro aho momba izany saingy tsy nahazo valiny. Novakiako daholo izay zavatra rehetra tamin'ny teny Portogey ary avy eo dia tamin'ny teny Anglisy fa tsy nahita na inona na inona izay nampitony ny foko aho. Notohizako ny fikarohana nataoko.

Tamin'ny ôktôbra 1984 dia nanatrika fihaonamben'ny Fiangonana aho ary mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka aho tamin'izay. Taorian'izany dia nandeha tany Palmyra New York aho, may erỳ ny hahita valiny.

Rehefa tonga tany aho dia niezaka nahatakatra ny hoe: Nahoana no tsy maintsy teto no nitrangan'ny Famerenana amin'ny laoniny, ary nahoana no nisy fikorontanana toy izany? Avy aiza avy ireo olona izay voatonona tao amin'ny fitantaran'i Joseph ireo? Nahoana no teo?

Tamin'izay fotoana izay, ny valiny azo iononana azoko dia ny hoe satria ny Lalàm-panorenan'i Etazonia no nanome antoka ny fahalalahana.

Nitsidika ny Grandin Building aho tamin'izay maraina izay, izay toerana nanontàna ny edisiôna voalohany amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nandeha tao amin'ilay Ala Kely Masina aho ka nivavaka mafy.

Zara raha nisy olona teny amin'ny arabe tamin'izany tanàna kelin'i




Palmyra izany. Taiza ireo andian'olona nolazain'i Joseph?

Tamin'io tolakandro io dia nanapakevitra ny handeha tany amin'ilay toeram-piompiana sy fambolen'i Peter Whitmer aho ka rehefa tonga tao dia nahita lehilahy iray teo amin'ny varavarankelin'ny tranokely iray. Nisy hazavana lehibe tamin'ny masony. Niarahaba azy aho ary nanomboka nametraka ireo fanontaniana ireo.

Dia hoy izy avy eo tamiko: "Manana fotoana ve ianao?" Eny hoy aho.

Nanazava izy fa hita tao amin'io toerana io ny Farihin'i Erié sy Ontario, ary tany atsinanana lavidavitra teo no nisy ny Renirano Hudson.

Tany ho any amin'ny taona 1800 tany dia nanapa-kevitra hanamboatra lakandrano handehanana an-tsambo ireo olona ireo, izay mirefy mihoatra ny 480 km ka hamakivaky izany faritra izany mankany amin'ny Renirano Hudson. Tetikasa lehibe izany tamin'izany andro izany ary ny sandrin'olona sy ny herin'ny biby ihany no azon'izy ireo nianteherana.

I Palmyra dia ivontoerana ho an'ny sasany tamin'izany asa fanamboarana izany. Nila olona mahay, teknisianina, fianakaviana ary ny namany ireo mpanorina. Olona maro no nanomboka niditra tao avy amin'ireo tanàna rehetra manodidina sy ireo toerana lavitra kokoa toa an'i Irlande mba hiasa amin'ilay lakandrano.

Fotoana masina sy feno ny Fanahy Masina izany satria hitako ihany nony farany hoe iza ilay andian'olona. Nitondra ny fomba amam-panaony sy ny finoany izy ireo. Rehefa nilaza mikasika ny finoan'izy ireo izy dia voazava ny saiko ary nosokafin' Andriamanitra ny masoko ara-panahy.

Tamin'izay fotoana izay dia takatro ny fomba nanomanan'ny tanan' Andriamanitra, ilay Raintsika, tao amin'ny drafiny sy tamin'ny halehiben'ny fahendreny, toerana iray hitondrany an'ilay Joseph Smith zazalahy, ka nametraka azy teo anivon'izany fifanjevona ara-pivavahana izany, satria tao, tao an-tendrombohitr'i Kômôrà, no nanafenana ireo takelaka sarobidin'ny Bokin'i Môrmôna.

Teo no toerana nitrangan'ny Famerenana amin'ny laoniny, izay naharenesana ny feon'ny Ray efa ho roa arivo taona aty aoriana, tao anatin'ny fahitana mahatalanjona, niresaka tamin'i Joseph

Smith zazalahy, rehefa nandeha tao amin'ilay Ala Kely Masina izy mba hivavaka ka naheno hoe: "Itỳ no Zanako Malalako. Henoy Izy!"[1]

Teo izy dia nahita olona roa, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny. Eny, naneho ny tenany tamin'ny olona indray Andriamanitra. Nanomboka nisava ny haizina izay nandrakotra ny tany.

Nanomboka tanteraka ireo faminaniana momba ny Fameranana amin'ny Laoniny hoe: "Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny, ary ny olona rehetra."[2]

Tao anatin'ny taona vitsivitsy dia nentina teo amin'ireo rakitsoratra misy faminaniana sy fanekempihavanana ary ôrdônansy izay navelan'ireo mpaminany fahiny, dia ny Bokin'i Môrmôna mamalantsika i Joseph.

Tsy afaka naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany raha tsy nisy ilay filazantsara mandrakizay, izay ambara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ho testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra, ilay Zanak'ondrin' Andriamanitra, izay hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao.

Hoy i Kristy tamin'ireo vahoakany tany Jerosalema:

"Manana ondry hafa izay tsy amin' ity vala ity Aho."[3]

"Izaho no Mpiandry Tsara, ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho."[4]

Rehefa niala ilay toeram-piompiana sy fambolen'i Whitmer aho dia tsy tsaroako ho nanao veloma. Tsaroako fotsiny fa nisy ranomaso nipotrapotraka tamin'ny tavako. Nilentika teo amin'ny lanitra manga ny masoandro.

Nampitony ny fanahiko ny fifaliana sy fiadanana lehibe tao am-poko. Heniky ny fankasitrahana aho.

Azoko mazava tsara izao hoe nahoana. Nanome ahy fahalalana sy fahazavana indray ny Tompo.

Teny an-dalako hody dia mbola nisy soratra masina tonga tao an-tsaiko: dia ireo fampanantenana nomena an'i Abrahama fa ao amin'ny taranany no hitahiana ireo fianakaviana rehetra eto an-tany.[5]

Ary noho izany no hananganana ireo tempoly mba hanomezana indray amin'ny olona eto an-tany ny herin' Andriamanitra mba hahafahan'ny fianakaviana ho tafaray, tsy mandra-pahafaty ihany fa hiaraka mandrakizay.

"Ary izao no ho tonga any amparany: Ny tendrombohitra misy ny tranon' i Jehovah dia haorina eo an-tampon' ny tendrombohitra, ary hasandratra ho avo noho ny havoana; ary ny jentilisa rehetra hitanjozotra hankany."[6]


Raha misy aminareo izay mandre ahy ka manana fanontaniana ao amponareo, dia aza kivy!

Manasa anareo aho hanaraka ny ohatry ny Mpaminany Joseph Smith rehefa namaky tao amin'ny Jakoba 1:5 izy: "Ary raha misy ianareo tsy manampahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra."

Ny zava-nitranga tao Kômôrà dia ampahany manan-danja amin'ny Fameranana amin'ny laoniny, rehefa nandray ireo takelaka nirakitra ny Bokin'i Môrmôna i Joseph Smith. Manampy antsika hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra io boky io noho ny boky hafa eto an-tany.[7]

Mijoro ho vavolombelona aho fa niantso mpaminany sy mpahita ary mpanambara ny Tompo mba hitarika ny fanjakany amin'izao andro farany izao ary ao amin'ny drafiny mandrakizay ny fianakaviana dia natao hiaraka mandrakizay. Miahy ireo zanany Izy ary mamaly ny vavaka ataontsika.

Noho ny fitiavany lehibe dia nanao sorona noho ny fahotantsika i Jesoa Kristy, ary Izy no Mpamonjy izao tontolo izao. Izany dia ijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Joseph Smith—Tantara 1:17.
2. Apokalypsy 14:6.
3. Jaona 10:16.
4. Jaona 10:14.
5. Jereo ny Genesisy 12:3; 17:2–8; Galatiana 3:29; 1 Nefia 15:14–18; Abrahama 2:9–11.
6. Isaia 2:2.
7. Jereo ny Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo

*Amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny Fanahy Masina izay namantsika lalandava dia afaka mitana mandrakariva ny famelana ny fahotantsika isika.*

Nisy andian-teny miavaka iray nampiasain'i Benjamina Mpanjaka ao amin'ny fampianarany momba ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana izay lasa lohahevitra niverimberina tao anatin'ny fandalinako sy ny fisaintsainako nandritra ny taona maro.

Tao anatin'ilay toriteniny nampifoha ara-panahy izay nanaovany veloma an'ilay vahoaka notompoiny sy notiaviny dia nanazava ny maha-zava-dehibe ny fahafantarana ny voninahitr' Andriamanitra, ny fanandramana ny fitiavany, ny fahazoana ny famelana ny fahotana, ny fahatsiarovana mandrakariva ny halehiben' Andriamanitra sy ny fivavahana isan'andro ary ny fiorenana mafy amin'ny finoana ny Mpanjaka Benjamina.[1] Nampanantena koa izy fa raha manao ireo zavatra ireo ianareo, "dia hifaly mandrakariva ianareo sy ho feno fitiavana an' Andriamanitra ary *hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo*."[2]

Miompana amin'ny fitsipiky ny fihazonana mandrakariva ny famelana ny fahotantsika ny hafatro. Ny fahamarinana ambara ao anatin'io andianteny io dia afaka manamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny maha-mpianatra antsika. Mivavaka aho mba hanentana ny fanahintsika sy hanazava ny saintsika ny Fanahy Masina eo am-pandinihantsika miaraka ireo fahamarinana ara-panahy manandanja ireo.

### Fahaterahana ara-panahy indray

Mandalo fahaterahana ara-batana isika eto an-tany ary miaina fahafahana ho ateraka ara-panahy indray.[3] Entanin'ireo mpaminany sy apôstôly isika mba hifoha ho an' Andriamanitra,[4] mba ho "ateraka indray,"[5] ary ho lasa olom-baovao ao amin'i Kristy[6] amin'ny alalan'ny fandraisana eo amin'ny fiainantsika ireo fitahiana izay tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Afaka manampy antsika handresy ireo fironana feno fitiavantena ananan'ny olona araka ny nofo ny "fahamendrehana, . . . ny famindrampo, ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina"[7] ka ho tonga olona feno fitiavana, malala-tanana ary masin-toetra kokoa. Amporisihina isika mba hiaina amin'ny fomba ahafahantsika "mijoro tsisy pentina eo anoloan'ny [Tompo] amin'ny andro farany."[8]

### Ny Fanahy Masina sy ireo ôrdônansin'ny fisoronana

Nofintinin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny teny fohy ny anjara asa lehiben'ireo ôrdônansin'ny fisoronana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy: "Ny fahaterahana indray dia tonga amin'ny alalan'ny Fanahin' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo ôrdônansy."[9] Io fanambarana mora takarina io dia manamafy ny anjara asan'ny Fanahy Masina sy ireo ôrdônansy masina eo amin'ny fizotran'ny fahaterahana ara-panahy indray.

Mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra ny Fanahy Masina. Olona



manana vatana fanahy izy ary mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana rehetra. Ny Fanahy Masina ao amin'ny soratra masina dia antsoina hoe Mpampionona,[10] mpampianatra,[11] ary mpanambara.[12] Ankoatra izany dia mpanamasina[13] ny Fanahy Masina, izay manadio sy mandoro ireo loto sy faharatsiana hiala ao amin'ny fanahin'olombelona toy ireny amin'ny afo ireny.

Ireo ôrdônansy masina dia zavadehibe indrindra ao anatin'ny filazantsaran'ny Mpamonjy sy ao anatin'ny dingana arahina mba hanatonana Azy sy hikatsahana fahaterahana arapanahy indray. Fombafomba masina izay manana tanjona ara-panahy sy misy dikany mandrakizay ary mifandray amin'ireo lalàna sy fitsipik' Andriamanitra ny ôrdônansy.[14] Ny fanatanterahana ireo ôrdônansy mitondra famonjena rehetra sy ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo dia tsy maintsy nahazoana lalana avy amin'ny olona iray izay mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana ilaina amin'izany.

Ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ny fisandratana izay tanterahina ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny dia mihoatra lavitra noho ny hoe fomba fanao na zavatra atao mifono tandindona. Fa manorina fantsona nankatoavina izy ireo izay ahafahan'ireo fitahiana sy ny herin'ny lanitra mirotsaka eo amin'ny fiainan'ny olona tsirairay.

"Ary ity fisoronana ambony ity dia mitantana ny filazantsara sy mihazona ny fanalahidin'ny misterin'ny fanjakana, dia ny fanalahidin'ny fahalalana an' Andriamanitra.

"Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra.

"Ary raha tsy misy ny ôrdônansiny sy ny fahefan'ny fisoronana, dia tsy miharihary amin'ny olona ao amin'ny nofo ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra."[15]

Ny ôrdônansy raisina sy hajaina amin-kitsimpo dia tena ilaina mba hahazoana ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra sy ireo fitahiana atolotra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

#### Fahazoana sy fitanana ny famelana ny fahotana amin'ny alalan'ireo ôrdônansy

Mba hahatakarana feno kokoa ny dingana arahina mba hahafahana mahazo sy mitana mandrakariva ny famelana ny fahotantsika, dia mila isika voalohany indrindra mahatakatra ny fifandraisana tsy azo sarahina misy eo amin'ny ôrdônansy anankitelo izay manome fahafahana hahazoana ny herin'ny lanitra: ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana, ny fametrahantanana ho an'ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny Fanasan'ny Tompo.

Ny batisa asitrika ho an'ny famelana ny fahotana "no ôrdônansy voalohan'ny filazantsaran'i"[16] Jesoa Kristy ary tsy maintsy ialohavan'ny finoana ny Mpamonjy sy ny fibebahana amin-kitsimpo. Io ôrdônansy io "dia mari-pamantarana sy didy napetrak' Andriamanitra ho an'ny [zanany] mba hidirana ao amin'ny fanjakany."[17] Ny batisa dia tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Aharôna. Ao anatin'ilay dingana fanatonana ny Mpamonjy sy ny fahaterahana indray dia manolotra *fanadiovana* voalohany amin'ny fahotana, izay tena ilaina ho an'ny fanahintsika ny batisa.

Ahitana fanoloran-tena fototra anankitelo ny fanekempihavanan'ny batisa: (1) vonona hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy, (2) hahatsiaro Azy mandrakariva, ary (3) hitandrina ny didiny. Ny fitahiana nampanantenaina amin'ny fanajana io fanekempihavanana io dia ny "hananan[tsika] mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika]."[18] Araka izany dia ny batisa no fiomanana tena ilaina mba handraisana ilay fahafahana nahazoana lalana hanana ny mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra mba ho namana lalandava.

"Ny batisan'ny rano . . . dia tsy maintsy arahan'ny batisan'ny Fanahy mba hahafeno izany."[19] Nampianatra an'i Nikodemosy ny Mpamonjy hoe: "Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan' Andriamanitra izy."[20]

Misy fanambarana telo nataon'ny Mpaminany Joseph Smith izay manamafy ny fifandraisana manan-danja misy eo amin'ireo ôrdônansin'ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana sy ny fametrahan-tanana ho an'ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Fanambarana 1: "Ny batisa dia ôrdônansy masina hiomanana amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina. Io no fantsona sy fanalahidy entina hanomezana ny Fanahy Masina."[21]

Fanambarana 2: "Afaka manao batisa kitapo misy fasika eo amin'ny toeran'ny olona iray ihany koa ianao raha toy izany ka tsy atao ho famelana ny fahotana sy mba hahazoana ny Fanahy Masina. Antsasaky ny batisa ihany ny batisan'ny rano ary tsy manan-kery raha tsy eo ilay antsasany anankiray hafa—dia ny batisan'ny Fanahy Masina izany."[22]

Fanambarana 3: "Tsy manan-kery ny batisan'ny rano raha tsy miaraka



amin'ny batisan'ny afo ary ny Fanahy Masina miaraka amin'izany eo koa. Tsy maintsy mifamatotra ary tsy azo sarahina izy ireo."[23]

Miverimberina ao amin'ny soratra masina ny fanamafisana ny fifamatorana tsy tapaka misy eo amin'ny fitsipiky ny fibebahana sy ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ilay fitahiana lehibe dia ny famelana ny fahotana.

Nanambara i Nefia hoe: "Satria ny vavahady izay tokony hidiranareo dia ny fibebahana sy ny batisa amin'ny rano; *ary avy eo dia tonga ny famelana ny fahotanareo amin'ny alalan'ny afo sy ny Fanahy Masina*."[24]

Ny Mpamonjy mihitsy no nanambara hoe: "Ankehitriny dia izao no didy: Mibebaha, ianareo rehetra faran'ny tany, ary mankanesa atŷ Amiko ary aoka hatao batisa amin'ny anarako, *mba hahazoana manamasina anareo amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina,* mba hahazoanareo mijoro tsisy pentina eo anoloako amin'ny andro farany."[25]

Ny fametrahan-tanana ho fanomezana ny Fanahy Masina dia ôrdônansy iray tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka. Eo amin'ny dingana arahina amin'ny fanatonana ny Mpamonjy sy ny fahaterahana ara-panahy indray, ny fandraisana ny hery manamasin'ny Fanahy Masina dia ahafahana mahazo *fanadiovana maharitra* ny fanahintsika amin'ny fahotana. Tena zava-dehibe io fitahiana mahafaly io satria "ny zavatra tsy madio dia tsy afaka hiara-mitoetra amin' Andriamanitra."[26]

Isika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny antsika dia voatahy noho ilay *fanadiovana voalohany antsika amin'ny fahotana* izay mifandraika amin'ny batisa sy noho ny fahafahana mahazo *fanadiovana maharitra amin'ny fahotana* izay tanteraka noho ny fananana ny Fanahy Masina ho namana sy amin'ny alalan'ny heriny—dia ilay mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra izany.

Eritrereto ny fianteheran'ny mpamboly iray amin'ilay lamina tsy miova hoe mamboly dia mijinja. Ny



fahatakarana ny fifandraisana misy eo amin'ny famafazana sy ny fiotazana dia loharano tsy tapaka hananana tanjona ary misy fiantraikany eo amin'ny fanapahan-kevitra sy ny asa rehetra ataon'ny mpamboly mandritra ny fotoana rehetra ao anatin'ny taona. Torak'izany koa, ilay fifamatorana tsy azo sarahina eo amin'ny ôrdônansin'ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana sy ny fametrahan-tanana ho an'ny fanomezana ny Fanahy Masina dia tokony hisy fiantraikany eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny maha-mpianatra antsika mandritra ny fotoana rehetra eo amin'ny fiainantsika.

Ny Fanasan'ny Tompo no ôrdônansy fahatelo ilaina mba hahazoana ilay herin'ny toetra araka an' Andriamanitra. Mba hahazoantsika miaro tanteraka kokoa ny tenantsika tsy ho voapentimpetin'izao tontolo izao, dia didiana isika ho any amin'ny trano fivavahana ary hanatitra fanati-pisaorana amin'ny andro masin'ny Tompo.[27] Aoka mba hodinihinao fa ireo tandindon'ny vatan'ny Tompo sy ny rany, izay ny mofo sy rano, dia samy tsofina rano sy hamasinina. "Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin'ny anaran'ny Zanakao Jesoa Kristy hitahy sy hanamasina ity mofo ity [na ity rano ity] ho an'ny fanahin'ireo rehetra izay mandray [na misotro] amin'izany."[28] Ny atao hoe manamasina dia manao izay hahatonga ho madio sy masina. Ireo tandindon'ny Fanasan'ny Tompo dia hamasinina ho fahatsiarovana ny fahadiovan'i Kristy, sy ny fianteherantsika tanteraka amin'ny Sorompanavotany ary ny andraikitsika hoe hanaja tahaka izany koa ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana mba hahafahantsika "hijoro tsy hisy pentina eo anoloa[ny] amin'ny andro farany."[29]

Ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo dia fanasana masina sy miverimberina mba hibebaka amin-kitsimpo ary mba hihavao ara-panahy. Tsy ilay hoe fandraisana fotsiny ny Fanasan'ny Tompo no manadio amin'ny fahotana. Fa rehefa miomana amin-kitsimpo sy mandray anjara amin'io ôrdônansy masina io isika miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina dia mahazo fampanantenana fa hanana *mandrakariva* ny Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika. Ary amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny Fanahy Masina izay namantsika lalandava dia afaka mitana *mandrakariva* ny famelana ny fahotantsika isika.

Tena voatahy tokoa isika isankerinandro noho ilay fahafahana manombantombana ny fiainantsika amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo sy manavao ny



fanekempihavanantsika ary mandray ny fampanantenana fonosin'io fanekempihavanana io.[30]

#### Atao batisa indray

Indraindray ny Olomasin'ny Andro Farany dia maneho faniriana mba ho azo atao batisa indray—amin'izay dia ho lasa madio sy mendrika toy ny tamin'ilay andro nandraisan'izy ireo ny ôrdônansin'ny filazantsara voalohany izay mitondra famonjena. Mamelà ahy hanoro hevitra amim-panajana fa ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany Malalany dia tsy mikasa ny hampiaina antsika fahatsapana fihavaozana ara-panahy sy filaminana ary fiverenana amin'ny laoniny toy izany hoe indray mandeha fotsiny eo amin'ny fiainantsika. Ireo fitahian'ny fahazoana famelana ny fahotantsika sy ny fitanana mandrakariva izany amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny filazantsara dia manampy antsika hahatakatra fa ny batisa dia toerana iaingana eo amin'ilay diantsika ara-panahy eto an-tany. Tsy toerana hivantanana izay hoe tokony hirintsika hiverimberenana.

Ny ôrdônansin'ny batisa asitrika sy ny fametrahan-tanana ho an'ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny Fanasan'ny Tompo dia tsy zavatra mitsitokantokana na misaraka fa izy ireo dia singa ao anatin'ny lamina iray mifamatotra sy mifanampy izay mitondra fivoarana ampiasana ny fanavotana. Mampisondrotra sy mampivelatra ny tanjontsika sy ny faniriantsika ary ny zava-bitantsika ara-panahy ny ôrdônansy tsirairay mifanesy. Ny drafitry ny Ray, sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ary ireo ôrdônansin'ny filazantsara dia manome ilay fahasoavana ilaintsika mba hahafahana mibosesika mandroso sy mivoatra andalana anampy andalana ary fitsipika anampy fitsipika mankany amin'ilay hiafarantsika mandrakizay.

#### Fampanantenana sy Fijoroana ho vavolombelona

Olombelona tsy lavorary isika izay miezaka ny hiaina eto an-tany araka ny drafitra lavorarin'ny fivoarana mandrakizay izay an'ny Ray any An-danitra. Tena lehibe sy feno famindram-po ary hentitra ireo fepetra takin'ny drafiny. Indraindray isika mety ho feno fahavononana ary indraindray kosa mahatsapa ho tsy hahavita izany. Mety manontany tena isika raha toa ka mba hahatanteraka ihany eo amin'ny ara-panahy ilay didy hoe hijoro tsisy pentina eo anoloany amin'ny andro farany.

Tena afaka manatanteraka ireo zavatra ara-panahy azontsika tanterahina isika miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahiny izay "hampianatra [antsika] ny zavatra rehetra."[31] Ireo ôrdônansy dia ahafahana manana tanjona sy hery ara-panahy eo amin'ny fiainantsika rehefa miezaka ny ho ateraka indray isika sy ho lasa lehilahy sy vehivavin'i Kristy.[32] Azo hatanjahina ny fahalementsika ary hihoarana ireo fetrantsika.

Na dia tsy misy afaka mahatratra ny fahalavorariana eto amin'ity tany ity aza amintsika, dia afaka mihamendrika sy mihatsisy pentina isika rehefa "nodiovina tamin'ny ran'ny Zanakondry."[33] Mampanantena sy mijoro ho vavolombelona aho fa hanana finoana bebe kokoa ny Mpamonjy isika sy fahatokiana lehibe kokoa ara-panahy rehefa mikatsaka ny hitana mandrakariva ny famelana ny fahotantsika ary hijoro tsy misy pentina eo anatrehan'ny Tompo amin'ny andro farany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA


1. Jereo ny Môsià 4:11.
2. Môsià 4:12; nampiana fanamafisana.
3. Jereo D. Todd Christofferson, "Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana," *Liahona,* mey 2015, 50–53.
4. Jereo ny Almà 5:7.
5. Jereo ny Jaona 3:3; Môsià 27:25.
6. Jereo ny 2 Korintiana 5:17.
7. 2 Nefia 2:8.
8. 3 Nefia 27:20.
9. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 95.
10. Jereo ny Jaona 14:16–27; Môrônia 8:26.
11. Jereo ny Jaona 14:26; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:14.
12. Jereo ny 2 Nefia 32:5.
13. 3 Nefia 27:19–21.
14. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Ôrdônansy," scriptures.lds.org.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21.
16. Bible Dictionary, "Baptism."
17. *Teachings: Joseph Smith,* 91.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
19. Bible Dictionary, "Baptism."
20. Jaona 3:5.
21. *Teachings: Joseph Smith,* 95–96.
22. *Teachings: Joseph Smith*, 95.
23. *Teachings: Joseph Smith*, 90.
24. 2 Nefia 31:17; nampiana fanamafisana.
25. 3 Nefia 27:20; nampiana fanamafisana.
26. 1 Nefia 10:21.
27. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–12.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77; jereo koa ny andininy 79.
29. 3 Nefia 27:20.
30. Jereo ny *Teachings of Gordon B. Hinckley* (1997), 561; *The Teachings of Spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball (1982), 220; N. Eldon Tanner, ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1966, 98.
31. Jaona 14:26.
32. Jereo ny Helamàna 3:28–30.
33. Môrmôna 9:6.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ireo filankevitry ny mpianakavy

*Rehefa niomana ny ray aman-dreny ary mihaino sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ny zanaka dia tena mandaitra ny filankevitry ny mpianakavy!*

Ry rahalahy sy anabaviko, toe-javatra hafahafa kanefa marina ny hoe rehefa lehibe ireo zanatsika vao mihamahay an'ilay hoe maha-ray aman-dreny antsika isika. Hozaraiko aminareo amin'ity tolakandro ity ny zavatra iray izay niriako hoe raha mba takatro tsara kokoa tany amin'ny fotoana nanombohanay sy i Barbara nanabe ireo zanakay sarobidy.

Nandritra ny asa fanompoako amin'ny maha-apôstôly ahy dia matetika aho no nanamafy ny hery sy ny lanjan'ireo filankevitry ny Fiangonana, ka anisan'izany ireo filankevitry ny misiôna, tsatòka, paroasy ary vondrona fanampiny.

Inoako fa ny filankevitra no fomba mahomby indrindra hahazoana vokatra tena izy. Ankoatra izany dia fantatro fa ny filankevitra dia fomban'ny Tompo ary nahary ny zavatra rehetra ato amin'izao tontolo izao Izy tamin'ny alalan'ny filankevitra, araka ny voalaza ao amin'ny soratra masina.[1]

Hatramin'izao anefa dia tsy mbola niresaka na oviana na oviana nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany momba ny filankevitra fototra sy manan-danja—ary angamba ny manan-danja indrindra—amin'ny filankevitra rehetra aho: dia ny filankevitry ny mpianakavy.

Nilaina foana hatramin'izay ny filankevitry ny mpianakavy. Raha ny marina dia mandrakizay izany. Tao anatin'ny filankevitry ny mpianakavy iray isika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, rehefa niara-niaina tamin'ny ray aman-drenintsika any an-danitra tamin'ny naha-zanaka ara-panahin'izy ireo antsika.

Ny filankevitry ny mpianakavy, rehefa tarihina amim-pitiavana sy amin'ny toe-panahy araka an'i Kristy, dia hampihena ny fiantraikan'ny teknôlôjia maoderina izay matetika mahatonga antsika tsy handany fotoana tsara miaraka sy toa mitondra mivantana ny ratsy ao an-tokantranontsika koa.

Tsarovy fa ny filankevitry ny mpianakavy dia samy hafa amin'ny takarivan'ny mpianakavy atao isaky ny alatsinainy. Mifantoka voalohany indrindra amin'ny fampianarana ny filazantsara sy ny fiaraha-mientan'ny fianakaviana ny takarivan'ny mpianakavy. Ny filankevitry ny mpianakavy kosa etsy andaniny dia azo atao na andro inona na andro inona ao anatin'ny herinandro, ary izy ireny amin'ny ankapobeny dia fivoriana iray izay hihainoan'ny ray aman-dreny—hifampihainoan'izy ireo sy hihainoany ny zanany.

Inoako fa misy karazana filankevitry ny mpianakavy efatra farafahakeliny.

Voalohany, ny filankevitry ny mpianakavy ankapobeny izay ahitana ny fianakaviana iray manontolo.

Faharoa, ny filankevitry ny mpiandraikitra ao amin'ny fianakaviana izay ahitana ny reny sy ny ray.

Fahatelo, ny filankevitry ny ampahan'ny fianakaviana izay ahitana ireo ray aman-dreny sy ny zanaka iray.

Fahefatra, filankevitry ny mpianaka izay ahitana ny ray na ny reny sy ny zanaka iray.

Mandritra ireo karazana filankevitry ny mpianakavy rehetra ireo dia tokony hovonoina avokoa ny fitaovana elektrônika rehetra mba hahafahan'ny rehetra mifampijery sy mifampihaino. Azonareo atao ny maka fitoeran-javatra iray hasiana ireo fitaovana elektrônika mandritra ireo filankevitry ny mpianakavy sy amin'ny fotoana hafa mahamety izany, ka rehefa mivondrona ny fianakaviana dia afaka mametraka ny finday sy ny tablettes ary ny Mp3 ao anatin'ilay fitoeran-javatra ny rehetra—tafiditra ao anatin'izany i Neny sy i Dada. Amin'izay afaka mifanakalo hevitra izy ireo avy eo ka tsy ho halaim-panahy hamaly poke ao amin'ny Facebook, na SMS, na Instagram, na Snapchat, na ireo fanairana hoe misy email.

Mamelà ahy hizara fohy aminareo ny fomba handairan'ireo karazana filankevitry ny mpianakavy tsirairay ireo.

**Voalohany, ny filankevitry ny mpianakavy iray manontolo** dia ahitana ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviana.

Ny bokikelin'ny Fiangonana mitondra ny lohateny hoe *Ny fianakaviantsika* (Ma famille) dia milaza hoe: "Afaka mihaona io filankevitra io mba hifanakalozana hevitra momba ireo olana ao amin'ny fianakaviana, handaminana ny ara-bola, hanaovana drafitra, hifanohanana na hifankaherezana, ary hifampitondrana am-bavaka

sy hitondrana am-bavaka ny vondron'ny fianakaviana."[2]

Ity filankevitra ity dia tokony hihaona amin'ny fotoana voatondro mialoha ary mazàna misy rindran-damina bebe kokoa noho ny karazana filankevitry ny mpianakavy hafa.

Tokony hatomboka amin'ny vavaka izany, na mety ho fanohizana tsotra izao ny resaka izay efa natomboka tany amin'ny toe-javatra niseho hafa. Mariho fa ny filankevitry ny mpianakavy dia mety tsy hanomboka na hiafara amin'ny fomba voarindra foana.

Rehefa niomana ny ray aman-dreny ary mihaino sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ny zanaka dia tena mandaitra ny filankevitry ny mpianakavy!

Na inona na inona toe-javatra misy eo amin'ny fianakaviantsika manokana, dia tena zava-dehibe ny hahatakarantsika ny toe-javatra manokana iainan'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana. Na mety mitovy rà aza isika dia mety misy toe-javatra misy na toe-javatra iainana samy hafa eo anivontsika ka mahatonga antsika ho tena tsy mitovy ka mety hitaky ny fiaraha-miasa feno hatsarampanahin'ny filankevitry ny mpianakavy.

Ohatra, ny firesahana sy ny fanehoan-kevitra ary ny fitiavana rehetra eto amin'izao tontolo izao dia mety tsy hamaha ny olana ara-pahasalamana na ara-pihetsehampo atrehin'ny olona iray na maromaro ao anatin'ny fianakaviana iray. Amin'ny fotoana toy izany dia manjary ho toeran'ny firaisan-kina sy fahatokiana ary fanohanana am-pitiavana ny filankevitry ny mpianakavy rehefa mitady vahaolana avy amin'ny olona na fikambanana hafa ilay fianakaviana.

Ny iray tampo, indrindra fa ireo zoky, dia afaka ny ho mpitarika mahery vaika ho an'ireo zandry raha toa ka hampiasa ny filankevitry ny mpianakavy mba hangatahana ny fanampian'izy ireo sy ny fanohanan'izy ireo ny ray aman-dreny mandritra ny fotoantsarotra sy mahamay.

Amin'izany dia mitovy be amin'ny paroasy ny fianakaviana iray. Rehefa mampandray anjara ireo olona ao amin'ny filankevitry ny paroasy ny eveka dia afaka mamaha ireo olana sy manatontosa asa tsara maro izy amin'ny fomba izay tsy ho vitany velively raha tsy misy ny fanampian'izy ireo. Ireo ray aman-dreny dia mila mampandray anjara ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviana, amin'ny fomba toy izany, eo amin'ny famahana ireo olana sy ny fahoriana. Miasa ny herin'ny filankevitry ny mpianakavy amin'izany. Rehefa mahatsapa ireo olona ao amin'ny filankevitra fa mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra izy ireo dia lasa mpanohana izy ireo ka tratra ireo vokatra tsara miavaka.

Tsy ny filankevitry ny mpianakavy rehetra no ahitana ray sy reny ary zanaka. Mety ho samy hafa amin'ny filankevitry ny mpianakavinareo ny endriky ny filankevitry ny mpianakavinay rehefa nanabe ireo zanakay fito izahay. Ankehitriny dia ahitana an'i Barbara sy ny tenako sisa ny filankevitry ny mpianakavy, raha tsy hoe manao filankevitry ny mpianakavy iray manontolo izahay miaraka amin'ireo zanakay efa lehibe sy ny vadin'izy ireo, ary indraindray miaraka amin'ireo zafikely sy zafiafinay.

Ireo tokan-tena ary na ireo mpianatra mipetraka lavitra ny tokantrano aza dia afaka manaraka ny lamin'ny filankevitra araka an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fivondronana miaraka amin'ny namana sy ny mpiray trano mba hifanome torohevitra.

Eritrereto ny fomba hiovan'ny tontolo ao anatin'ny trano iray raha toa ka mivondrona tsy tapaka mba hiaraka hivavaka sy hifampihaino sy hifanakalo hevitra ary hiaraka hanao drafitra ny mpiray trano.

Afaka mampifanaraka ny filankevitry ny mpianakavy mba hahazoana tombontsoa amin'izany lamina masina napetrak' Andriamanitra izany ny rehetra.

Araka ny efa nolazaiko teo aloha dia mety hanampy ny filankevitry ny mpianakavy iray manontolo indraindray. Ny fianakaviana iray manontolo dia mety ahitana ny raibe sy renibe ary ireo zanaka efa lehibe izay tsy mipetraka ao an-tokantrano. Na mipetraka lavitra aza ireo raibe sy renibe na ireo zanaka efa lehibe dia afaka mandray anjara amin'ireo filankevitry ny mpianakavy amin'ny alalan'ny telefaonina, na Skype, na FaceTime izy ireo.

Azonareo atao ny manao filankevitry ny mpianakavy amin'ny andro alahady, izay andro voalohany ao amin'ny herinandro. Afaka manao jery todika ny herinandro lasa ny mpianakavy ary manao drafitra ho an'ny herinandro ho avy. Mety ho izany mihitsy no ilain'ny fianakavianareo mba hahatonga ny Sabata ho fahafinaretana.

**Ny karazana filankevitry ny mpianakavy faharoa** dia ny filankevitry ny mpiandraikitra ao amin'ny fianakaviana izay ahitana ireo ray aman-dreny ihany. Mandritra io fotoana iarahana io ny ray aman-dreny dia afaka mamerina mijery ireo zavatra ilain'ny zanaka tsirairay, ara-batana sy ara-pihetsehampo, ary arapanahy, ary koa ny fivoarany.

Ny filankevitry ny mpiandraikitra ao amin'ny fianakaviana ihany koa dia fotoana tsara ho an'ny mpivady mba hiresahana momba ny fifandraisan'izy roa manokana. Rehefa nanatanteraka ny famehezana anay ny Loholona Harold B. Lee, dia nampianatra fitsipika iray izay inoako fa tena hanampy ny mpivady rehetra izy: "Aza mandeha matory na oviana na oviana raha tsy efa avy niara-nandohalika sy nifandray tanana ka nivavaka ianareo. Ny vavaka toy izany dia manasa ny Ray any Andanitra hanoro hevitra antsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy."

**Ny karazana filankevitry ny mpianakavy fahatelo** dia ny filankevitry ny ampahan'ny fianakaviana. Eto dia mandany fotoana miaraka amin'ny



zanaka iray ny ray sy ny reny izay fotoana iray efa voarindra mialoha na fotoana tsotsotra. Fahafahana iray ifanakalozana hevitra momba ny *fandraisana fanapahan-kevitra mialoha* momba ireo zavatra izay ho ataony na tsy ho ataony amin'ny ho avy izany. Rehefa noraisina ny fanapahan-kevitra toy izany dia azony atao ny manoratra izany mba hojerena rehefa ilaina any aoriana. Raha toa ka hitan'ny zanakareo vavy na lahy fa manohana mafy azy ianareo dia afaka mametraka tanjona sy fikasana ho an'ny hoavy izany filankevitra izany. Fotoana iray hihainoana tsara ireo olana na zava-manahirana atrehan'ny zanaka iray izany, toy ny tsy fahampian'ny fahatokian-tena, ny herisetra, ny fanesoesoana, na ny tahotra.



**Ny karazana filankevitry ny mpianakavy fahefatra** dia ny filankevitry ny mpianaka izay ahitana ny ray na reny sy ny zanaka iray. Ity karazana filankevitra ity amin'ny ankapobeny dia mitranga fotsiny izao. Ohatra, afaka manararaotra ireo fotoana tsotsotra rehefa mandeha fiara na manao raharaha ao an-trano ny mpianaka. Ny fotoana iray hivoahan'ny zanaka iray miaraka amin'ny rainy na ny reniny dia afaka manome fahafahana ifandraisana ara-panahy sy ara-pihetsehampo miavaka. Arindrao mialoha izany mba hahafahan'ny zanaka miandrandra sy manantena fotoana manokana hiarahana irery amin'i Neny na i Dada.

Izao ry rahalahy sy rahavavy, nisy fotoana ireo rindrin'ny tranontsika dia nanome ny fiarovana ilaina rehetra amin'ireo fandrobana sy fitaomana avy any ivelany. Nohidintsika ny varavarana sy ny varavarankely. Nakatotsika ny vavahady, dia nahatsapa ho voaro amin'izao tontolo izao isika tao anatin'ilay fialofana kelintsika.

Efa lasana ireo andro ireo izao. Tsy afaka manakana ny fanafihana tsy hita maso avy amin'ny Internet sy ny Wi-Fi ary ny tambazotran'ny finday ireo rindrina sy varavarana sy fefy ary vavahadin'ny tokantranontsika. Afaka miditra ao an-tokantranontsika amin'ny alalan'ny fanindriana bokotra vitsy monja izany.

Soa ihany fa nanolotra fomba iray ny Tompo hanoherana ny fanafihan'ireo teknôlôjia ratsy izay mety hanao izay tsy hanokanantsika fotoana tena tsara mba hiarahana. Nataony izany tamin'ny fanomezana ny filankevitra mba hampatanjahana sy hiarovana ary hikolokoloana ireo fifandraisana sarobidy indrindra ananantsika.

Ny ankizy dia mila fatratra ray amandreny vonona ny hihaino azy ireo, ary afaka manolotra fotoana iray ahafahan'ny olona ao amin'ny fianakaviana mianatra mifankahazo sy mifankatia ny filankevitry ny mpianakavy.

Nampianatra i Almà hoe: "Milà hevitra amin'ny Tompo amin'ny ataonao rehetra dia hotarihiny ho amin'ny tsara ianao."[3] Hanatsara ny fifandraisantsika ny fanasana ny Tompo mba handray anjara amin'ny filankevitry ny fianakaviantsika. Afaka ny ho lasa manam-paharetana, tsara fanahy, tia manampy, mahay mamela, ary maneho fahatakaran-tsaina bebe kokoa isika, miaraka amin'ny fanampian'ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjintsika, rehefa mivavaka mba hahazo fanampiana. Afaka manao ny tokantranontsika ho sombin-danitra eto an-tany isika miaraka amin'ny fanampian'Izy ireo.


Ny filankevitry ny mpianakavy izay mifanaraka amin'ny lamin'ireo filankevitra any an-danitra sy heniky ny fitiavana araka an'i Kristy, ary tarihin'ny Fanahin'ny Tompo dia hanampy antsika hiaro ny fianakaviantsika amin'ireo fialamboly izay mety handroba ireo fotoana sarobidy iarahantsika sy hiaro antsika amin'ireo faharatsian'izao tontolo izao.

Ny filankevitry ny mpianakavy, ampiarahina amin'ny vavaka, dia hanasa ny fanatrehan'ny Mpamonjy, araka ny nampanantenainy hoe: "Fa na aiza na aiza iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho."[4] Mitondra fitahiana tsy hay faritana ny fanasana ny Fanahin'ny Tompo handray anjara amin'ireo filankevitry ny fianakaviantsika.

Farany dia tsarovy fa ny filankevitry ny mpianakavy izay atao tsy tapaka dia hanampy antsika hahatsikaritra mialoha ireo olana ao amin'ny fianakaviana ka hamaha izany mialoha ny hitomboany. Hanome fahatsapana ho manana ny maha-izy azy sy ho manan-danja ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana ny filankevitra; ary indrindra, hanampy antsika ho mahomby sy ho sambatra kokoa ao amin'ireo fifandraisana sarobidy ananantsika, ao anatin'ny rindrin'ny tokantranontsika. Ny vavaka amim-panetrentena ataoko dia enga anie ny Ray any An-danitra hitahy ny fianakaviantsika rehetra eo ampanaovantsika ny filankevitra miaraka, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Abrahama 4:26; 5:2–3.
2. *Our Family: A Practical Guide for Building a Gospel-Centered Home* (kiboky, 1980), 6.
3. Almà 37:37.
4. Matio 18:20.



Fivorian'ny Fisoronana Maneran-Tany | 2 April 2016

**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny saran'ny fananana herin'ny fisoronana

*Moa ve isika vonona hivavaka, hifady hanina, handalina, hikatsaka, hitsaoka, ary hanompo amin'ny maha-lehilahin' Andriamanitra antsika mba hahafahantsika manana ny herin'ny fisoronana?*

Enim-bolana lasa izay, nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2015, dia niresaka tamin'ireo rahavavy ato amin'ny Fiangonana aho momba ny anjara asa masin'izy ireo amin'ny maha-vehivavin' Andriamanitra azy ireo. Anio aho dia maniry ny hiresaka aminareo rahalahy momba ny anjara asa masinareo amin'ny maha-lehilahin' Andriamanitra anareo. Rehefa mitety izao tontolo izao aho dia variana noho ny hery sy ny fahatsarana tanteraka asehon'ireo lehilahy sy tovolahy ato amin'ity Fiangonana ity. Tsy hay hotanisana tsotra izao ny fo izay nositraninareo sy ny fiainana izay nankaherezinareo. Misaotra indrindra!

Nandritra ny hafatra nozaraiko tamin'ny fihaonambe farany teo, dia nilazalaza mikasika ny zavatra nampalahelo niainako taona maro tany aloha tany aho, izay tsy nahafahako namonjy ny ain'ny mpirahavavy kely roa, tamin'ny maha-dokotera mpandidy fo ahy. Rehefa nahazo lalana tamin'ny rain'izy ireo aho dia te hilazalaza misimisy kokoa momba io fianakaviana io.

Ny zanaka telo naterak'i Ruth sy i Jimmy Hatfield dia voan'ny aretin'ny fo hatrany am-bohoka. I Jimmy Zanany, zanakalahin'izy ireo voalohany dia maty nefa tsy voafaritra mazava ny fototr'aretina nahazo azy. Niditra antsehatra aho rehefa nikatsaka fanampiana ho an'i Laural Ann sy i Gay Lynn zanany vavy ny ray aman-dreniny. Ontsa ny foko rehefa nodimandry ireo ankizy vavy anankiroa taorian'ny nandidiana azy ireo.[1] Tsy nahagaga loatra raha trotraka ara-panahy i Ruth sy i Jimmy.

Rehefa nandeha ny fotoana dia nihazona lolompo tamiko sy tamin'ny Fiangonana izy ireo. Saika nandritra ny enimpolo taona no nanahirana ny saiko io toe-javatra io ary niara-ory tamin-dry Hatfield aho. Nanandrana nifandray tamin'izy ireo imbetsaka aho, fa tsy nahomby.

Kanjo indray alina, tamin'ny volana mey lasa teo, dia nofohazin'ireo ankizy vavy kely ireo avy tany ambadiky ny voaly aho. Na dia tsy nahita na nahare azy ireo tamin'ny alalan'ireo retsimpandrenesako ara-batana aza aho, dia nahatsapa fa teo izy ireo. Tamin'ny arapanahy no nandrenesako ny fiangavian'izy ireo. Fohy sy mazava ny hafatr'izy ireo: "Ry Rahalahy Nelson, tsy voafehy amin'iza na amin'iza izahay! *Azonao ampiana ve izahay?*" Fotoana fohy taorian'izay dia nahare aho fa nodimandry ny renin'izy ireo, saingy mbola velona ny rain'izy ireo sy ny zandrin'izy ireo lahy.

Rehefa nentanin'ny fiangavian'i Laural Ann sy i Gay Lynn aho dia nanandrana nifandray tamin'ny rain'izy ireo indray, izay henoko fa nonina niaraka tamin'i Shawn zanany lahy. Tamin'io indray mitoraka io dia nanaiky nihaona tamiko izy ireo.



*Ny Filoha Russell M. Nelson sy Rahavavy Wendy Nelson tao amin'ny Tempolin'i Payson Utah miaraka amin'ireo olona ao amin'ny fianakavian'i Jimmy Hatfield.*



Ny volana jona aho dia nandohalika ara-bakiteny teo anoloan'i Jimmy, izay 88 taona ankehitriny, ary nifampiresaka taminy tamim-kitsimpo. Niresaka mikasika ny fiangavian'ireo zanany vavy aho ary nilaza taminy fa ho voninahitra ho ahy ny hanatanteraka ireo ôrdônansin'ny famehezana ho an'ny fianakaviany. Nanazava ihany koa aho fa hitaky fotoana sy ezaka betsaka avy aminy sy avy amin'i Shawn ny ho vonona sy ho mendrika hiditra ao amin'ny tempoly, satria mbola samy tsy nandray ny fanafiana masina izy mianaka hatramin'izay.

Tena tsapa tokoa ny Fanahin'ny Tompo nandritra io fihaonana io. Ary rehefa nanaiky ny fangatahako i Jimmy sy i Shawn dia heniky ny hafaliana sesehena aho! Niasa tamimpahazotoana izy ireo niaraka tamin'ny filohan'ny tsatòkany, ny evekany, ny mpampianatra isan-tokantranony sy ny mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasiny ary koa ny misiônera tanora sy ny misiônera mpivady zokiolona. Ary avy eo, fotoana vao tsy ela akory izay, dia nahazo tombontsoa lehibe aho hanatanteraka ny famehezana an'i Ruth amin'i Jimmy ary ny zanak'izy ireo efatra amin'ireo ray aman-dreniny tao amin'ny Tempolin'i Payson, Utah. Nitomany izaho sy i Wendy rehefa nandray anjara tamin'io traikefa masina indrindra io. Fo maro no sitrana tamin'io andro io!

Rehefa mandinika izany rehetra izany aho dia nahavariana ahy i Jimmy sy i Shawn sy ny fahavononan'izy ireo. Lasa noraisiko ho mahery fo izy ireo. Raha azo notanterahina izay rehetra irian'ny foko dia iriako ny hanehoan'ny lehilahy sy zatovolahy tsirairay ato amin'ity Fiangonana ity ny herimpo sy ny tanjaka ary ny fanetrentenan'izy mianaka ireo. Vonona izy ireo hamela sy hanadino ny ratra sy ny fahazaran'ny lasa. Vonona izy ireo hanoa ny fitarihan'ny mpitarika azy ao amin'ny fisoronana mba hahafahan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy manadio sy mampitombo azy ireo. Samy vonona izy ireo ho lasa lehilahy mendrika hitondra ny fisoronana "araka ny lamina masin' Andriamanitra."[2]

Ny hoe *mitondra* dia midika hoe mizaka ny vesatr'izay hazonina. Andraikitra masina ny mitondra ny fisoronana, izay hery sy fahefana lehibe an' Andriamanitra. Diniho izao: ny fisoronana izay omena antsika dia *ilay hery* sy *fahefana mihitsy* izay nampiasan' Andriamanitra tamin'ny nahariana ity tontolo ity sy tontolo tsy hita isa, sy hitantanany ny lanitra sy ny tany, ary hanandratany ireo zanany mpankatò.[3]

Vao tsy ela akory izay dia nanatrika fivoriana iray izaho sy i Wendy ka ny mpitendry orga tamin'izay dia efa tafapetraka tsara sy vonona hitendry ny hira fanombohana. Nibanjina ny boky fihirana ny masony ary ny tanany dia efa vonona hitendry. Nanomboka nitendry izy, kanefa tsy nisy feo nivoaka. Nibitsika tamin'i Wendy aho hoe: "Tsy misy hery izy." Nihevitra aho fa nisy zavatra nanakana ny fahatongavan'ny herinaratra tamin'ilay orga.

Eny ry rahalahy, tahaka izany koa, manahy aho fa mbola betsaka loatra ny lehilahy izay nomena ny *fahefan'*ny fisoronana kanefa tsy manana ny *herin'* ny fisoronana satria ny fahatongavan'ny hery dia voasakan'ny fahotana toy ny hakamoana, ny tsy fahamarinan-toetra, ny hambom-po, ny tsy fahadiovampitondrantena, na ny firaharahiana be loatra ny zavatr'izao tontolo izao.

Manahy aho fa mbola betsaka ireo mpihazona ny fisoronana no zara fa nanao na tsy nanao na inona na inona

mihitsy mba hikolokoloana ny fahafahana mandray ny herin'ny lanitra. Manahy aho momba ireo rehetra izay tsy madio raha ny eritreriny, na ny fahatsapana, na ny zavatra ataony na izay manambany vady na zanaka, ka manakana amin'izany ny fananany herin'ny fisoronana.

Manahy aho fa betsaka loatra ireo indrisy namela ny fahafahany misafidy ho an'ilay fahavalo ary milaza amin'ny alalan'ny fitondrantenany hoe:"Miraharaha kokoa ny fanomezana fahafaham-po an'ireo faniriako manokana aho toy izay ny fitondrana ny herin'ny Mpamonjy hitahiana ny hafa."

Manahy aho ry rahalahy fa ny sasany amintsika dia mety hifoha indray andro ka ho tonga saina hoe inona marina tokoa izany hery ao amin'ny fisoronana izany ary hiatrika ny fanenenana goavana satria nandany fotoana be lavitra izy ireo nikatsahana hery hanjakana amin'ny hafa na hery any am-piasana toy izay tamin'ny fianarana ny fampiharana tanteraka ny herin' Andriamanitra.[4] Ny Filoha George Albert Smith dia nampianatra fa "tsy eto akory isika mba handany fotoana fotsiny ary avy eo ho tafaroso ho amin'ny toetry ny fisandratana; fa eto kosa isika mba hanao izay hahamendrika antsika isan'andro an'ireo anjara toerana izay andrandrain'ny Raintsika ho antsika any ankoatra."[5]

Iza no lehilahy handanindany fahatany ny androm-piainany ka hionona amin'ny voanemba masak'i Esao[6] kanefa efa nomena ny fahafahana handray ireo fitahian'i Abrahama rehetra?[7]

Miangavy maika antsika tsirairay aho mba ho mendrika an'ireo tombontsoantsika amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika. Indray andro any dia tsy misy *afa-tsy* ireo lehilahy izay nanao ny fisoronana ho zava-dehibe ihany tamin'ny alalan'ny fikatsahany *tamim-pahazotoana* ny mba hampianarin'ny Tompo no afaka hitahy, hitarika, hiaro, hankahery ary hanasitrana ny hafa. Ny lehilahy izay efa nanefa ny saran'ny herin'ny fisoronana ihany no afaka hahatonga fahagagana ho an'ireo olon-tiany ary hiaro ny fanambadiany sy ny fianakaviany amin'izao fiainana izao ka hatrany amin'ny mandrakizay.

Inona no sarany takina mba hananana izany hery izany? I Petera izay Apôstôlin'ny Mpamonjy ela niasana indrindra—io Petera io ihany izay nanome ny Fisoronana Melkizedeka tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery niaraka tamin'i Jakoba sy i Jaona[8]—no nilaza ireo toetra tokony ho katsahintsika mba "ho tonga mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra."[9]

Notanisainy ny finoana, ny fahatanjahan-tsaina, ny fahalalana, ny fahononam-po, ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, ny fitiavana ny rahalahy, ny fitiavana ny olona rehetra, ary ny zotom-po.[10] Ary aza hadinoana ny fanetrentena![11] Koa manontany aho, inona no holazain'ireo ao amin'ny fianakaviantsika, ireo namantsika, ary ireo mpiara-miasa amintsika ny amin'izay ataontsika mba hananana ireo toetra ireo sy ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy hafa?[12] Arakaraka ny hanantsika ireo toetra ireo no hahalehibe ny herintsika ao amin'ny fisoronana.

Inona koa no fomba hafa ahafahantsika mampitombo ny herintsika ao amin'ny fisoronana? Mila mivavaka amin-kitsimpo isika. Ny fitanisana amim-pahalalam-pomba ny zavatra lasa sy ny zavatra ho avy, ka faranana amin'ny fangatahana fitahiana sasantsasany dia tsy afaka hanorina ilay fifandraisana amin' Andriamanitra izay mitondra hery maharitra. Moa ve ianao vonona hivavaka *mba hahafantatra ny fomba tokony hivavahana* mba hahazoana hery bebe kokoa? Hampianatra anao ny Tompo.

Moa ve ianao vonona handinika ny soratra masina sy hivoky amin'ny tenin'i Kristy[13]—handalina *amin-kitsimpo* mba hananana hery bebe kokoa? Raha tianao ho faly aminao ny vadinao dia aoka izy hahita anao mandalina ny fotopampianaran'i Kristy ao amin'ny Internet[14] na mamaky soratra masina!

Moa ve ianao vonona hitsaoka tsy tapaka any amin'ny tempoly? Ny Tompo dia tia mampianatra ao amin'ny tranony masina. Alaivo sary an-tsaina anie ny fahafinaretany raha mangataka Aminy ianao ny mba hampianarany anao momba ny fanalahidy, sy ny fahefana, ary ny herin'ny fisoronana rehefa miaina ireo ôrdônansin'ny Fisoronana Melkizedeka ao amin'ny tempoly masina ianao.[15] Alaivo sary an-tsaina anie ny fitomboan'ny herin'ny fisoronana izay mety ho anao.

Moa ve ianao vonona hanaraka ny ohatry ny Filoha Thomas S. Monson amin'ny fanompoana ny hafa? Am-polo taonany maro no nanaovany zavatra tsy



nomanina, ka nanarahany ny fitarihan'ny Fanahy hamangy olona iray ary avy eo naheno teny manao hoe, "Ahoana no nahalalanao fa anio no andro fahatsiarovana ny nahafatesan'ny zanakay vavy?" na "Ahoana no nahalalanao fa tsingerintaona nahaterahako anio?" Ary raha maniry marina ny hanana hery bebe kokoa ao amin'ny fisoronana ianao dia hitia sy hikarakara ny vadinao, ka sady hamihina azy ianao *no* handray ny toroheviny.

Raha toa mahatsapa ianareo fa tafahoatra loatra izany rehetra izany, dia mba diniho anie ny fahasamihafana hisy eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny vadintsika sy ny zanatsika ary ny mpiara-miasa amintsika raha raharahiantsika *tahaka* ny firaharahiantsika ny firoboroboantsika ao am-piasana sy ny fitomboan'ny volantsika any amin'ny banky ny fananantsika hery ao amin'ny fisoronana. Raha manatona ny Tompo amim-panetrentena isika, ka mangataka ny mba hampianarany antsika, dia hasehony amintsika ny fomba fampitomboana ny fahahafan*tsika* mahazo ny heri*ny*.

Amin'izao andro farany izao dia fantatsika fa hisy horohoron-tany betsaka any amin'ny toerana maro.[16] Angamba ho anisan'izany toerana maro izany ny tokantrano misy antsika, izay mety hitrangan'ny "horohoron-tany" ara-pihetsehampo, ara-bola, na ara-panahy. Ny herin'ny fisoronana dia afaka mampitony ny ranomasina ary mamerina ny tany nihotsaka amin'ny laoniny. Ny herin'ny fisoronana ihany koa dia afaka mampitony ny saina ary manasitrana ny fon'ireo olon-tiantsika.

Moa ve isika vonona hivavaka, hifady hanina, handalina, hikatsaka, hitsaoka, ary hanompo amin'ny mahalehilahin' Andriamanitra antsika mba hahafahantsika manana izany karazana herin'ny fisoronana izany? Satria naniry fatratra ny ho voafehy amin'ny fianakaviany ny zazavavy kely anankiroa dia vonona ny hanefa ny saran'ny fitondrana ny Fisoronana Melkizedeka masina ny rain'izy ireo sy ny anadahin'izy ireo.

Ry rahalahiko malala isany, nomena fitokisana masina isika—dia ny fahefan' Andriamanitra hitahiana ny hafa. Enga anie isika tsirairay avy hijoro amin'ny maha-ilay lehilahy nanendren'Andriamanitra mialoha antsika—izay vonona hitondra ny fisoronan' Andriamanitra amin-kerimpo, ary maniry ny hanefa izay mety ho sarany takina mba hampitomboana ny heriny ao amin'ny fisoronana. Raha manana *izany hery izany* isika dia afaka manampy amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Mpamonjy fanindroany. Ity no Fiangonany, izay tarihin'ny Filoha Thomas S. Monson mpaminaniny ankehitriny, izay tiako sy tohanako. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona*, nôv. 2015, 96.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:18.
3. Jereo *Ny adidy sy ny fitahian'ny fisoronana: Boky fampianarana fototra ho an'ny mpihazona ny fisoronana, Boky 1* sy *2* (2000); jereo koa ny Almà 13:7–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:17–20, 35–38; Mosesy 1:33, 35.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
5. George Albert Smith, ao amin'ny Conference Report, apr. 1905, 62; jereo ihany koa ny *The Teachings of George Albert Smith*, ed. Robert and Susan McIntosh (1996), 17.
6. Jereo ny Genesisy 25:31–34.
7. Jereo ny Genesisy 12:3; 17:2–8; Galatiana 3:29; 1 Nefia 15:14–18; Abrahama 2:9–11.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:20. Ny Mpamonjy sy i Mosesy ary i Elia (izay antsoina hoe Elià indraindray) dia nanome voalohany ny fanalahidy ho an'i Petera sy Jakoba ary Jaona tao an-tendrombohitra rehefa niova tarehy teo anoloan'izy ireo i Jesoa (jereo ny Matio 17:1–4; Marka 9:4–9; Lioka 9:28–30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:21).
9. 2 Petera 1:4.
10. Jereo ny 2 Petera 1:5–10.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:6 (fanamarihana: i Joseph Smith dia nanampy ny *fanetrentena* tamin'ilay lisitra nomen'i Petera).
12. Jereo ny 1 Korintiana 12:4–11; Môrônia 10:8–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11.
13. Jereo ny 2 Nefia 32:3.
14. Jereo ny 2 Nefia 31:2–21.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–20.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:33.



**Nataon'i Stephen W. Owen**
Filohan'ny Zatovolahy Maneran-tany

# Izay mpitarika lehibe indrindra no mpanara-dia lehibe indrindra

*Hisy ny fotoana izay toa hahasarotra ny lalana manoloana anareo, saingy araho foana ny Mpamonjy. Fantany ny lalana. Raha ny marina dia Izy no lalana.*

Fony aho 12 taona dia nitondra ahy nihaza tany an-tendrombohitra ny raiko. Nifoha tamin'ny 3 ora maraina izahay, nanisy lasely ny soavalinay ka nanomboka nandeha niakatra an'ilay tendrombohitra feno ala tao anatin'ny haizina tanteraka. Na dia tiako aza ny nihaza niaraka tamin'ny dadako dia nahatsapa tahotra kely ihany aho tamin'izany fotoana izany. Mbola tsy nandeha tao amin'ireo tendrombohitra ireo aho taloha sady tsy hitako ny lalana—ary tsy nahita na inona na inona mihitsy aho. Ny hany zavatra hitako dia ilay jiro kely nentin'ny dadako noho izany nitsilo ireo alan-kazo kesika nanoloana anay. Ahoana raha mibolisatra ka mianjera ny soavaliko—moa ve hitany tokoa izay alehany? Saingy nankahery ahy izao eritreritra izao: "Fantatr'i Dada izay alehany. Raha manara-dia azy aho dia hilamina ny zava-drehetra."

Ary nilamina ny zava-drehetra. Farany dia niposaka ny masoandro ary dia niara-nanana tontolo andro nahafinaritra izahay. Rehefa nanomboka nody izahay dia nanondro tendron-tendrombohitra misolampy iray izay malaza sy niavaka tamin'ny rehetra teo ny dadako. "Io no Windy Ridge," hoy izy. "Ao no toerana tsara fihazàna." Teo no ho eo, dia fantatro fa te hiverina aho ka hianika ny Windy Ridge indray andro any.



Nandritra ireo taona nanaraka izany dia naheno ny raiko niresaka matetika momba an'i Windy Ridge aho, saingy tsy niverina mihitsy izahay—raha tsy indray andro, 20 taona taty aoriana, dia niantso ny dadako aho ary niteny hoe: "Ndao ho eny amin'i Windy." Dia nanisy lasely ny soavalinay indray izahay ka nanomboka niakatra ny tendrombohitra. Efa mpitaingina za-draharaha aho tamin'io faha-30 taonako io, saingy mbola gaga aho fa nahatsapa tahotra tahaka izay tsapako tamin'izaho mbola zazalahy 12 taona. Saingy fantatry ny dadako ny lalana ka nanaraka azy aho.

Farany dia vitanay ny nihanika ny tampon'i Windy. Tena nahafinaritra ny endriky ny zavatra hita ary nanana faniriana be ny hiverina aho—tsy ho ahy anefa amin'izay fotoana izay fa ho an'ny vady aman-janako. Tiako izy ireo mba hiaina ny zavatra niainako.

Nandritra ny taona maro dia efa nanana fahafahana imbetsaka aho nitondra ireo zanako lahy sy zatovolahy hafa ho eny an-tampona tendrombohitra, tahaka ny nitarihan'ny raiko ahy. Ireo zavatra niainana ireo dia nanosika ahy hisaintsaina ny dikan'ny hoe mitarika —sy ny dikan'ny hoe manara-dia.

### I Jesoa Kristy, Ilay Mpitarika lehibe indrindra sy Ilay Mpanara-dia lehibe indrindra

Raha toa aho ka hanontany anareo hoe "Iza no mpitarika lehibe indrindra efa niaina teto an-tany?" dia inona



# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany


## NY FIADIDIANA VOALOHANY


Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany


Thomas S. Monson
Filoha


Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Russell M. Nelson


Dallin H. Oaks


M. Russell Ballard


Robert D. Hales


Jeffrey R. Holland


David A. Bednar


Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson


Neil L. Andersen


Ronald A. Rasband


Gary E. Stevenson


Dale G. Renlund

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY


L. Whitney Clayton


Donald L. Hallstrom


Richard J. Maynes


Craig C. Christensen


Ulisses Soares


Lynn G. Robbins


Gerrit W. Gong

# FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)




Marcos A. Aidukaitis, Jose L. Alonso, Wilford W. Andersen, Ian S. Ardern, Mervyn B. Arnold, W. Mark Bassett, David S. Baxter, Randall K. Bennett, Shayne M. Bowen, Mark A. Bragg, Craig A. Cardon, Yoon Hwan Choi, Kim B. Clark, Weatherford T. Clayton, Carl B. Cook, Lawrence E. Corbridge

Valeri V. Cordon, J. Devn Cornish, Claudio R. M. Costa, Joaquin E. Costa, LeGrand R. Curtis Jr., Massimo De Feo, Benjamín De Hoyos, Edward Dube, Kevin R. Duncan, Timothy J. Dyches, Larry J. Echo Hawk, Stanley G. Ellis, David F. Evans, Enrique R. Falabella, Bradley D. Foster, Randy D. Funk

Eduardo Gavarret, Robert C. Gay, Carlos A. Godoy, Christoffel Golden, Walter F. González, C. Scott Grow, O. Vincent Haleck, Kevin S. Hamilton, James J. Hamula, Allen D. Haynie, Daniel L. Johnson, Paul V. Johnson, Larry S. Kacher, Patrick Kearon, Von G. Keetch, Jörg Klebingat


Erich W. Kopischke, Larry R. Lawrence, Per G. Malm, Hugo E. Martinez, James B. Martino, Jairo Mazzagardi, Peter F. Meurs, Hugo Montoya, Marcus B. Nash, K. Brett Nattress, S. Gifford Nielsen, Brent H. Nielson, Adrián Ochoa, Allan F. Packer, S. Mark Palmer, Kevin W. Pearson

Anthony D. Perkins, Paul B. Pieper, Rafael E. Pino, Bruce D. Porter, Kent F. Richards, Michael T. Ringwood, Gary B. Sabin, Evan A. Schmutz, Gregory A. Schwitzer, Joseph W. Sitati, Steven E. Snow, Vern P. Stanfill, Michael John U. Teh, José A. Teixeira, Juan A. Uceda, Arnulfo Valenzuela



Francisco J. Viñas, Terence M. Vinson, Scott D. Whiting, Larry Y. Wilson, Chi Hong (Sam) Wong, Kazuhiko Yamashita, Jorge F. Zeballos, Claudio D. Zivic, W. Craig Zwick

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany; Gérald Caussé, Eveka Mpiahy; W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa

# MPIANDRAIKITRA AMBONY

### SEKOLY ALAHADY



Devin G. Durrant, Mpanolotsaina Voalohany; Tad R. Callister, Filoha; Brian K. Ashton, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY



Carol F. McConkie, Mpanolotsaina Voalohany; Bonnie L. Oscarson, Filoha; Neill F. Marriott, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Carole M. Stephens, Mpanolotsaina Voalohany; Linda K. Burton, Filoha; Linda S. Reeves, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA



Jean Bingham, Mpanolotsaina Voalohany; Joy D. Jones, Filoha; Bonnie G. Cordon, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY



Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany; Stephen W. Owen, Filoha; M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa



no holazainareo? Mazava ho azy fa i Jesoa Kristy no valiny. Naneho ohatra tonga lafatra mikasika izay toetra azo eritreretina tokony hananan'ny mpitarika Izy.

Fa ahoana kosa raha toa ka hanontany anareo aho hoe "Iza no *mpanara-dia* lehibe indrindra izay niaina teto an-tany?" Moa ve tsy i Jesoa Kristy indray no ho valiny? Izy no mpitarika lehibe indrindra *satria* Izy no mpanara-dia lehibe indrindra—Nanaraka ny Rainy tanteraka Izy tamin'ny zavatra rehetra.

Mampianatra izao tontolo izao fa ny mpitarika dia tsy maintsy olona mahery. Ny Tompo dia mampianatra fa tsy maintsy malemy fanahy izy ireo. Ny mpitarika eo amin'izao tontolo izao dia mahazo hery sy fahefana amin'ny alalan'ny talentany sy ny fahaiza-manaony ary ny hareny. Ny mpitarika tahaka an'i Kristy dia mahazo hery sy fahefana amin'ny alalan'ny "fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy."[1]

Raha ny fijerin' Andriamanitra dia ireo mpitarika lehibe indrindra foana no mpanara-dia lehibe indrindra.

Mamelà ahy ianareo hizara traikefa roa avy amin'ny fifandraisako vao tsy ela tamin'ny zatovolahin'ny Fiangonana izay nampianatra ahy mikasika ny fitarihana sy ny fanarahan-dia.

#### Samy mpitarika avokoa isika rehetra

Vao tsy ela, izaho sy ny vadiko dia nanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo lavitry ny paroasy misy ny tranonay. Taloha kelin'ny nanombohan'ny fivoriana dia nisy zatovolahy iray nanatona ahy ka nangataka ahy raha toa ka afaka manampy amin'ny fizarana ny fanasan'ny Tompo aho. Hoy aho hoe "Hahafaly ahy ny hanao izany."

Nipetraka niaraka tamin'ireo diakona hafa aho ary nanontany ny iray izay nipetraka teo akaikiko hoe: "Inona no anjara ampanaovina ahy?" Nilaza tamiko izy fa izaho no mizara manomboka any aorian'ny trano fiangonana eo amin'ny laharana afovoany ary izy no ho eo amin'ny ilan'izany laharana izany, ary hiara-hiasa mandroso mankany aloha izahay.



Hoy aho hoe: "Efa ela aho no tsy nanao an'ity."

Dia namaly izy hoe "Tsy maninona izany. Ho mety ny hataonao. Nahatsapa toy izany koa aho tamin'ny voalohany."


Avy eo dia nanao lahateny tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo ny diakona tanora indrindra tao amin'ilay kôlejy, izay vao notendrena herinandro maromaro teo aloha. Rehefa vita ny fivoriana dia nivory nanodidina azy ireo diakona hafa hilaza ny fiderany ny lahateny nataon'ny mpiray kôlejy amin'izy ireo.

Rehefa niaraka namangy tamin'izy ireo aho tamin'io andro io dia hitako fa isan-kerinandro ny mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ao amin'izany paroasy izany dia mamangy zatovolahy hafa ary manasa azy ireo ho anisan'ny kôlejy misy azy.

Samy mpitarika lehibe avokoa ireo zatovolahy ireo. Ary mazava tsara fa nahazo fanohanana mahafinaritra avy tamin'ireo mpihazona Fisoronana Melkizedeka sy ray aman-dreny ary ireo olona hafa izay nampianatra azy ireo ny andraikiny izy ireo. Ny olon-dehibe be fiahiana tahaka azy ireo dia mahita ireo zatovolahy tsy amin'ny maha-izy azy ireo fotsiny ihany fa amin'izay mety hahatongavan'izy ireo. Rehefa miresaka amin'ireo zatovolahy na momba ireo zatovolahy izy ireo dia tsy mifantoka amin'ny fahadisoany. Fa manantitrantitra kosa ireo toetra lehiben'ny mahampitarika izay asehon'izy ireo.

Ry zatovolahy, toy izany no fijerin'ny Tompo anareo. Manasa anareo aho hijery ny tenanareo toy izany. Hisy fotoana amin'ny fiainanareo izay iantsoana anareo mba hitarika. Amin'ny fotoana hafa ianareo dia ho antenaina mba hanaraka. Saingy ny hafatro ho anareo anio dia na inona na inona antso ananananareo, dia mpitarika foana ianareo, ary mpanara-dia foana ianareo. Ny fitarihana dia fanehoana ny mahampianatra—resaka fanampiana ny hafa hanatona an'i Kristy tsotra izao izany, izay zavatra ataon'ny tena mpianatra marina. Raha toa ianareo ka miezaka mafy ny ho mpanara-dia an'i Kristy, dia ho afaka manampy ny hafa hanara-dia Azy, ka afaka ny ho mpitarika ianareo.

Ny fahaizanareo mitarika dia tsy avy amin'ny toetra izay mahay mifandray amin'olona, na ny fahaiza-manentana,



na ny fahaiza-miteny eo imason'olona akory aza. Izany dia avy amin'ny fanoloran-tenanareo hanara-dia an'i Jesoa Kristy. Izany dia avy amin'ny fanirianareo ny ho lasa ilay araka ny tenin'i Abrahama hoe "mpandala ny fahamarinana."[2] Raha afaka manao izany ianareo—na dia tsy tonga lafatra aza amin'izany, saingy miezaka manao izany—*dia* mpitarika ianareo.

#### Ny fanompoana ao amin'ny fisoronana dia fitarihana

Nisy fotoana iray hafa aho tany Nouvelle-Zélande namangy ny tokantranon'ny reny tokan-tena iray niaraka tamin'ny zanany telo mbola zatovo. 18 taona ny zanany lahy zokiny indrindra ary vao nahazo ny Fisoronana Melkizedeka ny alahady mialoha izany. Nanontany azy aho raha efa nanana fahafahana hampiasa an'io fisoronana io izy. Hoy izy hoe: "Tsy dia haiko tsara ny dikan'izany."

Nolazaiko izy fa nanana ny fahefana hanome tsodrano fankaherezana sy fanasitranana an'ny fisoronana izy izao. Nijery ny reniny aho, izay tsy nanana mpihazona ny fisoronana Melkizedeka teo anilany nandritra ny taona maro. "Eritreretiko fa tena mahafinaritra," hoy aho, "raha omenao tsodrano ny reninao."

Dia namaly izy hoe: "Tsy haiko hoe amin'ny fomba ahoana."

Nohazavaiko taminy fa azony apetraka eo ambonin'ny lohan'ny reniny ny tanany dia tononiny ny anarany, ary ambarany izy dia manome tsodrano azy amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka, ary lazainy izay apetraky ny Fanahy ao an-tsainy sy ao am-pony, ary faranany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Ny andro taorian'io dia nahazo e-mail avy taminy aho. Toy izao no vakiny, amin'ny ampahany: "Nanome tsodrano ny reniko aho androany. . . . Nahatsapa ho tena natahotra sy tsy nahay aho, koa nivavaka tsy tapaka mba haka toky fa nanana ny Fanahy niaraka tamiko aho, satria tsy afaka nanome tsodrano aho raha tsy misy an'izany. Raha vantany vao nanomboka nanome tsodrano aho dia nanadino tanteraka ny tenako sy ny fahalemeko. . . . [Tsy nanantena] ny hery ara-panahy sy ara-pihetsehampo lehibe izay tsapako aho. . . . Rehefa izany dia nanenika ahy mafy ny fanahin'ny fitiavana ka tsy tanako intsony ny fihetsehampoko, ka dia nofihiniko ny reniko ary nitomany toy ny zazakely aho. . . . Na dia amin'izao izaho manoratra izao aza dia [tsapako mafy tokoa] ny Fanahy ka tsy te hanota intsony mihitsy aho. . . . Tiako ity filazantsara ity."[3]

Moa ve tsy manentana ny fanahy ny mahita zatovolahy toa tsotsotra afaka manatanteraka zavatra lehibe amin'ny alalan'ny fanompoan'ny fisoronana, na dia mahatsapa tena ho tsy mahay izany aza izy? Vao tsy ela aho dia naheno fa io loholona tanora io dia nandray antso hanao asa fitoriana ary hiditra ny ivontoerana fanofanana misiônera amin'ny volana ambony. Mino aho fa hitarika fanahy maro ho amin'i Kristy io loholona tanora io satria nianatra ny fomba fanarahana an'i Kristy izy tamin'ny fanompoany tao amin'ny fisoronana—manomboka ao an-tokantranony, izay misy fiantraikany lalina eo amin'ny rahalahiny 14 taona ny ohatra asehony.

Ry rahalahy, na tsikaritsika izany na tsia, dia mijery antsika ny olona—ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviana, namana, na olon-tsy fantatra aza. Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika dia tsy ampy ho antsika ny hoe manatona an'i Kristy fotsiny. Ny andraikitsika izao dia ny "manasa ny *rehetra* hanatona an'i Kristy."[4] Tsy mety ho afa-po isika raha mandray ireo fitahiana ara-panahy ho an'ny tenantsika manokana. Tsy maintsy mitarika ny olona tiantsika hahazo ireo fitahiana ireo ihany koa isika—ary amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia maintsy tia ny olon-drehetra isika. Ny zavatra nandidiana an'i Petera dia andidiana antsika koa manao hoe: "Rehefa mibebaka hianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao."[5]

#### Araho ilay Lehilahy avy any Galilia

Hisy ny fotoana izay toa hahasarotra ny lalana manoloana anareo, saingy araho foana ny Mpamonjy. Fantany ny lalana. Raha ny marina dia Izy *no* lalana.[6] Raha manatona an'i Kristy mafimafy kokoa ianao dia ho lalina kokoa ny fanirianao hanampy ny hafa hiaina ny zavatra efa niainanao. Ny teny iray hafa ilazana an'izany fahatsapana izany dia ny fanetrentena, "izay efa natolon['ny Ray] ireo rehetra izay mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy Zanany."[7] Dia ho hitanareo fa rehefa tena eo am-panarahana an'i Kristy ianareo dia mitarika ny olona ho any Aminy ihany koa, satria araka ny voalazan'ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Rehefa manaraka izany Lehilahy avy any Galilia izany isika—dia i Jesoa Kristy Tompo—ny fiantraikany manokan'ny zavatra ataontsika dia ho tsapa ho tsara na aiza na aiza misy antsika, na inona na inona antsontsika."[8]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonana marin'i Kristy. Tarihin'ny mpaminanin' Andriamanitra isika, dia ny Filoha Monson—mpitarika lehibe izay tena mpanara-dia marina ny Mpamonjy ihany koa. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41.
2. Abrahama 1:2.
3. Taratasin'olona manokana, ny tsipelina sy ny mari-tsoratra dia nampanarahana ny fenitra.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:59; nampiana fanamafisana.
5. Lioka 22:32.
6. Jereo ny Jaona 14:6.
7. Môrônia 7:48.
8. Thomas S. Monson, "Your Personal Influence," *Liahona,* mey 2004, 20.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ho fiderana ireo izay manavotra

*Rehefa maka tahaka ny fitiavan'ny Mpamonjy isika dia tena hitahy sy hampahomby ny ezaka marina ataontsika hanavotana ny fanambadiantsika sy hanamafy orina ny fianakaviantsika Izy.*

Taona maro lasa izay dia tany amin'ny Tempolin'i Francfort tany Alemana aho raha sendra nahatsikaritra mpivady zokiolona nifampitantana. Ny fifanehoam-pitiavana nasehon'izy ireo dia nampihetsi-po ahy.

Tsy tena fantatro ny antony nahavoakasika mafy ny foko tamin'izany zavatra hitako izany. Angamba ilay hamamin'ny fifankatiavana nifampizaran'ireto olona roa ireto—izay tandindon'ny faharetana sy ny fanoloran-tena. Nazava be fa niaraka nandritra ny fotoana ela ireto mpivady ireto, ary ny fifankatiavan'izy ireo dia mbola velona sy natanjaka.

#### Fiaraha-monin'ny zavatra ariana rehefa tsy ilaina intsony

Mieritreritra aho fa ny antony iray hafa niraiketan'ity trangan-javatra ity tao an-tsaiko nandritra ny fotoana ela dia ny fahasamihafana eo amin'ny fomba fisainan'ny olona sasany ankehitriny. Eo amin'ny fiaraha-monina maro maneran-tany dia toa saika natao ho ariana avokoa ny zava-drehetra. Raha vantany vao manomboka simba na tonta ny zavatra iray—na hoe leo azy fotsiny isika—dia ariantsika izany ary solointsika zavatra avo lenta kokoa, dia zavatra vaovao sy mangirana kokoa.

Izany no ataontsika amin'ny finday, ny akanjo, ny fiara—ary mampivarahontsana fa toy izany koa no ataontsika amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa.

Raha toa ka mety tsy maninona ny manary ireo zavatra ara-materialy eo amin'ny fiainantsika izay tsy ilaintsika intsony, dia mitondra nenina lalina kosa ny fironana amin'ny fanoloana ny tany am-piandohana amin'ny maoderina, raha mikasika ny zavatry ny mandrakizay—toy ny fanambadiantsika, ny fianakaviantsika, ary ny soatoavintsika.

Feno fankasitrahana aho fa mpikambana ao amina fiangonana izay manome lanja ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Ny mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia fantatra maneran-tany amin'ny fananany ireo fanambadiana sy fianakaviana izay isan'ny tsara indrindra mety ho hita. Mino aho fa isan'ny anton'izany ny fahamarinana sarobidy naverin'i Joseph Smith tamin'ny laoniny fa ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia natao haharitra mandrakizay. Tsy natao hanamorana ny fizotran-javatra eto an-tany fotsiny ny fianakaviana, ka tsy ilaina intsony rehefa mankany an-danitra. Raha ny marina dia izy ireo no *lamin*'ny lanitra. Izy ireo dia tandindon'ny lamina selestialy sy fakana tahaka ny fianakaviana mandrakizain' Andriamanitra.





Saingy ny fifandraisana matanjaka misy eo amin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tsy tongatonga ho azy amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika fotsiny ihany. Mitaky ezaka tsy tapaka sy an-tsitrapo izany. Ny fotopampianaran'ny fianakaviana mandrakizay dia tokony hitarika antsika hanokana ny ezaka tsara indrindra vitantsika ho fitehirizana sy ho fanatsarantsika ny fanambadiantsika sy ny fianakaviantsika. Tena midera sy mipoa-tsatroka ireo izay nitahiry sy nikolokolo ireo fifandraisana mandrakizay ireo aho.

Androany aho dia maniry ny hidera ireo izay manavotra.

#### Manavotra ny fanambadiantsika

Tao anatin'ny taona nifanesy dia nanantanteraka ôrdônansin'ny famehezana ho an'ny mpivady maro izay mifankatia sy feno fanantenana aho. Tsy mbola nahita olona izay nifampijery teo amin'ny alitara aho, ka nieritreritra hoe hisaraka na ho toro fo any aoriana.

Saingy mampalahelo anefa fa misaraka ihany ny sasany.

Rehefa mihamaro anefa ny andro ary miova ny lokon'ny fitiavana, dia toa misy ireo izay manomboka tsikelikely tsy mieritreritra ny fifalian'ny iray intsony ary manomboka mahita kosa ireo hadisoana kely. Ao anatin'ny tontolo tahaka izany dia misy ireo izay entanin'ny eritreritra mampalahelo fa hoe tsy dia marani-tsaina, tsy dia tsara tarehy, tsy dia mahafinaritra na tsy tanora intsony ny vadin'izy ireo. Ary dia toa mahatonga azy ireo hihevitra fa rariny raha manomboka mijery any an-kafa izy ireo.

Ry Rahalahy, raha manakaiky an'izany na dia kely monja aza ianareo dia mampitandrina anareo aho fa eo an-dalana mankany amin'ny fahapotehan'ny fanambadiana sy ny tokantrano, ary ny faharatran'ny fo ianareo. Miangavy anareo aho ny hijanona izao dia izao, hitodika ary hiverina ho amin'ny lalan'ny fahamarinan-toetra azo antoka, sy ny fijanonana ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana. Ary mazava ho azy fa mihatra amin'ireo anabavy malalantsika ihany koa ireo fitsipika ireo.

Ankehitriny dia hilaza zavatra tokana monja aho amin'ireo rahalahintsika mbola mpitovo, izay manaraka ilay fitaka fa hoe mila mahita ilay "vehivavy tonga lafatra" izy ireo vao afaka hiditra amin'ny fifandraisana matotra sy ny fanambadiana.

Ry Rahalahiko Malala, aleo ampatsiahiviko anareo hoe raha tena nisy tokoa ve ny vehivavy tonga lafatra dia ho liana aminareo izy?

Ao amin'ny drafitry ny fahasambaran' Andriamanitra dia tsy hoe mitady olona tonga lafatra isika fa mitady kosa olona izay afaka hiaraka ny hanao ezaka amintsika hamorona fifandraisana feno fitiavana sy maharitra ary tonga lafatra kokoa, mandritra ny fiainana. Izany no tanjona.

Ry rahalahy, ireo izay manavotra ny fanambadiany dia mahatakatra fa izany fikatsahana izany dia mitaky fotoana, faharetana ary indrindra indrindra, ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Mitaky anareo ho tsara fanahy, tsy mitsiriritra, tsy mikatsaka ny anareo, tsy mora tezitra, tsy mieritreritra ratsy, ary mifaly amin'ny fahamarinana izany. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia mitaky ny fitiavana madion'i Kristy izany.[1]

Izany rehetra izany dia tsy hitranga ao anatin'ny indray mipi-maso. Ireo fanambadiana tsara dia naorina tsikelikely, isan'andro mandritra ny fiainana manontolo.

Ary dia vaovao tsara izany.

Satria na dia mankaleo manao ahoana aza ny fifandraisantsika amin'izao fotoana izao, raha manohy manampy tsikelikely hatsaram-panahy, fitserana, fihainoana, fahafoizan-tena, fahatakarana ary tsy fitiavan-tena hanatsarana izany ianao dia hanomboka hihalehibe izany.

Raha toy ny mitaky fotoana be ilay izy dia tsarovy fa ny fanambadiana dia natao *haharitra* mandrakizay! Koa "aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenana ny [fanambadiana] lehibe ianareo. Ary amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe."[2]

Mety ho miadana ny asa, saingy tsy voatery ho mahasosotra izany. Raha ny marina, raha mila hilaza izay efa fantatry ny rehetra aho, dia zara raha mitranga ny fisaraham-panambadiana rehefa sambatra ny mpivady.

Noho izany dia mifalia!

Ry rahalahy, ataovy mitolagaga ny vadinareo amin'ny fanaovana zavatra izay mahafaly azy.

Ireo izay manavotra ny fanambadiany dia misafidy ny fifaliana. Marina fa

ny karazana harerahan-tsaina amampanahy sasany dia mitaky fitsaboana manokana, kanefa dia tiako izao tenim-pahendrena nolazain'i Abraham Lincoln izao: "Ny fifalian'ny ankabeazan'ny olona dia mifanaraka amin'ny fanapahany hevitra ny ho faly." Izany dia mifanentana tsara amin'ilay teny mitovy aminy ao amin'ny soratra masina, izay manao hoe: "Mitadiava dia hahita ianareo."[3]

Raha mitady ny fahalemena ao amin'ny vadintsika isika na ny fahasorenana ao amin'ny fanambadiantsika, dia tena hahita izany tokoa satria dia manana izany avokoa ny rehetra. Raha toa ka mikatsaka ny tsara kosa isika dia tena ho hitantsika izany satria ny rehetra dia manana toetra tsara ihany koa.

Ireo izay manavotra ny fanambadiana dia manaisotra ny ahitra ka manondraka ireo voninkazo. Midera ireo fihetsika kely feno indrafo izay mitarika ny fahatsapana ny fiantrana izy ireo. Ireo izay manavotra fanambadiana dia manavotra ny taranaka ho avy.

Ry rahalahy, tsarovy ny antony naha-raiki-pitia anareo taminy.

Miasà isan'andro mba hahatonga ny fanambadianareo ho matanjaka sy sambatra kokoa.

Ry namako malala, andeha isika hanao izay tsara indrindra vitantsika mba ho isan'ireo olona faly manavotra ny fanambadian'izy ireo.

#### Manavotra ny fianakaviantsika

Androany aho dia maniry ihany koa ny hidera ireo izay manavotra ny fifandraisany amin'ny fianakaviany. Mila fanavotana ny fianakaviana rehetra.

Na dia mahafinaritra aza ny hoe fantatra noho ireo fianakaviana mafy orina ao aminy ny Fiangonana dia mety mahatsapa isika matetika fa mitombina ho an'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany rehetra izany, afa-tsy ny antsika. Saingy raha ny marina dia tsy misy ny fianakaviana tonga lafatra.

Ny fianakaviana tsirairay dia samy mandalo fotoana somary mahasadaikatra.

Toy ny rehefa mangataka anareo haka sary "selfie" azy ireo ny ray aman-dreninareo, na koa rehefa manantitrantitra ny rahavavin'ny renibenareo fa mbola mpitovo ianareo satria mifidifidy be loatra, na koa rehefa manizingizina ny zaodahinareo izay mafy loha fa ny fomba fijeriny ara-pôlitika no fomba fijery mety indrindra, na koa rehefa asain'ny rainareo maka sary ny fianakaviana iray manontolo ka manao ny fitafian'ny olona mahafinaritra azy ao amin'ny sarimihetsika ankafiziny.

Ary ianareo no mahazo ny fitafian'i Chewbacca.

Toy izany ny fianakaviana.

Mety mitovy isika eo amin'ny lafin'ny fanaranaka saingy samy hafa isika. Manana fanahy miavaka isika. Taomin'ireo zavatra iainantsika amin'ny fomba samy hafa isika. Ary samy hafa avokoa ny vokatra azontsika tsirairay amin'ny farany.

Tokony tsy hiezaka hanery ny hafa ho tonga tahaka izay tiantsika hahatongavany isika fa hisafidy kosa ny hidera ireo fahasamihafana ireo ary hankafy azy ireny noho ny zavatra entiny sy ny zavatra tsy ampoizina misesisesy entiny eo amin'ny fiainantsika.

Indraindray anefa dia manao safidy na manao zavatra tsy voahevitra, mandratra ary tsy madio ny olona ao amin'ny fianakaviantsika. Inona no tokony hataontsika amin'ireny trangan-javatra ireny?

Tsy misy vahaolana iray izay mahavaha ny trangan-javatra rehetra. Ireo izay manavotra ny fianakaviany dia mahomby satria mifandinika amin'ny vadiny izy ireo, mikatsaka ny sitrapon'ny Tompo ary mihaino ny fitarihan'ny Fanahy Masina izy ireo. Fantatr'izy ireo fa izay mety amin'ny fianakaviana iray dia tsy voatery ho mety amin'ny fianakaviana iray hafa.

Misy zavatra iray mety amin'ny trangan-javatra rehetra anefa.

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia mianatra mikasika ny vahoaka iray izay nahita ny tsiambaratelon'ny fahasambarana. Tao anatin'ireo taranaka maro nifandimby dia, "tsy nisy fifandirana ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon'ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tànan' Andriamanitra." Ahoana no nanaovan'izy ireo izany? "noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao am-pon'ny vahoaka."[4]

Na inona na inona olana sedrain'ny fianakavianareo, na inona na inona ezaka mila ataonareo mba hamahana izany olana izany, dia ny fiantrana izay fitiavana madion'i Kristy no fiandohana sy fiafaran'ny vahaolana. Raha tsy misy izany fitiavana izany, na dia ireo fianakaviana toa lavorary aza dia sahirana. Raha miaraka amin'izany fitiavana izany kosa dia mahomby na dia ny fianakaviana misedra olana lehibe aza.

"Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay."[5]

Marina izany raha ny amin'ny famonjena ny fanambadiana! Marina izany raha ny amin'ny famonjena ny fianakaviana!





Avelao any ny avonavom-po

Ny fahavalo lehiben'ny fiantrana dia ny avonavom-po. Ny avonavom-po dia isan'ny antony lehibe indrindra mampihozongozona ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Ny avonavom-po dia mora tezitra, tsy tsara fanahy ary mitsiriritra. Ny avonavom-po dia mampihoam-pampana ny heriny manokana ary tsy mahita ny hatsaran'-ny hafa. Ny avonavom-po dia tia tena ary mora tezitra. Ny avonavom-po dia mahita fihetsika ratsy ataon'ny hafa na dia tsy misy aza izany ary manafina ny fahalemeny manokana amin'-ny alalan'ny lainga tsara lahatra. Ny avonavom-po dia tsy manana fanantenana, tezitra ary tsy maharitra. Ny tena marina dia raha toa ka ny fiantrana no fitiavana madion'i Kristy dia ny avonavom-po kosa no manoritra ny toetran'i Satana.

Mety ho kilema iraisan'ny olona ny avonavom-po. Tsy ao anatin'ny lovantsika ara-panahy anefa izany ary tsy manana toerana eo anivon'ireo mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra.

Fohy ny fiainana ry rahalahy. Ny nenina dia afaka maharitra ela be—ny sasany amin'izany dia hisy vokany izay hiantraika mandrakizay amintsika.

Ny fomba hitondranareo ny vadinareo, na ny zanakareo, na ny ray aman-dreninareo, na ny mpiray tampo aminareo dia mety hisy fiantraikany eo amin'ireo taranaka ho avy. Inona no lova tianareo avela ho an'ny taranakareo? Lovan'ny fahamafisan'ny fo, famaliana faty, fahatezerana, tahotra na fanaovan-javatra irery ve? Sa lovan'ny fitiavana, fanetrentena, famelan-keloka, fangorahana, fitomboana ara-panahy, ary firaisan-kina?

Mila tsaroantsika rehetra fa ny "fitsarana tsy misy famindram-po no ho anjaran'izay tsy mamindra fo."[6]

Ho an'ny fifandraisanareo amin'ny fianakavianareo, ho an'ny fanahinareo, dia mba mamindrà fo, fa "ny famindram-po dia mandresy ny fitsarana."[7]

Avelao any ny avonavom-ponareo.

Ny fialana tsiny amin'ireo zanakareo, na ny vadinareo, na ny fianakavianareo, na ireo namanareo dia tsy mariky ny fahalemena akory fa mariky ny fahatanjahana. Aza ahemotra izany fa fohy ny fiainana. Moa ve zava-dehibe kokoa aminareo ny manana ny rariny noho ny hoe manorina tontolo mikolokolo, manasitrana ary feno fitiavana?

Manorena fifandraisana fa aza manapotika izany.

Na dia tsy diso aza ianareo—ary angamba amin'ny fotoana izay tsy maha-diso anareo indrindra—dia avelao ny fitiavana handresy ny avonavom-po.

Raha manao izany ianareo dia na inona na inona fahoriana lalovanareo, dia handalo izany, ary noho ny fitiavan' Andriamanitra ao am-ponareo, dia ho foana ny fifandirana. Ireo fitsipika ho amin'ny fanavotana ny fifandraisana ireo dia mihatra amintsika rehetra, na manambady isika na nisara-panambadiana, na maty vady, na mpitovo isika. Afaka ny ho mpanavotra ny fianakaviana matanjaka avokoa isika rehetra.

### Ny Fitiavana Lehibe Indrindra

Ry Rahalahy, amin'ireo ezaka ataontsika hanavotana ny fanambadiantsika sy ny fianakaviantsika, tahaka ny amin'-ny zava-drehetra, dia aoka isika hanaraka ny ohatra nasehon'Ilay nanavotra antsika. Ny Mpamonjy dia nandresy "ny fanahintsika tamin'ny fitiavana."[8] I Jesoa Kristy no Mpampianatra antsika. Ny asany no asantsika. Asa fanavotana izany ary manomboka ao an-tokantranontsika.

Ny fitiavana lehibe indrindra eo amin'ny drafitry ny famonjena dia tsy tia tena ary mikatsaka ny mahasoa ny hafa. Izany no fitiavan'ny Raintsika any An-danitra ho antsika.

Rehefa maka tahaka ny fitiavan'ny Mpamonjy isika dia tena hitahy sy hampahomby ny ezaka marina ataontsika hanavotana ny fanambadiantsika sy hanamafy orina ny fianakaviantsika Izy.

Hitahy anareo anie ny Tompo amin'-ny ezaka marina sy tsy misy fitsaharana ataonareo mba ho isan'ireo izay manavotra ianareo. Izany no vavaka ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 1 Korintiana 13:4–7; jereo ihany koa ny Môrônia 7:47.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33.
3. Matio 7:7; Lioka 11:9; 3 Nefia 14:7.
4. Jereo ny 4 Nefia 1:15–16.
5. 1 Korintiana 13:8; jereo koa ny Môrônia 7:46.
6. Jakoba 2:13, amin'ny teny anglisy mahazatra.
7. Jakoba 2:13, amin'ny teny anglisy mahazatra.
8. "Rainay mandrakizay," *Fihirana sy Hiran'-ny Ankizy,* lah. 35.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fianakaviana Mandrakizay

*Ny adidintsika amin'ny maha-mpihazona fisoronana antsika dia ny mametraka ny fianakaviantsika sy ny fianakavian'ireo izay manodinana antsika ho ivon'ny fifantohantsika.*

Feno fankasitrahana aho miaraka aminareo amin'ity takariva ity amin'ny fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Fotoana lehibe eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izao. Roa amby valopolo amby zato taona lasa izay tamin'ny taona 1834 dia nantsoina mba hivory tao anatina trano hazo fianarana mirefy 4,2 metatra tora-droa teo tany Kirtland Ohio ireo mpihazona ny fisoronana rehetra. Tao anatin'izany fivoriana izany dia natao tatitra fa nilaza izao i Joseph Smith: "Tsy mahafantatra mihoatra noho ny tsy fahafantaran' ny zazakely eo ampofoan-dreniny ny hoaviny ianareo raha ny mikasika ny hiafaran' ity Fiangonana sy fanjakana ity. Tsy takatrareo izany. . . . Olona vitsy kely ao amin' ny fisoronana fotsiny no tazanareo eto anio hariva, kanefa ity Fiangonana ity dia hanenika an'i Amerika Avaratra sy Atsimo—hameno an' izao tontolo izao izy ity."[1]

Mpihazona ny fisoronana antapitrisany maro ao amin'ny firenena mihoatra ny 110 no tafavory amin'izao fivoriana izao. Angamba efa hitan'ny Mpaminany Joseph mialoha ity fotoana ity sy ny hoavy be voninahitra izay mbola ho avy.

Ny hafatro anio hariva dia ny hiezaka hanoritsoritra izany hoavy izany sy ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba handraisana anjara ao amin'ilay drafitry ny fahasambarana izay nomanin'ny Ray any An-danitra ho antsika. Talohan'ny nahaterahantsika dia niaina tao anatin'ny fianakaviana niaraka tamin'ny Raintsika any An-danitra izay efa nasandratra sy mandrakizay isika. Nanendry drafitra iray Izy izay ahafahantsika mandroso sy mivoatra ka ho lasa tahaka Azy. Nataony izany noho ny fitiavany antsika. Ny tanjon'ilay drafitra dia ny hanome tombontsoa lehibe antsika hiaina mandrakizay tahaka ny Raintsika any An-danitra. Ity drafitry ny filazantsara ity dia nanome antsika fiainana an-tany izay toerana hizahana toetra antsika. Nomena ny fampanantenana fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahazoantsika ny fiainana mandrakizay, ilay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezany rehetra, raha toa ka nankatò ireo lalàna sy ireo ôrdônansin'ny fisoronana isika.



Ny fiainana mandrakizay dia ilay karazana fiainana izay iainan'ny Ray any An-danitra. Nilaza Andriamanitra fa ny tanjony dia ny "manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39). Ny tanjona lehiben'ny mpihazona ny fisoronana rehetra noho izany dia ny manampy amin'ilay asa fanampiana ny olona mba hahazo ny fiainana mandrakizay.

Ny zavatra atao rehetra amin'ny fisoronana sy ny ôrdônansin'ny fisoronana rehetra dia natao hanampiana an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra mba hiova amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ka ho lasa mpikambana ao amin'ny fianakaviana feno sy tanteraka. Noho izany "ny asa lehiben'ny lehilahy rehetra dia ny mino ny filazantsara, ny mitandrina ny didy, sy ny manorina sy ny manatanteraka fianakaviana mandrakizay,"[2] ary ny hanampy ny hafa hanao toy izany koa.

Koa satria marina izany dia tokony ho ny fanambadiana mandrakizay no hifantohan'ny zavatra rehetra ataontsika sy ho tanjony. Midika izany fa tsy maintsy miezaka ny hofehezina miaraka amin'ny vady mandrakizay any amin'ny tempolin' Andriamanitra isika. Tokony hamporisika ny hafa ihany koa isika mba hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanana izay mampifamatotra ny mpivady, miaraka amin'ny fianakaviany, eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny fiainana ho avy.

Nahoana izany no tokony hanandanja amintsika tsirairay—na tanora na antitra, na diakona na mpisorona, na zanaka na ray? Izany no izy satria ny adidintsika amin'ny maha-mpihazona fisoronana antsika dia ny mametraka ny fianakaviantsika sy ny fianakavian'ireo izay manodinana antsika ho ivon'ny fifantohantsika. Ny fanapahan-kevitra lehibe rehetra dia tokony hifototra amin'ny fiantraikan'izany amin'ny fianakaviana mba hahatonga azy ho mendrika ny hiaina miaraka amin'ny Ray any Andanitra sy i Jesoa Kristy. Tsy misy zavatra manan-danja noho izany ao amin'ny andraikitsika ao amin'ny fisoronana.

Mamelà ahy ianareo hilaza ny mety ho dikan'izany ho an'ny diakona iray



izay mihaino anio alina amin'ny mahampikambana azy ao anatina fianakaviana na kôlejy iray.

Ao amin'ny fianakaviany dia mety hisy na tsy hisy vavaky ny mpianakavy na takarivan'ny mpianakavy matetika. Raha miantso ny fianakaviany ny rainy mba hivavaka na hamaky soratra masina noho ny fahatakarany ireo andraikitra ireo, dia mety hihazakazaka handray anjara am-pitsikiana amin'izany ilay diakona. Afaka mamporisika ireo rahalahiny sy anabaviny izy mba handray anjara ka midera azy ireo rehefa ataony izany. Afaka mangataka tsodrano amin'ny rainy izy rehefa manomboka ny sekoly na amin'ny fotoana hafa ilàna izany.

Mety tsy hanana ray mahatoky toy izany izy. Saingy ny tena fanirian'ny fony hiaina izany no hitondra ny herin'ny lanitra ho amin'ireo izay manodidina azy noho ny finoany. Hikatsaka ilay fiainam-pianakaviana izay tian'ilay diakona hananana amin'ny fony manontolo izy ireo.

Ny mpampianatra ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia afaka mahatakatra fahafahana hanampy ny Tompo hanova ny fiainan'ny fianakaviana iray mandritra ny fampianarana isan-tokantrano ampanaovina azy. Nilaza izany ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

"Ny andraikitry ny mpampianatra dia ny mitandrina mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana, ary ny miaraka amin'izy ireo sy ny manatanjaka azy;

"Ary ny mijery mba tsy hisy heloka ao amin'ny fiangonana, na fifanamafisam-po, na fandaingana, na fifosana, na fitenenan-dratsy" (F&F 20:53–54).

Toy izany koa ny mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia nomena izao andraikitra izao:

"Ny andraikitry ny mpisorona dia ny mitory, mampianatra, manazava, manentana ary ny manao batisa sy ny mikarakara ny fanasan'ny Tompo,

"Sy ny mamangy ny tranon'ny mpikambana tsirairay ary ny manentana azy hanao tonom-bavaka sy hivavaka mangina ary hiatrika ny adidy rehetra ao amin'ny fianakaviana" (F&F 20:46–47).

Mety hanontany tena ianareo, tahaka ny nataoko fony aho mpampianatra sy mpisorona vao herotrerony hoe mba ahoana re no ahafahako manatanterahana ireo fanamby ireo eo amin'izao tontolo izao. Tsy mbola nahay mihitsy aho hoe ahoana no hanentanako amin'ny fomba izay hitondra ny fianakaviana ho any amin'ny fiainana mandrakizay ka tsy hanafintohina na toy ny hoe hitsikera. Nianatra aho fa ny hany fanentanana izay manova ny fo dia avy amin'ny Fanahy Masina. Matetika izany no mitranga rehefa mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy, ilay olona tonga lafatra hatrizay ao amin'ny fianakaviana, isika. Rehefa mifantoka amin'ny fitiavantsika Azy isika dia hitombo ny filaminana sy ny fiadanana ao amin'ireo tokantrano vangintsika. Hiaraka amintsika ny Fanahy Masina rehefa manampy fianakaviana isika.

Mety hitondra ny fitaomana sy ny ohatry ny Mpamonjy ao an-tsain'ireo olona ao amin'ilay fianakaviana ilay tanora mpihazona fisoronana amin'ny alalan'ny fomba fivavany sy ny fomba firesany ary ny fomba fampaherezany azy ireo.

Naneho tamiko ny mpihazona fisoronana hendry iray fa takany izany. Nangataka ny zanako lahy izy mba hitarika ny fampianarana amin'ny famangiana isan-tokantrano iray. Nilaza

izy fa mety hanohitra ny fanentanany ilay fianakaviana saingy nieritreritra izy fa ny fampianarana sy ny fijoroana ho vavolombelona tsotra ataon'ny zazalahy iray no mety hiditra kokoa ao anatin'ny fo mafin'izy ireo.

Inona no azon'ilay loholona tanora atao mba hanampy amin'ny fanorenana fianakaviana mandrakizay? Mety efa handeha ho any amin'ny sahan'ny misiôna izy. Afaka mivavaka amin'ny fony manontolo izy mba ho afaka mahita sy mampianatra ary manao batisa fianakaviana. Mbola tsaroako foana ny lehilahy tanora tsara tarehy iray niaraka tamin'ny vadiny tanora tsara tarehy sy ny zanany vavikely mahafatifaty anankiroa nipetraka niaraka tamiko sy ny namako mpiara-mitory indray andro. Tonga ny Fanahy Masina ka nijoro ho vavolombelona tamin'izy ireo fa tafaverina amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Tena nino tokoa izy ireo ka nangataka mihitsy aza raha toa izahay ka afaka manome tsodrano an'ireo zanany vavikely anankiroa tahaka ny efa hitany natao tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo iray tato amintsika. Efa nanana faniriana ny hitsofan-drano an'ireo zanany izy ireo, saingy mbola tsy takatr'izy ireo fa ny fitahiana ambony indrindra dia tsy azo raha tsy any amin'ny tempolin' Andriamanitra ihany rehefa avy nanao fanekempihavanana izy ireo.

Mbola malahelo foana aho rehefa mieritreritra izany mpivady izany sy ireo zazavavy kely ireo, izay mety efa lehibe amin'izao, tsy manana ilay fampanantenana hanana fianakaviana mandrakizay. Farafahakeliny ireo ray aman-dreniny dia nanana fahatakarana kely momba ireo fitahiana izay mety ho azony. Ny fanantenako dia ny mbola hananan'izy ireo fahafahana ihany any ho any ny hahafeno ny fepetra mba ho fianakaviana mandrakizay.

Hiaina zavatra mahafinaritra tahaka ny niainan'i Matthew zanako lahy ireo elder hafa izay handeha any amin'ny sahan'ny misiôna. Nahita mananotena iray niaraka tamin'ny zanany iraika ambin'ny folo niaina tao anatin'ny fiainana tsotsotra izy sy ny namany. Tiany mba hahazo ny zavatra tianao ho azo izy ireo—dia ny hanana fianakaviana mandrakizay. Ho an'ny zanako lahy dia toy ny hoe tsy ho azo notanterahina mihitsy izany na zara raha azo notanterahina tamin'izay fotoana izay.

Nitsidika izany tanàna kely izany aho taona maro taorian'ny nanaovan'ny zanako lahy batisa an'ilay mananotena ka nasainy nihaona tamin'ny fianakaviany tany am-piangonana. Voatery niandry elaela aho satria avy any amin'ny trano fiangonana maro samihafa tao amin'ilay faritra ny ankamaroan'ireo zanany sy ireo zafikeliny. Ny zanany lahy anankiray dia nanompo tamimpahatokiana tao amin'ny episkôpà iray, ary voatahy tamin'ireo fanekempihavanana atao any amin'ny tempoly ny maro amin'ireo zanany ary efa nofehezina ao anatin'ny fianakaviana mandrakizay izy. Rehefa nandao io rahavavy malala io aho dia nisakambina ahy teo amin'ny valahako izy (fohy kely izy, hany ka zara raha nahavita namihina ny valahako) ka nilaza hoe: "Azafady mba hilazao i Mateo hiverina aty Chili alohan'ny hahafatesako." Noho ireto elder mahatoky ireto dia nomena ilay anjara mahafaly ny fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra izy.

Misy zavatra izay tsy maintsy ataon'ny loholona iray rehefa miverina avy nanao asa fitoriana izy mba ho marina amin'ny fanoloran-tenany hikatsaka ny fiainana mandrakizay ho an'ny tenany sy ho an'ireo olona tiany. Tsy misy fanoloran-tena manan-danja kokoa amin'izao fotoana izao na amin'ny mandrakizay noho ny fanambadiana. Efa nahare torohevitra hendry mba hanao ny fanambadiana ho laharampahamehana ao anatin'ireo drafitra atao raha vantany vao niverina avy nanao asa fitoriana ianao. Ny mpanompo mahatoky ao amin'ny fisoronana dia hanao izany amim-pahendrena.

Rehefa mieritreritra ny fanambadiana izy dia hahita fa eo am-pisafidianana ny ray aman-drenin'ireo zanany sy ny lova izay ho azy ireo. Hanao ilay safidy amim-pikarohana lalina sy am-pandinihana ombam-bavaka izy. Haka antoka tsara izy fa manaraka fitsipika mitovy amin'ny azy momba ny fianakaviana sy mino ny tanjon'ny Tompo ho an'ny fanambadiana tahaka azy ilay olona vadiany ary olona azony hametrahana fitokisana ny amin'ny fahasambaran'ny zanany.

Nanome torohevitra feno fahendrena ny Filoha N. Eldon Tanner hoe: "Ny ray aman-dreny izay tokony hajainao mihoatra ireo ray aman-dreny hafa rehetra dia ny ray aman-drenin'ireo izay ho zanakao. Manana ny zo hanana ny ray aman-dreny tsara indrindra azonao omena azy ireo zaza ireo—dia ray aman-dreny madio."[3] Ny fahadiovana no ho fiarovana ho anao sy ho an'ireo zanakao. Ananan'izy ireo trosa hanome azy ireo izany fitahiana izany ianao.

Ankehitriny dia misy vady sy raimpianakaviana mihaino amin'izao hariva izao. Inona no azonareo atao? Ny fanantenako dia ny hoe efa nitombo ny fanirianareo hitondra izay fiovana ilainareo sy ilain'ny fianakavianareo mba hiaina ao amin'ny fanjakana selestialy indray andro any. Amin'ny maha-ray mpihazona ny fisoronana anareo dia afaka mitaona ny fon'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakavianareo ianareo miaraka amin'ny vadinareo eo anilanareo mba hamporisihana azy ireo hiandrandra izany fotoana izany. Hamonjy ny fivoriana fanasan'ny Tompo miaraka amin'ny fianakavianareo ianareo, hanao fivoriam-pianakaviana izay hanasanareo ny Fanahy Masina ianareo, hiara-mivavaka amin'ny vadinareo sy





ny fianakavianareo ianareo, ary hiomana mba hitondra ny fianakavianareo ho any amin'ny tempoly. Hiaraka handeha amin'izy ireo ianareo ao amin'ilay lalana mankany amin'ny fonenan'ny fianakaviana mandrakizay.

Hitondra ny vadinareo sy ny zanakareo tahaka ny efa nitondran'ny Ray any An-danitra anareo ianareo. Hanaraka ny ohatra sy ny fitarihan'ny Mpamonjy ianareo hitarihana ny fianakavianareo amin'ny fombany.

"Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin'ny alalan'ny fisoronana raha tsy amin'ny fandresendahatra, ny fahari-po, ny hatsarampanahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy;

"Amin'ny halemem-panahy sy ny fahalalana madio izay mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, tsy misy fihatsarambelatsihy sy tsy misy fitaka—

"Manitsy eo no ho eo amin'ny fomba henjana rehefa entanin'ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena amin'ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahavalony ianao" (F&F 121:41–43).

Efa nolazain'ny Tompo an'ireo ray mpihazona fisoronana ny hoe tokony ho vady tahaka ny ahoana izy ireo. Hoy izy: "Ianao dia ho tia ny andefimandrinao amin'ny fonao manontolo, ka hifikitra aminy fa tsy amin'ny olona hafa." (F&F 42:22). Rehefa miresaka amin'ny mpivady ny Tompo dia mandidy hoe: "Tsy . . . hanitsakitsa-bady, . . . na hanao zavatra toy izany [ianareo]" (F&F 59:6).

Ho an'ny tanora dia efa nametraka fitsipika ny Tompo. "Hianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin' ny zavatra rehetra; fa ankasitrahana ao amin' ny Tompo izany" (Kolosiana 3:20) ary "manajà ny rainao sy ny reninao" (Eksodosy 20:12).

Rehefa miresaka amin'ny rehetra ao amin'ny fianakaviana ny Tompo dia ny fifankatiavana sy ny fifanampiana no toroheviny.

Mangataka antsika izy mba "hiezaka ny handavorary ny fiainan'ny [tsirairay ao amin'ny fianakaviana], [mba] hankahery ny malemy; hamonjy [ireo] olontiana nania, ary hifaly amin'ny herin'izy ireo ara-panahy izay nohavaozina."[4]

Mangataka ihany koa ny Tompo mba hanaovantsika izay rehetra azontsika atao mba hanampiana ireo havantsika izay efa nodimandry mba hiaraka amintsika any amin'ny fonenantsika mandrakizay.

Ireo mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo izay miasa amimpahavitrihana mba hanampy ny olona hahita ireo razambeny sy hitondra ireo anarana any amin'ny tempoly dia mamonjy an'ireo izay efa nodimandry. Hisy fisaorana maro atolotra ho an'ireo mpisorona avo ireo sy ho an'ireo izay manao ny ôrdônansy ao amin'ny tontolo ho avy, satria tsy nanadino ny fianakaviany izay miandry ao amin'ny tontolon'ny fanahy izy ireo.

Efa niteny ireo mpaminany hoe: "Ny zava-dehibe indrindra amin'ny asan'ny Tompo izay hataonao dia ny asa izay ataonao ao anatin'ny tokantranonao." Samy manan-danja daholo ny fampianarana isan-tokantrano sy ny asan'ny episkôpà ary ireo andraikitra sahanina ato amin'ny Fiangonana, saingy ny manan-danja indrindra dia ny asa ataonao ao anatin'ny tokantranonao."[5]

Any an-tokantranonareo, sy ao amin'ny fanompoana izay ataonareo ao amin'ny fisoronana, ny manan-danja indrindra dia ireo fihetsika kely izay manampy antsika sy ireo izay tiantsika hanao zavatra mitondra mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Mety ho hita ho kely ireo fihetsika ireo eto amin'ity fiainana ity, saingy izy ireo dia hitondra fitahiana maharitra mandrakizay.

Rehefa mahatoky isika amin'ny fanompoantsika mba hanampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra hody any Aminy dia ho mendrika ilay fiarahabana tiantsika rehetra ho re isika rehefa mahavita ny asa fanompoantsika eto an-tany. Toy izao izany: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin' ny kely hianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midìra amin' ny fifalian' ny tomponao" (Matio 25:21).

Ao anatin'izany "be" izany ilay fitahiana hanana taranaka tsisy fiafarana. Ny vavaka ataoko dia ny hahatonga antsika ho mendrika sy ny hanampiantsika ny hafa ho mendrika izany fitahian'ny lanitra ao an-tranon'ny Raintsika sy i Jesoa Kristy Zanany izany. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 137.
2. Bruce R. McConkie, ao amin'ny Conference Report, apr. 1970, 26.
3. N. Eldon Tanner, *Church News*, apr. 19, 1969, 2.
4. Jereo ny Bruce R. McConkie, ao amin'ny Conference Report, apr. 1970, 27.
5. Harold B. Lee, *Decisions for Successful Living* (1973), 248–49.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Andraikitra Masina

*Io fanomezam-pahasoavana sarobidin'ny herin'ny fisoronana io dia tsy hoe ahitana andraikitra masina fotsiny fa mitondra ihany koa fitahiana manokana ho an'ny tenantsika sy ho an'ny hafa.*

Ry rahalahiko malala, mivavaka aho mba ho tarihin'ny Fanahy ireo teny hambarako anio hariva. Tady iraisana no mampitambatra antsika. Nomena fitokisana isika hihazona ny fisoronan' Andriamanitra ary hanao asa amin'ny Anarany. Isika no mpandray izany andraikitra masina izany. Betsaka no andrasana amintsika.

Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana 121, andininy 36, "Ireo zon' ny fisoronana dia mifamatotra tsy azo sarahina amin'ny herin'ny lanitra." Fanomezam-pahasoavana mahatalanjona no nomena antsika. Andraikitsika ny miambina sy miaro io fisoronana io sy ny ho mendrika an'ireo fitahiana feno voninahitra rehetra nomanin'ny Ray any An-danitra ho antsika—sy ho an'ny hafa amin'ny alalantsika.



Na aiza na aiza alehanao dia manaraka anao eny ny fisoronanao. Moa ve mijoro amin'ny toerana masina ianao? Alohan'ny hidiranao sy ny hampidiranao ny fisoronanao amin'ny kizo, amin'ny alalan'ny fanandrakandramana mandeha any amin'ny toerana na amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra izay tsy mendrika anao na ho an'io fisoronana io, dia mijanòna kely aloha handinihana ny fiantraikany. Tsarovy hoe iza moa ianao ary inona no antenain' Andriamanitra hahatongavanao. Zanaky ny fampanantenana ianao. Lehilahy mahery. Zanakalahin' Andriamanitra.

Io fanomezam-pahasoavana sarobidin'ny herin'ny fisoronana io dia tsy hoe ahitana andraikitra masina fotsiny fa mitondra ihany koa fitahiana manokana ho an'ny tenantsika sy ho an'ny hafa. Enga anie na aiza na aiza toerana mety hisy antsika, dia ho mendrika mandrakariva isika hampiasa ny herin'io fisoronana io, fa tsy fantatsika hoe rahoviana no mety hitranga ny zavatra ilantsika manao izany sy ny fahafahana hanao izany.

Nandritra ny Ady Lehibe Faharoa, dia nisy namako iray nanompo tany amin'ny Pasifika Atsimo raha voatifitra ny fiaramanidiny ka nilatsaka teo ambonin'ny ranomasimbe. Afaka nilatsaka tamin'ny alalan'ny elon'aina izy sy ireo miaramila hafa, niala avy tao amin'ilay fiaramanidina efa nirehitra, ka nanabotsina ny lakana fanavotana aina, ary nifikitra tamin'ireo lakana ireo nandritra ny telo andro.

Tamin'ny andro fahatelo izy ireo dia nahatsikaritra zavatra izay fantatr'izy ireo hoe sambo mpamonjy voina. Nandalo fotsiny ilay izy. Ny ampitso maraina dia mbola nandalo fotsiny ihany ilay izy. Nanomboka kivy izy ireo raha tonga saina fa io no andro farany hitoeran'ilay sambo mpamonjy voina teo amin'ilay faritra.

Ary dia niteny tamin'ilay namako ny Fanahy Masina hoe: "Manana fisoronana ianao. Baikoy ireo mpamonjy voina haka anareo."

Ka dia nanao araka izany izy: "Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ary amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana, mihodìna ianareo ary alaivo izahay."

Tao anatin'ny minitra vitsy dia tonga teo anilan'izy ireo ilay sambo, ka nanampy azy ireo hiakatra. Mpihazona fisoronana iray mahatoky sy mendrika, tao anatin'ny sarotra, no nampiasa io fisoronana io, ka nitahy ny fiainany sy ny fiainan'ny hafa.

Aoka isika ho tapa-kevitra, eto sy izao ankehitriny izao, ny ho vonona ho an'ny fotoana ilàna antsika, sy ny fotoana tokony hanompoantsika, ary ny fotoana hitondrantsika fitahiana.

Raha hamarana izao fivoriamben'ny fisoronana izao isika ankehitriny, dia milaza aminareo aho hoe "ianareo dia taranaka voafidy, fanjakà-pisoronana" (1 Petera 2:9). Enga anie isika ho mendrika hatrany handray ireo voninahitra masina ireo, izany no vavaka ataoko amin'ny foko manontolo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika, amena. ■





Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ireo safidy

*Enga anie isika hisafidy hatrany ny tsara izay mety ho sarotra atao kokoa toy izay ilay ratsy izay mety ho mora atao kokoa.*

Rahalahy sy ranabavy isany, alohan'ny hanombohako ny hafatra tokony hatolotro, dia te hanambara tempoly vaovao efatra aho, izay haorina ato anatin'ny volana sy taona vitsivitsy ho avy, any amin'ireto toerana manaraka ireto: Quito, Ecuador; Harare, Zimbabwe; Belém, Brésil; ary tempoly faharoa any Lima, Pérou.

Fony aho lasa mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny 1963, dia 12 no isan'ny tempoly amperinasa nanerana ny Fiangonana manontolo. Tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Provo City Center tapa-bolana lasa izay dia tempoly 150 ankehitriny no am-perinasa manerana an'izao tontolo izao. Tena feno fankasitrahana tokoa isika noho ireo fitahiana raisintsika ao amin'ireo trano masina ireo.



Ankehitriny ry rahalahy sy anabavy isany, dia maniry aho ny haneho fankasitrahana noho ny fahafahana mizara hevitra vitsivitsy aminareo anio maraina.

Tato ato aho dia nieritreritra mikasika ireo safidy. Voalaza fa savily madinika no mampisokatra ny varavaran'ny tantaran'ny zanak'olombelona, ary toraka izany koa ny fiainan'ny olona. Ireo safidy ataontsika no mamaritra izay hiafarantsika.

Raha nandao ny fiainana talohan'ny nahaterahantsika isika ka niditra nankato amin'ny fiainana an-tany, dia nanaraka antsika ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana misafidy. Ny tanjontsika dia ny hahazo ny voninahitra selestialy, ary ireo safidy ataontsika no tena mamaritra hoe hahatratra ny tanjontsika ve isika sa tsia.

Maro aminareo no mahafantatra tsara an'i Alice ao amin'ilay boky nosoratan'i Lewis Carroll hoe *Alice au pays des merveilles.* Tadidinareo fa tonga teo amin'ny sampanan-dalana iray izy ka lalana roa no teo anoloany, samy nandroso saingy nifanipaka. Raha teo am-pandinihana izay tokony hatao izy dia nifanehatra tamin'ilay saka hoe Cheshire, izay nanontanian'i Alice hoe "Iza amin'ireo no lalana tokony halehako?"

Namaly ilay saka hoe: "Miankina amin'izay toerana tianao hahatongavana izany. Raha tsy fantatrao izay tianao hahatongavana dia tsy mampaninona loatra izay lalana alehanao."[1]

Tsy mba tahaka an'i Alice isika fa isika mahafantatra hoe aiza no tiantsika haleha, ary *tena* manan-danja ny lalana izorantsika, fa ny lalana harahantsika eto amin'ity fiainana an-tany ity no mitondra mankany amin'izay hitobiantsika any amin'ny fiainana any ankoatra.

Manantena antsika aho hisafidy ny hanorina ao anatintsika ao finoana lehibe sy mahery izay ho lasa fiarovana mahomby indrindra ananantsika hanoherana ireo fikasan'ny fahavalo—finoana tena izy, ilay karazana finoana izay hanohana antsika ka hanamafy orina ny faniriantsika hisafidy ny tsara. Raha tsy manana an'izany finoana izany isika dia tsy mankaiza. Raha manana izany kosa, dia afaka manatratra ireo tanjontsika.

Na dia tsy maintsy misafidy amim-pahendrena aza isika, misy fotoana hanaovantsika safidy adaladala. Ny fanomezam-pahasoavan'ny fibebahana, atolotry ny Mpamonjintsika, no ahafantsika manitsy ny diantsika, mba hahafahantsika miverina amin'ilay lalana izay hitondra antsika mankany amin'ilay voninahitra selestialy imatimatesantsika.

Enga anie isika hihazona hatrany ilay herimpo hanoherana ny fironan'ny besinimaro. Enga anie isika hisafidy hatrany ny tsara izay mety ho sarotra atao kokoa toy izay ilay ratsy izay mety ho mora atao kokoa.

Rehefa mandinika ireo fanapahankevitra raisintsika eo amin'ny fiainantsika isan'andro isika—hoe hanao ity safidy ity na iry safidy iray iry—raha misafidy an'i Kristy isika dia efa nanao ny safidy tsara.

Ny vavaka ataoko amin-kitsimpo sy amim-panetrentena dia ny mba ho toy izany hatrany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Nalaina avy tamin'ny Lewis Carroll, *Alice's Adventures in Wonderland* (1898), 89.



**Nataon'i Bonnie L. Oscarson**
Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany

# Mino ve aho?

*Raha marina ireo zavatra ireo dia manana ny hafatra mifono fanantenana sy fanampiana lehibe indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao isika.*

Tamin'ny 30 Martsa, vao herintaona lasa izay, i Ethan Carnesecca, izay roa taona, avy ao American Fork, Utah, dia naiditra hôpitaly noho ny "pneumonie" sy ny rano nanodidina ny taovam-pisefoany. Roa andro taty aoriana dia tena niharatsy ny toe-tenany ka nila nentina tamin'ny angindimby nankany amin'ny Hôpitalin'ny ankizy tany Salt Lake City izy. I Michele, ilay reniny nitaintaina, dia nahazo lalana ny hipetraka teo aloha mba hanaraka ny zanany lahy. Nomena fitaovana fihainoana izy mba hahafahany mifandray amin'ireo izay tao anatin'ny angindimby. Henony ireo mpitsabo mpanampy izay niasa nikarakara ilay zanany lahy kely marary, ary amin'ny maha-mpitsabo mpanampy ny ankizy azy ihany koa dia nanana fahalalana ampy i Michele izay nahafahany nahafantatra fa tena tao anaty fahasarotana lalina i Ethan.

Tao anatin'io fotoan-tsarotra io dia nahatsikaritra i Michele fa nisidina nivantana teo ambonin'ny Tempolin'i Draper Utah izy ireo. Nitazana ny lohasaha avy teny amin'ny habakabaka izy ary afaka nahita ihany koa ny Tempolin'i Jordan River, ny Tempolin'i Oquirrh, ary ny Tempolin'i Salt Lake mihitsy aza avy lavitra. Tonga tao an-tsainy ny eritreritra iray hoe: "Mino izany ve ianao sa tsia?"

Izao no nambarany nikasika io zavatra niainany io:

"Nianatra mikasika ireo fitahian'ny tempoly sy ny maha-mandrakizay ny fianakaviana aho tany amin'ny Kilonga sy tany amin'ny Zatovovavy. Nizara ny hafatra mikasika ny fianakaviana tamin'ny vahoaka tsaran'i Mexique ny tenako nandritra ny asa fitoriana nataoko. Nofehezina tamin'ilay namako mandrakizay aho, mandritra izao fotoana izao sy mandrakizay. Nampianatra lesona mikasika ny fianakaviana aho fony mpitarika tao amin'ny Zatovovavy, ary nizara tantara momba ny fianakaviana mandrakizay tamin'ireo zanako aho nandritra ny takarivan'ny mpianakavy. FANTATRO izany, fa moa ve NINO izany aho? Ny valinteniko dia tonga haingana tahaka ny nahatongavan'ilay fanontaniako tao an-tsaiko: ny Fanahy dia nanamafy tao am-poko sy tao an-tsaiko ilay valinteny izay efa fantatro—TENA nino aho!

"Tamin'izany fotoana izany dia namboraka ny foko tamim-bavaka tamin'ny Raiko any An-danitra aho, ka nisaotra Azy noho ny fahalalana sy ny finoana izay nananako fa ny fianakaviana dia tena mandrakizay. Nisaorako Izy noho ny zanany lahy Jesoa Kristy izay nahatonga izany zavatra rehetra izany ho tanteraka. Nisaorako Izy noho ny zanako lahy, ary nampahafantariko ny Raiko any An-danitra fa raha ilainy ny miantso an'i Ethan kely hiverina hody any an-tranony any an-danitra dia TSY MANINONA IZANY. Natoky tanteraka ny Ray any An-danitra aho, ary fantatro fa afaka ny hahita an'i Ethan indray aho. Feno fankasitrahana aho fa tao anatin'ny fotoan-tsarotra dia nanana ny fahalalana SY ny finoana fa marina ny filazantsara. Nahatsapa fiadanana aho."[1]

Nijanona herinandro maro tany amin'ny hôpitaly i Ethan, nandray fitsaboana avy tamin'ny mpitsabo matihanina. Ny vavaka sy ny fifadian-kanina ary ny finoan'ireo olon-tiana, nampiarahina tamin'izany fikarakarana izany dia nanome fahafahana azy handao





ny hôpitaly sy hiverina tany an-trano niaraka tamin'ny fianakaviany. Salama izy ankehitriny.

Izany fotoana nanova ny zavadrehetra ho an'i Michele izany dia nanamafy taminy fa ny zavatra nampianarina azy nandritra ny fiainany manontolo dia mihoatra noho ny teny fotsiny ihany. Marina izany.

Moa ve isika indraindray lasa zatra loatra an'ireo fitahiana voaraintsika amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, hany ka tsy mahavita mahatakatra feno ny fahagagana sy ny halehiben'ny maha-mpianatra antsika ato amin'ny Fiangonana marin'ny Tompo? Moa ve isika efa mba nahatsapa ho meloka noho ny tsy fahatairantsika amin'ny fanomezana lehibe indrindra izay azo omena antsika eto amin'ity fiainana ity? Ny Mpamonjy mihitsy no nampianatra hoe: "Ary raha mitandrina ny didiko ianao ary maharitra hatramin'ny farany, dia ho azonao ny fiainana mandrakizay, izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra."[2]

Mino isika fa ity Fiangonana ity dia mihoatra noho ny toerana iray fandehanana rehefa Alahady fotsiny ihany sy hianarana ny fomba hahatongavana ho olona tsara. Mihoatra noho ny fikambanana ara-tsôsialy Kristianina izay ahafahantsika mifanerasera amin'ny olona manana fotopisainana tsara [ny Fiangonana]. Tsy amboaran-kevitra tsara izay azo ampianarin'ny ray aman-dreny ny zanany any an-tokantrano fotsiny ihany mba hahafahan'izy ireo ho lasa tompon'andraikitra sy olona tsara izany. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mbola mihoatra lavitra noho ireo zavatra rehetra ireo.

Eritrereto iray minitra anie ny mikasika ireo zavatra inoantsika ao amin'ny fivavahantsika e! Mino isika fa ilay Fiangonana naorin'i Jesoa Kristy fony Izy teto an-tany dia naverina tamin'ny laoniny indray tamin'ny alalan'ny mpaminany iray izay nantsoin' Andriamanitra amin'izao vanimpotoantsika izao ary ireo mpitarika antsika dia mihazona ny hery sy ny fahefana mba hiasana amin'ny anaran' Andriamanitra, mitovy tamin'ny nananan'ireo Apôstôly fahiny. Antsoina hoe fisoronan' Andriamanitra izany. Manambara isika fa amin'ny alalan'izany fahefana naverina tamin'ny laoniny izany dia afaka mandray ireo ôrdônansy mitondra famonjena toy ny batisa sy manana ny fanomezana ny Fanahy Masina izay manadio mba hiaraka amintsika amin'ny fotoana rehetra isika. Manana apôstôly sy mpaminany mitarika sy mitondra ity Fiangonana ity amin'ny alalan'ny fanalahidin'ny fisoronana isika, ary mino isika fa Andriamanitra dia miresaka amin'ny zanany amin'ny alalan'ireo mpaminany ireo.

Mino ihany koa isika fa izany herin'ny fisoronana izany dia mahatonga ny fanaovana fanekempihavanana sy fandraisana ireo ôrdônansy ao amin'ny tempoly masina ho azo tanterahina izay hanome fahafahana antsika hiverina eo anatrehan' Andriamanitra sy hiaraka hiaina Aminy mandrakizay indray andro any. Manambara ihany koa isika fa amin'ny alalan'io hery io, ny fianakaviana dia afaka ny ho voafatotra mandrakizay rehefa miditra ao amin'ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana any amin'ireo toerana masina izay inoantsika ho tranon' Andriamanitra ara-bakiteny ny mpivady. Mino isika fa tsy hoe afaka mandray ireo ôrdônansy mitondra famonjena ireo ho an'ny tenantsika fotsiny isika fa afaka mandray izany ho an'ireo razambentsika ihany koa, izay niaina teto an-tany ka tsy nanana ny fahafahana handray anjara tamin'ireo ôrdônansy ilaina izay mitondra famonjena. Mino isika fa afaka manao ôrdônansy ho an'ireo razambentsika amin'ny alalan'ny fisoloan-tena any amin'ireo tempoly masina ireo.

Mino isika fa amin'ny alalan'ny mpaminany sy ny herin' Andriamanitra dia nandray soratra masina fanampiny isika, izay manampy ny fijoroana ho vavolombelona ao anatin'ny Baiboly amin'ny fanambarana fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao.

Manambara isika fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra ary hany Fiangonana marina eto ambonin'ny tany. Antsoina hoe Fiangonan'i Jesoa Kristy izany satria mijoro eo amin'ny lohany Izy. Fiangonany ity, ary ireo zavatra rehetra ireo dia tanteraka noho ny sorompanavotany.


Mino isika fa ireo zavatra mampiavaka ireo dia tsy afaka ny ho hita any amin'ny toerana hafa na any amin'ny fikambanana hafa eto an-tany. Na dia tsara sy mahitsy aza ny fivavahana sy ny fiangonana hafa, dia tsy misy amin'izy ireo manana ny fahefana hanomezana ôrdônansy mitondra famonjena izay hita ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Manana fahalalana mikasika ireo zavatra ireo isika, saingy *moa ve mino azy ireo isika*? Raha marina ireo zavatra ireo dia manana ny hafatra mifono fanantenana sy fanampiana lehibe

indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao isika. Ny finoana azy ireo dia manana dikany mandrakizay ho antsika sy ho an'ireo izay tiantsika.

Mba hinoana dia mila mamindra ny filazantsara avy ao an-dohantsika mankao am-pontsika isika! Tena mety mitranga ny hoe miaina tsotra fotsiny eny ny filazantsara isika satria izay no andrasana amintsika, na satria izay no kolontsaina nanabeazana antsika, na hoe satria fahazarana izany. Angamba ny sasany tsy niaina ny zavatra mitovy tamin'izay tsapan'ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina taorian'ny toriteny miavaka nataony: "Ary nihiaka tamin' ny feo tokana izy rehetra, nanao hoe: Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao taminay izahay; ary fantatray koa fa azo antoka sy marina ireny, noho ny amin'ny Fanahin'ny Tompo Tsitoha izay efa nahatonga fiovana mahery vaika tao aminay, na tao amponay, ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalandava kosa."[3]

Mila mikatsaka ny hanova ny fontsika sy ny tena toetrantsika isika rehetra mba tsy hanana faniriana ny hanaraka ny fomban'izao tontolo izao intsony fa hampifaly an' Andriamanitra kosa. Ny fiovampo tena izy dia fitambarana dingana izay maharitra fotoana iray ary mitaky fahavononana ny hampiasa



finoana. Tonga izany rehefa mikaroka ao amin'ny soratra masina isika fa tsy ao amin'ny internet. Tonga izany rehefa mankatò ny didin' Andriamanitra isika. Ny fiovampo dia tonga rehefa manompo ny olona manodidina antsika isika. Izany dia tonga avy amin'ny vavaka atao amin-kitsimpo, sy ny fandehanana tsy tapaka any amin'ny tempoly, ary ny fanatanterahana amim-pahatokiana ireo andraikitra nomen' Andriamanitra antsika. Mitaky tsy fiovaovana sy ezaka isan'andro izany.

Misy manontany ahy matetika hoe: "Inona no fanamby lehibe indrindra atrehin'ny tanorantsika amin'izao fotoana izao?" Valiko hoe mino aho fa ny hery misarika tsy an-kiato ataon'ilay "trano iray mijoalajoala sy malalaka" eo amin'ny fiainan'izy ireo izany.[4] Raha nosoratana manokana ho an'ny androntsika ny Bokin'i Môrmôna dia tsy isalasalana fa tsy azontsika ihodivirana ny maha-zava-dehibe ho antsika rehetra ilay hafatra ao anatin'ny fahitan'i Lehia ilay hazon'aina sy ny fitaoman'ireo izay manondro sy maneso avy amin'ilay trano iray mijoalajoala sy malalaka.

Ho ahy, ny tena mandratra fo dia ny filazalazana mikasika ireo izay efa nitolona tao anatin'ny zavon'ny haizina teo amin'ilay lalana ety sy tery, nihazona ny anja-by, nahatratra ny tanjon'izy ireo sy nanomboka nanandrana ilay voankazo madio sy tsaran'ny hazon'aina. Avy eo dia milaza ny soratra masina fa ireo vahoaka miakanjo tsara ao amin'ilay trano iray mijoalajoala sy malalaka dia "nanao fihetsika fanesoana ireo no sady nanondro tamin'ny rantsantanany ireo izay efa tonga ka nihinana tamin'ny voan'ny hazo.

"Ary *rehefa avy nanandrana tamin'ny voan'ny hazo izy* dia nanjary menatra noho ireo izay namingavinga azy; ary dia nianjera tany amin'ny lalana voarara izy ka very."[5]

Ireo andininy ireo dia mamaritra ny sasany amintsika izay efa nanana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy teo amin'ny fiainantsika. Na isika teraka tao anatin'ny filazantsara na nila namakivaky ny zavon'ny haizina mba hahitana izany, dia efa nanandrana ny voan'io hazo io isika, izay "tena sarobidy sady tena mahatsiriritra indrindra"[6] ary manana ny fahafahana ny hitondra ny fiainana mandrakizay ho antsika, ny "lehibe indrindra amin'ny fanomezampahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra." Mila manohy mivoky isika ary tsy mihaino ireo izay maneso ny finoantsika na ireo mifaly mamorona fisalasalana na ireo izay mahita zavatra tsy mety eo amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ny fotopampianarana. Safidy ataontsika isan'andro izany—ny misafidy ny finoana manoloana ny fisalasalana. Ny Loholona M. Russell Ballard dia nanasa antsika hoe "mijanòna anaty sambo, ampiasao ny akanjo fiarovan'ainanao, ary mamikira amin'ny tanana roa."[7]

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana marin'ny Tompo antsika dia efa ato anaty sambo isika. Tsy mila mandeha mitady ny fahamarinana any amin'ireo filôzôfian'izao tontolo izao isika mba hanome fankaherezana, fanampiana, sy torolalana ho antsika hahatafavoahantsika soa aman-tsara amin'ireo fitsapan'ny fiainana—efa ananantsika izany. Tahaka ny renin'i Ethan izay afaka nandinika ireo finoana izay nananany nandritra ny fotoana ela ary afaka nanambara tsy am-pisalasalana nandritra ny fotoan-tsarotra hoe "Tena mino izany aho," dia afaka manao izany koa isika!

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny maha-mpikambana antsika ato amin'ny fanjakan'ny Tompo dia fanomezana tena sarobidy tokoa. Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fitahiana sy fiadanana atokan'ny Tompo ho an'ireo izay mankatò sy mahatoky dia mihoatra lavitra noho izay mety ho takatry ny sain'olombelona. Avelako aminareo izany fijoroana ho vavolombelona izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Rakitsoratra avy tamin'ny Diary manokana nozaraina tamin'i Bonnie L. Oscarson.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
3. Môsià 5:2.
4. 1 Nefia 8:26.
5. 1 Nefia 8:27–28; nampiana fanamafisana.
6. 1 Nefia 15:36.
7. M. Russell Ballard, "Mijanòna ao anaty sambo dia mamikira!" *Liahona,* nôv. 2014, 92.



**Nataon'ny Eveka W. Christopher Waddell**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpà Mpiahy

# Lamina hahazoana fiadanana

*Ilay fiadanana izay katsahantsika rehetra dia mitaky antsika hanao zavatra, amin'ny alalan'ny fianarana amin'i Jesoa Kristy, sy ny fihainoana ny teniny, ary ny fiarahana mandeha Aminy.*

Taona vitsivitsy lasa izay, nasaina niara-nampianatra kilasy tao amin'ny Kilonga ny zanakay vavy sy ny vinantolahinay, kilasy izay nahitana ankizilahy anankidimy izay efa-taona sady pelika. Ny zanakay vavy no voatendry hampianatra ary ny vinantonay lahy no voatendry handamina, ary nanao izay ho afany izy roa hampanjaka endrikendrika filaminana, teo anivon'ny korontana tsindraindray, mba hampianarana fitsipiky ny filazantsara an'ireto ankizy.

Nandritra ny fotoam-pianarana iray somary henjana, rehefa avy nampitandrina imbetsaka ny zazalahy pelika anankiray ny vinantolahinay dia nitondra an'ilay zaza efa-taona hivoaka ny efitrano. Rehefa tafavoaka ny efitrano ka saika hiresaka tamin'ilay zazalahy kely ny vinantolahinay mikasika ny fihetsika nataony sy ny tokony hitadiavana ny ray aman-dreniny, dia nosakanan'ilay zazalahy izy raha mbola tsy nahasoka-bava akory, izay nanangatanana sady feno fihetsehampo tokoa ka niteny faingana hoe: "Indraindray—indraindray—dia tena sarotra amiko ny mieritreritra an'i Jesoa!"

Mandritra ny diantsika mamakivaky ny fiainana, na dia feno voninahitra tahaka ny inona aza ny toerana tiantsika haleha, ary na dia mety hampientanentana tahaka ny inona aza ilay dia, dia hiaina fitsapana sy fahoriana avokoa isika rehetra eny an-dalana. Nampianatra ny Loholona Joseph B. Wirthlin hoe: "Rehefa ela ny ela dia hanondro antsika ny fanondron'ny fahoriana. Na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy mandalo fahoriana ny tsirairay. Tsy misy afaka miala amin'izany."[1] Ny Tompo, noho ny fahendreny, dia tsy miaro na iza na iza tsy ho azon'ny fahoriana na ny alahelo."[2] Na izany aza, ny fahafahantsika mandroso am-piadanana mandritra ny dia dia miankina indrindra indrindra amin'ny hoe ho sarotra amintsika koa ve sa tsia ny hieritreritra an'i Jesoa.

Ny filaminan-tsaina, sy ny fiadanantsaina, ary ny fiadanam-po dia tsy miankina amin'ny fahaizantsika miala amin'ny fitsapana na ny fahoriana na ny ratram-po. Na dia eo aza ny fitalahoantsika amin-kitsimpo, dia tsy ny rivo-doza rehetra akory no hivily lalana, tsy ny aretina rehetra akory no ho sitranina, ary mety tsy ho takatsika tanteraka ny fotopampianarana na fitsipika na fomba fanao tsirairay ampianarin'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara. Na izany aza dia nampanantenaina fiadanana isika, fa misy fepetra mifamatotra amin'izany.

Ao amin'ny filazantsara nosoratan'i Jaona dia nampianatra ny Mpamonjy fa na dia eo aza ireo fisedrana eo amin'ny fiainana, dia afaka mahatsapa fiadanana isika; afaka manantena isika ary tsy mila matahotra, satria nanambara Izy hoe: "Mba hananana reo fiadanana *amiko*."[3] Ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny sorona fanavotana nataony no fitsipika voalohany, ary ho izany mandrakizay, ao amin'ny filazantsara ary fototra iorenan'ny fanantenantsika "fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy."[4]

Eo amin'ny fikatsahantsika fiadanana rehefa mandalo ireo fanamby eo amin'ny fiainana isan'andro, dia nomena fomba tsotra isika hampifantohana hatrany ny saintsika amin'ny Mpamonjy, izay nilaza hoe: "Mianara amiko ary henoy ny teniko; mandehana amin'ny fahalemem-panahiko, dia hanana ny fiadanana ao Amiko ianao. Izaho no Jesoa Kristy."[5]

Mianara dia mihainoa ary mandehana—dingana telo arahina fampanantenana.

#### Dingana voalohany: "Mianara Amiko"

Hitantsika ao amin'ny Isaia fa hoe: "Eny, maro ny firenena no hiainga ka hanao hoe: Andeha isika hiakatra any an-tendrombohitr'i Jehovah, ho any antranon' Andriamanitr'i Jakoba, mba hampianarany antsika ny amin'ny lalany."[6]

Any amin'ireo tempoly tsy mitsahamitombo isa izay aorina maneran-tany no ianarantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny anjara asany eo amin'ny drafitry ny Ray amin'ny maha-Mpahary an'ity tontolo ity Azy, amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy, ary amin'ny maha-loharanon'ny fiadanantsika Azy.

Nampianatra ny Filoha Thomas Monson hoe: "Mety ho toerana feno fanamby sy manahirana izao tontolo izao izay iainantsika. . . . Rehefa

mandeha mankany amin'ny trano masin' Andriamanitra izaho sy ianao, ary rehefa mahatsiaro ireo fanekempihavanana nataontsika tao, dia ho afaka ny hahazaka ireo fitsapana ary handresy ireo fakam-panahy tsirairay. Ao anatin'izany toerana izany no hahitantsika fiadanana."[7]

Nandritra ny iraka iray nanatrehana fihaonamben'ny tsatòka iray, taona vitsivitsy lasa izay, fony aho nanompo tany Amerika Atsimo, dia nihaona tamin'ny mpivady iray aho izay ory dia ory noho ny nahafatesan'ny zanakalahin'izy ireo vao mena vava vao tsy ela.

Tamin'ny tafa sy dinika iray nandritra ilay fihaonambe no sambany nihaonako tamin-dRahalahy Tumiri ka nahafantarako mikasika ilay fahoriany. Teo ampiresahanay teo, dia nozarainy tamiko fa tsy hoe nalahelo mafy tokoa fotsiny izy noho ny nahalasanan'ny zanany lahy, fa tena ketraka ihany koa izy mieritreritra hoe tsy hahita azy intsony. Nazavainy fa tamin'izy ireo mbola vao mpikambana somary vaovao ihany dia nahangona vola ampy izy ireo nandehanana tany amin'ny tempoly indray mandeha fotsiny, talohan'ny nahaterahan'ilay zazalahy, ary nofehezina izy mivady ary nofehezina tamin'izy ireo ny zanak'izy ireo roa vavy. Avy eo dia notantarainy ny fomba nanangonan'izy ireo vola hiverenana any amin'ny tempoly saingy tsy mbola afaka nitondra ny zanakalahin'izy ireo mba hahafahan'izy ireo ho fehezina amin'izy io ihany koa.

Tsikaritro fa mety nisy fahadisoankevitra ka dia nazavaiko fa tena hahita ny zanany lahy indray izy, raha mitoetra ho mahatoky, satria ilay ôrdônansy izay nampitambatra azy tamin'ny vadiny sy ireo zanakavaviny dia ampy hahavoafehy azy amin'ny zanany lahy koa, izay teraka tao anatin'ny fanekempihavanana.

Talanjona izy ka nanontany raha toa ka tena marina izany, ka rehefa namafisiko hoe tena marina izany dia nanontany ahy izy raha toa aho ka afaka miresaka amin'ny vadiny izay tsy nety nampiononona nandritra izay tapa-bolana taorian'ny nahafatesan-janany izay.

Ny alahady tolakandro, taorian'ny fihaonambe, dia nihaona tamin-dRahavavy Tumiri aho ary nanazava taminy ihany koa io fotopampianarana feno voninahitra io. Mbola nivaivay ny fahoriany noho ny famoizana, saingy ankehitriny efa nitombo ny fanantenany, ka nanontany tamindranomaso izy hoe: "Tena ho afaka hitrotro an'ilay zazalahikeliko indray ve aho? Tena ahy mandrakizay tokoa ve izy?" Nomeko toky izy fa raha mitandrina ny fanekempihavanana nataony izy, dia ilay herin'ny famehezana hita ao amin'ny tempoly, izay manan-kery noho ny fahefan'i Jesoa Kristy, dia hahafahany tokoa ho tafaraka amin'ny zanany lahy indray ary hitrotro azy eny an-tsandriny.

Tamin-dranomasom-pankasitrahana no nandaozan-dRahavavy Tumiri ny fivoriana, na dia mbola nalahelo aza noho ny nahafatesan'ny zanany lahy, ary heniky ny fiadanana izy noho ireo ôrdônansy masin'ny tempoly, izay azo tanterahina noho ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika.

Isaky ny manatrika any amin'ny tempoly isika, amin'ny zavatra rehetra izay rentsika sy ataontsika ary tenenintsika, amin'ny ôrdônansy rehetra izay andraisantsika anjara, ary amin'ny fanekempihavanana rehetra izay ataontsika, dia tarihana hanatona an'i Jesoa Kristy isika. Mahatsapa fiadanana isika rehefa mandre ny teniny sy mianatra avy amin'ny ohatra nasehony. Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Mankanesa any amin'ny tranon'ny Tompo ary any dia ho tsapanao ny Fanahiny ka miombona Aminy, ary dia hahafantatra fiadanana izay tsy ho hitanao na aiza na aiza ianao."[8]

#### Dingana faharoa: "Henoy ny teniko"

Mamaky isika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana hoe: "Na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany."[9] Manomboka tamin'ny andron'i Adama ka hatramin'ny mpaminanintsika ankehitriny, Thomas Spencer Monson, dia niteny tamin'ny alalan'ny solontenany nahazo lalana ny Tompo. Ireo izay misafidy ny hankatò ny tenin'ny Tompo, araka izay omena amin'ny alalan'ireo mpaminaniny, dia hahazo fiarovana sy fiadanana.

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia mahita ohatra maro maneho ny maha-zava-dehibe ny fanarahana ireo torohevitry ny mpaminany sy ny fanohanana ny mpaminany, anisan'izany ny lesona iray nosintonina avy tamin'ny fahitan'i Lehia ny hazon'aina hita ao amin'ny 1 Nefia toko faha-8. Tsy mbola tomefy olona mihoatra noho ny amin'izao androntsika izao ilay trano mijoalajoala sy malalaka ary tsy mbola namitaka sy naneso ary nanakorontana mihoatra noho ny amin'izao ny tabataba mivoaka avy amin'ny varavarankeliny midanadana. Mamaky momba ny vondron'olona anankiroa isika ao amin'io toko io ary momba ireo fihetsika nasetrin'izy ireo an'ireo hiakiaka avy eny amin'ilay trano.



Manomboka amin'ny andininy 26, manao hoe:

"Ary nanopy ny masoko manodidina koa aho ka nahatazana terỳ ampitan'ny renirano, trano iray mijoalajoala sy malalaka. . . .

"Ary feno olona ilay trano, . . . ary nanao fihetsika fanesoana ireo no sady nanondro tamin'ny rantsantanany ireo izay efa tonga ka nihinana tamin'ny voan'ny hazo.

"Ary rehefa avy *nanandrana* tamin'ny voan'ny hazo izy dia nanjary menatra noho ireo izay namingavinga azy; ary dia nianjera tany amin'ny lalana voarara izy ka very."[10]

Vakiantsika ao amin'ny andininy 33 ny mikasika ireo hafa izay nanana fihetsika hafa nasetriny an'ireo famingavingana sy fanesoana avy amin'ilay trano. Nanazava ny Mpaminany Lehia fa ireo izay tao amin'ilay trano dia "nanondro ahy sy ireo izay *nihinana* tamin'ny voan'ny hazo koa, tamin'ny rantsan-tanana mamingavinga; nefa tsy noraharahainay izy ireo."[11]

Hita ao anatin'ny andian-teny anankiroa ny fahasamihafana manan-danja eo amin'ireo izay menatra ka lavo ary very sy ireo izay tsy niraharaha ireo fanesoana avy ao amin'ilay trano ka nanohana ny mpaminany: voalohany, "Ary rehefa avy *nanandrana* izy ireo" ary faharoa, "ireo izay *nihinana*."

Ilay vondron'olona voalohany dia tonga teo amin'ilay hazo, ary nanaraka ny mpaminany nandritra ny fotoana fohy saingy *nanandrana* fotsiny an'ilay voankazo. Ny tsy fanohizan'izy ireo ny fihinanana no namelan'izy ireo ny fanarabiana avy ao amin'ilay trano hisy fiantraikany teo amin'izy ireo, ka nahatonga azy ireo niala tamin'ny mpaminany ka nankany amin'ny lalana voarara, izay nahavery azy ireo.

Ny mifanohitra amin'ireo izay nanandrana ka nirenireny, dia ireo izay hita fa *nihinana* tsy tapaka ny voan'ilay hazo. Ireo olona ireo dia tsy niraharaha ny korontana avy tao amin'ilay trano, nitoetra niaraka tamin'ny mpaminany, ary nankafy ilay fiarovana sy fiadanana naterak'izany. Ny fanoloran-tenantsika amin'ny Tompo sy ireo mpanompony dia tsy afaka ny ho fanoloran-tena



an-tselika. Raha izany no izy dia avelantsika ho mora andairan'ireo izay mikatsaka ny handrava ny fiadanantsika ny tenantsika. Rehefa mihaino ny Tompo isika amin'ny alalan'ireo mpanompony nahazo lalana dia mijoro eo amin'ny toerana masina isika ka tsy ho voala teo.

Ilay fahavalo dia manolotra vahaolana sandoka izay mety ho toa manolotra valiny saingy vao mainka mitondra antsika lavitra kokoa an'ilay fiadanana katsahantsika. Manolotra fitaka izy izay manana ny endriky ny tena izy sy ny fiarovana saingy amin'ny farany, tahaka ilay trano mijoalajoala sy malalaka, dia hirodana, ka handrava ireo rehetra izay mitady fiadanana ao anatiny.

Ny fahamarinana dia hita ao amin'ny fahatsoran'ny hira iray ataon'ny Kilonga hoe: "Mpaminany no niteny hoe: Tandremo ny didy. Ahitana *fiarovana* sy *fiadanana* ao amin'izany."[12]

#### Dingana fahatelo: "Mandehana amin'ny fahalemem-panahiko"

Na lavitra toy ny ahoana aza no niviliantsika niala tamin'ny lalana, dia manasa antsika ny Mpamonjy mba hiverina hiara-handeha Aminy. Io fanasana hiara-handeha amin'i Jesoa Kristy io dia fanasana hiaraka Aminy ho ao Getsemane, ary avy ao Getsemane mankany Kalvary, ary avy ao Kalvary mankany amin'ilay Fasana tao an-jaridaina. Fanasana hitandrina sy hampihatra ny sorompanavotana lehibe nataony izay tena mipàka any amin'ny tsirairay araka ny maha-tsy misy fetra izany. Fanasana hibebaka, hisintona ilay hery fanadiovana ananany, ary hiantsampy amin'ireo sandriny feno fitiavana sy mivelatra. Fanasana mba ho tony.

Isika rehetra, teo amin'ny fiainantsika, dia efa samy nahatsapa ilay fanaintainana sy ratram-po nateraky ny fahotana sy ny fandikan-dalàna, fa "raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika."[13] Kanefa, "na dia tahaka ny jaky aza ny fahotan[tsika]," rehefa mampihatra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika ka mandeha miaraka Aminy mandalo fibebahana marina, "dia ho fotsy tahaka ny oram-panala [izany]."[14] Na dia novesaran'ny fahamelohana aza isika dia hahita fiadanana.

Voatery niatrika ireo fahotany i Almà Zanany rehefa nisehoan'ny anjelin'ny Tompo. Izao no teny namaritany ny zavatra niainany:

"Ny fanahiko dia norotidrotehana hatrany amin'ny faran'izay lalina indrindra sy nampijalian'ny fahotako rehetra.

". . . Eny, hitako fa izaho dia efa nikomy tamin'Andriamanitro ary tsy nitandrina ny didiny masina."[15]

Amin'ny maha-lehibe ny fahotany, ary nandritra ny fijaliany dia nanohy izy hoe:

"Nahatsiaro koa aho ho efa nandre ny raiko naminany tamin'ny vahoaka ny momba ny fiavian'izany Jesoa Kristy izany, izay Zanak' Andriamanitra mba hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao.

". . . dia nihiaka tao am-poko aho hoe: Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak' Andriamanitra, mamindra fo amiko."[16]

"Ary na oviana na oviana, ambarapitalahoako tamin'i Jesoa Kristy Tompo

hamindra fo, dia tsy nandray ny famelana ny fahotako aho. Nefa indro, nitalaho Taminy aho ka dia *nahita fiadanana ho an'ny fanahiko.*"[17]

Tahaka an'i Almà, isika koa dia hahita fiadanana ho an'ny fanahintsika rehefa miara-mandeha amin'i Jesoa Kristy, sy mibebaka amin'ny fahotantsika, ary mampihatra ny heriny manasitrana eo amin'ny fiainantsika.

Ilay fiadanana izay katsahantsika rehetra dia mitaky mihoatra noho ny faniriana. Mitaky antsika hanao zavatra izany, amin'ny alalan'ny fianarana Aminy, ny fihainoana ny teniny, ary ny fiarahana mandeha Aminy. Mety tsy manana fahefana isika hifehy ny zavatra rehetra izay mitranga manodidina antsika, saingy azontsika fehezina ny fomba hampiharantsika ilay lamina ahitana fiadanana izay natolotry ny Tompo, dia lamina izay manamora ny fahatsiarovana an'i Jesoa matetika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa Jesoa Kristy no "lalana sy fahamarinana ary fiainana"[18], ary amin'ny alalany ihany no ahafahantsika mahazo fiadanana marina amin'ity fiainana ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph B. Wirthlin, "Avelao hitranga izay hitranga, dia tiavo izany," *Liahona,* nôv. 2008, 27.
2. Joseph B. Wirthlin, "Avelao hitranga izay hitranga, dia tiavo izany," 26.
3. Jaona 16:33; nampiana fanamafisana.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:23–24.
6. Isaia 2:3.
7. Thomas S. Monson, "Ny tempoly masina—fanilo ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2011, 93.
8. Gordon B. Hinckley, ao amin'ny "Rejoice in the Blessings of the Temple," *Liahona,* des. 2002, 33.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
10. 1 Nefia 8:26–28; nampiana fanamafisana.
11. 1 Nefia 8:33; nampiana fanamafisana.
12. "Pour trouver la paix," *Chants pour les enfants,* 68; nampiana fanamafisana.
13. 1 Jaona 1:8.
14. Isaia 1:18.
15. Almà 36:12–13.
16. Almà 36:17–18.
17. Almà 38:8; nampiana fanamafisana.
18. Jaona 14:6.



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny ray

*Hifantohako fotsiny anio ny soa azon'ny lehilahy atao manoloana ireo anjara asany avo indrindra—dia ny maha-vady sy ny maha-ray.*

Anio aho dia hiresaka momba ireo ray. Manan-danja ao amin'ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra ny ray ka te hankahery ireo izay miezaka ny hanatanteraka tsara an'io antso io aho. Ny midera sy mankahery ny maha-ray sy ireo ray dia tsy midika fanambaniana na tsy firaharahiana ny hafa. Hifantohako fotsiny anio ny soa azon'ny lehilahy atao manoloana ireo anjara asany avo indrindra—dia ny maha-vady sy ny maha-ray.

I David Blankenhorn, izay nanoratra ny *Fatherless America* (Tsy fisian'ny ray ao Amerika) dia nilaza hoe: "Mizarazara hatrany am-potony ny fiaraha-monina amerikanina ankehitriny ary maneho zavatra mifanipaka momba ny maharay. Ny olona sasany dia tsy mahatsiaro izany akory. Ny hafa kosa tafintohina ny amin'izany. Ary ny hafa, anisan'izany ireo manam-pahaizana maro momba ny fianakaviana dia tsy miraharaha izany na manao izany ho tsinontsinona. Betsaka ireo izay tsy manohitra izany manokana, nefa koa tsy manolo-tena amin'izany manokana. Maro ireo izay manantena ny hahafahantsika manao zavatra manoloana izany, nefa mino fa ny fiaraha-monina misy antsika dia tsy afaka intsony na tsy hanao intsony tsotra izao."[1]

Ny Fiangonana dia mino ny maharay. Mino isika fa "tanjona tsara ny hametrahan'ny lehilahy ny fianakaviany ho laharampahamehana."[2] Mino isika fa "araka ny drafitr' Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ny fianakaviany



ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany."[3] Mino isika fa manoloana ireo adidy mifameno ao amin'ny fianakaviana dia "tsy maintsy mifanampy amin'ny maha-mpiaramiasa mitovy lenta azy ireo ny ray sy ny reny."[4] Mino isika fa manana anjara toerana manokana ary tsy azo soloina ireo ray ka tena ilaina tokoa izy ireo.

Ny olona sasany dia mahita ny mahatsara ny maha-ray eo amin'ny lafiny ara-tsôsialy, dia ny famatorana ireo lehilahy amin'ny andraikitra manoloana ny zanany, ny mitaona azy ireo ho olom-pirenena vanona ary ny hieritreretany ny zavatra ilain'ny hafa, ka manova ilay fomba fijery mahazatra fa "ny reny ihany no tompon'andraikitra amin'ny zanaka ka manjary hoe ny ray sy ny reny dia samy tompon'andraikitra amin'ny zanaka. . . . Raha lazaina amin'ny teny fohy dia ny mba ho ray no zava-dehibe indrindra ho an'ny lehilahy. Ny zava-dehibe indrindra ho an'ireo zanaka dia ny mba hanana ray. Ny zava-dehibe indrindra ho an'ny



*Maneho fitiavana ireo raim-pianakaviana rehefa miasa mafy manompo sy manampy ny fianakavian'izy ireo.*



*Ny maha-ray dia mitaky fahafoizan-tena, kanefa loharanon'ny fahafaham-po tsy manam-paharoa izany.*

fiaraha-monina dia ny mba hampisy ny ray."[5] Na dia tena marina sy manan-danja aza ireo fiheverana ireo dia fantatsika fa mbola ambonimbony kokoa mihoatra ny hoe foto-kevitra aroson'ny fiaraha-monina na vokatry ny fivoarana ny maha-ray. Avy amin' Andriamanitra ny toeran'ny maha-ray, izay nanomboka tamin'ny Ray any An-danitra sy i Adama Ray, tetỳ amin'ny fiainana an-tany.

Ny fanehoana tonga lafatra sy masina indrindra ny amin'ny maha-ray dia ny Raintsika any An-danitra. Anisan'ireo toetra ananany ny fananana fahatsarana sesehena sy fitiavana tonga lafatra. Ny asany sy voninahiny dia ny fitomboana, sy ny fahasambarana, ary ny fiainana mandrakizain'ireo zanany.[6] Ireo ray amin'ity tontolo tsy tonga lafatra ity dia tsy afaka hampitovy ny tenany amin'ilay Mpanjaka any an-danitra, nefa rehefa manao izay tsara indrindra vitany izy ireo dia miezaka ny haka tahaka Azy, ary mandray anjara amin'ny asany mihitsy. Omem-boninahitra sady omena fahatokiana miavaka sy matotra izy ireo.

Ho an'ny lehilahy dia mampiseho ny fahalementsika manokana sy ny zavatra ilaintsika hatsaraina ny maha-ray. Mitaky fahafoizan-tena ny maha-ray, kanefa loharanon'ny fahafaham-po tsy hay oharina izany, dia fifaliana mihitsy. Averiko indray fa ny ohatra tsara indrindra dia ny Raintsika any An-danitra, izay tena tia antsika zanany ara-panahy, ka nomeny ny Zanany Lahitokana ho an'ny famonjena sy ny fisandratantsika.[7] Hoy Jesoa, "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany."[8] Ny ray dia mampiseho izany fitiavana izany rehefa manolotra ny ainy isan'andro amin'ny fiasana mba hanompoana sy hamelomana ny fianakaviany.

Ny asa manan-danja indrindra ataon'ny ray angamba dia ny mampody ny fon'ny zanany amin'ny Ray any An-danitra. Raha amin'ny alalan'ny ohatra omeny sy ny teny lazainy no hahafahan'ny ray mampiseho hoe toy ny ahoana izany fahatokiana an' Andriamanitra izany eo amin'ny fiainana andavanandro, dia afaka nanome



ny zanany ny fanalahidin'ny fiadanana eto amin'ity izao tontolo izao ity sy ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy io ray io.[9] Ny ray iray izay mamaky ny soratra masina sy mamaky izany amin'ny zanany dia manazatra azy ireo amin'ny feon'ny Tompo.[10]

Hitantsika miverimberina ao amin'ny soratra masina ny fanantitranterana ny adidin'ny ray aman-dreny amin'ny fampianarana ny zanany:

"Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao Ziona na any amin'ireo tsatòkany izay voatsangana ny ray aman-dreny ka tsy mampianatra azy hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an'i Kristy, ny Zanak'Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahantanana, rehefa feno valo taona izy, dia mby eo amin'ny lohan'ny ray aman-dreny ny fahotana. . . .

"Ary hampianariny ny zanany ny hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Tompo."[11]

Ny taona 1833 dia nibedy an'ireo mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ny Tompo noho ny tsy nifantohan'izy ireo araka ny tokony ho izy amin'ny adidy hampianatra ny zanak'izy ireo. Hoy tsara Izy tamin'ny iray tamin'izy ireo: "Tsy nampianarinao fahazavana araka ny didy ny zanakao; ary ilay ratsy dia mbola manana hery aminao, ary izany no anton'ny fahorianao."[12]

Ny ray dia tokony hampianatra ny lalàn' Andriamanitra ary hamerina izany ho an'ny taranaka tsirairay. Hoy ny mpanao salamo hoe:

"Fa nanorina teni-vavolombelona teo amin'i Jakoba Izy, ary teo amin' Isiraely no nametrahany lalàna, izay nandidiany ny razantsika, hampahafantariny ny zanany:

"Mba hahafantatra izany ny taranaka ho avy - dia ny zaza mbola hateraka - ka hitsangana hitory izany amin'ny zanany kosa,

"Mba hametraka ny fanantenany amin' Andriamanitra, ka tsy hanadino ny asany, fa hitandrina ny didiny."[13]

Marina tokoa fa andraikitra ifampizaran'ny ray sy ny reny ny fampianarana ny filazantsara, ny Tompo anefa dia nilaza mazava tsara fa manantena ny ray mba ho tompon'andraikitra amin'ny fanaovana izany ho laharampahamehana Izy. (Ary handeha hotsaroantsika fa ny miresadresaka, ny fiasana sy filalaovana miaraka ary ny fihainoana dia singa manan-danja amin'ny fampianarana.) Manantena ny Tompo fa ny ray dia hanampy amin'ny fanabeazana ny zanany, ary ny fanehoana ohatra no manan-danja sy mahomby indrindra. Ny zanaka dia maniry sy mila manana maodely arahina.

Nanana ray naneho ohatra tena tsara aho. Tsaroko fa fony aho zazalahy teo amin'ny 12 taona teo ho eo dia nilatsaka hofidiana ho mpitarika ny kaominina tao amin'ny tanàna kely nisy anay ny raiko. Tsy nanao fampielezan-kevitra naharitra izy, ny hany tsaroako dia hoe nasain'i Dada nizara tahadikan'ny taratasy maneho hevitra isam-baravarana izaho sy ireo rahalahiko, nanainga ny olona hifidy an'i Paul Christofferson. Betsaka ireo olon-dehibe izay nomeko tahadikan'ilay taratasy no nanamarika fa i Paul dia lehilahy tsara sy marin-toetra ary tsy hanana olana amin'ny fifidianana azy izy ireo. Vontom-pieboeboana tamin-draiko ny fon-jazalahiko. Izany dia nanome fahatokiantena ho ahy sy faniriana hanaraka ny diany. Tsy tonga lafatra izy, tsy misy olona tonga lafatra, saingy lehilahy tsara sy mahitsy toetra kosa izy ary ohatra mendrika arahin'ny zanakalahy iray.

Ny fifehezana sy ny fanitsiana dia ampahany iray ao amin'ny fampianarana. Araka ny nolazain'i Paoly hoe: "Fa izay tian'i Jehovah no faiziny."[14] Saingy rehefa manitsy ny raim-pianakaviana iray dia tsy maintsy mitandrina tsara mba tsy hisy na zavatra mitovitovy amin'ny herisetra aza, izay tsy voamarina na oviana na oviana. Rehefa mitondra fanitsiana ny ray anankiray dia tsy maintsy ny fitiavana no manosika azy hanao izany ary ny Fanahy Masina no mpitarika azy:

"Manitsy eo no ho eo amin'ny fomba henjana rehefa entanin'ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena amin'ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahavalony ianao.

"Mba hahafantarany fa ny fahatokianao dia mahery kokoa noho ny famatoran'ny fahafatesana."[15]

Ny fanitsiana araka ny fomban' Andriamanitra dia tsy dia any amin'ny fanasaziana loatra fa miompana amin'ny fanampiana ny olon-tiana iray eo amin'ny lalana mankany amin'ny fifehezan-tena izany.

Ny Tompo dia nilaza fa "ny ankizy rehetra dia manana zo hahazo fanohanana avy amin'ny ray aman-dreniny mandra-pahatonga azy ireo ho ampy taona."[16] Ny fitadiavana ho an'ny fianakaviana dia asa masina. Ny mamelona ny fianakaviana, na dia mitaky fotoana maha-lavitra ny fianakaviana aza amin'ny ankapobeny, dia tsy hoe tsy mifanentana amin'ny maha-ray, manomboka amin'izany ny maha-raim-pianakaviana tsara. "Ny asa sy ny fianakaviana dia sehatra roa mifanojo."[17] Mazava ho azy fa izany dia tsy tokony ho fialan-tsinin'ny lehilahy iray amin'ny tsy firaharahiana ny fianakaviany mba ho tombontsoan'ny asany, na koa raha ny lafiny mifanohitra tanteraka amin'izany no jerena, ny lehilahy iray izay tsy hiezaka sy tsy hiasa ary mionona amin'ny famelana ny andraikiny ho an'ny hafa. Araka ny tenin'i Benjamina Mpanjaka hoe:

"Ary tsy hamela ny zanakareo ho noana na hitanjaka ianareo; sady tsy hamela azy koa handika ny lalàn' Andriamanitra, na hiady, na hifanjihitra. . . .

"Fa hampianatra azy kosa handeha amin'ny lalan'ny marina sy ny fahononam-po ianareo; hampianatra azy hifankatia sy hifanompo ianareo."[18]

Mahatsapa ny fijalian'ireo lehilahy izay tsy afaka mahita fomba hamelomana ny fianakaviany araka ny tokony ho izy isika. Tsy mahamenatra ny tsy fahafahana manatanteraka ireo andraikitra sy anjara asa rehetra amin'ny maha-ray amin'ny fotoana iray, na dia efa manao ny ezaka tsara indrindra aza. "Ny kilema, ny fahafatesana, na ny toe-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina."[19]

Ny mitia ny renin'ny zanany, ary ny mampiseho izany fitiavana izany, no zavatra roa tsara indrindra azon'ny ray atao ho an'ny zanany. Izany dia manamafy indray ary mankahery ny fanambadiana izay fototry ny fiainampianakaviana sy ny fiarovana azy ireo.

Ny lehilahy sasany dia ray tokantena na ray mpitaiza na raikely. Betsaka amin'izy ireo no miezaka izaitsizy ary manao ny tsara indrindra vitany manoloana ny toerana misy azy, izay matetika sarotra tokoa. Manaja ireo izay manao izay rehetra azo atao amim-pitiavana, sy amim-paharetana ary amin'ny fahafoizana ny tena manokana mba hamelomana sy hikarakarana ny olon-tokana sy ny fianakaviana isika. Tsara ny manamarika



*Ny raim-pianakaviana mamaky soratra masina miaraka amin'ny zanany dia mampahafantatra azy ireo ny feon'ny Tompo.*



*Ny Tompo dia miandry ireo raim-pianakaviana hitondra fanampiana hanefy ireo zanany, ary mitady sy mila ohatra arahina ny zanaka.*

fa Andriamanitra mihitsy dia nametraka ny Zanany Lahitokana tamin'ny ray mpitaiza iray. Azo lazaina marina tokoa fa tamin'ny alalan'ny fanabeazan'i Josefa ihany koa no "[nitomboan'i Jesoa] saina sy tena sady [nandrosoany] fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona."[20]

Mampalahelo anefa fa noho ny fahafatesana, ny fanarian-jaza, na ny fisaraham-panambadiana dia tsy manandray monina miaraka amin'izy ireo ny ankizy sasany. Ho an'ny sasany dia mety ho eo amin'ny lafiny ara-batana fotsiny ny ray fa tsy eo kosa amin'ny lafiny ara-pihetsehampo, na koa tsy miraharaha na tsy manohana. Manainga ireo ray rehetra izahay mba hanao ny tsaratsara kokoa ary mba ho tsaratsara kokoa. Manainga ireo haino aman-jery sy ireo mpamokatra fialam-boly izahay mba hampiseho ray manolo-tena sy mahavita azy izay tena tia marina ny vadiny ary mitarika ireo zanany amin'ny fomba feno faharanitan-tsaina, fa tsy fampisehoana olona bonaika na adaladala, na "ny lehilahy izay hiavian'ny olana rehetra," araka ny fanehoana ny ray matetika tokoa.

Milaza izahay, ho an'ireo zanaka izay manana olana eo amin'ny toejavatra ara-pianakaviana misy azy, fa tsy latsa-danja noho izany ianareo. Indraindray ny olana dia famantarana iray fa matoky anareo Andriamanitra. Afaka manampy anareo Izy, na mivantana na amin'ny alalan'ny hafa, mba hiatrehanareo izay olana mitranga aminareo. Afaka ny ho lasa taranaka iray ianareo, ary angamba ilay taranaka voalohany indrindra ao amin'ny fianakavianareo, izay hahitana marina ny fahasambarana sy ireo fomba notendren' Andriamanitra ho an'ny fianakaviana ary hitahy ireo taranaka rehetra hafa aorianareo.

Ho an'ireo zatovolahy, manoloana ny anjara asa hohazoninareo amin'ny maha-mpamelona sy mpiaro, dia milaza aminareo izahay mba hiomana dieny izao amin'ny fahazotoana any an-tsekoly ary amin'ny fanaovana drafitra ho an'ny fianarana any amin'ny ambaratonga ambony. Ny fianarana, na any amin'ny oniversite, na any amin'ny sokajy teknika, na any amin'ny fianaran-kasa na any amin'ny fandaharam-pianarana



mitovy lenta amin'izany no fanalahidin'ny fampitomboana ireo talenta sy fahaiza-manao hilainareo. Araraoty ireo fahafahana hifaneraserana amin'ny olona na antitra na tanora, anisan'izany ny ankizy, ary ianaro ny fomba hikolokoloana fifandraisana tsara sy hahazoana tombontsoa. Matetika izany dia midika firesahana mivantana amin'ny olona ary indraindray fanaovana zavatra miaraka, fa tsy fanatsarana ny fahaizana mandefa hafatra amin'ny alalan'ny SMS fotsiny. Manàna fiainana izay hahafahanareo mitondra fahadiovana ao amin'ny fanambadianareo sy ho an'ny zanakareo, amin'ny maha-lehilahy anareo.

Na ahoana na ahoana no hitsaranareo ny rainareo amin'ny alalan'ny mari-drefy hoe tsara-tsara kokoa-tsara indrindra (ary mino aho fa hihatsara izany arakaraka ny mampahazo taona anareo sy ny maha-hendry anareo) dia milaza amin'ny taranaka vao misondrotra izahay mba hanapa-kevitra hanaja azy ireo sy ny reninareo amin'ny alalan'ny fiainanareo. Tsarovy ilay fanantenana mafy nananan'ny raim-pianakaviana iray izay nolazain'i Jaona toy izao: "Tsy manana fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako."[21] Ny fahamarinanareo no fanehoan-kaja lehibe indrindra azonareo omena ny rainareo.

Ho an'ireo rahalahiko, ireo ray ato amin'ity Fiangonana ity, dia fantatro fa maniry ny mba ho ray tonga lafatra kokoa ianareo. Fantatro fa maniry ny mba ho toy izany aho. Na dia izany aza, na dia eo aza ireo zavatra mametra antsika dia aoka isika handroso hatrany. Aoka avelantsika any ireo foto-kevitra manome vahana be loatra ny fitiavantena sy ny fahafahana manao izay tiana hita eo amin'ny tontolontsika ankehitriny ary aoka isika hieritreritra voalohany indrindra momba ny fahasambarana sy ny mahasoa ny hafa. Marina tokoa fa na dia eo aza ny tsy fahatomombanantsika dia hampivoatra antsika ny Raintsika any An-danitra ary hahatonga ny ezaka tsotra ataontsika hitondra voa. Ny tantara iray izay hita ao amin'ny *Liahona* nivoaka fotoana fohy taorian'ny niantsoana ahy ho Manampahefana Ambony dia nankahery ahy. Toy izao no voalazan'ny mpanoratra:

"Fony aho tanora dia niaina tao amin'ny trano nofaina teo amin'ny rihana faharoa, izay nahitana efitra fatoriana tokana ny fianakaviana kely nisy ahy. Teo amin'ny seza lava, tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny aho no natory. . . .

"Ny raiko, izay mpiasa mikirakira akoram-by dia mandao ny tokantrano vao maraina be isan'andro mba hiasa. Isa-maraina izy dia . . . manipaka ny rakidambako ka miato kely mandritra ny iray minitra. Mbola te hatory aho rehefa manao izany izy ary tsapako ny dadako mijoro eo anoloan'ny seza lava, ary mijery ahy. Rehefa taitra tsimoramora aho dia tsy azoko ny aiko satria eo akaiky eo izy. Manandrana manao hoe mody matory aho. . . . Tonga saina aho fa hay rehefa mijoro eo akaikin'ny fandriako izy dia mivavaka amin'ny sainy rehetra, amin'ny heriny rehetra, ary mifantoka tanteraka, ka mivavaka ho ahy.

"Isa-maraina ny dadako dia nivavaka ho ahy. Nivavaka izy ny mba hahazoako andro mahafinaritra, ny mba hahavoaro ahy, ny mba hianarako sy hiomanako ho amin'ny hoavy. Ary koa satria tsy afaka ny hiaraka amiko izy mandra-pahatonga ny hariva dia nivavaka ho an'ireo mpampianatra sy namana izay hiaraka amiko mandritra ny tontolo andro izy. . . .

"Tamin'ny voalohany dia tsy dia takatro loatra ny zavatra nataon'ny raiko nandritra ireo maraina ireo rehefa nivavaka ho ahy izy. Rehefa nihalehibe aho anefa dia lasa nahatsapa ny fitiavany sy ny firaharahiany ahy sy ny zavatra rehetra ataoko. Izany dia anisan'ireo

fahatsiarovana ankamamiako indrindra. Taona maro taty aoriana, taorian'ny nanambadiako sy nananako zanaka ka nandehanako tany amin'ny efitra nisy azy ireo rehefa natory izy ireo ary nivavahako ho azy ireo vao takatro tanteraka ny zavatra tsapan'ny raiko momba ahy."[22]

Nijoro ho vavolombelona tamin'ny zanany lahy i Almà:

"Indro, lazaiko aminao, fa Izy [i Kristy] no ho avy marina tokoa . . . ; eny tonga Izy hilaza vaovao mahafaly momba ny famonjena ny olony.

"Ary ankehitriny anaka, dia izany no asa fanompoana izay efa niantsoana anao, dia ny hilaza ireo vaovao mahafaly ireo amin'ity vahoaka ity mba hanomana ny sainy; na ny marimarina kokoa, . . . mba hahazoany manomana ny sain'ny zanany handre ny teny amin'ny fotoana hiaviany."[23]

Izany no asa fanompoan'ny ray ankehitriny. Andriamanitra anie hitahy sy hahatonga azy ireo hahavita izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. David Blankenhorn, *Fatherless America: Confronting Our Most Urgent Social Problem* (1995), 62.
2. Blankenhorn, *Fatherless America*, 5.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona*, nôv. 2010, 129.
4. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."
5. Blankenhorn, *Fatherless America*, 25–26.
6. Jereo ny Mosesy 1:39.
7. Jereo ny Jaona 3:16.
8. Jaona 15:13.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23; Mosesy 6:59.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:34–36.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25, 28.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:42.
13. Salamo 78:5–7.
14. Hebreo 12:6.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:43–44.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83:4.
17. Blankenhorn, *Fatherless America*, 113.
18. Môsià 4:14–15.
19. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."
20. Lioka 2:52.
21. 3 Jaona 1:4.
22. Julian Dyke, "Thanks, Dad," *Tambuli,* ôkt. 1994.
23. Almà 39:15–16.



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Raombinifolo

# Alaivo sary an-tsaina ny tenanao hoe any amin'ny tempoly

*Mivavaka aho mba hanome voninahitra ny Mpamonjy isika tsirairay ary hanao izay fanovana rehetra ilaina mba haka sary an-tsaina ny tenantsika hoe ao anatin'ny tempoliny masina.*

Saika tsy takatry ny saina ny fikodiadian'ny drafitry ny famonjen'ny Tompo mandritra izao fotoampitantanan'ny fahafenoam-pahasoavana izao.[1] Hita taratra izany tamin'ny nanambaran'ny Filoha Thomas S. Monson tempoly 4 vaovao tamin'ity fivorian'ny fihaonambe ity. Tamin'ny niantsoana ny Filoha Monson ho Apôstôly tamin'ny 1963 dia tempoly 12 no am-perinasa naneran-tany.[2] Tamin'ny nitokanana ny tempolin'i Provo City Center dia 150 izao no isany, ary ho 177 izany rehefa hotokanana daholo ireo tempoly rehetra efa nambara. Antony tokony hifaliantsika amimpanetrentena izany.

Valopolo amby zato taona katroka lasa tamin'ity andro androany ity, ny 3 Aprily 1836, dia fahitana iray mizizinezina no naseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'i Kirtland. Herinandro monja taorian'ny nitokanana an'io tempoly io no nitrangan'izany. Tao amin'io fahitana io no nahitan'izy ireo ny Tompo nijoro teo amin'ny arofanin'ny polipitra tao amin'ny tempoly. Anisan'ny zavatra nambaran'ny Mpamonjy ny hoe:

"Aoka ny fon'ny vahoakako rehetra hifaly, ny vahoakako izay efa nanorina ity trano ity tamin'ny heriny ho an'ny anarako.

"Fa indro efa nekeko ity trano ity ary ho eto ny anarako; ary Izaho haneho ny tenako amin'ny vahoakako amin'ny famindram-po, ao amin'ity trano ity."[3]

Tamin'io fotoana masina io dia mpaminany fahiny maro no niseho, anisan'izany i Elia, izay nanolotra ireo fanalahidy ilaina indrindra ho an'ireo ôrdônansin'ny tempoly.

Azontsika sary an-tsaina ny fifaliana mitranga any Quito, Équateur; Harare, Zimbabwe; Belém, Brésil; ary Lima, Pérou na any amin'ireo mpikambana na any amin'ireo misiônera, raha mifototra amin'izay nitranga tany Bangkok, Thailande, herintaona lasa izay, rehefa nambara io tempoly io. Rahavavy Shelly Senior, vadin'i David Senior, Filohan'ny Misiônan'i Bangkok Thailande

tamin'izany, no nandefa e-mail tamin'ireo fianakaviana sy ireo namana mba hilazana fa taorian'ny nahenoan'izy mivady ny Filoha Monson nanambara an'io tempoly io, dia nisy "12 ora tsy natoriana ary ranomasom-pifaliana be dia be." Nantsoin'izy ireo tamin'ny 11 sy sasany alina ireo mpanampin'ny filohan'ny misiôna ary nampandrenesiny izy ireo. Nantsoin'ireo mpanampin'ny filohan'ny misiôna ireo misiônera rehetra. Tonga ny tatitra fa "nifoha avokoa ny misiôna iray manontolo tamin'ny andro misasakalina, nitsambikimbikina teo ambony fandriany." Nampitandrina an'ireo fianakaviana sy ireo namana Rahavavy Senior hoe: "Tandremo sao dia alazanareo amin'ny Departemanta misahana ny Misiônera an!"[4]

Nahery tahaka izany ihany koa ny aim-panahy lalina nasehon'ireo mpikambana tany Thailande. Azoko antoka fa nisy fiomanana ara-panahy tao am-po sy tao an-tokantrano, ary nisy fanehoana avy any an-danitra nanomana ireo Olomasina any amin'ny toerana izay hisy an'ireo tempoly vao nambara ireo.

Tany Thailande Rahavavy Senior dia nanana fitaratra kely nampiasainy rehefa mampianatra an'ireo rahavavy indrindra indrindra. Nisy sarina tempoly io fitaratra io miaraka amin'ny teny hoe "Alaivo sary an-tsaina ny tenanao hoe any amin'ny tempoly." Rehefa mijery eo amin'ilay fitaratra ny olona dia mahita ny tenany ao anatin'ilay tempoly. Nampianarin-dry Seniors ireo naman'ny Fiangonana sy ireo mpikambana haka sary an-tsaina ny tenan'izy ireo hoe ao amin'ny tempoly ary hanova ireo fomba fiainana tokony hovaina sy hanao ireo fiomanana ara-panahy ilaina hanatrarana io tanjona io.

Ny fanambiko anio maraina dia ny hahafahantsika, na aiza na aiza misy antsika, mieritreritra ny tenantsika ho ao amin'ny tempoly. Hoy ny Filoha Monson hoe: "Mandra-piditrao ao amin'ny tranon'ny Tompo ary handraisanao ireo fitahiana rehetra izay miandry anao any, dia mbola tsy nandray ireo zava-drehetra atolotry ny Fiangonana ianao. Ireo fitahiana manan-danja sy avo indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana dia ireo fitahiana izay raisintsika any amin'ny tempolin' Andriamanitra."[5]

Na dia eo aza ny tsy fahampian'ny fahamarinana eo amin'izao tontolo izao ankehitriny, dia miaina amin'ny fotoana masina dia masina isika. Mpaminany maro no namariparitra izao androntsika izao tamin'ny fo feno faniriana sy fitiavana nandritra ny taonjato maro.[6]

Ny Mpaminany Joseph Smith, raha nitanisa ny Obadia[7] ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny 1 Petera[8] ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia nahatakatra ilay tanjona lehiben' Andriamanitra eo amin'ny fanolorana ny batisa ho an'ny maty ka ahafahantsika ho tonga mpamonjy ho ao an-tendrombohitr'i Ziona.[9]

Ny Tompo dia nampiroborobo ny vahoakantsika ary nanolotra ireo loharano sy fitarihana araka ny faminaniana mba hahatonga antsika ho mahatoky rehefa manatanteraka ireo andraikitsika ao amin'ny tempoly na ho an'ireo velona na ho an'ireo maty.

Noho ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia takatsika ny anton'ny fiainana, ny drafitry ny famonjena ho an'ireo zanany, ny sorona fanavotana nataon'ny Mpamonjy ary ny anjara toerana manan-danja ananan'ny fianakaviana eo amin'ny firafitry ny lanitra.[10]

Ny isan'ny tempoly lasa maro dia maro sy ny teknôlôjia avo lenta hanatanterahantsika ny andraikitra masina ananantsika eo amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana ho an'ireo razambentsika no mahatonga izao fotoana izao ho lasa fotoana tsara indrindra eo amin'ny tantara hatrizay. Mahafaly ahy ny fahatokiana miavaka asehon'ireo



*Nanampy ny olona tao Thailande haka sary an-tsaina ny tenany hoe ao amin'ny tempoly ireo fitaratra kely natao manokana.*

zatovo manao firaketana faobe sy mikaroka ireo razambeny ary avy eo manatanteraka ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana any amin'ny tempoly. Anisan'ireo voalazan'ny faminaniana hoe mpamonjy ao an-tendrombohitr'i Ziona ara-bakiteny tokoa ianareo.

#### Ahoana no fomba hiomanantsika ho any amin'ny tempoly?

Fantatsika fa ny fahamarinana sy ny fahamasinana no ampahany manan-danja eo amin'ny fiomanana ho any amin'ny tempoly.

Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 97 ny hoe "Ary raha toa ka manorina trano ho Ahy amin'ny anaran'ny Tompo ny oloko ary tsy mamela zavatra tsy madio hiditra izany mba tsy haloto izany, dia hitoetra amin'izany ny voninahitro."[11]

Tany alohan'ny taona 1891 dia ny Filohan'ny Fiangonana no nanao sonia ny fahazoan-dalana tsirairay hidirana any amin'ny tempoly. Taty aoriana io andraikitra io dia nankinina tamin'ireo eveka sy filohan'ny tsatòka.

Tena irinay mafy ny hananan'ny mpikambana tsirairay ato amin'ny Fiangonana fiainana mendrika hahazo fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Miangavy anareo aho mba tsy hihevitra ny tempoly ho toy ny tanjona lavitra ary angamba tsy ho azo tratrarina mihitsy. Ny ankamaroan'ny mpikambana, raha miara-miasa amin'ny evekany, dia afaka mahafeno ireo fepetran'ny fahamarinana takina ao anatin'ny fotoana tsy dia lava loatra raha toa ka manampiniavana ny ho mendrika sy ny hibebaka tanteraka amin'ireo fandikandalàna izy ireo. Tafiditra amin'izany ny finiavana hamela ny tenantsika fa tsy hifantoka amin'ny tsy fahatanterahantsika sy ny fahotantsika ho toy ny manakana antsika tsy ho tafiditra any amin'ny tempoly na oviana na oviana.

Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia notanterahina ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Ny sorona manavotra nataony dia manefa ny fitakian'ny fahamarinana ho an'ny rehetra izay tena mibebaka marina. Faripaританʼny soratra masina amin'ny fomba tena kanto izany:

"Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala."[12]

"Ary tsy hotsarovako intsony [izany]."[13]

Manome toky anao izahay fa ny fiainana fitsipika marina dia hitondra fahasambarana sy fahafaham-po ary fiadanana ho anao sy ny fianakavianao.[14] Ireo mpikambana, na olon-dehibe na zatovo,[15] dia manamarina ny fahamendrehany rehefa mamaly ireo fanontaniana amin'ny fahazoan-dalana hidirana ao amin'ny tempoly. Ny ambangovangon'ireo fepetra takina dia ny hampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba an' Andriamanitra Ray, sy i Jesoa Kristy Zanany, ary ny Famerenana ny filazantsarany amin'ny laoniny sy hiaina ny fanompoan'ny Fanahy Masina.

#### Maro dia maro ireo fitahiana entin'ny tempoly

Ireo fitahiana lehibe indrindra entin'ny tempoly dia ireo ôrdônansin'ny fisandratana. Ny drafitry ny filazantsara dia mifandraika amin'ny fisandratana ary ahitana ny fanaovana fanekempihavanana masina amin' Andriamanitra sy ny fitandremana izany. Ankoatra ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, dia any amin'ny tempoly no hanatanterahana sy handraisana ireo ôrdônansy ireo ho an'ny velona. Ho an'ny efa maty, dia any amin'ny tempoly no handraisana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny famonjena rehetra.

Nampianatra i Brigham Young hoe: "Tsy misy zavatra na dia iray aza izay azon'ny Tompo natao ho famonjena ny zanak'olombelona ka hoe notsinontsinoaviny; . . . ny zavatra rehetra azo natao, ka tsy miankina amin'izy ireo, dia notanterahan'ny Mpamonjy ary notanterahana tao Aminy."[16]

Manangana tsatòka, paroasy, kôlejy sy vondrona fanampiny ato amin'ny Fiangonana ary misiôna sy ny sisa ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana any amin'ireo trano fiangonana sy trano hafa. Any amin'ny tempoly ihany ny Tompo no manorina fianakaviana mandrakizay.

Mazava tsara fa ireo izay manana fo torotoro sy fanahy manenina ka efa nibebaka marina tamin'ny fahotany dia azon'ny Tompo ekena tanteraka ao amin'ny tranony masina.[17] Fantatsika fa "tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra."[18] Anisan'ny zava-tsarobidy tiako mahakasika ny tempoly ny hoe tsy misy fanavahana fari-piainana, na saranga, na toerana tazonina na amin'ny endriny manao ahoana na amin'ny endriny manao ahoana eo anivon'ireo izay mandeha any. Mitovy daholo isika eo anatrehan' Andriamanitra. Samy mitafy fotsy avokoa ny rehetra mba hanehoana fa vahoaka madio sy marina.[19] Mipetraka mifanila avokoa ny rehetra miaraka amin'ny faniriana ao am-po ny ho zanakalahy sy zanakavavy mendrika an'ny Ray any An-danitra be fitiavana.

Eritrereto fotsiny hoe manerana ny tany manontolo, ireo lehilahy sy vehivavy dia afaka, amin'ny alalan'ny "ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina . . . hiverina eo anatrehan' Andriamanitra sy . . . ho iray mandrakizay."[20] Ao anatin'ny efitrano famehezana tsara tarehy azon'ny mpikambana rehetra mendrika hiditra ao amin'ny tempoly hidirana no hanaovan'izy ireo izany. Aorian'ny fidiran'izy ireo ao amin'ireo fanekempihavanana ireo dia afaka "mahita ny tenan'izy ireo" eo amin'ireo fitaratry ny tempoly izay mifanatrika. "Ireo fitaratry ny tempoly ireo dia miara-mampiseho amin'ny fomba mandroso sy miverina, sary izay toa mitohy mankany amin'ny mandrakizay."[21] Ireo sary mitaratra ireo dia manampy antsika handinika ireo ray aman-dreny sy raibe sy renibe, ary ireo taranaka rehetra tany aloha. Manampy antsika izy ireo hamantatra ireo fanekempihavanana masina izay mampifandray antsika amin'ireo taranaka rehetra izay ho avy. Tsy mampino ny lanjan'izany, ary izany dia manomboka rehefa ianareo no maka sary antsaina ny tenanareo hoe ao anatin'ny tempoly.

Nanoro hevitra antsika ny Filoha Howard W. Hunter "handinika ireo fampianarana goavana ao amin'ilay vavaka lehibe nanokanana ny Tempolin'i Kirtland, vavaka izay nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith fa nomena azy tamin'ny alalan'ny fanambarana.



Izy io dia vavaka izay mbola mitohy mivaly amintsika tsirairay, sy amintsika amin'ny maha-fianakaviana antsika, ary amin'ny maha-vahoaka antsika noho ilay fahefan'ny fisoronana nomen'ny Tompo ampiasaintsika ao amin'ny tempoliny masina"[22] Tsara ho antsika ny mandalina ny fizarana faha-109 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny manaraka ny fampitandremana nataon'ny Filoha Hunter dia "ny hametraka ny tempolin'ny Tompo ho toy ny marika lehibe ny maha-mpikambana [antsika]."[23]

Ny tempoly ihany koa dia toerana fialofana, toeran'ny fanati-pisaorana, ny fianarana, ary ny fahatakarana "mba hahazoana manao [antsika] ho tanteraka . . . amin'ny zavatra rehetra mikasika ny fanjakan' Andriamanitra ety antany."[24] Nandritra ny androm-piainako izany dia toeran'ny filaminana sy ny fiadanana eo anivon'ny tontolo izay ao anaty korontana ara-bakiteny.[25] Mahafinaritra ny mamela ireo ahiahin'izao tontolo izao any ambadika any rehefa ao amin'io tontolo masina io.

Matetika ao amin'ny tempoly rehefa mandray anjara amin'ny fikarohana mikasika ny tantaram-pianakaviana isika dia mahatsapa bitsika ary mahazo fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina.[26] Indraindray ao amin'ny tempoly dia lasa manify dia manify ilay voaly manasaraka antsika sy ireo izay any ambadika. Mandray fanampiana



fanampiny isika eo amin'ny ezaka ataontsika ny ho lasa mpamonjy ao an-tendrombohitr'i Ziona.

Taona maro lasa izay tao amin'ny tempoly iray tany Amerika Afovoany, dia nisy vadina lehilahy iray izay Manampahefana Ambony misotro ronono ankehitriny, izay nanampy raim-pianakaviana sy renim-pianakaviana iray niaraka tamin'ny zanany handray fanekempihavanana mandrakizay tao amin'ny efitrano famehezana izay ahitana ireo fitaratry ny tempoly. Rehefa namarana izy ireo ka nanatrika ireo fitaratra ireo, dia nahatsikaritra ity rahavavy ity fa misy tarehin'olona izay tsy tao amin'ny efitrano famehezana teo amin'ilay fitaratra. Nanontaniany ilay renim-pianakaviana ary dia teo no nahafantarany fa nisy zanaka vavy iray izay efa maty ka noho izany tsy afaka nanatrika teo ara-batana. Dia nampidirina tamin'ny alalan'ny fisoloana tena tao anatin'ilay ôrdônansy masina ilay zanakavavy efa maty.[27] Aza tsinontsinoavina velively ny fanampiana izay atolotra any amin'ny tempoly avy any ambadiky ny voaly.

Fantaro hoe hatraiza ny hanirianay amin-kitsimpo ny hanaovan'ny tsirairay izay fanovana tokony hatao mba ho mendrika ny ho any amin'ny tempoly. Diniho ombam-bavaka ny toe-piainanao ara-panahy, katsaho ny fitarihan'ny Fanahy, ary miresaha amin'ny evekanao mikasika ny fiomananao ho any amin'ny tempoly. Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Tsy misy tanjona manandanja kokoa tokony hiezahanao ho tratrarina mihoatra noho ny ho tonga mendrika ho any amin'ny tempoly."[28]

#### Ny Mpamonjy no "vato fehizoro indrindra tsy azo hozongozonina ho an'ny finoantsika sy ho an'ny Fiangonany"

Nanana tombontsoa manokana aho nandray anjara niaraka tamin'ny Filoha Henry B. Eyring namerina nanokana ny Tempolin'i Suva Fidji roa volana lasa izay. Fotoana niavaka tena masina izany. Ny herimpon'ny Filoha Eyring sy ny fahatsapana ara-panahy mahery nananany dia nahafahan'ny fanokanana hitohy teo anatrehan'ny rivo-doza mahery indrindra nisy hatrizay tany amin'ny Ilam-bolantany Atsimo. Nisy fiarovana ara-batana sy ara-panahy ho an'ireo tanora sy ireo misiônera ary ireo mpikambana.[29] Tena hita mazava ny tanan'ny Tompo. Fialofana teo anatrehan'ilay rivo-doza ny fotoana namerenana nanokanana ny Tempolin'i Fidji Suva. Matetika rehefa miatrika ireo rivo-dozan'ny fiainana isika dia mahita ny tanan'ny Tompo manolotra fiarovana mandrakizay.

Niavaka ihany koa ny fanokanana ny Tempolin'i Fidji Suva tany amboalohany tamin'ny 18 Jona 2000. Rehefa akaiky ho vita ilay tempoly dia nisy mpikambana maro tao amin'ny antenimiera nataon'ny andiana mpikomy takalon'aina. Voaroba sy nodorana ny tao an-tampo-tanànan'i Suva, Fidji. Nanambara ny fampiharana ny lalàna miaramila ny tafika.

Tamin'ny naha-Filohan'ny Vondromparitra ahy, dia nandeha niaraka tamin'ireo filohan'ny tsatòka efatra tany Fidji aho ary nihaona tamin'ireo mpitarika ny tafika tao amin'ny toby Queen Elizabeth. Rehefa nazavainay ilay fitokanana nokasaina hatao, dia nanohana izy ireo saingy niahiahy mikasika ny fiarovana ny Filoha Gordon B. Hinckley. Fitokanana tsotsotra no nasainy natao, tsy misy hetsika ety ivelan'ny tempoly toy ny fametrahana vato fehizoro. Nantitranterin'izy ireo fa na iza na iza ety ivelan'ny tempoly dia mety ho lasibatry ny herisetra.

Nankatoavin'ny Filoha Hinckley ny hanaovana fivoriana fanokanana tsotsotra izay tsy ahitana afa-tsy ny fiadidian'ny tempoly vaovao sy mpitarika vitsivitsy teo an-toerana. Tsy nisy olonkafa nasaina noho ny mety ho loza. Kanefa nilaza tamim-pahavitrihana izy hoe: "Raha hanokana ny tempoly isika, dia hasiantsika lanonana fametrahana vato fehizoro satria i Jesoa Kristy no vato fehizoro indrindra, ary Fiangonany ity."

Rehefa tena nivoaka tany ivelany izahay hanao ny lanonana fametrahana vato fehizoro, dia tsy nisy mpikambana, tsy nisy ankizy, tsy nisy haino amanjery na olon-kafa nanatrika. Fa mpaminany iray mahatoky no naneho ny fanoloran-tenany feno herimpo sy tsy voahozongozona tamin'ny Mpamonjy.

Taty aoriana ny Filoha Hinckley, raha niresaka momba ny Mpamonjy, dia nilaza hoe: "Tsy misy tahaka Azy. Tsy mbola nisy. Ary tsy hisy mihitsy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny nanomezany ny Zanany malalany, izay nanolotra ny ainy mba hahafahantsika ho velona ary izay vato fehizoro indrindra tsy mihozongozona ho an'ny finoantsika sy ny Fiangonany."[30]

Rahalahy sy ranabavy, mivavaka aho mba hanome voninahitra ny Mpamonjy isika tsirairay ary hanao izay fanovana rehetra ilaina mba haka sary an-tsaina ny tenantsika hoe ao anatin'ny tempoliny masina. Ny fanaovantsika izany dia hahafahantsika manatanteraka ireo tanjony masina ary manomana ny tenantsika sy ny fianakaviantsika amin'ireo fitahiana rehetra azon'ny Tompo sy ny Fiangonany arotsaka mandritra ity fiainana ity sy mandrakizay. Zaraiko ny fijoroako ho vavolombelona fa velona ny Mpamonjy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.
2. Ny tempoly faha-12, ny tempolin'i Londres, Angleterre, dia notokanana tamin'ny 7 septambra 1958.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:6–7.
4. Shelly Senior, email, 6 apr. 2015.
5. Thomas S. Monson, "Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2011, 93.

6. Jereo ny Isaia 2:2.
7. Jereo ny Obadia 1:21.
8. Jereo ny 1 Petera 4:6.
9. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith,* (2007), 409.
10. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* (2004), 177, 192–93.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:15; jereo ihany koa ny andininy 17.
12. Isaia 1:18.
13. Jeremia 31:34.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
15. Ankoatra ny fahazoan-dalana ho an'ny olon-dehibe efa nandray ny fanafiana masina, dia afaka mahazo fahazoan-dalana voafetra ireo zatovo mendrika sy ireo olon-dehibe tsy mbola nahazo fanafiana masina hanatanterahana batisa ho an'ny maty. Ireo fahazoan-dalana karazany roa ireo dia samy ilàna ny sonian'ilay omena azy izay manamarina ny fahamendrehan'ny tenany manokana. Manan-kery mandritra ny herintaona io fahazoan-dalana voafetra io ary manome fahafana ho an'ny episkôpà hifandinika indray mandeha isan-taona amin'ny olona tsirairay mikasika ny fahamendrehany.
16. *Enseignements des Présidents de l'Église: Brigham Young* (1997), 29.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.
18. Asan'ny Apostoly 10:34; jereo ihany koa ny Môrônia 8:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:35; 38:16.
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:16.
20. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
21. Gerrit W. Gong, "Ireo fitaratry ny tempoly izay maneho ny mandrakizay: Fijoroana ho vavolombelon'ny fianakaviana," *Liahona,* nôv. 2010, 37.
22. *Teachings of the Presidents of the Church: Howard W. Hunter* (2015), 183.
23. *Teachings: Howard W. Hunter,* 178.
24. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:13–14.
25. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26–27.
26. Matetika izy io no antsoina hoe Fanahin'i Elia. Ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra fa ny fanahin'i Elia dia "fomba fisehon'ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona momba ny maha-araka an' Andriamanitra ny fianakaviana" ("A New Harvest Time," *Ensign*, mey 1998, 34).
27. Nozaraina rehefa nahazoana lalana.
28. Thomas S. Monson, "Ny tempoly masina—Fanilo ho an'izao tontolo izao," 93.
29. Ireo misiônera sy zatovo nentina avy tany amin'ireo nosy lavitra dia nampiantranoana tany amin'ireo sekolin'ny Fiangonana sy tranon'ny Fiangonana azo antoka ary dia voaro tamin'ireo endrika faran'izay ratsy indrindra tamin'ny Rivo-doza Winston.
30. Gordon B. Hinckley, "Four Cornerstones of Faith," *Liahona,* feb. 2004, 4–5.





**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany


# Ataony eo an-tsorony ianao dia entiny mody

*Saingy tahaka ny ahitan'ny Mpiandry Tsara ny ondriny very, raha mampitodika ny fonao amin'ny Mpamonjin'izao tontolo izao ianao dia hahita anao Izy.*

Ny iray amin'ireo fahatsiarovana tamin'ny fahazazako izay mibahana ao an-tsaiko dia manomboka amin'ny tabataba avy lavitry ny anjombona fampitandremana amin'ny fanafihana izay nanaitra ahy tamin'ny torimasoko. Fotoana fohy aorian'izay, dia misy feo hafa, ny firoandroan'ireo tangolimihodina, mihamafy mandra-panozongozonany ny lanitra. Noho izahay nozarin'ny reninay tsara dia nandray tsirairay ny kitapom-batsinay efa voaomana izahay ankizy ka nihazakazaka nananika tendrombohitra ho any amin'ny toerana iray fiarovana amin'ny baomba. Raha iny manao dia maika ao anatin'ny alina maizin-kitroka iny izahay dia miraraka avy eny an-danitra ireo mari-pamantarana mirehitra miloko maitso sy mena mba hanamarihana ireo tanjona kendrena ho an'ireo mpandatsaka baomba. Mahagaga tokoa fa antsoin'ny rehetra hoe hazo noely ireo mari-pamantarana mirehitra ireo.


Efa-taona aho amin'io ary vavolombelona mahita maso ny tontolo iray ao anatin'ny ady.

### Dresde

Tsy lavitra ny toerana nipetrahan'ny fianakaviako ny tanànan'i Dresde. Angamba efa an'arivony mahery ny fotoana nahitan'ireo izay nipetraka tao ny zavatra hitako. Afobe nidedadeda naterak'ireo baomba an'arivo taonina no nanenika haingana an'i Dresde ka nandrava ny 90 isan-jatony mahery tamin'ilay tanàna ary tsy namela afa-tsy korontan-trano rava sy lavenona.

Tao anatin'ny fotoana fohy monja dia tsy nisy intsony ilay tanàna izay nomena anaram-bosotra hoe ilay "Vata fitoerana firavaka." I Erich Kästner, izay mpanoratra Alemana dia nanoratra toy izao momba ilay faharavana: "Tao anatin'ny arivo taona no nanorenana ny hatsarany saingy indray alina monja dia rava tanteraka izany."[1] Nandritra ny fahazazako dia tsy nety azoko an-tsaina ny fomba mety nanakanana ny faharavana nateraky ny ady izay natomboky ny vahoakanay. Toa tsy nanana fanantenana sy tsy nanana hoavy mihitsy ny tontolo nanodidina anay.

Nanana fahafahana hiverina tany Dresde aho tamin'ny herintaona. Fitopolo taona taorian'ilay ady dia lasa



*Raha azo haorina indray ny tanàna rava tahaka an'i Dresde ao Allemagne dia moa ve tsy lehibe lavitra noho izany ny fahafahan'ny Raintsika Tsitoha mamerina amin'ny laoniny ireo zanany izay lavo, na ao anatin'ny fahasahiranana, na very?*

UNIVERSALIMAGESGROUP/UNIVERSAL IMAGES GROUP/GETTY IMAGES

tanàna toy ny "Vata fitoerana firavaka" indray izany. Efa voaisotra teo ireo zavatra rava ary naverina tamin'ny laoniny sy nohatsaraina mihitsy aza ilay tanàna.

Nandritra ny fitsidihako dia nahita an'i Frauenkirche aho, ilay fiangonana Loterana tsara tarehy izay fiangonan'ny Filoham-pirenenay. Raha naorina tany amin'ny taona 1700 tany izany tany ampiandohana dia iray tamin'ireo zavatra sarobidy nampiavaka an'i Dresde izany, saingy nopotehin'ny ady ho lasa antontan-javatra rava izany. Nijanona ho toy izany nandritra ny taona maro izany mandra-panapahan'ny olona sasany hevitra tamin'ny farany fa haverina haorina indray i Frauenkirche.

Notehirizina sy nalamina ireo vato avy amin'ilay fiangonana rava ary rehefa azo natao dia nampiasaina tamin'ny fanorenana indray izany. Ankehitriny dia hita toy ny holatra eo amin'ireo rindrina ivelany ireo vato maintin'ny afo ireo. Ireo "holatra" ireo dia tsy fampahatsiahivana fotsiny ihany ny tantaran'io trano io fa tsangambaton'ny fanantenana ihany koa—izay tandindona kanton'ny fahafahan'ny olona mamerina amin'ny laoniny ny zavatra iray izay simba.

Raha mbola nisaintsaina ny tantaran'i Dresde aho ary variana tamin'ny fahaizana sy ny fahavononan'ireo izay namerina tamin'ny laoniny ny zavatra izay efa rava tanteraka, dia nahatsapa ny fitaomana mahafinaritra avy amin'ny Fanahy Masina. Nieritreritra aho hoe azo antoka fa raha toa ka afaka maka ireo korontan-javatra tavela, ireo zavatra rava, ary ny sisa tavela amin'ny tanàna simba iray ny olona ka manorina indray foto-drafitrasa goavana manakatra ny lanitra avy amin'izany dia moa ve tsy mahay lavitra noho izany ny Raintsika Tsitoha mba hamerina amin'ny laoniny ireo zanany izay lavo, na manana ady, na lasa very ara-panahy?

Tsy maninona na mety ho hita ho simba tanteraka toy ny ahoana aza ny fiainantsika. Tsy maninona na toy ny ahoana aza ny fahamelohantsika noho ny fahotana, na ratsy fanahy manao ahoana isika, na irery sy very ary maratra manao ahoana ny fontsika. Na ireo tsy manana fanantenana aza, na miaina ao anatin'ny fahadisoam-panantenana, na ireo nitsipa-pitokisana, na ireo tsy niaina tamim-pahamarinana intsony, na niala tamin' Andriamanitra dia azo aorina indray. Ankoatra ireo zanaky ny fahaverezana vitsivitsy dia tsy misy fiainana hoe simba be loatra izany ka tsy azo arenina.

Ny vaovao mahafalin'ny filazantsara dia izao: noho ny drafitry ny fahasambarana mandrakizay nomen'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana sy amin'ny alalan'ny sorona tsisy fetran'i Jesoa Kristy dia tsy hoe afaka ny ho voavonjy amin'ny toetran'ny fahalavoana sy haverina ho amin'ny fahadiovana fotsiny isika, fa afaka ny hivoatra mihoatra izay azon'ny sain'olombelona takarina ihany koa ka ho lasa mpandova ny fiainana mandrakizay sy mpandray anjara amin'ny voninahitr' Andriamanitra izay tsy hay lazaina ny halehibeny.

**Ny fanoharana momba ny ondry very**

Nandritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy dia tsy nankasitraka ny hiarahan'i Jesoa tamin'ireo olona nantsoin'izy ireo hoe "mpanota" ireo mpitondra fivavahana tamin'izany fotoana izany.

Ho azy ireo angamba dia toy ny hoe nilefitra tamin'izany na nanaiky mihitsy aza ny fitondrantena feno fahotana Izy. Nino angamba izy ireo fa ny fomba tsara indrindra hanampiana ny mpanota hibebaka dia ny fanamelohana sy ny fanambaniana ary ny fanalana baraka azy ireo.

Rehefa fantatry ny Mpamonjy ny zavatra noeritreretin'ireo Fariseo sy mpanora-dalàna dia nitantara tantara iray Izy:

"Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivifolo any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?

"Ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy."[2]

Nandritra ny taonjato maro dia noraisin'ny olona ho toy ny didy ho antsika io fanoharana io mba hamerenana ireo ondry very sy hitady ireo izay very. Raha azo antoka fa mitombina sy tsara tokoa izany dia manontany tena aho raha toa ka mbola mihoatra izay ny tena izy.

Azo heverina ve fa ny tanjon'i Jesoa izay manan-danja indrindra dia ny nampianatra mikasika ny asan'ny Mpiandry Tsara?

Azo heverina ve fa nijoro ho vavolombelona momba ny fitiavan' Andriamanitra ireo zanany nania Izy?

Azo heverina ve fa ny hafatry ny Mpamonjy dia hoe mahafantatra tanteraka ireo izay very Andriamanitra—ary




BETTMANN/BETTMANN/GETTY IMAGES



ISTOCK.COM/JOHANNES86

*Mijoro ho toy ny tandindona kanton'ny fahafahan'ny olona mamerina amin'ny laoniny ny zavatra iray izay simba ireo vato maintin'ny afo nampiasaina nanorenana indray an'i Frauenkirche ilay fiangonana Loterana.*

hahita azy ireo Izy, hanolo-tanana amin'izy ireo, ary hamonjy azy ireo?

Raha izay no izy dia inona no tsy maintsy ataon'ilay ondry mba ho mendrika io fanampiana avy amin' Andriamanitra io?

Mila mahafantatra ny fomba fampiasana fandrefi-zefa-joro tena manahirana ve ilay ondry mba hanaovana kajy ny mombamomba ny toerana misy azy? Mila mahay mampiasa GPS ve izy mba hamaritana ny toerana misy azy? Mila manana fahaizana manokana hamoronana application izay hangataka fanampiana ve izy? Mila fankatoavana avy amin'ny mpanohana ve ilay ondry alohan'ny hahatongavan'ilay Mpiandry Tsara hamonjy azy?

Tsia. Mazava ho azy fa tsia! Mendrika ny hahazo ny fanavotan' Andriamanitra izy satria tian'ny Mpiandry Tsara tsotra izao.

Ho ahy, ilay fanoharana momba ny ondry very dia iray amin'ireo andian'andinin-tsoratra masina mitondra fanantenana be indrindra ao amin'ny soratra masina rehetra.

Mahafantatra sy tia antsika ny Mpamonjy antsika, dia ny Mpiandry Tsara. Mahafantatra sy tia anao Izy.

Fantany rehefa very ianao, fantany ny toerana misy anao. Fantany ny alahelonao. Ireo fitalahoanao Aminy mangina. Ireo tahotrao. Ny ranomasonao.

Tsy manan-danja izay fomba nahalasa very anao—na izany noho ny safidy ratsy nataonao na noho ireo toe-javatra nisy izay tsy voafehinao.

Ny manan-danja dia ny mahazanany anao. Ary tiany ianao. Tiany ireo zanany.

Satria tiany ianao dia ho hitany. Ataony eo an-tsorony amim-pifaliana ianao. Ary rehefa mitondra anao mody Izy dia hilaza amin'ny rehetra hoe: "Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very."[3]

#### Inona no tsy maintsy ataontsika?

Mety hieritreritra anefa ianao hoe inona no andrasana mba hataoko ao anatin'izany? Mazava ho azy fa mila manao zavatra bebe kokoa noho ny miandry hovonjena fotsiny aho.

Na dia maniry ny hiverenan'ny zanany rehetra any Aminy aza ny Raintsika be fitiavana dia tsy hanery na iza na iza ho any an-danitra Izy.[4] Tsy hanavotra antsika Andriamanitra raha tsy izay no sitrapontsika.

Koa inona ary no tsy maintsy ataontsika?

Tsotra ny fanasany:

"Miverena amiko."[5]

"Mankanesa atỳ amiko."[6]

"Manakaikeza Ahy dia hanakaiky anareo Aho."[7]

Izany no fomba hanehoantsika Aminy fa maniry ny hovonjena isika.

Mitaky finoana kely izany. Saingy aza kivy. Raha tsy afaka manangona finoana ianao izao dieny izao dia manomboha amin'ny fanantenana.

Raha tsy afaka milaza ianao hoe fantatrao fa misy Andriamanitra dia afaka manantena ianao fa misy Izy. Afaka maniry ny hino ianao.[8] Ampy hanombohana izany.

Dia ampiasao izany fanantenana izany mba hifandraisana amin'ny Rainao any An-danitra. Ho ataon' Andriamanitra mipaka any aminao ny fitiavany ary hanomboka ny asa famonjeny sy fanovany.

Rehefa mandeha ny fotoana dia ho fantatrao ny fiasan'ny tanany eo amin'ny fiainanao. Hahatsapa ny fitiavany ianao. Ary ny faniriana handeha araka ny fahamarinany sy hanaraka ny lalany dia hitombo isaky ny manao dingan'ny finoana ianao.

Antsointsika hoe "fankatoavana" ireo dingan'ny finoana ireo.

Teny tsy malaza izany amin'izao androntsika izao. Saingy ny fankatoavana dia hevi-dehibe manan-danja ao anatin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, satria fantatsika fa "noho ny Sorompanavotana nataon'i Kristy dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara."[9]

Rehefa mitombo amin'ny finoana isika dia tsy maintsy mitombo amin'ny fahatokiana ihany koa. Teo aloha teo aho dia nindrana ny tenin'ny mpanoratra Alemana iray izay naneho ny alahelony ny amin'ny faharavan'i Dresde. Nanoratra ity andian-teny ity koa izy: "Es gibt nichts Gutes, ausser: Man tut es." Ho an'ireo izay tsy mahay ny fiteny selestialy dia toy izao no handikana izany: "Tsy misy zavatra tsara raha tsy ataonao ilay izy."[10]

Mety tena mahay miresaka tsara ireo zavatra ara-panahy izaho sy ianao. Mety hanaitra ny olona amin'ny fahaizantsika mamelabelatra ireo lohahevitra ara-pilazantsara isika. Mety hiresaka amin-kafanam-po lehibe momba ny fivavahana isika ary "hanonofy aminkamamiana ny valisoantsika any an-danitra."[11] Saingy raha tsy manova ny fomba fiainantsika ny finoantsika—raha tsy misy fiantraikany eo amin'ny fanapahan-kevitra raisintsika isan'andro ny finoantsika—dia tsy misy ilana azy ny fivavahantsika, ary ny finoantsika, raha tsy maty, dia tsy matanjaka ary efa atahorana ho lasa maty amin'ny farany.[12]

Ny fankatoavana no manome hery ny finoana. Amin'ny alalan'ny fankatoavana no hahazoantsika fahazavana ho an'ny fanahintsika.

Fa indraindray isika dia diso fihevitra mikasika ny fankatoavana raha ny eritreritro. Mety raisintsika ho tanjona farany ho tratrarina ny fankatoavana fa tsy fomba entina hanatrarana tanjona. Na hanakapoka ny maritoan'ny fankatoavana ara-tsarin-teny amin'ny riandrian'ireo didy isika mba hanefena ireo olontiantsika amin'ny alalan'ny famanana tsy tapaka sy ny famerimberenana tsy ankiato izay mitondra mankany amin'ny zavatry ny lanitra sy ny masina kokoa.

Tsy isalasalana fa indraindray isika dia mila didina mafy mba hibebaka. Azo antoka fa misy olona sasany izay tsy ho tratra antso afa-tsy amin'io fomba io ihany.

Fa angamba misy sarinteny hafa izay afaka manazava ny antony hankatoavantsika ny didin' Andriamanitra. Ny fankatoavana angamba dia tsy dia hoe fanerena ny fanahintsika, tahaka ny famoretana sy ny fanolanana ary ny fikapohana vy, ho lasa zavatra izay tsy azontsika hahatongavana loatra. Fa ny fankatoavana kosa angamba dia ilay dingana izay hahafantarantsika hoe nohariana tamin'ny alalan'ny inona isika.

Noharian'ilay Andriamanitra Tsitoha isika. Raintsika any An-danitra Izy. Fanahy zanany ara-bakinteny isika. Vita tamin'ny akora sarobidy indrindra sy voafantina indrindra avy any an-danitra isika, ka araka izany dia mitondra akora maha-andriamanitra ao anatintsika.

Eto an-tany anefa dia lasa voataonan'ny zavatra maloto sy tsy masina ny eritreritsika sy ny asantsika. Mandoto ny fanahintsika ny fahalotoan'izao tontolo izao ka mahatonga ny fahafantarana sy ny fahatsiarovana ny tena toetrantsika sy ny tanjotsika ho sarotra.

Saingy tsy afaka manova ny tena maha-isika antsika izany rehetra izany. Mijanona eo ihany ny fahamasinana fototry ny toetrantsika. Ary amin'ny fotoana izay hisafidianantsika ny hampitodika ny fontsika any amin'ny Mpamonjy malalantsika sy hametrahantsika ny tongotsika eo amin'ny lalana amin'ny maha-mpianatra antsika dia misy zavatra mahagaga mitranga. Mameno ny fontsika ny fitiavan' Andriamanitra. Mameno ny saintsika ny faharanitan-tsaina. Manomboka tsy manam-paniriana ny hanohitra isika. Ary tsy te handeha ao amin'ny haizina intsony.[13]

Lasa tsy toy ny famaizana intsony ny fijerintsika ny fankatoavana fa toy ny lalana manafaka mankany amin'ny fiafarantsika ho lasa andriamanitra. Dia manomboka misinda tsikelikely ny fahalotoana sy ny sakantsakana eto amin'ity tany ity. Amin'ny farany dia haseho ilay fanahy tsy hay sandaina sy mandrakizain'ny olon'ny lanitra ao anatintsika, ary lasa loharanon'ny hatsarana isika.

#### Mendrika ny fanavotana ianao

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ry namako malala isany, mijoro ho vavolombelona aho fa mahafantatra antsika Andriamanitra—ary raisiny ho mendrika ny fanavotana isika.

Mety hahatsapa ianao fa rava tanteraka ny fiainanao. Mety nanota ianao. Mety matahotra ianao, na tezitra, na malahelo, na ampijalian'ny ahiahy. Saingy tahaka ny ahitan'ny Mpiandry Tsara ny ondriny very, raha mampitodika ny fonao amin'ny Mpamonjin'izao tontolo izao ianao dia hahita anao Izy.

Hanavotra anao Izy.

Hampahery anao Izy ka hametraka anao eo an-tsorony.

Hitondra anao hody Izy.

Raha afaka manova ny korontan-trano rava ho trano fivavahana kanto ny tanan'olombelona dia afaka manana antoka sy toky isika fa afaka manorina antsika indray ary hanorina antsika indray ny Raintsika any An-danitra be fitiavana. Ny drafiny dia ny hanorina antsika ho lasa tsara lavitra kokoa noho isika teo aloha—tsara lavitra kokoa noho izay azontsika heverina. Rehefa manao ny dingana tsirairain'ny finoana eo amin'ny lalana amin'ny maha-mpianatra isika dia lasa ho ireo olona manana toetra feno voninahitra mandrakizay sy fifaliana tsy misy fetra izay natao mba hahatongavantsika.

Izany no fijoroana ho vavolombelona sy tsodrano ary vavaka ataoko amim-panetrentena, amin'ny anarana masin'ny Tompontsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Erich Kästner, *Als ich ein kleiner Junge war* (1996), 51–52.
2. Lioka 15:4–5.
3. Lioka 15:6.
4. Jereo ny "Sachez que chacun peut choisir," *Cantiques,* no. 155.
5. Joela 2:12.
6. Matio 11:28.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.
8. Jereo ny Almà 32:27.
9. Ireo fanekem-pinoana 1:3.
10. Erich Kästner, *Es gibt nichts Gutes, ausser: Man tut es* (1950).
11. "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223.
12. Jereo ny Jakoba 2:26.
13. Jereo ny Jaona 8:12.



Fivoriana Alahady Tolakandro | 3 April 2016

**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Fanahy Masina

*Maneho ny fitiavako sy ny fankasitrahako ny Ray any An-danitra aho noho ny fanomezana ny Fanahy Masina izay amin'ny alalany no hanambarany ny sitrapony sy hanohanany antsika.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, androany dia miresaka amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo sy amin'ny maha-rain'ny raibe ahy aho. Ianareo sy ny taranaka malalako, no ampianariko sy ijoroako ho vavolombelona mikasika ilay fanomezana ny Fanahy Masina izay miavaka tokoa.

Atomboko izany amin'ny alalan'ny fahalalana fa ny Fahazavan'i Kristy dia omena "ny lehilahy [sy vehivavy] izay tonga eo amin'izao tontolo izao."[1] Mahazo tombontsoa avy amin'io fahazavana masina io isika rehetra. "Ao amin'ny rehetra sy amin'ny alalan'ny zavatra rehetra"[2] izany ary manome fahafahana antsika hanavaka ny tsara amin'ny ratsy.[3]

Saingy ny Fanahy Masina dia tsy mitovy amin'ny Fahazavan'i Kristy. Mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra Izy, olona fanahy miavaka izay manana andraikitra masina, ary iray tanjona amin'ny Ray sy ny Zanaka.[4]

Afaka miaina ny fananana tsy tapaka ny Fanahy Masina ho namana isika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika. Amin'ny alalan'ilay fisoronan' Andriamanitra naverina tamin'ny laoniny dia atao batisa asitrika isika ho famelana ny fahotana ary raisina ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany avy eo. Omena ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahantanana ataon'ireo mpihazona ny fisoronana isika ao anatin'izany ôrdônansy izany.[5] Aorian'izany dia afaka mandray sy mitana ny Fanahy Masina ho namana isika amin'ny alalan'ny fahatsiarovana lalandava ny Mpamonjy, ny fitandremana ny didiny sy ny fibebahana amin'ny fahotantsika ary ny fandraisana amimpahamendrehana ny fanasan'ny Tompo amin'ny andro Sabata.

Ny Fanahy Masina dia manome fanambarana ho an'ny tena manokana mba hanampiana antsika handray ireo fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny fiainana toy ny fianarana, ny asa fitoriana, ny asa fivelomana, ny fanambadiana, ny zanaka, ny toerana hipetrahantsika miaraka amin'ny fianakaviantsika sy ny sisa. Eo amin'ireo lafin-javatra ireo dia manantena antsika mba hampiasa ny fahafahantsika misafidy sy handinika izany ao an-tsaintsika araka ny fitsipiky ny filazantsara ary hanolotra ny fanapahan-kevitra eo Aminy ao anatin'ny vavaka ny Ray any An-danitra.

Zava-dehibe ny fanambarana ho an'ny tena manokana saingy ampahany amin'ny asan'ny Fanahy Masina ihany izany. Ny soratra masina dia manamarina koa fa mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy Andriamanitra Ray ny Fanahy Masina.[6] Mampianatra antsika "ny zavatra mandry fehizay momba ny fanjakana"[7] Izy ary mahatonga antsika "[hitombo fanantenana]."[8] "Mitarika [antsika] hanao ny tsara . . . [sy] hitsara araka ny rariny"[9] Izy. Omeny "[fanomezam-pahasoavan'ny fanahy ny lehilahy sy vehivavy] . . . mba hahazo tombontsoa amin'izany ny rehetra."[10] Izy dia "manome [antsika] fahalalana"[11] ary "[m]ampahatsiaro ny zavatra rehetra [amintsika]."[12] Afaka ny "hohamasinina" isika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina"[13] ary handray ny "famelana ny fahotan[tsika].[14] Izy ilay "Mpampionona," ilay "nampanantenaina ny mpianatry ny [Mpamonjy]."[15]

Mampahatsiahy antsika rehetra aho fa tsy nomena mba hifehy antsika ny Fanahy Masina. Ny sasany amintsika dia mikatsaka tsy amim-pahendrena ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ireo fanapahan-kevitra madinika rehetra eo amin'ny fiainantsika. Mampihendanja ilay anjara asany masina izany. Manaja ny fitsipiky ny fahafahana misafidy ny Fanahy Masina. Miteny ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika moramora momba ireo zavatra maro tena manan-danja Izy.[16]

Mety samy hafa ny fahatsapantsika tsirairay ny fitarihan'ny Fanahy Masina.



Ho tsapa amin'ny haheriny samihafa ny bitsiny arakaraka ny zavatra ilaintsika manokana sy ny toe-javatra iainantsika.


Amin'izao andro farany izao dia manamafy izahay fa ny mpaminany ihany no afaka mahazo fanambarana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ho an'ny Fiangonana iray manontolo. Misy manadino izany ny sasany, toy ny tamin'ny fotoana niezahan'i Arona sy i Miriama nandresy lahatra an'i Mosesy mba hitovy hevitra amin'izy ireo. Saingy nampianarin'ny Tompo isika sy izy ireo. Hoy Izy hoe:

"Raha misy mpaminanin'i Jehovah eo aminareo, dia amin'ny fahitana no hisehoako aminy. . . .

"Mifanatrika no itenenako aminy."[17]

Indraindray ny fahavalo dia maka fanahy antsika amin'ny alalan'ny hevitra diso izay mety afangarontsika amin'ny Fanahy Masina. Mijoro ho vavolombelona aho fa hiaro antsika mba tsy ho voafitaka ny fahatokiana eo amin'ny fankatoavana ny didy sy ny fitandremana ny fanekempihavanantsika. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia ho afaka ny hanavaka ireo mpaminany sandoka izay mampianatra ny didin'olombelona ho fotopampianarana isika.[18]

Tsara ny mahatsiaro fa tsy afaka mahazo fanambarana ho an'ny hafa



isika rehefa mandray ny fitaomana avy amin'ny Fanahy Masina ho an'ny tenantsika. Nahafantatra tovolahy iray aho izay nilaza tamin'ny tovovavy iray hoe: "Nanofy aho fa ianao no ho vadiko." Nisaintsaina an'izany zavatra nambara izany ilay tovovavy ary dia namaly hoe: "Rehefa manana nofy mitovy amin'izany aho dia hanatona sy hiresaka aminao."

Mety alaim-panahy hamela ireo fanirian'ny tenantsika manokana handresy ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika rehetra. Nitalaho tamin'ny Ray any An-danitra ny Mpaminany Joseph Smith mba hampindrana ireo pejy voalohan'ny Bokin'i Môrmôna miisa 116 an'i Martin Harris. Nihevitra i Joseph fa hevitra tsara izany. Tamin'ny voalohany ny Fanahy Masina dia tsy nanome azy fahatsapana izay nanamafy izany. Navelan'ny Tompo hampindrana ireo pejy ihany anefa i Joseph tamin'ny farany. Narian'i Martin Harris izany. Nesorin'ny Tompo nandritra ny fotoana voafetra ny fanomezam-pahasoavan'ny fandikana teny nomena ny Mpaminany ary nianatra lesona nankarary ny aina nefa nanan-danja i Joseph izay nisy fiantraikany teo amin'ny ambin'ny asa fanompoana nataony.

Tena zava-dehibe eo amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fanahy Masina. Notantarain'ny Mpaminany Joseph ny famakiany ny Jakoba 1:5 fony izy zazalahy hoe: "Na oviana na oviana dia tsy nisy andalan-tsoratra masina nanohina fon'olona tamin-kery kokoa noho ny nanohinan'izany ny foko tamin'izay fotoana izay."[19] Ny fitarihan'ny Fanahy Masina no ilay hery nofaritan'i Joseph Smith. Nandeha tany anaty ala kely teo akaikin'ny tranony i Josefa vokatr'izany ary nandohalika mba hangataka amin' Andriamanitra. Nanan-danja lehibe sy tena nahatalanjona tokoa ilay Fahitana Voalohany taorian'izany. Saingy ny lalana nitondra tany amin'ny famangian'ny Ray sy ny Zanaka mivantana dia nanomboka tamin'ny bitsika avy amin'ny Fanahy Masina mba hivavaka.

Ireo fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izay nambara dia tonga avy amin'ny lamina iray dia ny mikatsaka amin'ny alalan'ny vavaka ary avy eo mandray sy manaraka ireo bitsiky ny Fanahy Masina. Eritrereto ireto ohatra ireto: fandikana ny Bokin'i Môrmôna, famerenana ny fisoronana sy ireo ôrdônansiny amin'ny laoniny, manomboka amin'ny batisa; ny fananganana ny Fiangonana—raha tsy hitanisa afa-tsy vitsivitsy fotsiny aho. Mijoro ho vavolombelona aho androany fa tonga araka io lamina masina io ihany koa ny fanambarana avy amin'ny Tompo ho an'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy. Io no lamina masina ahafahana ihany koa mandray fanambarana ho an'ny tena manokana.

Midera an'ireo rehetra izay nanaraka ny Fanahy Masina izahay mba handray ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, nanomboka tamin'ireo olona ao amin'ny fianakavian'i Joseph Smith manokana. Rehefa notantarain'i Joseph kely tamin'ny rainy ny mikasika ny famangian'i Môrônia azy dia nahazo fijoroana ho vavolombelona izay nanamafy izany taminy ny rainy. Tonga dia nesorina tamin'i Joseph ireo andraikiny tao amin'ny toeram-pambolena sy fiompiana ary namporisihana mba hanaraka ny torolalan'ny anjely izy.


Ndeha isika hanao toy izany koa amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika. Ndeha isika hamporisika ny zanatsika sy ny hafa mba hanaraka ny torolalan'ny Fanahy Masina. Rehefa manao izany isika dia ndeha hanaraka ny ohatra asehon'ny Fanahy Masina ny tenantsika, mitarika amin'ny halemem-panahy, amin'ny hamorampo, amin'ny hatsaram-panahy, amin'ny fahari-po sy amin'ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy.[20]

Ny Fanahy Masina dia mpampita fampahalalana eo amin'ny asan' Andriamanitra sy eo amin'ny fianakaviana ary manerana ny Fiangonana. Noho ny fahatakarana izany dia te hizara ohatra momba ny Fanahy Masina izay niseho teo amin'ny fiainako sy teo amin'ny asa fanompoana tao amin'ny Fiangonana aho. Atolotro ho toy ny fijoroana ho vavolombelona manokana izany fa mitahy antsika rehetra ny Fanahy Masina.

Taona maro lasa izay dia nanao drafitra mba hanasa ny sasany tamin'ireo mpiara-miasa tamiko hamonjy sakafo hariva miavaka any an-tranonay izaho sy Rahavavy Hales. Rehefa teny an-dalana hody avy niasa aho dia nanana fahatsapana fa tokony handeha any an-tranon'ny mananotena iray izay izaho no mpamangy azy. Rehefa nandondona ny varavaran'ilay rahavavy aho dia nilaza izy hoe: "Nivavaka aho mba hahatongavanao aty." Avy taiza izany fahatsapana izany? Avy amin'ny Fanahy Masina.

Indray mandeha taorian'ny aretina mafy nahazo ahy dia niahy fihaonamben'ny tsatòka iray aho. Nikasa ny handao avy hatrany ny trano fiangonana aho taorian'ny fivorian'ny mpitarika tao amin'ny fisoronana mba hitsitsiko ny heriko. Taorian'ny vavaka famaranana anefa dia niteny tamiko ny Fanahy Masina hoe, "Ho aiza ianao izany?" Nahazo fitaomam-panahy aho mba handray ny tanan'ny olona rehetra rehefa hivoaka ny efitrano izy ireo. Rehefa nandroso ny tovolahy loholona iray dia nandray bitsika aho mba hanome hafatra manokana ho azy. Niondrika izy, dia niandry ny masonay mba hifanojo aho ka afaka nilaza taminy hoe: "Mivavaha amin'ny Ray any An-danitra, henoy ny Fanahy Masina, araho ireo bitsika voarainao dia hilamina ny zava-drehetra eo amin'ny fiainanao." Taty aoriana dia niteny tamiko ilay filohan'ny tsatòka hoe nody vao haingana talohan'ny fotoana tokony hifaranan'ny asa fitoriany io tovolahy io. Ilay filohan'ny tsatòka, izay nanaraka fahatsapana mazava iray azony, dia nampanantena ny rain'ilay tovolahy fa raha entiny any amin'ny fivorian'ny fisoronana ny zanany lahy dia hiresaka aminy ny Loholona Hales. Nahoana aho no nijanona nandray ny tanan'ny olona rehetra? Nahoana aho no nijanona mba hiresaka tamin'io tovolahy anankiray io? Iza no loharano nahazoako torohevitra? Tsotra fotsiny: ny Fanahy Masina.

Tany am-piandohan'ny taona 2005 dia nahazo fitarihana mba hanomana ny hafatra iray ho an'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aho mikasika ireo misiônera mpivady zokiolona. Taorian'ny fihaonambe dia nisy rahalahy iray nitantara hoe: "Rehefa nihaino ny fihaonambe izahay . . . tonga dia nokasihin'ny Fanahin'ny Tompo ny ati-fanahiko. . . . Nazava ilay hafatra ho ahy sy ho an'ilay malalako. Mila mandeha manao asa fitoriana izahay ary izao no fotoana. Rehefa . . . nijery ny vadiko aho dia tsapako fa nahazo io fahatsapana io mihitsy koa avy amin'ny Fanahy izy."[21] Iza no nitondra izany valiny mahery vaika izay samy niara-tonga izany? Ny Fanahy Masina.



Amin'ny taranako manokana sy ireo rehetra izay afaka maheno ahy no anolorako ny fijoroana ho vavolombelona ananako mikasika ny fanambarana ho an'ny tena manokana sy ny firotsahana tsy tapaky ny fitarihana isan'andro, ny fampitandremana, ny famporisihana, ny tanjaka, ny fanadiovana ara-panahy, sy ny fampaherezana ary ny fiadanana tonga eo amin'ny fianakaviantsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Miaina ny "hamaroan'ny halehiben'ny famindram-pon'[i Kristy]"[22] sy ireo fahagagana izay tsy mitsahatra isika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.[23]

Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa velona ny Mpamonjy. Maneho ny fitiavako sy ny fankasitrahako ny Ray any An-danitra aho noho ny fanomezana ny Fanahy Masina izay amin'ny alalany no hanambarany ny sitrapony sy hanohanany antsika eo amin'ny fiainantsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:2; jereo koa ny Jaona 1:9.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6.
3. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahazavan'i Kristy"; jereo koa ny Môrônia 7:12–19.
4. Jereo ny Jaona 17.
5. Jereo ny lesona faha-5, "Performing Priesthood Ordinances," ao amin'ny *Duties and Blessings of the Priesthood: Basic Manual for Priesthood Holders, Part B* (2000), 41–48.
6. Jereo ny Jaona 15:26; Romana 8:16.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:6.
8. Romana 15:13.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11–12; jereo koa ny Môrônia 10:8–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13–16.
11. Almà 18:35.
12. Jaona 14:26.
13. 3 Nefia 27:20.
14. 2 Nefia 31:17.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:3.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3.
17. Nomery 12:6, 8.
18. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:19.
19. Joseph Smith—Tantara 1:12.
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–42.
21. Taratasy avy tamin'i Frederick E. Hibben.
22. 1 Nefia 8:8.
23. Jereo ny Môrônia 7:29.



**Nataon'ny Loholona Gerrit W. Gong**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Tsarovy mandrakariva Izy

*Mijoro ho vavolombelona amim-panetrentena aho, ary mivavaka mba hahatsiarovantsika Azy mandrakariva—amin'ny fotoana rehetra, sy ny zavatra rehetra, ary ny toerana rehetra mety hisy antsika.*

Ry rahalahy sy anabavy malala isany, fony aho nanompo tany Azia dia indraindray misy olona manontany hoe: "Loholona Gong, firy moa no mponina ao amin'ny Vondrom-paritra Azia araka ny fizaram-paritry ny Fiangonana?"

Dia nolazaiko hoe: "Antsasaky ny mponina maneran-tany—3,6 lavitrisa."

Nisy olona iray nanontany hoe: "Moa sarotra ve ny mahatadidy ny anaran'izy rehetra ireo?"

Ny fitadidiana—sy ny fanadinoana—dia tafiditra amin'ny fiainana andavanandro. Ohatra, indray mandeha, rehefa avy nitady ny findainy vaovao hatraiza hatraiza ny vadiko, dia nanapa-kevitra nony farany hiantso an'io findainy io tamin'ny telefaonina hafa. Rehefa naheno ilay telefaonina naneno izy dia nieritreritra hoe: "Fa iza koa ary no mety hiantso ahy amin'izao? Tsy nanome an'io nomerao io na an'iza na an'iza aho!"

Ny fitadidiana, sy ny fanadinoana, dia tafiditra ihany koa amin'ny diantsika mandrakizay. Manampy antsika hianatra sy hivoatra ary hitombo finoana ny fotoana sy ny fahafahana misafidy ary ny fitadidiana.

Araka ny tonon'ny fihirana iray ankafizina indrindra hoe:



*Antsoy Jesoa ry olony,*
*Dera sy lasa ho Azy. . . .*
*Ry olomasina*
*Tsarovy Izy anio.*[1]

Isan-kerinandro isika, rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo, dia manao fanekempihavanana fa hahatsiaro Azy mandrakariva. Raha hakana amin'ireo andinin-tsoratra masina efa ho 400 isa miresaka ny teny hoe *mahatsiaro,* dia indro misy fomba enina ahafahantsika mahatsiaro Azy mandrakariva.

Voalohany, afaka mahatsiaro Azy mandrakariva isika amin'ny alalan'ny fitokisana amin'ny fanekempihavanana sy fampanantenana ary fanomezantoky nataony.

Mahatsiaro ny fanekempihavanana maharitra mandrakizay nataony ny Tompo—nanomboka tamin'ny andron'i Adama ka hatramin'ny andro ahitana ny taranak'i Adama "[h]anaiky ny fahamarinana [. . .] ary hiandrandra, dia hitsinjo i Ziona ka ny lanitra rehetra dia hihararetram-pifaliana ary ny tany hihovitrovi-piravoravoana."[2]

Mahatsiaro ny fampanantenana nataony ny Tompo, anisan'izany ny fampanantenana ny hanangona an'i Isiraely niely patrana amin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy, ary koa fampanantenana nomena ny mpikambana sy misiônera tsirairay izay mahatsiaro ny hasarobidin'ny olona.[3]

Mahatsiaro an'ireo firenena sy ireo vahoaka ny Tompo ary manome toky azy ireo. Amin'izao andro mikorontana sy misamboaravoara izao,[4] "ny sasany mitoky amin'ny kalesy, ary ny sasany amin'ny soavaly; Fa raha izahay kosa, dia ny anaran'i Jehovah Andriamanitray no [hotsaroanay],"[5] izay mitantana ny "ho avy sy mihazona ny lasa."[6] Amin'ny "andro mahory,"[7] isika dia "[mahatsiaro] fa tsy ny asan' Andriamanitra no voasakana, fa ny asan'ny olona."[8]

Faharoa, afaka mahatsiaro Azy mandrakariva isika amin'ny alalan'ny fiaikena amim-pankasitrahana ny Tanany mandritra ny fiainantsika manontolo.

Mazava kokoa ny tanan'ny Tompo rehefa manao jery todika. Araka ny voalazan'ny filôzôfa Kristianina atao

hoe Søren Kierkegaard: "Tsy maintsy mihemotra no ahatakarana ny fiainana. Saingy . . . tsy maintsy *mandroso no iainana* azy."[9]

Vao tsy ela no nankalaza ny faha-90 taonany ny reniko malala. Nijoro ho vavolombelona tamim-pankasitrahana izy ny amin'ireo fitahian' Andriamanitra tamin'ireo dingana lehibe teo amin'ny fiainany. Ireo tantara sy fombafomba ary fifamatorana ao amin'ny fianakaviana dia manampy antsika hankafy ny fahatsiarovana ireo zavatra lasa sady manome maodely ho an'ny ho avy sy fanantenana. Ny rohy niampitan'ny fisoronana sy ny tsodranon'ny patriarika dia vavolombelon'ny tanan' Andriamanitra eo amin'ny taranaka mifandimby.

Moa ve ianao efa nieritreritra ny tenanao ho toy ny boky fahatsiarovana velona ho an'ny tenanao—ahitana taratra hoe inona no safidianao hotadidiana ary ahoana no fomba safidianao hitadidiana?

Ohatra, fony aho mbola tanora dia tena naniry hilalao basket tany antsekoly. Nanao fanazarana hatrany aho. Indray andro anefa ny mpanazatra dia nanondro ny mpilalao mahay nirefy 1 m 93 sy ilay mpilalao mahay nirefy 1 m 88 tao aminay ary niteny tamiko hoe "Azoko ampidirina ao amin'ny ekipa ihany ianao, saingy mety tsy hilalao mihitsy." Tsaroako avy teo ny hatsaram-panahiny nankahery ahy hoe "Manao ahoana raha manandrana miditra amin'ny ekipa manao baolina kitra? Ho hainao io." Tena faly tokoa ny fianakaviako nahita ny baolina voalohany matiko.

Tsaroantsika ireo izay nanome fahafahana antsika hanao zavatra sy nanome fahafahana fanindroany, tamin-kitsimpo sy hatsaram-panahy sy faharetana ary fankaherezana. Ary afaka ho tonga olona ho tsaroan'ny hafa isika tamin'ny fotoana tena nilany fanampiana. Ny fahatsiarovana amim-pankasitrahana ny fanampiana nataon'ny hafa sy ny fitarihan'ny Fanahy dia fomba iray hahatsiarovana Azy. Fomba iray izany hanisantsika ireo fitahiana maro raisintsika ary ahitana izay vitan' Andriamanitra.[10]

Fahatelo, afaka mahatsiaro Azy mandrakariva isika amin'ny alalan'ny fitokisana rehefa manome toky antsika ny Tompo hoe "Izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony."[11]

Rehefa mibebaka tanteraka isika, tafiditra amin'izany ny fiaikena sy ny famoizana ny fahotantsika, dia miara-manontany amin'i Enôsa, rehefa voafafa ny fahamelohantsika, hoe "Ahoana no mahatò izany, Tompo ô?" ary mandre ny valiny hoe "Noho ny finoanao an'i Kristy"[12] sy ny fanasany hoe "ampahatsiarovy Ahy."[13]

Raha vao nibebaka isika ka nilaza ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana hoe mendrika isika, dia tsy ilaina ny miverimberina miaiky ireny fahotana taloha ireny. Ny hoe mendrika dia tsy midika hoe tanteraka. Ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra dia manasa antsika hanana fiadanam-po feno fanetrentena mikasika ny diantsika eo amin'ny fiainana mba hahatonga antsika ho tanteraka indray andro any ao amin'i Kristy,[14] tsy mitebiteby, na miahotrahotra, na tsy faly noho ny tsy fahalavorariantsika ankehitriny. Tsarovy fa fantany avokoa ireo zava-drehetra izay tsy tiantsika ho fantatr'olon-kafa mikasika antsika—ary mbola tia antsika ihany Izy.

Indraindray dia sedrain'ny fiainana ny fitokisantsika amin'ny famindrampon' Andriamanitra, sy ny fahamarinany ary ny fitsarany, ary amin'ny fanasany izay manafaka mba hamela ny Sorompanavotany hanasitrana antsika rehefa mamela ny hafa isika sy mamela ny tenantsika.

Nisy vehivavy tanora avy amin'ny firenena hafa izay nirotsaka hiasa ho mpanao gazety, saingy tsy nanana antra ilay tompon'andraikitra izay nanendry ireo mpiasa. Hoy izy taminy: "Asiako sonia mihitsy, fa manome toky anao aho fa tsy ho lasa mpanao gazety ianao fa hanadio lakandrano maloto." Izy irery no hany vehivavy nanadio lakandrano tao anaty andian-dehilahy iray.

Taona maro taty aoriana dia lasa tompon'andraikitra io vehivavy io. Indray andro dia nisy lehilahy nanatona azy nila ny soniany mba hahazoana asa iray.

Nanontany ilay vehivavy hoe "Tadidinao ve aho?" Tsy tadidiny.

Hoy ilay vehivavy: "Tsy tadidinao aho, saingy izaho mahatadidy anao. Nasianao sonia mihitsy, ka nanome toky ahy ianao fa tsy ho lasa mpanao gazety. Nasianao sonia ka nalefanao hanadio lakandrano maloto, ilay hany vehivavy tao anatina andian-dehilahy."

Hoy izy tamiko: "Nahatsapa aho fa tokony nandray an'io olona io tamin'ny fomba tsara kokoa noho ny nanaovany ahy—saingy tsy nanana izany hery izany aho." Indraindray io hery io dia tsy ao anatintsika, fa azo alaina ao amin'ny fahatsiarovana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika.

Rehefa nofitahina ny fahatokiana, rava ny nofinofy, maratra ny fo, ary mbola maratra foana hatrany, rehefa mila fahamarinana isika ka mila famindram-po, rehefa mivonkona ny totohondrintsika ka mirotsaka ny ranomasontsika, rehefa mila mamantatra izay tokony hifikirana isika sy izay tokony avela ho any, dia afaka mahatsiaro Azy mandrakariva. Tsy ratsy mihoatra noho izay heverina foana akory ny fiainana. Afaka manampy antsika hahita ny lalana sy ny fahamarinana ary ny fiainana ilay fangorahany tsy misy fetra.[15]

Rehefa mahatsiaro ireo teniny isika sy ny ohatra nasehony, dia tsy hanafintohina ary tsy ho tafintohina.

Mécanicien ny rain'ny namako. Hita taratra eny ny asa nataony tamim-pahamarinan-toetra, eny fa na dia voasasa tsara aza ny tanany. Indray andro, nisy olona iray tao amina tempoly iray nilaza tamin'ny rain'ilay namako hoe tokony hanasa tanana izy mialohan'ny hanompoana tao. Tsy tafintohina io lehilahy tsara io fa nanomboka nikosoka ireo lovia tany an-trano tamin'ny tanany natao be ranon-tsavony talohan'ny handehanana any amin'ny tempoly. Izy no ohatr'ireo izay "hiakatra any an-tendrombohitr'i Jehovah" ary "hitoetra ao amin'ny fitoerany masina" madio tànana indrindra ary mahitsy fo indrindra.[16]

Raha manana fahatsapana haratsiam-panahy isika, na lolompo, na fankahalana, na raha manana antony hangatahana ny famelan'ny hafa, dia

izao no fotoana hanaovana izany.

Fahefatra, manasa antsika Izy hahatsiaro fa mandray antsika hody ao antrano tsara foana izy.

Amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana sy ny fikarohana no hianarantsika. Saingy miangavy aho, aza atsahatra ny fikarohana raha tsy tonga—araka ny tenin'i T. S. Eliot—"amin'ny toerana niantombohana ary mahatsapa hoe sambany ianao eo ka vaovao aminao indray izao."[17] Rehefa vonona ianao dia miangavy anao aho, sokafy ho amin'ny Bokin'i Môrmôna ny fonao, eto koa, toy ny hoe sambany ianao vao nanao izany. Miangavy aho, mivavaha amin-kitsimpo marina, eto koa, toy ny hoe sambany ianao vao nanao izany.

Itokio io fahatsiarovana kely efa ela io. Avelao izany hampivelatra ny finoanao. Miaraka amin' Andriamanitra tsy misy an'izany hoe tsy afaka miverina ilalana izany intsony.

Ireo mpaminany fahiny sy ankehitriny dia mitalaho amintsika mba tsy hamela ny tsy fahatanterahana sy fahadisoana ary fahalemena amin'ny mahaolombelona, na ny an'ny hafa izany na ny an'ny tenantsika, hahatonga antsika hamoy ireo fahamarinana sy fanekempihavanana ary hery manavotra ao amin'ny filazantsarany naverina tamin'-ny laoniny.[18] Manan-danja manokana izany ao anatin'ny fiangonana iray izay ivoarantsika amin'ny alalan'ny fandraisantsika anjara na dia tsy tonga lafatra aza. Nilaza ny Mpaminany Joseph hoe: "Tsy mbola nilaza taminareo mihitsy aho hoe tonga lafatra aho, saingy tsy misy fahadisoana ao amin'ireo fanambarana izay nampianariko."[19]

Fahadimy, afaka mahatsiaro Azy mandrakariva isika ny Sabata amin'ny alalan'ny fanasan'ny Tompo. Tamin'-ny fiafaran'ny asa fanompoany tety an-tany ary koa tamin'ny fiantombohan'ny asa fanompoany taorian'ny nitsangana tamin'ny maty—tamin'ireo fotoana roa ireo—dia naka mofo sy rano ny Mpamonjy, ary nangataka ny mba hahatsiarovantsika ny vatany sy ny ràny,[20] "fa isaky ny manao izao ianareo dia hahatsiaro ity ora izay niarahako taminareo ity."[21]



Amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isika dia mijoro ho vavolombelona amin' Andriamanitra Ray fa vonona hitondra ny anaran'ny Zanakalahiny sy hahatsiaro Azy mandrakariva ary hitandrina ny didiny, izay nomeny antsika, mba hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika.[22]

Araka ny nampianarin'i Amioleka, mahatsiaro Azy isika rehefa mivavaka momba ny sahantsika, sy ny biby fiompintsika, ary ny tokantranontsika, ary mahatsiaro ireo sahirana, sy ireo mitanjaka, ary ireo marary sy ory.[23]

Farany, fahenina, dia manasa antsika ny Mpamonjy hahatsiaro Azy mandrakariva, tahaka ny hahatsiarovany antsika mandrakariva.

Tany amin'ny Tontolo Vaovao dia nasain'ny Mpamonjy efa tafatsangana tamin'ny maty ireo izay nanatrika teo hanatona tsirairay ka hampitehaka ny tanany amin'ny lanivoany ary hitsapa ny diam-pantsika amin'ny tanany sy ny tongony.[24]

Ny fitsanganana amin'ny maty dia faritan'ny soratra masina hoe "ny rantsam-batana tsirairay sy ny vaniny dia haverina amin'ny . . . endriny tsirairay avy sy tomombana," ary "na dia singam-bolo iray amin'ny loha aza dia tsy ho very."[25] Raha izay no izy, diniho hoe nahoana ny vatan'ny Mpamonjy tonga lafatra efa nitsangana tamin'ny maty no mbola ahitana ireo ratra teo amin'ny lanivoany sy ireo diam-pantsika amin'ny tanany sy ny tongony.[26]

Ombieny ombieny teo amin'ny tantara no nahitana olombelona nohelohina ho faty tamin'ny hazofijaliana. Saingy Jesoa Kristy Mpamonjy antsika ihany no mamihana antsika ka mbola mitondra ireo mariky ny fitiavany madio. Izy ihany no mahatanteraka ilay faminaniana hoe hasandratra eo amin'ny hazofijaliana mba hahafahany misintona antsika tsirairay, amin'ny anarantsika, hankany Aminy.[27]

Milaza ny Mpamonjintsika hoe:

"Eny, mety manadino izy kanefa Izaho tsy hanadino anao."

"Indro efa vitako tombokavatsa eo amin'ny felatanako ianao."[28]

Mijoro ho vavolombelona Izy hoe: "Izaho Ilay nasandratra. Izaho no Jesoa izay nohomboana. Izaho no Zanak' Andriamanitra."[29]

Mijoro ho vavolombelona amimpanetrentena aho, ary mivavaka mba hahatsiarovantsika Azy mandrakariva —amin'ny fotoana rehetra, sy ny zavatra rehetra, ary ny toerana rehetra

mety hisy antsika.[30] Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Antsoy i Jesoa," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* p. 49.
2. Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 9:22 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina).
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–16.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26; 88:91.
5. Salamo 20:7.
6. "Va ne crains pas" *Cantiques,* lah. 65.
7. 2 Timoty 3:1; jereo ihany koa ny andininy 2–7.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:3.
9. *Kierkegaard's Journals and Notebooks: Volume 2, Journals EE–KK,* Bruce H. Kirmmse and others, ed. (2008), 2:179; soramandry efa hatrany ifotony.
10. Jereo ny "Isao ireo fitahiana," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* p. 241.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42; jereo ihany koa ny Isaia 43:25.
12. Enôsa 1:7, 8.
13. Isaia 43:26.
14. Jereo ny Môrônia 10:32.
15. Jereo ny Jaona 14:6.
16. Salamo 24:3; jereo ihany koa ny andininy 4; nozaraina rehefa nahazoana lalana.
17. T. S. Eliot, "Little Gidding," in *Four Quartets* (1943), fizarana faha-5, andalana 241–42.
18. Jereo ohatra ny Etera 12:23–28; Dieter F. Uchtdorf, "Ndao hiaraka aminay," *Liahona,* nôv. 2013, 21–24.
19. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 522. Notohizan'ny mpaminany Joseph Smith teto hoe "Moa ve izany aho tsy maintsy hariana toy ny zavatra tsy misy dikany?"
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:2–4 ho an'ny fanambarana maoderina mikasika ny fampiasana rano ho solon'ny divay.
21. Dikantenin'i Joseph Smith, Marka 14:21 (ao amin'ny Torolanana ho an'ny Soratra Masina).
22. Jereo ny Môrônia 4:3; 5:2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79.
23. Jereo ny Almà 34:20–21, 28–29. Ao amin'ny fanambarana maoderina dia mitaona antsika tahaka izany ihany koa ny Tompo manao hoe "Ary tsarovy amin'ny zavatra rehetra ny mahantra sy ny sahirana, ny marary sy ny ory" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:40).
24. Jereo ny 3 Nefia 11:14–15.
25. Almà 40:23.
26. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:37.
27. Jereo ny 3 Nefia 27:14; jereo ihany koa, ohatra, ny Jaona 12:32–33; 1 Nefia 11:33; Môsià 23:22; Almà 13:29; 33:19; Helamàna 8:14–15.
28. Isaia 49:15–16; jereo ihany koa ny 1 Nefia 21:15–16.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:52.
30. Jereo ny Môsià 18:9.



**Nataon'ny Loholona Patrick Kearon**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Fialofana amin'ny tafio-drivotra

*Tsy entina hamaritana hoe iza ireo mpitsoa-ponenana izao vanimpotoana izao, saingy hanampy antsika hamaritra hoe iza isika izay asetrintsika izao.*

"Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo:

"Tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo. . . .

". . . Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."[1]

Misy mpitsoa-ponenana miisa 60 tapitrisa eo ho eo eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, izay midika fa "olona iray isaky ny 122 . . . no voatery nitsoaka ny fonenany"[2] ary ankizy ny antsasak'ireo.[3] Mahazendana ny mieritreritra ny isan'olona voakasik'izany sy ny misaintsaina ny dikan'izany eo amin'ny fiainan'ny olona tsirairay. Any Eorôpa ny asa nampiandraiketana ahy amin'izao fotoana izao, toerana izay nahatongavan'ny mpitsoa-ponenana miisa dimy aliny sy roa hetsy sy iray tapitrisa tamin'ny taona lasa, ary avy any amin'ireo toerana ravan'ny ady any Moyen Orient sy Afrika izy ireo.[4] Hitantsika fa ny maro amin'izy ireo dia tsy mitondra afa-tsy izay eny an-kodiny miaraka amin'izay azony entiny ao anatin'ny kitapo kely iray. Nandia fianarana tsara ny ankamaroan'izy ireo, kanefa izy rehetra dia tsy maintsy nandao ny tokantranony sy ny fianarany ary ny asany.

Eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany, ny Fiangonana dia miaramiasa amin'ny fikambanana miisa 75 (dimy amby fitopololo) any amin'ireo firenena eorôpeana 17. Ireo fikambanana ireo dia manomboka any amin'ny fikambanana lehibe iraisam-pirenena ka hatrany amin'ireo fikambanana kely any amin'ny fiaraha-monina, manomboka any amin'ireo sampan'ny governemanta ka hatrany amin'ireo mpanao asa soa avy amina antokom-pinoana na tsy miankina amina antokom-pinoana. Sambatra isika miara-miasa sy mianatra avy amin'ny hafa izay efa niasa teo anivon'ireo mpitsoa-ponenana manerana izao tontolo izao nandritra ny taona maro.

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika, amin'ny maha-vahoaka iray antsika, dia tsy mila mitodika lavitra ao amin'ny tantarantsika isika raha hisaintsaina ireo fotoana naha-mpitsoaponenana antsika, noroahina taminkerisetra avy tao amin'ny tranontsika sy ny tanintsika hatrany hatrany. Tamin'ny herinandro lasa teo raha niresaka momba ireo mpitsoa-ponenana ny



Rahavavy Linda Burton, dia nangatahiny ireo vehivavy ato amin'ny Fiangonana mba hieritreritra hoe: "Ahoana moa raha tantara*ko* ny tantaran'*izy ireo*?"[5] Tantaran*tsika* ny tantaran'izy ireo, tsy taona maro lasa akory izay.

Misy adihevitra mahery vaika any amin'ireo governemanta sy manerana ny fiaraha-monina mikasika ny famaritana ny hoe mpitsoa-ponenana sy ny tokony hatao mba hanampiana azy ireo. Ireo hevitra zaraiko etoana dia tsy natao velively hamelombelona izany adihevitra mafana izany, na hanisy fanamarihana mikasika ny lalàn'ny fifindra-monina fa hifantoka kosa amin'ny *olona* izay noroahina tamin'ny tranony sy ny fireneny noho ny ady izay tsy natombok'izy ireo.

Fantatry ny Mpamonjy izany atao hoe mpitsoa-ponenana izany—iray tamin'izany Izy. Fony mbola zaza dia nitsoaka nankany Egypta mba tsy ho voavono araka ny baikon'i Heroda i Jesoa sy ny fianakaviany. Ary tamin'ny fotoana maro nandritra ny asa fanompoany dia norahonana i Jesoa ary notandindomin-doza ny ainy, ary tamin'ny farany dia nanoa teo anatrehan'ny tetik'ireo olon-dratsy izay nikononkonona ny fahafatesany. Angamba tena tsikaritsika tokoa aza tamin'izany fa nampianatra matetika antsika hifankatia sy hitia araka ny nitiavany, ary ho tia ny namantsika tahaka ny tenantsika Izy. Tena marina tokoa fa "izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'ny Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany"[6] sy "hikarakara ny mahantra sy ny sahirana ka hisahana ny fanampiana azy ireny mba tsy hijaliany."[7]

Tena nanentana ny fanahy ny nahita ny zavatra nomen'ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany tamin-kalalahan-tanana mba hanampiana ireo olona tsirairay sy fianakaviana izay namoy zavatra maro tokoa ireo. Manerana an'i Eorôpa manokana dia nahita mpikamban'ny Fiangonana maro aho izay niaina fahavelombelomana nifono fifaliana sy fitomboan'ny aim-panahy rehefa namaly izany fanirian lalina voajanahary mba hanampy sy hanompo ireo izay sahirana mafy manodidina azy ireo izany. Ny Fiangonana dia nanolotra fialofana sy fitsaboana. Nanangona fitaovam-pidiovana an'arivony ny tsatòka sy misiôna maro. Ny tsatòka hafa dia nanolotra sakafo sy rano, akanjo, akanjo aro orana, bisikileta, boky, kitapo babena, solomaso enti-mamaky, sy ny maro hafa.

Olona maro avy any Écosse ka hatrany Sicile no nandray anjara tamin'izay mety ho asa rehetra azo natao. Dokotera sy mpitsabo mpanampy maro no niasa maimaim-poana tany amin'ny toerana nahatongavan'ireo mpitsoa-ponenana izay kotsa sy nangatsiaka ary matetika heniky ny tahotra noho ny fiampitan'izy ireo rano. Rehefa manomboka ny dingan'ny fipetrahana ao amin'ny toerana iray ireo mpitsoa-ponenana dia manampy azy ireo hianatra ny fitenin'ireo firenena mandray azy ireo ny mpikambana eo an-toerana, ary ny hafa kosa dia mankahery ny ankizy sy ny ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fanolorana kilalao sy fitaovana fanaovana zava-kanto, hira sy tantara an-tsehatra. Misy koa ireo izay nanome kofehy fanaovam-ba sy vim-bà ary vy fanaovana kirôse ka nampianatra izany fahaiza-manao izany tamin'ireo mpitsoa-ponenana teo an-toerana na lehibe na kely.

Ireo mpikambana efa ela tato amin'ny Fiangonana, izay nanompo sy nitarika nandritra ny taona maro, dia nanamarina fa ny fanompoana ireo olona ireo izay nila fanampiana tsy ankiandry dia nanome traikefa faran'izay tsara sy mahafa-po teo amin'ny asa fanompoana rehetra nataony hatrizay.

Tsy maintsy hita vao inoana ny maha-tena misy ireo toe-javatra miseho ireo. Tamin'ny ririnina dia nihaona tamin'ny vehivavy bevohoka iray avy any Syrie, teo anivon'ireo maro hafa aho, tao anatin'ny toby fiampitan'ireo mpitsoa-ponenana, ka nitady toky fatratra izy fa tsy hiteraka eo amin'ilay gorodona mangatsiakan'ilay trano lehibe izay nampiantranoana azy. Mpampianatra tany amin'ny oniversite izy tany Syrie. Tany Grèce dia niresaka tamin'ny fianakaviana iray aho izay mbola kotsa sy nangovitra ary heniky ny tahotra noho ny fiampitany tamin'ny sambo kely iray azo abontsina avy any Turquie. Rehefa avy nijery ny mason'izy ireo sy nandre ny tantarany aho, na ny zavatra nampihorohoro nitsoahan'izy ireo izany na ny dia nampidi-doza nataony mba hahita fialofana, dia tsy ho izaho taloha velively intsony aho.

Ao anatin'ilay fanolorana fikarakarana sy fanampiana dia ahitana mpiasa mavitrika tia manampy maro dia maro, ka manao asa an-tsitrapo ny ankamaroan'izy ireo. Hitako teo am-perinasa ny mpikamban'ny Fiangonana iray izay niasa nandritra ny alina, nandritra ny volana maro, nanolotra ireo zavatra ilaina tena maika indrindra ho an'ireo izay tonga avy any Turquie sy Grèce. Teo anivon'ireo asa maro tsy voatanisa hafa dia nanome fitsaboana voalohany an'ireo izay tena nila fitsaboana maika indrindra izy, nataony izay

hikarakarana ny vehivavy nandeha irery niaraka tamin'ny zanany, nankahereziny ireo izay namoy olon-tiana teny an-dalana, ary nanao ny tsara indrindra vitany izy mba hampiasa ny kely nananany hanampiana olona betsaka indrindra araka izay tratrany. Izy, tahaka ireo maro toa azy, dia anjely manompo arabakiteny izay tsy hohadinoin'ireo izay nokarakarainy na oviana na oviana ny asany, ary tsy hohadinoin'ny Tompo, satria nanao iraka ho Azy izy.

Ireo rehetra izay nanolo-tena hanamaivana ny fahoriana manodidina azy ireo dia tena mitovy amin'ny vahoakan'i Almà: "Ary dia toy izany, tamin'izany fotoam-panambinana izany, no tsy mba nandroahany izay nitanjaka, na izay marary, na izay tsy nihinana; . . . nalalatanana tamin'ny rehetra [izy ireo], na antitra na tanora, na mpifatotra na olona hafa, na lahy na vavy, na olona ivelan'ny fiangonana na ao anatin'ny fiangonana, tsy nanavakavaka olona tamin'ireo izay fadiranovana."[8]

Tsy maintsy mitandrina isika mba tsy ho lasa toy ny zavatra mahazatra fotsiny ny vaovao momba ireo toe-javatra mitranga amin'ireo mpitsoa-ponenana, rehefa nihena ny fihotakotahana tamin'ny voalohany, kanefa mbola mitohy ny ady ary mitohy hatrany ny fahatongavan'ny fianakaviana maro. Mpitsoa-ponenana an-tapitrisany manerana izao tontolo izao, izay tsy miseho amin'ny vaovao intsony ny tantarany, no mbola mila fanampiana mafy.

Raha toa ka manontany ianao hoe: "Inona no azoko atao?" dia aoka hotsaroantsika aloha fa tsy tokony hanompo isika raha ataontsika ambanin-javatra ny fianakaviantsika sy ireo andraikitsika hafa,[9] ary tsy tokony hanantena ireo mpitarika antsika mba hanangana tetikasa ho antsika isika. Kanefa afaka mandray anjara amin'ity asa fanasoavana goavana ity isika tsirairay amin'ny maha-tanora, lehilahy, vehivavy sy amin'ny maha-fianakaviana.

Ho valin'ny fanasana nataon'ny Fiadidiana Voalohany mba handray anjara amin'ny asa fanompoana araka an'i Kristy atao amin'ireo mpitsoa-ponenana maneran-tany,[10] ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy Zatovovavy ary Kilonga maneran-tany dia nanangana asa fanampiana antsoina hoe: "Mpivahiny aho." Nampahafantarin'ny Rahavavy Burton tamin'ireo vehivavy ato amin'ny Fiangonana izany tamin'ny faran'ny herinandro teo nandritra ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany. Misy hevitra sy loharano ary sosokevitra marobe tena manampy hanaovana asa fanompoana ao amin'ny IWasAStranger.lds.org.

Atombohy amin'ny vavaka atao ampandohalihana. Avy eo dia mieritrereta zavatra atao eo akaikin'ny tranonareo, eo amin'ny fiaraha-monina misy anareo, izay ahitanareo olona mila fanampiana amin'ny toe-java-baovao iainany. Ny tanjona ambony indrindra dia ny fanarenana azy ireo hanana fiainana ahitana fahazotoana miasa sy fizakan-tena.

Tsy misy fiafarana ireo fahafahantsika hanolo-tanana sy ho namana. Azonao atao ny manampy ireo mpitsoa-ponenana napetraka tamin'ny toerana iray mba hianatra ny fitenin'ilay firenena mampiantrano azy ireo, na hampitombo ny fahaiza-manaony arak'asa, na hanao fampiharana ny dinidinika fitadiavana asa. Afaka manolo-tena ho mpanorohevitra ny fianakaviana na renim-pianakaviana iray ianao ao anatin'ny fizaran'izy ireo miaina kolontsaina tsy mahazatra iray, na dia manao zavatra tsotra toy ny hoe miaraka amin'izy ireo mandeha any amin'ny toeram-pivarotana na any antsekoly aza. Manana fikambanana azo itokisana iarahany miasa ny paroasy sy tsatòka sasany. Ary afaka manome anjara biriky ho an'ny asa fanasoavana miavaka ataon'ny Fiangonana ianao araka izay toe-javatra iainanao.

Ankoatra izany isika tsirairay dia afaka mampitombo ny fahalalantsika mikasika ireo zava-mitranga manerana izao tontolo izao izay mandroaka ireo fianakaviana ireo hiala ny fonenany. Tsy maintsy mijoro manohitra ny tsy fandeferana isika ary manohana ny fanajana sy ny fiantrana olona eo anivon'ireo kolontsaina sy fombandrazana samihafa. Hanova anareo ny fihaonana amin'ireo fianakaviana mpitsoa-ponenana sy ny fandrenesana ny tantaran'izy ireo amin'ny sofinareo fa tsy avy amin'ny efijery iray na gazety iray. Hivelatra ny finamanana marina ary hampitombo ny fananana fangorahana sy ny fahombiazana eo amin'ny fiainana ao anatina tontolo vaovao iray.

Ny Tompo dia nampianatra antsika fa ireo tsatòkan'i Ziona dia tokony ho "fiarovana" sy ho "fialofana amin'ny tafio-drivotra."[11] Nahita fialofana isika. Andeha isika hivoaka avy ao amin'ireo toerana voaro misy antsika ka hizara amin'izy ireo ny zavatra betsaka ananantsika, ny *fanantenana* hoavy mamiratra kokoa, ny *finoana* an' Andriamanitra sy amin'ny mpiara-belona amintsika, ary *fitiavana* izay mahita mihoatra noho ny fahasamihafana ara-kolontsaina sy arapotokevitra ijoroana hatrany amin'ilay fahamarinana be voninahitra hoe isika rehetra dia zanaky ny Raintsika any Andanitra avokoa.



"Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana."[12]

Mety ho fotoana mitondra fiovana lalina eo amin'ny fiainan'ireo mpitsoa-ponenana ny maha-pitsoa-ponenana azy ireo, saingy tsy mamaritra ny hoe iza *izy ireo* izany. Tahaka ny an'ireo olona an'arivony tsy voatanisa teo alohan'izy ireo dia ho vanimpotoana —izay iriantsika ho vanimpotoana fohy—eo amin'ny fiainan'izy ireo izany. Ny sasany amin'izy ireo dia hitohy hahazo ny Prix Nobel, ho mpiasam-panjakana, mpitsabo, mpahay siansa, mpahay mozika, mpahay zava-kanto, mpitondra fivavahana, ary mpandray anjara amin'ny sehatra hafa. Maro amin'izy ireo tokoa no ireo karazan'olona ireo *mialoha ny* namoizany ny zava-drehetra. Tsy entina hamaritana hoe iza izy ireo izao vanimpotoana izao, saingy hanampy antsika hamaritra hoe iza isika izay asetrintsika izao.

"Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."[13] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Ho fampahalalana fanampiny dia jereo ny IWasAStranger.lds.org sy ny mormonchannel.org/blog/post/40-ways-to-help-refugees-in-your-community.*

**FANAMARIHANA**

1. Matio 25:35–36, 40.
2. Jereo ny Stephanie Nebehay, "World's Refugees and Displaced Exceed Record 60 Million," 18 des. 2015, reuters.com.
3. Jereo ny "Facts and Figures about Refugees," unhcr.org.uk/about-us/key-facts-and-figures.html.
4. Jereo ny "A Record 1.25 Million Asylum Seekers Arrived in the EU Last Year," 4 mar. 2016, businessinsider.com.
5. Linda K. Burton, "Mpivahiny aho," *Liahona,* mey 2016, 14.
6. Jakoba 1:27.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:35; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.
8. Almà 1:30.
9. Jereo ny Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 26 mar. 2016; jereo ihany koa ny Môsià 4:27.
10. Jereo ny Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 27 ôkt. 2015.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6; jereo ihany koa ny Isaia 4:5–6.
12. 2 Timoty 1:7.
13. Matio 25:40.



**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fifanoherana amin'ny zava-drehetra

*Ny fifanoherana dia mamela antsika hitombo ho lasa ilay tian'ny Raintsika any An-danitra hahatongavantsika.*

Ny drafitry ny famonjen'ny Ray ho an'ny fivoaran'ireo zanany mandrakizay no ivon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Izany drafitra izany, izay voazava ao amin'ny fanambarana maoderina, dia manampy antsika hahatakatra zavatra maro izay atrehintsika amin'ny fiainana an-tany. Ny hafatro dia mifantoka amin'ny anjara asa lehiben'ny fifanoherana ao anatin'izany drafitra izany.

## I.

Ny tanjon'ny fiainana an-tany ho an'ny zanak' Andriamanitra dia ny hanome ireo traikefa ilaina "mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany any amin'ny farany ny anjarany tahaka an' Andriamanitra amin'ny maha-mpandova ny fiainana mandrakizay azy."[1] Araka ny nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson antsika tamin-kery tokoa tamin'ny maraina, dia mandroso isika rehefa manao safidy, ary tsapaina isika amin'izany mba hanehoana fa hisafidy ny hitandrina ny didin' Andriamanitra (jereo ny Abrahama 3:25). Mba hahafahana mitsapa antsika dia tsy maintsy manana ny fahalalahana isika hisafidianana zavatra. Tsy maintsy eo amintsika ny fifanoherana mba hananantsika safidy ahazoantsika mampiasa ny fahafahantsika misafidy.

Zava-dehibe ihany koa ny ambin'ilay drafitra. Rehefa manao safidy ratsy isika—izay tsy azo ihodivirana fa hataontsika—dia voaloton'ny fahotana ka tsy maintsy diovina mba hahafahana mankany amin'ny anjarantsika mandrakizay. Ny drafitry ny Ray no manome antsika ny fomba ahafahana manao izany, ilay fomba ahafahana manefa ny fitakian'ny fahamarinana: dia ny fisian'ny Mpamonjy iray manefa ny sarany mba hanavotra antsika amin'ny fahotantsika. I Jesoa Kristy Tompo izany Mpamonjy izany, ilay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra Ray mandrakizay, ka ny sorona izay nataony—ny fijaliany—no manefa ny saran'ny fahotantsika raha toa ka mibebaka amin'izany isika.

Iray amin'ireo fanazavana tsara indrindra momba ny anjara asan'ny fifanoherana ao amin'ilay drafitra dia hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ao amin'ireo fampianaran'i Lehia an'i Jakôba zanany.

"Tsy maintsy ilaina ny hisian'ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra. Raha

tsy izany, . . . dia tsy ho azo notanterahina ny fahamarinana na ny faharatsiana na ny fahamasinana na ny fahoriana na ny tsara na ny ratsy" (2 Nefia 2:11; jereo koa nyandininy 15).

Noho izany dia hoy i Lehia nanohy: "Nomen'ny Tompo Andriamanitra ny olombelona ny fahafahana hanao araka ny safidiny. Koa tsy ho afaka nanao araka ny safidiny ny olombelona raha tsy efa notaomin' itsy voalohany na ity faharoa" (andininy 16). Toy izany koa dia hoy ny Tompo ao amin'ny fanambarana maoderina: "Tsy maintsy ilaina ny hakan'ny devoly fanahy ny zanak'olombelona, fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hisafidy ho an'ny tenany izy ireo" (F&F 29:39).

Nilaina ny fifanoherana tao amin'ny Saha Edena. Raha tsy nanao ilay safidy nitarika ny fahafatesana i Adama sy i Eva hoy i Lehia nampianatra, "dia ho tafajanona tamin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny, . . . tsy nanao ny tsara satria tsy nahafantatra ny fahotana" izy ireo (2 Nefia 2:23).

Hatrany am-boalohany ny fahafahana misafidy sy ny fifanoherana dia ivon'ny drafitry ny Ray sy ny fikomian'i Satana amin'izany. Araka ny nambaran'ny Tompo tamin'i Mosesy, i Satana dia "nikatsaka ny handrava ny safidin'ny olona" tao amin'ny filankevitry ny lanitra (Mosesy 4:3). Izany fandravana izany dia vokatry ny tolotra nomen'i Satana. Tonga teo amin'ny Ray izy ka nanao hoe: "Indro, inty aho, iraho aho, ho zanakalahinao aho ary havotako ny olombelona rehetra ka tsy hisy olona iray ho very, ary hataoko marina tokoa izany; koa omeo ahy ny voninahitrao" (Mosesy 4:1).

Dia toy izany no nanoloran'i Satana ny hanatanteraka ny drafitry ny Ray amin'ny fomba izay hisakana ny fahatanterahan'ny tanjon'ny Ray ka hanomezany ny voninahiny an'i Satana.

Ny tolotra nomen'i Satana dia hanome antoka fitoviana tanteraka: tolotra izay hanavotra ny olombelona rehetra ka tsy hisy olona iray ho very. Tsy hisy fahafahana misafidy na safidy ho ataon'ny olona ka noho izany dia tsy ho ilàna fifanoherana. Tsy hisy fitsapana, tsy hisy ny tsy fahombiazana ary tsy hisy ny fahombiazana. Tsy hisy fitomboana mba hanatratrarana ilay tanjona nirian'ny Ray ho an'ireo zanany. Milaza ny soratra masina fa ny fanoherana nataon'i Satana dia niteraka "ady tany an-danitra" (Apokalypsy 12:7), izay nahazoan'ny roa ampahatelon'ny zanak' Andriamanitra ny zo hiaina ny fiainana an-tany amin'ny alalan'ny fisafidianana ny drafitry ny Ray sy ny fandavana ny fikomian'i Satana.

Ny tanjon'i Satana dia ny hanomezana azy ny voninahitra sy ny herin'ny Ray (jereo ny Isaia 14:12–15; Mosesy 4:1, 3)."Koa satria," hoy ny Ray, "nikomy Tamiko i Satana, . . . dia nasaiko nazera etỳ ambany izy" (Mosesy 4:3) niaraka tamin'ireo fanahy rehetra izay nampiasa ny fahafahany misafidy hanaraka azy (jereo ny Joda 1:6; Apokalypsy 12:8–9; F&F 29:36–37). Rehefa noroahina ho fanahy tsy manana vatana eto amin'ny fiainana an-tany i Satana sy ny mpanara-dia azy dia maka fanahy sy mikatsaka ny hamitaka sy hambabo ny zanak' Andriamanitra izy (jereo ny Mosesy 4:4). Koa ilay ratsy, izay nanohitra sy nikatsaka ny *handrava* ny drafitry ny Ray no *nanamora* izany raha ny marina, satria ny fifanoherana no mampisy safidy ary ny fahafahana manao ny safidy tsara no mitarika mankany amin'ilay fitomboana izay tanjon'ny drafitry ny Ray.



II.

Tsara ho marihina fa tsy ny fakampanahy hanota ihany no karazana fifanoherana amin'ny fiainana an-tany. Nampianatra i Lehia fa raha tsy nisy ny Fahalavoana "dia ho tafajanona tamin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny, tsy nanam-pifaliana satria tsy nahalala fahoriana" i Adama sy i Eva (2 Nefia 2:23). Raha tsy misy ny fiainana fifanoherana amin'ny fiainana an-tany, "ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ilaina ho fitambarana ho iray" izay tsy hisy fahasambarana na fahoriana (andininy 11). Noho izany, hoy i Lehia nanohy, rehefa avy namorona ny zava-drehetra Andriamanitra "mba hahatontosa ny fikasany mandrakizay momba ny ho avin'olombelona, . . . dia tsy maintsy ilaina ny hisian'ny fifanoherana; na dia ny voankazo voarara aza dia



mifanohitra amin'ny hazon'aina, ny iray mamy ary ny iray kosa mangidy" (andininy 15).[2] Mifarana amin'ireto teny ireto ny fampianarany momba ity ampahany amin'ny drafitry ny famonjena ity:

"Indro fa ny zava-drehetra dia efa natao araka ny fahendren'Ilay mahafantatra ny zava-drehetra.

"Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana" (andininy 24–25).

Ny fifanoherana izay miseho amin'ny endriky ny trangan-javatra sarotra izay atrehintsika amin'ny fiainana an-tany koa dia ampahany amin'ilay drafitra izay mampiroborobo ny fivoarantsika eto amin'ny fiainana an-tany

III.

Samy miaina karazana fifanoherana samihafa izay mitsapa antsika isika rehetra. Ny sasany amin'ireo fitsapana ireo dia ny fakam-panahy hanota. Ny sasany dia ireo olana an-tany izay tsy avy amin'ny fahotana manokana. Ny sasany dia tena lehibe. Ny sasany tsy dia mafy. Ny sasany dia mitohy, ary ny sasany dia handalo fotsiny ihany. Tsy misy afa-miala isika tsirairay. Ny fifanoherana dia mamela antsika hitombo ho lasa ilay tian'ny Raintsika any An-danitra hahatongavantsika.

Rehefa nahavita ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna i Joseph Smith dia mbola nitady mpiantoka boky izy. Tsy mora izany. Nampiahiahy ny fahasarotan'io rakitsoratra lava io sy ny vidin'ny fanaovana printy ary ny fanakambanana ireo tahadika an'arivony maro. Nanatona an'i E. B. Grandin, mpanao printy iray tao Palmyra, aloha i Joseph tamin'ny voalohany, ka nolaviny. Avy eo izy dia nahita mpanao printy iray hafa tao Palmyra, izay nandà azy ihany koa. Nandeha tany Rochester izy, 40 km miala eo, ka niresaka tamin'ireo mpiantoka boky malaza indrindra tao New York andrefana, izay mbola nandà azy ihany koa. Nisy mpiantoka boky iray hafa vonona tao Rochester saingy noho ny toe-javatra samihafa dia tsy azo natao izany.

Herinandro maro no lasa, ary tsy maintsy efa very hevitra i Joseph Smith amin'ny fanoherana misy amin'ny fanatanterahana ny andraikitra nampanaovin' Andriamanitra azy. Tsy nataon'ny Tompo ho mora izany, saingy nataony ho azo tanterahina. Ny andrana fahadimy sy ny firesahana faharoa tamin'i Grandin, mpiantoka boky iray tao Palmyra, vao nahomby.[3]

Taona maro taty aoriana dia nogadraina tamim-pangirifiriana tao amin'ny fonjan'i Liberty nandritra ny volana maro i Joseph. Rehefa nivavaka izy mba hahazo fanampiana dia nilaza taminy ny Tompo hoe "ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany" (F&F 122:7).

Isika rehetra dia mahafantatra tsara ireo karazana fanoherana amin'ny fiainana an-tany izay tsy avy amin'ny fahotantsika manokana. Tafiditra amin'izany ny aretina, sy ny kilema ary ny fahafatesana. Nanazava ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

"Misy fotoana ny sasany aminareo mety efa niantsoantso tao anatin'ny fijaliana izay mahazo anareo, nanontany tena hoe nahoana ny Raintsika any An-danitra no namela anareo handalo ireo karazana fitsapana izay atrehinareo. . . .

"Tsy natao ho mora na hahafinaritra foana anefa ny fianantsika an-tany. Ny Raintsika any An-danitra . . . dia mahafantatra fa amin'ny alalan'ireo fanamby sarotra sy fahoriana mahavaky fo ary safidy sarotra dia mianatra sy mitombo ary voadio isika. Miaina andro manjombona ny tsirairay amintsika rehefa nodimandry ny olona iray izay mamintsika, miaina fotoana maharary rehefa ratsy ny fahasalamantsika, miaina fahatsapana ho nilaozana rehefa toa nandao antsika ny olona izay tiantsika. Ireo rehetra ireo sy ireo fitsapana hafa no tena fizahana ny fahafahantsika miaritra."[4]

Ny ezaka ataontsika hanatsarana ny fanamasinantsika ny andro sabata dia tsy dia mametraka karazana fifanoherana mampiasa saina be loatra. Manana ny didin'ny Tompo isika mba hanamasina ny andro Sabata. Mety handika izany didy izany ny sasany amin'ny safidy ataontsika, saingy ireo safidy hafa mikasika ny fomba

handaniana ny fotoana amin'ny andro Sabata dia mifandraika fotsiny amin'ny hoe hanao ny tsaratsara ve isika, sa ny tsaratsara kokoa sa ny tena tsara.[5]

Mba hanehoana ny fifanoherana izay mahatonga fakam-panahy dia manoritsoritra fomba telo izay hampiasain'ny ratsy amin'ny andro farany ny Bokin'i Môrmôna. Voalohany dia "ho romotra ao am-pon'ny zanak'olombelona izy . . . ka hamporisika azy ho tezitra amin'izay tsara." (2 Nefia 28:20). Faharoa dia "hampitoniany . . . ka handrotsirotsiany amin'ny fiadanana ara-nofo [ireo mpikambana]," amin'ny filazana hoe: "miroborobo i Ziona, mandry fehizay ny rehetra" (andininy 21). Fahatelo dia hilaza amintsika izy hoe: "tsy misy izany helo izany; [ary] . . . tsy devoly izany aho, satria tsy misy izany" (andininy 22), ka noho izany dia tsy misy ny tsara sy ratsy. Noho ity fifanoherana ity dia nampitandremana isika mba tsy "hiadana ao Ziona!" (andininy 24).

Ny Fiangonana amin'ny asa nampanaovin' Andriamanitra azy sy isika amin'ny fiainantsika manokana dia toa miatrika fifanoherana tsy mitsahamitombo. Angamba arakaraka ny fitombon'ny Fiangonana amin-kery sy ny fitombontsika mpikambana ampinoana sy fankatoavana dia mampitombo ny hamafin'ny fanoherana izay ataony i Satana mba hahatonga antsika



hanana hatrany "fifanoherana amin'ny zava-drehetra."

Ny sasany amin'io fifanoherana io aza dia avy amin'ny mpikambana mihitsy. Ny sasany izay mampiasa ny fisainany sy ny fahendreny manokana hanoherana ny fitarihan'ny mpaminany dia manome anarana ny tenany toy ny fampiasan'ny fanjakana ireny—dia hoe "antoko mpanohitra." Na dia mety amin'ny demôkrasia aza izany dia tsy misy fanamarinana ho an'izany foto-kevitra izany ao amin'ny fitondrampanjakan' Andriamanitra, ka hoe ny fisalasalana no omem-boninahitra fa tsy ny fanoherana (jereo ny Matio 26:24).

Ho ohatra anankiray hafa dia misy zavatra maro ao amin'ny tantaran'ny Fiangonantsika tany am-boalohany, toy ny zavatra nataon'i Joseph Smith na ny zavatra tsy nataony tamin'ny toejavatra rehetra, ka ampiasain'ny olona hanamarinana ny fanoherany. Milaza aminareo rehetra aho hoe ampiharo ny finoana ary miantehera amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy hoe "ny voany no hahafantaran[tsika] azy" (Matio 7:16). Ny Fiangonana dia manao ezaka lehibe mba hangarahara amin'ireo rakitsoratra ananantsika, saingy na dia eo aza izay rehetra azontsika navoaka, indraindray ireo mpikambana ato amintsika dia tavela amin'ireo fanontaniana fototra izay tsy voavaha amin'ny alalan'ny fianarana. Izany no "fifanoherana amin'ny zava-drehetra" araka ny Fiangonana. Ny zavatra sasany dia tsy azo ianarana raha tsy amin'ny finoana ihany (jereo ny F&F 88:118). Ny finoana ny tenivavolombelona azontsika avy amin'ny Fanahy Masina no tena tokony hianteherantsika.

Mahalana Andriamanitra no mametra ny fahafahan'ny zanany tsirairay misafidy amin'ny alalan'ny fanakanana ny sasany mba ho fanavotana ny hafa. Fa manamaivana ny enta-mavesatry ny fahoriantsika Izy ka mankahery antsika mba hitondra izany, tahaka ny nataony tamin'ireo vahoakan'i Almà tao an-tanin'i Helama (jereo ny Môsià 24:13–15). Tsy manakana ny loza rehetra Izy, fa mamaly kosa ny vavaka ataontsika mba hampivily izany, tahaka ny nataony tamin'ilay rivo-doza mahery vaika tsy misy toa azy izay nandrahona ny hanakana ny fitokanana ny tempoly tao Fidji;[6] na koa ahenany ny vokatr'izany, tahaka ny nataony tamin'ny fanapoahana baomba fampihorohoroana izay namoizana aina maro tany amin'ny seranam-piaramanidin'i Bruxelles kanefa tsy namono fa nandratra fotsiny ireo misiônerantsika niisa efatra.

Ao anatin'ny fifanoherana misy eo amin'ny fiainana an-tany dia manana ny fanomezan-toky avy amin' Andriamanitra isika fa "hanokana ny fahoria[ntsika] ho tombontsoa[ntsika]" Izy (2 Nefia 2:2). Nampianarina ihany koa isika mba hahatakatra ireo zavatra iainantsika eto an-tany sy ireo didiny ao anatin'ny drafitra lehiben'ny famonjeny, izay milaza amintsika ny tanjon'ny fiainana ary manome antsika toky fa misy Mpamonjy iray, izay amin'ny anarany no ijoroako ho vavolombelona momba ny fahamarinan'izany rehetra izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
2. Toy izany koa ny fanambarana maoderina dia mampianatra antsika fa raha tsy nanana ny mangidy mihitsy isika dia tsy afaka hahafantatra ny mamy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39).
3. Jereo ny Michael Hubbard MacKay sy Gerrit J. Dirkmaat, *From Darkness unto Light: Joseph Smith's Translation and Publication of the Book of Mormon* (2015), 163–79.
4. Thomas S. Monson, "Joy in the Journey" (Lahateny natao tamin'ny Fivoriamben'ny vehivavy tao BYU, ny 2 mey, 2008), womensconference.ce.byu.edu. Misy lahatsoratra kely momba ny toetry ny mpanao fanatanjahan-tena sy ny demôkrasia nataon'i John S. Tanner, izay filohan'ny BYU–Hawaii ankehitriny, ahitana io hevitra io momba ny foto-kevitra iray izay mahazatra antsika: "Ny fianarana ny ho resy amim-pankasitrahana dia tsy andraikitra ara-piarahamonina fotsiny ihany fa ilaina amin'ny ara-pivavahana izany. Nataon' Andriamanitra ny fiainana an-tany mba hampisy 'fifanoherana amin'ny zava-drehetra' (2 Nefia 2:11). Ny fahasahiranana sy ny faharesena dia anisan'ny drafiny hahatonga antsika ho tonga lafatra. . . . Mitana anjara asa lehibe ao amin'ny 'fikatsahana ny fahatanterahana' izay ataontsika ny faharesena" (*Notes from an Amateur: A Disciple's Life in the Academy* [2011], 57).
5. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Good, Better, Best," *Liahona,* nôv. 2007, 104–8.
6. Jereo ny Sarah Jane Weaver, "Rededication Goes Forward," *Church News,* 28 feb, 2016, 3–4.



**Nataon'ny Loholona Kent F. Richards**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra

*Ny tempoly tsirairay dia tranon' Andriamanitra masina ary ao anatiny ao isika tsirairay dia afaka mianatra sy mahafantatra ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra.*

Volana vitsy monja talohan'ny nahafatesan'ny Mpaminany Joseph Smith dia nihaona tamin'ny Apôstôly Roambinifolo izy mba hiresaka mikasika ny filàna lehibe indrindra izay natrehin'ny Fiangonana tamin'izany fotoana tena sarotra izany. Hoy izy tamin'izy ireo: "*Mila ny tempoly mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra isika.*"[1] Azo antoka fa amin'izao fotoan-tsarotra ankehitriny izao dia mila ny tempoly mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra isika tsirairay sy ny fianakaviantsika.

Nandritra ny fanokanana tempoly vao tsy ela akory izay dia tena nahafaly ahy ilay zavatra niainana iray manontolo. Tiako ilay varavarana misokatra ary niarahaba ny maro tamin'ireo mpitsidika izay tonga nijery ny tempoly aho. Tiako ny fankalazana ara-kolontsaina nomban'ny hery sy ny fientanentanan'ireo zatovo nandray anjara, ary tiako ireo fivoriana fanokanana nahafinaritra. Nahafinaritra ny Fanahy. Olona maro no voatahy. Ary ny ampitso marainan'io dia niditra tao amin'ny toerana fanaovana batisa izahay mivady mba handray anjara amin'ny fanaovana batisa ho an'ny sasany tamin'ireo razambenay. Rehefa nanangana ny tanako aho mba hanomboka ny ôrdônansy dia efa saika nahenika ahy manontolo ny herin'ny Fanahy. Fantatro indray tamin'izay fa ny tena herin'ny tempoly dia ao amin'ireo ôrdônansy.

Araka izay nambaran'ny Tompo, ny fahafenoan'ny Fisoronana Melkizedeka dia hita ao amin'ny tempoly sy



ireo ôrdônansiny, "fa ao no anokanana ireo fanalahidin' ny fisoronana masina mba hahazoanareo mandray laza sy voninahitra."[2] "Koa miharihary ao amin' ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra."[3] Io fampanantenana io dia natao ho anao sy ny fianakavianao.

Ny andraikitsika dia ny "mandray" izay atolotry ny Raintsika.[4] "Fa izay mandray no homena be dia be kokoa, dia hery izany":[5] ary izany dia hery handraisana ny *zavatra rehetra* izay azony omena ka homeny antsika—ankehitriny sy mandrakizay.[6] Izany dia hery hahatongavana ho zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra,[7] mba hahafantarana "ny herin'ny lanitra,"[8] hery hitenenana amin'ny anarany[9] sy handraisana "ny herin'ny Fanahi[ny]."[10] Ireo hery ireo dia lasa azon'ny tsirairay amintsika amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy ireo fanekempihavanan'ny tempoly.

Nahita izao androntsika izao tao amin'ilay fahitana lehibe hitany i Nefia: "Izaho Nefia dia nahatazana ny *herin*'ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidina tamin' ny olomasin'ny fiangonan'ny Zanakondry sy tamin'ny *vahoakan'ny fanekempihavanan*'ny Tompo, izay naely patrana tamin'ny lafiny rehetra tamin'ny tany; ary *nampirongoana [azy] ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra tamim-boninahitra lehibe.*"[11]

Vao haingana aho no nanana tombontsoa lehibe nanatrika varavarana misokatra tao amin'ny tempoly niaraka tamin'ny Filoha Russell M. Nelson sy ny fianakaviany rehefa namory azy ireo manodidina ny alitara famehezana izy ka nanazava tamin'izy ireo fa ny zavatra rehetra ataontsika ato amin'ny Fiangonana—ny fivoriana, ny fiaraha-mientana, ny lesona ary ny asa fanompoana rehetra—dia natao mba hanomanana antsika ho any amin'ny tempoly sy handohalika eo amin'ny alitara mba handray ireo fitahiana mandrakizay rehetra nampanantenain'ny Ray.[12]

Araka ny hatsapantsika ireo fitahiana avy amin'ny tempoly eo amin'ny fiainantsika manokana no hitodihan'ny

fontsika any amin'ny fianakaviantsika, tafiditra ao anatin'izany na ny velona na ny maty.

Vao haingana aho no nahita fianakaviana nahitana taranaka telo mifandimby niara-nandray anjara nanao batisa ho an'ireo razambeny. Na ilay renibe aza dia nandray anjara—na dia natahotra ny ho alentika tao anaty rano aza izy. Rehefa nivoaka avy tao anaty rano izy ka namihina ny vadiny dia latsadranomasom-pifaliana. Dia nifanao batisa avy eo ilay raibe sy ilay raimpianakaviana ary ny maro tamin'ireo zafikely. Inona ny fifaliana lehibe kokoa noho izany izay mety ho tsapan'ny fianakaviana iray? Ny tempoly tsirairay dia manana fotoana natokana ho an'ny fianakaviana mba hamelana anao sy ny fianakavianao handamina fotoana hanaovana izany ao amin'ny toerana fanaovana batisa.

Fotoana fohy talohan'ny nahafatesan'ny Filoha Joseph F. Smith dia nahita fahitana izy momba ny fanavotana ny maty. Nampianatra izy fa ireo izay ao amin'ny tontolon'ny fanahy dia miankina tanteraka amin'ireo ôrdônansy izay voaraintsika ho azy ireo. Hoy ny soratra masina: "Ny maty izay mibebaka dia ho voavotra amin' ny alalan' ny fankatoavana ireo ôrdônansin' ny tranon' Andriamanitra."[13] Mandray ireo ôrdônansy eo amin'ny toeran'izy ireo isika, fa izy ireo no manao ny fanekempihavanana mifandray amin'ny ôrdônansy tsirairay ary tanana ho tompon'andraikitra amin'izany. Azo antoka fa mbola misy voaly manify manakona antsika rehefa ao amin'ny tempoly fa misinda tanteraka kosa izany ho azy ireo.

Inona ary no andraikitsika manokana mahakasika ny fandraisana anjara amin'io asa io, amin'ny mahampitsidika ny tempoly sy amin'ny maha-mpiasa antsika? Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra ny Olomasina tamin'ny 1840 fa "ezaka lehibe no tsy maintsy atao, ary hilana fitaovana sy vola—ary noho ny tsy maintsy hanafainganana amim-pahamarinana ny asa [fanorenana tempoly] dia mety amin'ny Olomasina ny mandinika ny maha-zava-dehibe ireo zavatra ireo, ao an-tsainy, . . . ary avy eo dia manao



ireo dingana araka izay ilaina mba hanatanterahana ireo zavatra ireo, ka rehefa miomana amin-kerimpo sy faharesen-dahatra izy ireo dia tokony hanao izay rehetra vitany, ary hahatsapa ho tena liana toy ireny hoe miankina amin'izy ireo irery ireny ilay asa manontolo."[14]

Hitantsika ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy ny hoe:

"Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy?

". . . Ireo no avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin'ny ran'ny Zanak'ondry.

"Noho izany dia mitoetra eo anoloan'ny seza fiandrianan' Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman'alina eo amin'ny tempoly; ary Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana dia hamelatra ny tranolainy handrakotra azy."[15]

Azonao sary an-tsaina ve ireo izay manompo ao amin'ny tempoly amin'izao fotoana izao?

Misy mpiasa mpanao ôrdônansy maherin'ny 120.000 ao amin'ireo tempoly 150 miasa manerana izao tontolo izao. Kanefa mbola misy fahafahana ho an'ny olona maro noho izany aza hiaina izany zavatra mahafinaritra izany. Rehefa nanambara ilay hevitra mikasika ny hanaovana tempoly maro kelikely kokoa manerana izao tontolo izao ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nampianatra izy fa "ireo mpiasa mpanao ôrdônansy rehetra dia ho olona avy eo an-toerana izay hanompo amin'ny antso hafa ao amin'ny paroasiny sy ny tsatòkany."[16] Raha ny tokony ho izy dia antsoina hanompo mandritra ny roa ka hatramin'ny telo taona ireo mpiasa, ary azo atao ny manalava ny fotoana hanompoany. Tsy misy izany hoe rehefa voantso ianao dia hijanona eo foana raha mbola afaka. Maro ireo mpiasa nanompo maharitra no mitondra miaraka aminy ny fitiavany ny tempoly rehefa isaorana izy ireo ary mamela mpiasa vaovao hafa hanompo koa.

Teo ho eo amin'ny 100 taona lasa izay dia nampianatra ny Apôstôly John A. Widtsoe hoe: "Mila mpiasa betsaka kokoa isika mba hanatanteraka [ity] asa mahatalanjona ity. . . . Mila olona betsaka kokoa isika izay manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba ny asa atao any amin'ny tempoly ao anatin'ny sokajin-taona rehetra. . . . Tonga ny fotoana, . . . amin'izao ezaka vaovao hanatanterahana ny asa atao any amin'ny tempoly izao, hampandraisana anjara mavitrika ny olona rehetra amin'ny sokajin-taona rehetra hanao asa fanompoana. . . . Ny asa atao any amin'ny tempoly dia . . . mitondra tombontsoa lehibe ho an'ny zatovo sy

ny olona matanjaka toy ny amin'ireo zokiolona, izay efa nandao ny maro tamin'ireo enta-mavesatry ny fiainana. Mila mankany amin'ny tempoly bebe kokoa ny zatovolahy mihoatra noho ny rainy sy ny raibeny izay efa mitombina tsara noho ny traikefa maro azon'izy ireo teo amin'ny fiainana, ary ny zatovovavy vao ampy taona dia mila ny fanahy sy ny fitaomana ary ny fitarihana izay tonga avy amin'ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly."[17]

Ny filohan'ny tempoly any amin'ny tempoly maro dia mandray ireo misiônera vao nantsoina sy vao nandray fanafiana masina, zatovolahy sy zatovovavy, mba ho mpanatanteraka ôrdônansy ao anatin'ny fotoana fohy monja alohan'ny handehanany any amin'ny MTC (ivontoerana fanofanana misiônera). Ireo tanora ireo dia tsy hoe voatahy amin'ny alalan'ny fanompoana fotsiny ihany fa "mampitombo ny hatsarana sy ny fahatsapana ara-panahin'ireo izay manompo ao amin'ny tempoly [koa] izy ireo."[18]

Nangatahiko ireo tanora lahy sy vavy maro izay efa mpanatanteraka ôrdônansy taloha sy taorian'ny asa fitoriana nataony mba hizara ny zavatra tsapany. Nampiasa fehezanteny tahaka izao manaraka izao izy ireo hamaritana ny zavatra niainany tao amin'ny tempoly:

Rehefa manompo ao amin'ny tempoly aho dia, . . .

- . . . mahatsapa "ho akaiky kokoa ny Raiko sy ny Mpamonjy;"
- . . . mahatsapa "fiadanana sy fifaliana feno;"
- . . . mahatsiaro ho toy ny "ao an-trano;"
- . . . mahazo "fahamasinana sy hery, ary tanjaka;"
- . . . mahatsapa "ny lanjan'ny fanekempihavanana masina nataoko;"
- . . . "lasa fiainako ny tempoly;"
- . . . "eo akaikintsika ireo fanahy tompointsika mandritra ireo ôrdônansy;"
- . . . "manome ahy ny hery handresena ireo fakam-panahy izany;" ary
- . . . "nanova ny fiainako tanteraka ny tempoly."[19]

Ny fanompoana ao amin'ny tempoly dia zavatra iainana tena mahery vaika ho an'ny olona amin'ny sokajintaona rehetra. Na ireo mpivady vao sasantsasany aza dia miara-manompo. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny asa fanompoana ao amin'ny tempoly . . . dia fiaraha-mientana masina ho an'ny fianakaviana iray."[20] Amin'ny maha-mpanatanteraka ôrdônansy anao, ankoatra ny fandraisana ireo ôrdônansy ho an'ny razambenao, dia afaka *manatanteraka* ireo ôrdônansy ho azy ireo ihany koa ianao.

Hoy ny Filoha Wilford Woodruff:

"Inona moa no antso lehibe kokoa mety ananan'ny lehilahy [na ny vehivavy] eto ambonin'ny tany mihoatra ny fihazonany ny hery sy ny fahefana handeha sy hanatanteraka ireo ôrdônansin'ny famonjena? . . .

". . . Lasa fitaovana eo am-pelatanan' Andriamanitra ianao amin'ny fanavotana io fanahy io. Tsy misy zavatra nomena ny zanak'olombelona ka hoe mitovy amin'izany."[21]

Hoy koa izy:

"Homena [anao] ny bitsika malefaky ny Fanahy Masina ary ny harena any an-danitra, ny fifampiresahana amin'ny anjely dia omena anao tsikelikely eo."[22]

"Mendrika ny zavatra rehetra azontsika atao sorona [mandritra] ireo taona vitsy holaniantsika mandritra ny fiainana an-tany izany."[23]

Vao haingana ny Filoha Thomas S. Monson no nampahatsiahy antsika fa "tsy voavidy vola ireo fitahiana avy amin'ny tempoly."[24] "Tsy misy izany fahafoizan-tena be loatra izany."[25]

Mankanesa any amin'ny tempoly. Mandehana any matetika. Mandehana any miaraka amin'ny fianakavianao sy ho an'ny fianakavianao. Mankanesa any dia ampio ny hafa handeha any koa.

"Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava?" Ry rahalahy sy anabaviko, *ianareo* ireo—ianareo izay nandray ireo ôrdônansin'ny tempoly, izay nitandrina ny fanekempihavanana nataonareo na dia nilàna fahafoizan-tena aza. Ianareo izay manampy ny fianakaviananareo hahita ireo fitahiana avy amin'ny fanompoana ao amin'ny tempoly sy nanampy ny hafa teny an-dalana teny. Misaotra noho ny fanompoanareo. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny tempoly tsirairay dia trano masin' Andriamanitra ary ao anatiny ao isika tsirairay dia afaka mianatra sy mahafantatra ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 416; nampiana fanamafisana.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:34.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
4. Jereo ny Marka 4:20, 24–25.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71:6.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38: "Ary izay mandray ny Raiko dia mandray ny fanjakan' ny Raiko; koa izay rehetra ananan' ny Raiko dia homena azy." Ireo no fampanantenana miaraka amin'ireo fanekempihavanana amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:20–24.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:4; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:8; Mosesy 6:65–68.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:20: "Fa mba hahazoan' ny olona tsirairay kosa miteny amin' ny anaran' ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao."
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:30.
11. 1 Nefia 14:14; nampiana fanamafisana.
12. Jereo ny Russell M. Nelson, "Personal Preparation for Temple Blessings," *Liahona,* jolay 2001, 37.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:58; jereo koa ny andininy 53–54.
14. *Teachings: Joseph Smith,* 415.
15. Apokalypsy 7:13–15.
16. Gordon B. Hinckley, "Some Thoughts on Temples, Retention of Converts, and Missionary Service," *Ensign,* nôv. 1997, 49.
17. John A. Widtsoe, "Temple Worship," *Utah Genealogical and Historical Magazine,* apr. 1921, 51–52.
18. Taratasin'olon-tsotra avy amin'ny Filoha Brent Belliston, Tempolin'i Boise Idaho.
19. Taratasin'olon-tsotra.
20. Russell M. Nelson, "The Spirit of Elijah," *Ensign,* nôv. 1994, 86.
21. "Discourse by President Wilford Woodruff," *Millennial Star,* mey 14, 1896, 307.
22. *Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* (2004), xxx.
23. *Teachings: Wilford Woodruff,* 177.
24. Thomas S. Monson, "Ireo fitahiana avy amin'ny tempoly," *Liahona,* mey 2015, 93.
25. Thomas S. Monson, "Ny tempoly masina—fanilo ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2011, 92.



**Nataon'ny Loholona Paul V. Johnson**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ary tsy hisy fahafatesana intsony

*Ho an'ireo rehetra izay nilaozan'ny olon-tiany, dia loharanom-panantenana lehibe ny Fitsanganana amin'ny maty*

Paska tamin'ny herinandro lasa teo, ary nifantoka indray tamin'ny sorompanavotana nataon'i Jesoa Kristy Tompo sy ny Fitsanganany tamin'ny maty ny eritreritsika. Tamin'ny taon-dasa teo dia nieritreritra sy nisaintsaina momba ny Fitsanganana amin'ny maty mihoatra noho ny mahazatra aho.

Teo amin'ny herintaona lasa teo ho eo, dia nodimandry i Alisa zanakay vavy. Niady tamin'ny homamiadana nandritra ny valo taona latsaka izy, ary nodidiana imbetsaka, nanaraka fitsaboana maro isan-karazany, niaina fahagagana mampientanentana ary fahadisoam-panantenana lalina. Nahita ny toe-batany niharatsy izahay rehefa nihanakaiky ny faran'ny fiainany an-tany. Tena mafy ny nahita ny nitrangan'izany tamin'ny zanakavavy maminay— ilay zazakely miramiran'endrika izay nihalehibe mba ho lasa vehivavy sy vady ary reny manantalenta sy mahafinaritra. Nieritreritra aho hoe ho vonton'alahelo tanteraka ny foko.

Tamin'ny vanimpotoan'ny Paska tamin'ny herintaona, iray volana mahery kely talohan'ny nahafatesany, dia nanoratra i Alisa hoe: "Mpampahatsiahy ahy izay rehetra antenaiko hitranga amiko ny Paska. Dia ny hoe ho sitrana aho indray andro any ary ho tomombana aho indray andro any. Indray andro any aho dia tsy hisy vý na plastika ao anatiko. Indray andro any dia ho afaka amin'ny tahotra ny foko ary ho afaka amin'ny tebiteby ny saiko. Tsy mivavaka aho mba hitrangan'izany faingana, kanefa faly tokoa aho fa mino marina ny fiainana mahafinaritra aorian'ny fahafatesana."[1]

Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty no manome antoka ny hitrangan'ireo zavatra izay nantenain'i Alisa sy mandrotsaka ao anatintsika tsirairay "ny anton'ny fanantenana ao [anatintsika]."[2] Ny niantsoan'ny Filoha Gordon B. Hinckley ny Fitsanganana amin'ny maty dia hoe: "ny lehibe indrindra amin'ny zava-nitranga teo amin'ny tantaran'ny olombelona."[3]

Ny Fitsanganana amin'ny maty dia mitranga noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ary izy io dia ampahany manan-danja amin'ilay drafitra lehiben'ny famonjena.[4] Zanaka ara-panahin'ny ray aman-dreny any an-danitra isika.[5] Rehefa tonga etý amin'ny fiainana antany isika, dia tafaray amin'ny vatantsika ny fanahintsika. Iainantsika ireo



fifaliana sy olana rehetra mifandraika amin'ny fiainana an-tany. Rehefa maty ny olona iray, dia tafasaraka amin'ny vatany ny fanahiny. Ny fitsanganana amin'ny maty no mahatonga ny fanahy sy ny vatan'ny olona iray ho azo ampiarahina indray, ary amin'izay fotoana izay ihany ny vatana no ho tsy mety maty sy ho tanteraka—tsy hiharan'ny fanaintainana, na aretina, na olana hafa.[6]

Aorian'ny fitsanganana amin'ny maty, dia tsy hisaraka amin'ny vatana intsony mihitsy ny fanahy satria ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia mitondra ny fandresena ny fahafatesana manontolo. Mba hahazoana ny anjarantsika mandrakizay, dia mila manana io olona tsy mety maty io isika—fanahy sy vatana—ampiarahana mandrakizay. Rehefa mifamatotra tsy azo sarahina ny fanahy sy ny vatana tsy mety maty, dia afaka mandray ny fahafenoan'ny fifaliana isika.[7] Raha ny marina, raha tsy misy ny Fitsanganana amin'ny maty dia tsy afaka handray mihitsy ny fahafenoan'ny fifaliana isika fa ho fadiranovana mandrakizay.[8] Na ireo olona mahatoky sy marina aza dia mahita ny fisarahan'ny vatany amin'ny fanahiny ho toy ny fangejana. Afahana amin'izany fangejana izany isika amin'ny alalan'ny Fitsanganana amin'ny maty, izay fanavotana amin'ny famatorana na rojon'ny fahafatesana.[9] Tsy misy ny famonjena raha tsy samy eo ny fanahy sy ny vatana.

Isika tsirairay dia manana kilema sy fahalemena ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetsehampo. Ireny olana ireny, izay toa tsy azo resena ankehitriny, dia ho voavaha any aoriana. Tsy misy amin'ireo olana ireo hampijaly antsika aorian'ny fitsanganantsika amin'ny maty. Nanadihady ny tahampahavelomana ho an'ny olona izay nanana ny karazana homamiadana nananany i Alisa, ary nahakivy ny salan'isa hitany. Nanoratra izy hoe: "Kanefa misy fanasitranana iray, noho izany tsy matahotra aho. Efa nanasitrana ny homamiadako sy ny anao i Jesoa. . . . *H*ihatsara aho. Mahafaly ahy ny mahafantatra izany."[10]

Azontsika soloina amin'izay aretina ara-batana na ara-tsaina na ara-pihetsehampo hafa atrehantsika ny teny hoe *homamiadana*. Noho ny Fitsanganana amin'ny maty dia efa nositranina ihany koa izy ireny. Ny fahagagan'ny fitsanganana amin'ny maty, ilay fahasitranana lehibe indrindra, dia tsy tratry ny herin'ny fitsaboana maoderina. Kanefa tratry ny herin' Andriamanitra izany. Fantatsika fa azo tanterahina izany satria ny Mpamonjy dia nitsangana tamin'ny maty ary hitranga noho izany ihany koa ny Fitsanganantsika tsirairay amin'ny maty.[11]



Ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia manaporofo fa Izy no Zanak' Andriamanitra ary tena misy ny zavatra nampianariny. "Efa nitsangana izy, araka izay nolazainy."[12] Tsy afaka ho nisy porofo matanjaka ny amin'ny maha-andriamanitra Azy mihoatra noho ny fivoahany avy tao amin'ny fasany miaraka amin'ny vatana tsy mety maty.

Mahafantatra vavolombelon'ny Fitsanganana amin'ny maty tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao isika. Ankoatra ireo vehivavy sy lehilahy izay vakiantsika ny momba azy ao amin'ireo Filazantsara, dia manome antoka antsika ny Testamenta Vaovao fa raha ny tena marina dia an-jatony maro no nahita ny Tompo izay efa nitsangana tamin'ny maty.[13] Ary ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka momba ny olona an-jatony maro hafa koa: "Nandroso ny valalabemandry ary napetrany teo amin'ny lanivoany ny tanany, . . . ary hitan' [izy ireo] tamin'ny masony sy notsapainy tamin'ny tanany ary fantany marina tokoa ary vavolombelona manambara izy ireo fa Izy no Ilay efa nosoratan'ny mpaminany fa ho avy."[14]

Ireo vavolombelona taloha ireo dia ampiana vavolombelona amin'ny andro farany. Raha ny marina, ao amin'ilay tranga izay nanokatra ity fotoampitantanana ity, dia nahita ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty niaraka tamin'ny Ray i Joseph Smith.[15] Ireo mpaminany sy apôstôly velona dia efa nijoro ho vavolombelona ny amin'ny tena fisian'i Jesoa Kristy efa nitsangana tamin'ny maty sy velona.[16] Koa isika dia afaka miteny hoe: "Misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona."[17] Ary isika tsirairay dia afaka ny ho isan'ny rahon'ny vavolombelona izay mahafantatra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa

tena nitranga ny zavatra ankalazaintsika amin'ny Paska—fa tena misy ny Fitsanganana amin'ny maty.

Ny tena fisian'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia manolo ny ratram-pontsika amin'ny fanantenana satria misy ny antoka miaraka aminy hoe ireo fampanantenana hafa rehetra an'ny filazantsara hafa dia tena misy toy izany koa—fampanantenana izay mahagaga tahaka ny fitsanganana amin'ny maty. Fantantsika fa manana ny hery hanadiovana antsika amin'ny fahotantsika rehetra Izy. Fantatsika fa naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika sy ny tsy rariny izay nianjady tamintsika Izy.[18] Fantatsika fa Izy dia efa "[n]itsangana [t]amin'ny maty miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany."[19] Fantatsika fa Izy dia afaka mahatonga antsika ho tombombana na manao ahoana na manao ahoana ny ratrantsika. Fantatsika fa Izy dia "[hamafa] ny ranomaso rehetra amin'ny mason[tsika]; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana."[20] Fantatsika fa isika dia afaka ny ho lasa "[atao] fanaperana [amin'ny] alalan'i Jesoa . . . , izay nanatontosa ity sorompanavotana fanaperana ity"[21] raha toa isika manampinoana sy manaraka Azy fotsiny ihany.

Any amin'ny faramparan'ilay oratorio *Le Messie,* dia namorona mozika kanto i Handel ho an'ny tenimpiravoravoana nataon'i Paoly Apôstôly momba ny Fitsanganana amin'ny maty .

"Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra;

". . . hotsofina ny trompetra, ary ny maty dia hatsangana tsy ho lò intsony, ary isika dia hovàna.

"Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalòvana, ary ity mety maty ity dia tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana.

". . . Dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe: Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao?

"Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao? Ry fasana ô, aiza ny fandresenao? . . .



"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay nanome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika."[22]

Feno fankasitrahana aho noho ireo fitahiana azontsika noho ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Tompo tamin'ny maty. Ho an'ireo rehetra izay namoy ny zanany na nitomany teo anilan'ny vatapatin'ny vadiny na nilaozan'ny havany na ny olon-tiany, dia loharanom-panantenana lehibe ny Fitsanganana amin'ny maty. Ho traikefa mahery vaika tokoa ny hahita azy ireny indray—tsy hoe fanahy fotsiny fa miaraka amin'ny vatana nitsangana tamin'ny maty.

Maniry mafy ny hahita ny reniko indray aho sy hahatsapa ny fahalefahany ary mijery ny masony feno fitiavana. Te hahita ny tsikin'ny raiko aho sy handre ny fihomehezany ary hahita azy efa nitsangana tamin'ny maty sy tonga lafatra. Ataoko sary an-tsaina amin'ny fijery feno finoana i Alisa lavitra tanteraka ireo olana etỳ an-tany na ny fanindronan'ny fahafatesana—dia Alisa nitsangana tamin'ny maty, natao tanteraka sy nandresy ary manana ny fahafenoan'ny fifaliana.

Paska vitsivitsy lasa izay, dia nanoratra tsotra izy hoe: "Misy fiainana amin'ny alalan'ny anarany. Feno fanantenana aho. Mandrakariva. Amin'ny alalan'ny zavatra rehetra. Tiako ny Paska hampahatsiahy ahy izany."[23]

Mijoro ho vavolombelona aho fa tena misy ny Fitsanganana amin'ny maty. Velona i Jesoa Kristy, ary noho Izy, dia ho velona indray isika rehetra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**
1. Alisa Linton, "Easter," 14 apr. 2015.
2. 1 Petera 3:15; jereo koa ny 1 Petera 1:3.
3. Gordon B. Hinckley, "The Empty Tomb Bore Testimony," *Ensign*, mey 1988, 65.
4. Jereo ny Almà 42:23.
5. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona*, nôv. 2010, 129.
6. Jereo ny Almà 11:43.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:33; 138:17.
8. Jereo ny 2 Nefia 9:8–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:34.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:14–19.
10. Alisa Linton, "I Draw the Line at the Easter Bunny," 25 mar. 2008.
11. Jereo ny 1 Korintiana 15:20–22; 2 Nefia 2:8; Helamana 14:17; Môrmôna 9:13.
12. Matio 28:6.
13. Jereo ny 1 Korintiana 15:6, 8.
14. 3 Nefia 11:15.
15. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:15–17.
16. Jereo ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Liahona*, apr. 2000, 2; "Special Witnesses of Christ," lds.org/prophets-and-apostles/what-are-prophets-testimonies.
17. Hebreo 12:1.
18. See Almà 7:11–12.
19. 2 Nefia 25:13.
20. Apôkalypsy 21:4.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:69.
22. 1 Korintiana 15:51–55, 57.
23. Alisa Linton, "Life through His Name," 8 apr. 2012.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo ny Tompo

*Mitiava hatrany. Miezaha hatrany. Matokia hatrany. Minoa hatrany. Mivoara hatrany. Mamporisika anao ny lanitra androany sy rahampitso ary mandrakizay.*

Ry rahalahy sy anabavy isany, azonareo an-tsaina ve—mba takatrareo na dia kely fotsiny aza ve—ny halehiben'ny fitiavanay anareo? Nandritra ny adiny 10 ianareo dia nijery, sy nifantoka tamina tarehy anankiray nifanesy teto amin'ity polipitra ity, saingy nandritra ireo adiny 10 ireo kosa dia nipetraka tao ambadik'ity polipitra ity izahay ka nijery sy nifantoka taminareo. Mampientanentana ny fanahinay manontolo ianareo, dia ianareo miisa 21.000 izay tafavory eto amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonambe ity, na koa ireo olona maro any amin'ireo trano fivoriana sy trano fiangonana maro, ary ireo an-tapitrisany maro hafa maneran-tany izay angamba mitangorona manodidina ny efijerin'ny solosain'ny fianakaviany. Io ianareo, any ianareo, mandritra ny ora mifanesy, manao fitafy fanao amin'ny alahady sy maneho ny tsara indrindra avy aminareo. Mihira ianareo ary mivavaka ianareo. Mihaino ianareo ary mino ianareo. Ianareo no fahagagan'ity Fiangonana ity. Ary tianay ianareo.

Fihaonamben'ny Fiangonana iray hafa tena miavaka iny natrehantsika iny. Nahazo fitahiana manokana tamin'ny alalan'ny fanatrehan'ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo hafatra mifono faminaniana isika. Ry Filoha! Tianay ianao, mivavaka ho anao izahay sy misaotra anao ary indrindra indrindra, manohana anao izahay. Feno fankasitrahana isika fa nampianarinao sy nampianarin'ireo mpanolotsainao mahavariana ary ireo mpitarika lehilahy sy vehivavy maro ato amintsika izay manana ny maha-izy azy. Tena tsara ny mozika henontsika. Nentina am-bavaka sy niangaviana mafy isika. Nirotsaka be dia be teto tokoa ny Fanahy. Tena faran'ny herinandro nanentana ny fanahy tokoa ity tamin'ny lafiny rehetra.

Ankehitriny dia olana roa no misy manoloana antsika. Ny iray dia ilay hoe izaho sisa no olona mijoro eo anelanelanareo sy ilay gilasy efa ataonareo vonona foana mba hamaranana ny fihaonamben'ny Fiangonana. Ny olana lehibe iray hafa dia asehon'ity sary hitako vao haingana tao amin'ny internet ity.




Miala tsiny amin'ny ankizy rehetra izay miafina any ambany seza aho amin'izao fotoana izao saingy ny marina dia tsy hisy amintsika rahampitso, na ny andro aorian'izay haniry ny handrava ny fahatsapana tena tsara azontsika tamin'ity faran'ny herinandro ity. Te hifikitra mafy amin'ireo fahatsapana ara-panahy azontsika isika sy ireo fampianarana tena tsara henontsika. Saingy tsy azo ihodivirana ny hoe aorian'ireo fotoana nitondrana antsika tany an-danitra teo amin'ny fiainantsika dia tsy maintsy miverina eto an-tany isika, raha izay no ilazana azy, izay toerana iatrehantsika indray toe-javatra tsy dia tsara loatra indraindray.

Nampitandrina antsika ny amin'izany ny mpanoratra ny Bokin'i Hebreo rehefa nilaza hoe: "Fa tsarovy ny andro fahiny izay naharetanareo ny ady mafy tamin'ny fahoriana, rehefa nohazavaina hianareo."[1] Izany fahoriana rehefa avy nohazavaina izany dia afaka miseho amin'ny fomba maro ary afaka miseho amintsika rehetra. Azo antoka fa ny misiônera rehetra efa nanompo hatramin'izay dia nahatsapa haingana fa tsy ho toy ilay tontolo tena raitra tao amin'ny ivontoerana fanofanana misiônera ny fiainana any amin'ny saha. Dia izany koa no miseho amintsika rehetra rehefa mandao fivoriana tena nahafinaritra iray any amin'ny tempoly na rehefa mamarana fivoriana fanasan'ny Tompo anankiray izay nampitombo ny aim-panahy manokana isika.

Tsarovy fa rehefa nidina avy niaina ilay zavatra tena nahatalanjona tany amin'ny Tendrombohitra Sinay i Mosesy dia hitany fa "nanao ratsy" ny

olony ary "nalaky nivily niala tamin'ny lalana."[2] Indro izy ireo teo ambodin'ny tendrombohitra nisomebiseby nanamboatra ombilahy kely volamena mba hiankohofana, tamin'ny fotoana nilazan'i Jehovah tamin'i Mosesy tany an-tampon'ny tendrombohitra mihitsy hoe: "Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany," ary "Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao."[3] I Mosesy dia *tsy* faly tamin'ilay andian'Isiraelitany nirenireny tamin'io andro io!

Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia nentin'i Jesoa tany an-tendrombohitry ny Fiovan-tarehy i Petera, i Jakoba ary i Jaona ka tany araka ny filazan'ny soratra masina dia "[namirapiratra tahaka ny masoandro ny tavany], ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava."[4] Nisokatra ny lanitra, tonga ireo mpaminany fahiny ary niteny Andriamanitra Ray.

Taorian'ny zava-niseho tena masina toy izany dia inona no hitan'i Jesoa rehefa nidina avy tany an-tendrombohitra izy? Voalohany dia nahita fifandirana teo amin'ny mpianany sy ireo mpanohitra azy ireo Izy mikasika ny fametrahan-tanana ho an'ny marary nomena ny zazalahy iray izay tsy nitondra vokany. Dia niezaka nandresy lahatra ny Roambinifololahy Izy—izay tsy nahomby—fa tsy ho ela dia hatolotra an'ireo mpitondra eo an-toerana Izy izay hamono Azy. Dia nisy olona nilaza Taminy fa tokony nandoa ny hetrany Izy, izay tonga dia naloany. Avy eo dia tsy maintsy notezerany ny sasany tamin'ireo rahalahy satria nifanditra izy ireo mikasika ny hoe iza no lehibe indrindra ao amin'ny fanjakany. Izany rehetra izany dia nahatonga Azy hilaza izao tamin'ny farany hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo?"[5] Nanana fahafahana hametraka izany fanontaniana izany imbetsaka Izy nandritra ny asa fanompoany. Tsy nahagaga raha toa ka naniry ny hivavaka mitokana tany an-tampon-tendrombohitra Izy!

Noho ny fahatsapana fa isika *rehetra* dia tsy maintsy miala avy any amin'ilay fiainan-javatra avo lenta ara-panahy ka midina mba hiatrika ireo fivadibadiky ny fiainana, dia mamela ahy ianareo hanolotra ity famporisihana ity amin'izao fiafaran'ny fihaonamben'ny Fiangonana izao.

Voalohany indrindra, raha toa ka mahita ianao ao anatin'ireo andro ho avy fa ankoatra ireo zava-mametra eo amin'ny manodidina anao dia eo koa ireo singa eo amin'ny fiainanao izay mbola tsy mifanaraka amin'ireo hafatra henonao tamin'ity faran'ny herinandro ity ihany koa, dia aza avela ho kivy ny fanahy ary aza milavo levona. Ny filazantsara sy ny Fiangonana ary itony fivoriana isaky ny tapa-taona itony dia natao hanomezana fanantenana sy aingam-panahy fa tsy fanakiviana. Ilay fahavalontsika rehetra ihany no hany hiezaka ny handresy lahatra antsika fa ireo fitsipika velabelarina ao anatin'ny fihaonambe dia mahakivy sy tsy mitombina, ary tsy mivelatra akory ny olona ary tsy misy olona mivoatra marina akory. Nahoana ary no manao izany resaka izany i Losifera? Satria fantany fa tsy afaka mivelatra *izy*, tsy afaka mivoatra *izy*, ary tontolo tsisy fiafarana, tsy hanana hoavy mamirapiratra *izy*. Olona fadiranovana voafatotry ny fetra mandrakizay izy ary maniry anao ho fadiranovana koa. Aza manaiky ho azon'izany. Noho ny fanomezana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny hery avy an-danitra mba hanampiana antsika, dia *afaka* mivoatra isika, ary ny zavatra tena tsara mikasika ny filazantsara dia mahazo fitahiana isika rehefa *miezaka* na dia hoe tsy voatery hahomby foana aza isika.

Rehefa nisy ny adihevitra tany ampiandohan'ny Fiangonana mikasika ny hoe iza no mahazo ireo fitahian'ny lanitra ary iza no tsy mahazo, dia nanambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo hoe: "Fa lazaiko aminareo marina tokoa, [ireo fanomezan' Andriamanitra] dia omena ho tombontsoan'ireo izay tia Ahy sy mitandrina ny didiko, ary [ho an'ireo]



izay *mikatsaka* ny hanao izany."[6] Tena feno fisaorana an'izany vatsy fanampiny izany isika *rehetra* "ary . . . mikatsaka ny hanao izany"! Mpamonjy aina izany satria indraindray dia izay ihany no azontsika atolotra! Mahazo fampaherezana isika noho ny amin'ilay hoe, raha toa ka ny tena mahatoky tanteraka ihany no omen' Andriamanitra valisoa dia tsy dia hisy olona firy ao anatin'ilay lisitry ny tokony homena valisoa.

Mba tsarovy rahampitso ary amin'ireo andro rehetra aorian'izany fa ny Tompo dia mitahy ireo izay *maniry* ny hivoatra, manaiky ny filana ireo didy sy *miezaka* mitandrina azy ireo, ary manome lanja an'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy sy *miezaka* araka izay azony atao mba hanana azy ireo. Raha toa ianao ka solafaka ao anatin'ny fanatanterahana izany dia mba tratran'izany koa ny rehetra. Eo ny Mpamonjy hanampy anao hanohy. Raha mianjera ianao dia angataho ilay heriny. Mangataha tahaka an'i Almà hoe, "Ry Jesoa ô, . . . mamindra fo amiko."[7] Hanampy anao mba hiarina Izy. Hanampy anao hibebaka, hamerina amin'ny laoniny, hanamboatra izay tokony hamboarina ary hanohy ny dia Izy. Hahazo vetivety foana ny fahombiazana izay katsahinao ianao.

Nanambara ny Tompo hoe: "Hatao aminareo araka izay irinareo Amiko."

". . . Apetraho amin'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokianao—eny, hanao araka ny hitsiny, handeha amim-panetren-tena, hitsara araka ny rariny. . . .

". . . [Amin'izay] *ny zavatra rehetra irianao Amiko [amim-]pahamarinana, . . . dia horaisinao.*"[8]

Tiako io fotopampianarana io! Milaza hatrany hatrany izany fa hahazo fitahiana isika noho ny *faniriantsika* hanao ny tsara na dia mbola miezaka ny ho tsara aza isika raha ny marina. Ary mampahatsiahy antsika izany fa mba hahazoana ireo fitahiana ireo dia tsy maintsy maka antoka isika fa tsy manakana ny hafa tsy hahazo izany: mila mitondra ny hafa amim-pahamarinana fa tsy amin'ny tsy rariny velively isika; mila mandeha amim-panetrentena isika fa tsy amim-piavonavonana na amim-pieboeboana velively; mila mitsara araka ny rariny isika fa tsy amim-piheverana ny tena ho manana ny rariny foana velively.

Ry rahalahiko sy anabaviko, ny *didy* lehibe voalohany mifandray amin'ny mandrakizay dia ny mitia an'Andriamanitra amin'ny fo*ntsika* rehetra sy ny herintsika rehetra sy ny sainsika rehetra ary ny tanjatsika rehetra—izany no ilay didy lehibe voalohany. Saingy ny *fahamarinana* lehibe voalohany mifandray amin'ny mandrakizay dia ny hoe, tia *antsika* amin'ny fo*ny* rehetra sy ny heriny rehetra sy ny sainy rehetra ary ny tanjany rehetra Andriamanitra. Io fitiavana io no vato iorenan'ny mandrakizay ary tokony ho vato iorenan'ny fiainantsika isan'andro. Mazava ho azy fa amin'ny alalan'io fananana toky miredareda ao am-pontsika io ihany no ahafahantsika manana fahatokiana hanohy ny fiezahana hivoatra, hanohy hikatsaka ny famelana ny fahotantsika ary hanohy hanolotra izany hatsarantoetra izany amin'ny mpifanolobodirindrina amintsika.

Nampianatra ny Filoha George Q. Cannon indray mandeha hoe: "Na goavana toy ny inona aza ny fitsapana, na



lalina toy ny inona aza ny fahoriana ary na lehibe toy ny inona aza ny fijaliana, dia tsy handao antsika velively [Andriamanitra]. Tsy mbola nandao velively Izy ary tsy handao velively. Tsy mba fanaony izany. Tsy toetrany ny [manao izany]. . . . Hijoro eo akaikintsika [foana] Izy. Mety mandalo ao anatin'ny lafaoro misy afo mirehitra isika; mety mamakivaky rano lalina; saingy tsy ho voatelina na ho rendrika isika. Ho tafavoaka amin'ireo fitsapana sy olana ireo isika ka ho olona tsara kokoa sy madio kokoa vokatr'izany."[9]

Raha tena tsy tapaka eo amin'ny fiainantsika izany fanoloran-tena tena lehibe avy amin' Andriamanitra izany izay miseho amin'ny endriny tena madio sy tonga lafatra teo amin'ny fiainan'i Jesoa Kristy Tompo sy ny fahafatesany ary ny Sorompanavotany, dia afaka misoroka ny fahotana sy ny hadalana—izay an'ny tenantsika na an'ny hafa—isika na manao ahoana na manao ahoana ny fomba ahatongavany eo amin'ny lalan'ny fiainantsika isan'andro. Raha atolotsika an'Andriamanitra ny fontsika, raha tiantsika i Jesoa Kristy Tompo, raha manao izay tsara indrindra vitantsika isika mba hiaina ny filazantsara, dia ho tena hahafinaritra ny rahampitso—sy ireo andro rehetra hafa—amin'ny farany, na dia tsy tsapantsika ho tena mahafinaritra foana aza izany. Nahoana? Satria izay no itiavan'ny Ray any An-danitra azy! Te hitahy antsika Izy. Fiainana mitondra soa sy be dia be ary mandrakizay no tena tanjon'ilay drafiny feno famindram-po ho an'ny zanany! Izany dia drafitra mifototra amin'ilay fahamarinana hoe "ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra."[10] Noho izany dia mitiava hatrany. Miezaha hatrany. Matokia hatrany. Minoa hatrany. Mivoara hatrany. Mamporisika anao ny lanitra androany sy rahampitso ary mandrakizay.

"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va?" hoy ny nambaran'i Isaia.

"Mampahatanjaka ny reraka [Andriamanitra]; ary izay kely hery dia omeny hery be. . . .

". . . Izay miandry [Azy] dia mandroso hery koa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery. . . .



"Fa Izaho Jehovah Andriamanitrao no mitantana ny tananan'[izy ireo] ankavanana, dia Ilay manao amin'[izy ireo] hoe: Aza matahotra, Izaho no hamonjy anao."[11]

Ry rahalahy sy rahavavy, enga anie ilay Ray any An-danitra be fitiavana hitahy antsika rahampitso mba hahatsiarovantsika ny zavatra tsapantsika androany. Enga anie hotahiany isika mba hiezaka hiaina amim-paharetana sy amim-pikirizana ireo fitsipika nambara tamintsika tamin'ity fihaonambe natao tamin'izao faran'ny herinandro izao, ka hahafantatra fa ilay fitiavany masina sy ilay fanampiany tsy tapaka dia hiaraka amintsika na dia ao anatin'ny fahasahiranana aza isika—tsia, hiaraka amintsika *indrindra* rehefa ao anatin'ny fahasahiranana isika.

Raha toa ka avo ireo fenitry ny filazantsara tokony ho tratrarina ary toy ny tsy ho tratra ilay fivoaran'ny tena manokana ilaina amin'ireo andro ho avy, dia tsarovy ny famporisihana nomen'i Josoa ny vahoakany rehefa niatrika hoavy nampitahotra izy ireo. "Manamasìna ny tenanareo," hoy izy, "fa rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo Jehovah."[12] Manambara izany fampanantenana izany aho. Izany no fampanantenan'ity fihaonambe ity. Izany no fampanantenan'ity Fiangonana ity. Izany no fampanantenany, dia Izy izay nanatanteraka ireo fahagagana ireo, Izy ilay "Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery, . . . Andrian'ny fiadanana."[13] Izy no ijoroako ho vavolombelona. Izaho dia vavolombelony. Ary ity fihaonambe ity dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny asany izay mandroso hatrany amin'izao andro farany lehibe izao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Hebreo 10:32.
2. Eksodosy 32:7, 8.
3. Eksodosy 20:3–4.
4. Matio 17:2.
5. Marka 9:19.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:9; nampiana fanamafisana.
7. Almà 36:18.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:8, 12, 14; nampiana fanamafisana.
9. George Q. Cannon, "Remarks," *Deseret Evening News,* mar. 7, 1891, 4.
10. Romana 8:28.
11. Isaia 40:28, 29, 31; 41:13.
12. Josoa 3:5.
13. Isaia 9:6.



# Manome anjara toerana ny Fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika

*Ampiasao ny sasany amin'ireto asa atao sy fanontaniana ireto mba hanombohana ny fifanakalozan-kevitry ny mpianakavy na ny fandinihana ataon'ny tena manokana.*

**Ho an'ny ankizy**

- Pejy 86 Niresaka momba ny zavanitranga iray tao amin'ny *Les aventures d'Alice aux pays des merveilles* ny Filoha Thomas S. Monson mba hanehoana fa manan-danja ny fanapahan-kevitra. Namporisika antsika izy mba hisafidy ny tsara, na dia izany aza no lalana sarotra kokoa. Resaho ao amin'ny fianakavianao ireo fanapahan-kevitra sarotra izay mila raisinareo. Inona no zavatra azonareo atao mba hifanampiana amin'ny fisafidianana ny tsara? Mba hanaovana fiaraha-mientana dia manaova sarina ampinga misy soratra hoe FNT (Fidio Ny Tsara) eo amin'ny taratasy lehibe iray ho atao peta-drindrina dia soraty eo ny hevitraeo. Antony amin'ny toerana izay ahafahan'ny fianakavianao mahita azy matetika izany avy eo.
- Pejy 101: Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia niresaka momba ny tanàna iray any Allemagne izay ravan'ny ady kanefa taty aoriana dia narenina sy naverina ho kanto indray. Nampianatra ny Filoha Uchtdorf fa rehefa mahatsiaro isika fa simba ny fiainantsika dia afaka manarina antsika ny Ray any Andanitra. Inona ireo ohatra izay nahitan'ny fianakavianao zavatra rava ka lasa niverina ho kanto sy matanjaka indray? Zarao amin'ny zanakao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.
- Pejy 53: Namporisika antsika ny Loholona Mervyn B. Arnold ao amin'ny Fitopololahy mba "handeha hamonjy" amin'ny alalan'ny fanoloran-tanana ho an'ireo mpikambana malaindaina sy ireo namantsika tsy mpikamban'ny Fiangonana. Eritrereto miaraka amin'ny fianakavianao ny fomba ahafahanao manolo-tanana ho an'ireo izay tsy tonga tany am-piangonana elaela na ireo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Inona no azonao ato mba hizarana ny filazantsara amin'ny hafa? Mieritrereta fomba mahafinaritra iray hamolavolana drafitry ny fianakaviana ho an'ny asa fitoriana izay misy tanjona tsotra sy azo tanterahina.
- Pejy 13: Nanasa antsika ny Rahavavy Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, mba handinika ombam-bavaka ny fomba ahafahantsika manampy ireo mpitsoa-ponenana ao amin'ny fiarahamonina misy antsika. Tsidiho miaraka amin'ny fianakavianao ny pejy IWasAStranger.lds.org ary jereo ilay horonantsary mitondra ny lohateny hoe "Mpivahiny aho: Mifankatiava." Inona ireo zavatra sasantsasany azon'ny fianakavianao atao mba hanompoana ireo mpiara-monina aminao izay mila fanampiana?

**Ho an'ny tanora**

- Pejy 86: Nilaza ny Filoha Monson hoe: "Savily madinika no mampisokatra ny varavaran'ny tantaran'ny zanak'olombelona, ary torak'izany koa ny fiainan'ny olona." Nilaza ihany koa izy hoe: "ny lalana arahantsika eto amin'ity fiainana an-tany ity no mitondra mankany amin'izay hitobiantsika any amin'ny fiainana any ankoatra." Eritrereto ireo safidy lehibe izay hataonao eo amin'ny fiainanao. Alaivo sary an-tsaina hoe mety hitondra anao mankaiza ireo safidy ireo, ary ataovy lisitra ireo eritreritra sy fahatsapana tonga ao aminao.
- Pejy 46: Nilaza ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara dia nanomboka tamin'ny zatovo iray, Joseph Smith, izay nametraka fanontaniana." Nilaza ny Loholona Rasband fa ny fanontaniana dia maneho faniriana hianatra sy manampy fahamarinana ho an'ny fijoroana ho vavolombelona anantsika ary "mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy" (2 Nefia 31:20). Ento eo amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ireo fanontanianao, diniho ny soratra masina sy ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana, ary jereo sy henoy tsara ny valiny.

- Pejy 10: Efa nahatsiaro ho natahotra na manirery ve ianao? Ny Rahavavy Neill F. Marriott, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany dia nizara ny zavatra nitranga taloha kelin'ny fanambadiany. Lavitra ny tranony izy ary hiara-hitoetra amin'ny havan'ilay ho vadiny izay tsy mbola hitany mihitsy. Rehefa tonga tao amin'ny tranon'ilay havam-badiny ny Rahavavy Marriott dia hoy izy: "Nivoha ny varavarana . . . tsy niteny i Nenitoa Carol fa nanatona sy namihina ahy." Nampanjavona ny tahony izany fotoana izany. "Ny fitiavana dia mampisy toerana ho an'ny olona hafa eo amin'ny fiainanao," hoy izy. Misy olona azonao omena toerana ve?
- Pejy 70: Nampianatra ny Rahalahy Stephen W. Owen, filohan'ny Zatovolahy maneran-tany, fa isika rehetra dia sady mpitarika no mpanara-dia. Nizara zavatra iray niainany tamin'izy nihaona tamin'ny andiana zatovolahy izay nifanohana sy nifamporisika tao amin'ny kôlejy nisy azy ireo izy. Nilaza izy hoe: "Ny fitarihana dia fanehoana ny mahampianatra—resaka fanampiana ny hafa hanatona an'i Kristy tsotra izao izany." Misafidiana olona izay azonao ampiana hanatona an'i Kristy amin'ity herinandro ity.

**Ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony**

- Pejy 101: Te hiaro ny finoanao mba tsy hanjavona ve ianao? Nampianatra ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, fa ny fankatoavana no valin'izany! "Ny fankatoavana no manome hery ny finoana," hoy izy. "Amin'ny alalan'ny fankatoavana no hahazoantsika fahamarinana sy voninahitra." Mieritrereta fotoana iray izay nankatoavanao ny tenin'ny Tompo na dia sarotra aza izany. Nampahatanjaka ny finoanao sy nanampy anao hahafantatra ny zavatra nanamboarana anao tamin'ny fomba ahoana ny fankatoavanao?
- Pejy 23, 59, ary 105): ny Rahavavy Mary R. Durham, izay vao nisaorana tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany, dia niantso ny Fanahy Masina hoe "loharanon-kery avy amin' Andriamanitra." Vakio ny lahateny nataony sy ny lahatenin'ny Loholona isany David A. Bednar sy Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Raiso an-tsoratra ireo anjara asa maro izay hazonin'ny Fanahy Masina sy ireo fomba ahafahany mitahy anao. Mametraha tanjona mba hanova zavatra eo amin'ny fiainanao mba hahafahanao ho lasa mendrika kokoa ny hahazo ny fitaomany.
- Pejy 26 sy 124: Manokana fotoana hametrahana amin'ny tenanao ireo fanontanian'ny Loholona Donald L. Hallstrom ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy hoe: "Rehefa mitranga eo amin'ny fiainantsika ny zavatsarotra, inona ny zavatra tonga dia ataontsika? Moa ve miteraka fisafotofoan-tsaina na ahiahy na fisintahana ara-panahy izany? Moa ve fandonana tampoka ny finoantsika izany? Moa ve manome tsiny an' Andriamanitra sy ny hafa isika noho ny toe-javatra izay iainantsika? Sa ve ny fihetsitsika voalohany dia ny mahatsiaro hoe . . . isika dia zanak' Andriamanitra be fitiavana?" Nilaza ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny *fahamarinana* lehibe voalohany mifandray amin'ny mandrakizay dia ny hoe, tia *antsika* amin'ny fo*ny* rehetra sy ny heriny rehetra sy ny sainy rehetra ary ny tanjany rehetra Andriamanitra." Afaka manampy anao haharitra amin'ny zava-tsarotra amin'ny fomba ahoana ny fampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny fitiavan' Andriamanitra anao?

**Ho an'ny olon-dehibe**

- Pejy 86: Nilaza ny FilohaThomas S. Monson fa rehefa mandinika ny fanapahan-kevitra ataontsika isan'andro isika, "raha misafidy an'i Kristy isika dia efa nanao ny safidy tsara." Inona ireo fomba fanao ara-pivavahana amin'ny andavanandro izay azonao kolokoloina na hamafisina eo amin'ny fiainanao sy ao amin'ny fianakavianao mba hijanonan'i Kristy ho ivon'ny fanapahan-kevitrao?
- Pejy 81 sy 93: Ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, sy ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namporisika ireo raim-pianakaviana mba hanao izay fanovàna ilaina hitondrana ny fianakavian'izy ireo ho any amin'ny fanjakana selestialy. Amin'ny maha-ray anao, inona no azonao atao, mba "[hampisehoana] hoe toy ny ahoana izany fahatokiana an' Andriamanitra izany eo amin'ny fiainana andavanandro" raha ny tenin'ny Loholona Christofferson no ampiasaina?
- Pejy 77: Amin'ny fanaovana fiantrana, na ny fianakaviana miatrika olana lehibe aza dia afaka ny hahomby, hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. "Na inona na inona ny olana sedrain'ny fianakavianareo, na inona na inona mila ataonareo mba hamahana izany olana izany," hoy izy ho fanampin'izany, "ny fiandohana sy ny fiafaran'ny vahaolana dia fiantrana." Diniho ao amin'ny fianakavianao ilay torohevitra ao amin'ny soratra masina mba "[hivavaka] amin'ny Ray . . . mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany" (Môrônia 7:48).
- Pejy 63: Nilaza ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly fa ny filankevitry ny mpianakavy tsy tapaka dia "hampihena ny fiantraikan'ny teknôlôjia maoderina izay matetika mahatonga antsika tsy handany fotoana tsara miaraka sy toa mitondra mivantana ny ratsy ao antokantranontsika koa." Azonao atao ny mampihatra ao amin'ny fianakavianao ireo karazana filankevitry ny mpianakavy miisa efatra izay naroson'ny Loholona Ballard fa "hanampy antsika ho mahomby sy ho sambatra kokoa ao amin'ireo fifandraisana sarobidy ananantsika." ■

## Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe

*Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

| Mpandahateny | Tantara |
| --- | --- |
| **Neil L. Andersen** | (49) Voatahy ireo ankizy sy tanora rehefa manatona azy ireo am-pitiavana sy mampianatra azy ireo ny filazantsara ary mandray azy ireo ao am-piangonana ny olon-dehibe. |
| **Mervyn B. Arnold** | (53) Namonjy ny ondry very sy maratran'ny Ray any An-danitra ny renin'i Mervyn B. Arnold. Maty teny an-dranomasina teo am-piandrasana vonjy aina nandritra ny tafio-drivotra ny rahalahin'ny Loholona Alejandro Patanía izay mpanjono. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny naman'i Mervyn B. Arnold iray rehefa avy naman'ny Fiangonana nandritra ny 25 taona. Nanampy tamin'ny famonjena zatovolahy 21 ny eveka iray. |
| **Linda K. Burton** | (13) Nirotsaka an-tsehatra ireo rahavavy tamin'ny taona 1856 mba hanampy ireo Olomasina izay tavela teny amin'ny lemaka. Nanampy fianakaviana mpitsoa-ponenana iray ny mpivady fatra-piahy. Teo am-pandevenana azy dia notsaroana tamin'ny asa fanompoana nataony sy ny fitiavany ny filohan'ny Fikambanana Ifanampianan'ny tsatòka iray. |
| **D. Todd Christofferson** | (93) Naniry ny hanaraka ny dian'ny rainy izay feno fahamarinan-toetra i D. Todd Christofferson fony izy tovolahy. Nivavaka ho an'ny zanany lahy isa-maraina noho ny fitiavany azy ny raim-pianakaviana iray. |
| **Quentin L. Cook** | (97) Faly ireo mpikambana ao amin'ny Misiônan'i Thailand Bangkok raha nandre fa hisy tempoly haorina any Thailand. Nofehezina tamin'ny fianakaviany ny zazavavy iray nodimandry taorian'ny nisehoany tamin'ny vadin'ny Manampahefana Ambony iray tao amin'ny tempoly. Na dia teo aza ny fisavorovoroana ara-pôlitika, dia nikiry ny hanatanteraka lanonana fametrahana vato fehizoro tamin'ny fanokanana ny tempolin'i Suva Fidji ny Filoha Gordon B. Hinckley. |
| **Kevin R. Duncan** | (33) Nisy sombin-kazo kely nivoaka avy ao amin'ny rantsantanan'i Kevin R. Duncan taorian'ny nanosorany diloilo sy namonosany izany matetika tamin'ny bandy. |
| **Mary R. Durham** | (23) Nanao izay tsy hisintonan'ny rano azy hilentika ny raim-pianakaviana iray izay nitondra ny zanany vavy hiampita farihy iray tamin'ny alalan'ny fanesorany ny kirarony hiala tamin'ny tongony. |
| **Cheryl A. Esplin** | (6) Nampianatra ny maha-zava-dehibe ny fifantohana amin'ny hafa sy ny fanompoana ny hafa ny mpandahateny iray tamin'ny fampaherezam-panahy. Nianatra tao amin'ny Kilonga ny ankizy iray fa tia azy i Jesoa. |
| **Henry B. Eyring** | (19) Nanahy ny olona roa mpikamban'ny Fiangonana fa ireo fitsapana sy fisedrana iainany dia handresy ny finoany raha tsy miverina manana ny fitiavana ny Mpamonjy sy ny Fiangonany izy ireo.<br>(81) Nahatsapa alahelo i Henry B. Eyring noho ny fianakaviana iray izay tsy voafehy tany amin'ny tempoly. Miandrandra sahady ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny fianakaviany ny vehivavy iray mananotena izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana. |
| **Gerrit W. Gong** | (108) Namporisika an'i Gerrit W. Gong fony izy tanora ny mpanazatra iray amin'ny lalao basket mba hanandrana hilalao baolina kitra. Alohan'ny handehanana ho any amin'ny tempoly, dia nanasa ny tanany amin'ny fikosehana lovia ny mpanamboatra fiara simba iray. |
| **Robert D. Hales** | (105) Naharay fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina i Robert D. Hales nandritra ny fanompoany tany am-piangonana sy teo amin'ny fiainany manokana. |
| **Donald L. Hallstrom** | (26) Nanoratra tao amin'ny gazetin'ny sekoliny ny zanakavavin'i Donald L. Hallstrom hoe hiaraka amin'ny Ray any An-danitra izy raha indaosin'ny fahafatesana. Namerina nilaza andinin-tsoratra masina sy nihira ny "Fototra mafy orina" tamin'ny faharesen-dahatra tsy fahita firy ireo mpikamban'ny Fiangonana any Liberia. |
| **Paul V. Johnson** | (121) Nodimandry tao anatin'ny fananana fanantenana ny fiainana aorian'ny fahafatesana sy ny Fitsanganana amin'ny maty ny zanakavavy lehiben'i Paul V. Johnson. |
| **Patrick Kearon** | (111) Lasa olona hafa mihitsy i Patrick Kearon taorian'ny nandrenesany ny tantaran'ireo mpitsoa-ponenana sy ny nahitany ireo mpanao asa soa feno fanoloran-tena nikarakara azy ireo. |
| **Neill F. Marriott** | (10) Nahazo fikarakarana avy amin'ny renibe kelin'ny fofombadiny i Neill F. Marriott. Niaro ny maha-reny teo anoloan'ny olona tsy fantatra anarana iray niantso an-tariby i Neill F. Marriott. |
| **Jairo Mazzagardi** | (56) Amin'ny maha-mpikambana vaovao an'i Jairo Mazzagardi, dia nitady sy nahita ny valin'ireo fanontaniany momba ny Famerenana amin'ny laoniny izy. |
| **Thomas S. Monson** | (85) Nandidy ny sambo mpamonjy voina iray ny mpihazona fisoronana mendrika mba hamonjy azy sy ireo izay niaraka taminy teny amin'ny lakana fanavotana aina notaingenan'izy ireo. |
| **Russell M. Nelson** | (66) Nanao ny famehezana ny fianakaviana iray tany amin'ny tempoly i Russell M. Nelson taorian'ny fiangaviana nataon'ireo zanakavavy roa efa nodimandry taminy avy any ampitan'ny voaly ka lasa mendrika ny ho any amin'ny tempoly ilay raim-pianakaviana sy ilay zanakalahy. |
| **Dallin H. Oaks** | (114) Niatrika fanoherana i Joseph Smith rehefa nitady olona hamoaka ny Bokin'i Môrmôna. |
| **Bonnie L. Oscarson** | (87) Nanamafy ny fahamarinan'ny filazantsara tamin'ny renim-pianakaviana iray izay nanan-janaka lahy narary mafy ny Fanahy Masina. |
| **Stephen W. Owen** | (70) Rehefa nianika tendrombohitra teo am-pitaingenana soavaly i Stephen W. Owen, dia nahafantatra izy fa tsy haninona raha toa ka manaraka ny rainy. Mahafaly an'i Stephen W. Owen ny mizara ny fanasan'ny Tompo. Nanome tsodranon'ny fisoronana ho an'ny reniny ny zatovolahy iray any Nouvelle Zélande. |
| **Ronald A. Rasband** | (46) Ny fitsidihana nataon'i Ronald A. Rasband tany Pakistan dia "andro volamena" ho azy sy ireo Olomasina tany. Nandray anjara tamin'ny fandaharana nifampiresahana mivantana i Ronald A. Rasband. |
| **Dale G. Renlund** | (39) Rehefa nandray ny Fanasan'ny Tompo ny rahavavy iray tany Afrika Atsimo, dia nahafantatra izy fa natao ho an'ny tsirairay ny sorona nataon'ny Mpamonjy. |
| **Kent F. Richards** | (118) Taorian'ny fanokanana tempoly iray i Kent F. Richards sy ny vadiny dia natao batisa ho an'ireo razambeny. Nanatri-maso ny fianakaviana iray nahitana taranaka telo natao batisa ho an'ny razambeny i Kent F. Richards. |
| **Steven E. Snow** | (36) Lasa feno fanetrentena kokoa sy avy amin'ny fo kokoa ary tamin-kitsimpo kokoa ny vavak'i Steven E. Snow sy ny fianakaviany rehefa sitrana tamin'ny fahavoazana lehibe tamin'ny lohany ny zanakalahiny. |
| **Gary E. Stevenson** | (29) Taorian'ny nahaverezan'ny fanalahidin'ny fiaran'i Gary E. Stevenson, dia nanao fifanahafana izy teo amin'ny fanalahidy izay ilaina mba hamelomana fiara sy ny fanalahidin'ny fisoronana izay ilaina mba hampandehanana ny Fiangonana. Rehefa natao batisa ho an'ny razamben'ny olona iray hafa nanatrika tao amin'ny tempoly ireo zanaky ny renim-pianakaviana iray, dia nahita izy fa razambeny ihany koa ireo olona ireo. |
| **Dieter F. Uchtdorf** | (101) Nahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina i Dieter F. Uchtdorf rehefa nisaintsaina ny fanarenana an'i Dresde tao Allemagne, taorian'ny Ady Lehibe faha-II. |
| **W. Christopher Waddell** | (90) Nahita ny zazalahy iray tao amin'ny Kilonga fa sarotra ny mieritreritra momba an'i Jesoa Kristy. Nahita fiadanana ny ray sy reny iray noho ny fahafantarany fa voafehy miaraka amin'ny zanany lahy efa nodimandry izy ireo. |



## Loholona W. Mark Bassett

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Isaky ny fotoam-pahavaratra i W. Mark Bassett fony zazalahy dia miainga miaraka amin'ny fianakaviany avy any an-tranony any amin'ny faritr'i Sacramento, Californie, Etazonia mba hamangy ny renibeny avy any amin'ny reniny any Alabama, Etazonia. Ataon'ny fianakaviana tsy tapaka izay hitsidihana ireo toerana manan-tantaran'ny Fiangonana mandritra ireo andro handehanan'izy ireo any.

Tsaroan'ny Loholona Bassett, na tamin'ny fitsidihana ny toerana manan-tantaran'i Nauvoo, Illinois izany na tamin'ny fandehandehanana tao amin'ilay Ala Kely Masina tao Palmyra, New York, ilay fahatsapana mahery vaika nananany—na dia zazalahy aza—rehefa nitsidika ireo toerana masina ireo izy.

"Nahatsapa zavatra izahay tany," hoy izy. "Niorina tamin'ny alalan'izany ny fijoroana ho vavolombelona ananako, tamin'ny alalan'ny zavatra madinika niainana."

Loharanon-kery ho an'ny Loholona Bassett nandritra ny fiainany izany fijoroana ho vavolombelona azony fony izy zatovolahy izany.

Naterak'i Edwina Acker sy William Lynn Bassett, tany Carmichael, Californie tamin'ny 14 aogôsitra 1966 ny Loholona Bassett ary faharoa amin'ireo zanaka dimy. Laharam-pahamehana teo amin'ny fianakaviany ny fanompoana tao amin'ny Fiangonana sy ny fiainana ny filazantsara.

Rehefa avy nanompo tany amin'ny Misiônan'i Guatemala City Guatemala tamin'ny 1985 ka hatramin'ny 1987 ny Loholona Bassett dia nifindra tany Provo, Utah mba hianatra any amin'ny Brigham Young University. Nanambady an'i Angela Brasher tany amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy tamin'ny 20 desambra 1989. Manan-janaka dimy izy ireo ary zafikely roa.

Nahazo mari-pahaizana momba ny haitoebola avy tao amin'ny BYU tamin'ny 1991 ny Loholona Bassett ary niverina nifindra niaraka tamin'ny fianakaviany tany amin'ny faritr'i Sacramento taty aoriana mba hiasa ao amin'ny orinasa iray mpanao songom-barotra fiara amin'ny ambongadiny. Mpanara-maso ny asany tao amin'ny Brasher's Sacramento Auto Auction ary tale misahana ny lafiny ara-bola tao amin'ny West Coast Auto Auctions, Inc. sy mpiara-tompon'izany izy, ka nanao songom-barotra fiara nanerana ny faritra andrefan'i Etazonia tamin'ny tao.

Nanompo tao anatin'ny andraikitra maro tao amin'ny Fiangonana ny Loholona Bassett, ka tao anatin'izany dia efa filohan'ny Zatovolahin'ny paroasy, eveka, filankevitra avo, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Mesa Arizona nanomboka tamin'ny 2007 ka hatramin'ny 2010 ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. ■



## Loholona Mark A. Bragg

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Fony i Mark Bragg 14 taona dia nampahafantatra ny Fiangonana tamin'ny fianakaviany ireo namana tao amin'ny ekipa nilalaovany baseball. Vita batisa i Mark ary lasa mpikambana navitrika ny reniny.

"Nanova ny fiainanay izany," hoy ny Loholona Bragg.

Teraka tamin'ny 16 aprily 1962 tao Santa Monica, Californie, Etazonia i Mark Allyn Bragg, zanak'i Donald E. sy Diane Bragg.

Raha mbola nianatra tao amin'ny University of Utah ny Loholona Bragg dia voantso hanompo tany amin'ny Misiônan'i Monterrey Mexique, teo ambany fitarihan'ny filohan'ny misiôna Roy H. King sy ny vadiny Darlene O. King.

Nanomboka niaraka tamin'i Yvonne zanaky ny filohan'ny misiônany faravavy ny Loholona Bragg rehefa vita ny asa fitoriany. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Los Angeles Californie tamin'ny 17 martsa 1984 izy ireo.

Taorian'ny nahafatesan'ny rain'ny Loholona Bragg tampoka dia niverina tany Californie izy mivady mba hanomboka ny fototr'asany eo amin'ny sehatry ny banky (filoha lefitra ambony tao amin'ny Bank of America no niafarany teo amin'ny asa aman-draharahany) sy mba ho akaikin'ny renin'ny Loholona Bragg.

Fito taona taty aoriana vao nisy zanaka tonga teo amin'ny fianakaviana Bragg. "Nahatsapa ho toy ny tsy olona tao anatin'ny fianakavianay izany izahay indraindray," hoy ny Loholona Bragg nitantara.

Avy eo—"tamin'ilay andro tsara indrindra teto amin'izao tontolo izao"—dia niteraka ny voalohany tamin'ireo zanakay efatra Rahavavy Bragg. "Tsaroako aho . . . nieritreritra hoe, tsy nisy olona faly kokoa noho ny tenako tamin'izany fotoana izany," hoy ny Loholona Bragg.

Tsy mora foana anefa ny fiainana ho an'ny fianakaviana. Ny ampitson'ny nanohanana ny Loholona Bragg ho eveka tao amin'ny paroasy nahalehibe azy dia maty tamin'ny fomba nampalahelo nandritra ny fanodinan'ny jiolahy fiara ny reniny. Ny fotoam-pandevenana ny reniny no fotoana niahiany voalohany tamin'ny naha-eveka azy. Nitantara izy hoe: "Teo isan'andro ny Fikambanana Ifanampiana ho an'ny fianakavianay."

Ireo leson'ny fitiavana sy fanompoana ary fangorahana ireo dia nitarika ny Loholona Bragg tao anatin'ny asa fanompoana nataony tao amin'ny Fiangonana taty aoriana—tamin'ny nahafilohan'ny tsatòka, sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary mpanatanteraka ôrdônansy ao amin'ny tempoly azy. ■



## Loholona Weatherford T. Clayton

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Ny Loholona Weatherford T. Clayton dia feno fankasitrahana lehibe noho ny fahafahany manompo. Laharampahamehana aminy ny asan'ny Tompo. Mahatsapa fitiavana lehibe ho an'ny olona sy fifandraisana matanjaka amin'ny fianakaviany izy.

"Afaka miara-mivory ao an-trano avokoa izahay miaraka amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy," hoy ny Loholona Clayton. "Nahatsapa ny ohatra tsara avy amin'ireo izay niaina talohantsika ny fianakaviako. Tena misy tahaka ireo olona izay misy amin'izao fotoana izao izy ireo."


Ny Loholona Clayton izay teraka tao Californie Etazonia tamin'ny 1 martsa 1952, zanak'i Whitney Clayton Jr. sy Elizabeth Touchstone Clayton, dia nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny fampianarana isan-tokantrano fony izy zatovo. Noho ny ezaka nataon'ny mpampianatra isan-tokantrano iray dia nanaiky ny hanao fanekempihavanana masin'ny filazantsara izy sy ny fianakaviany, fony izy 12 taona ary nofehezin'ny Loholona Harold B. Lee izay tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny 1964.

Rehefa mieritreritra ny fomba nanomanan'ny Tompo azy mba hanompo ny Loholona Clayton dia nilaza izy fa matetika izy no nentanim-panahy noho ireo ohatra avy amin'ny hafa: "Nojereko ny fomba nanokanan'ireo namana sy fianakaviana ny fiainan'izy ireo ho an'ny Tompo ka hitako ny fifalian'izy ireo tamin'ny asa fanompoana natolony an'Andriamanitra."

Taorian'ny nanaovany asa fitoriana tao amin'ny Misiôna Frantsay Kanadiana dia niditra nianatra tany amin'ny University of Utah izy, ary tao no nihaonany tamin'i Lisa Thomas. Nivady tamin'ny 16 martsa 1976 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo. Manan-janaka dimy izy ireo.

Ny Loholona Clayton dia nahazo mari-pahaizana momba ny psychologie ary nahavita fianarana ho mpitsabo tao amin'ny University of Utah. Gynécologue-obstétricien tao amin'ny cabinet médical tsy miankina izy nanomboka tamin'ny 1985 ka hatramin'ny 2013, mialoha ny fiantsoana azy ho filohan'ny Misiônan'i Toronto Canada.

Efa mpitarika ny asa fitoriana tao amin'ny paroasy izy, mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara, filohan'ny Zatovolahy, mpanoro hevitra momba ny tantarampianakaviana, mpampianatra tao amin'ny Sekoly Alahady ho an'ny zatovo, eveka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, mpanolotsaina avo, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka ary filohan'ny tsatòka. ■



## Loholona Valeri V. Cordón

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Avy tamin'ilay reniny izay lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny faha-16 taonany no nahazoan'ny Loholona Valeri Vladimir Cordón Orellana fototra iorenana amin'ny filazantsara izay nanampy tsara azy rehefa nifindra tany amin'ny 150 km lavitra avy eo amin'ny toeram-ponenany tany Zacapa, Guatemala izy mba hianatra any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa tany Guatemala City sy hianatra momba ny informatique.

"Ny zavatra manan-danja indrindra noraisiko avy amin'ny reniko dia ny fanajana fatratra ireo zavatra masina rehetra ao amin'ny Fiangonana," hoy ny fitantaran'ny Loholona Cordón, izay zanakalahin'i Ovidio sy Ema Orellana Cordón.

Teraka tamin'ny 19 febroary 1969 tany Guatemala City ny Loholona Cordón ary nipetraka tao Zacapa fony izy zatovolahy. Nandeha niasa tany Chicago, Illinois, Etazonia ny rainy. Rehefa tany izy dia voatarik'ireo mpikamban'ny Fiangonana ka nandray ny hafatry ny filazantsara avy tamin'ireo misiônera. Nofehezina tany amin'ny Tempolin'i Mesa, Arizona ny fianakaviana tamin'ny 1972 ka telo taona i Valeri tamin'izany.

Nilaza ny Loholona Cordón hoe nitombo ny fitiavany ny filazantsara tamin'ny alalan'ny fahenoany ny reniny izay nihira matetika ireo hira ao amin'ny fihirana sy hira hafa toy ny "Zanaky ny Ray aho" sy "J'espère qu'on m'enverra en mission." Nanao asa fitoriana tany amin'ny Misiônan'i El Salvador ny Loholona Cordón nanomboka tamin'ny 1987 ka hatramin'ny 1989.

Nanambady an'i Glenda Zelmira Zea Diaz tamin'ny 25 martsa 1995 tany amin'ny Tempolin'i Guatemala, Guatemala City izy. Nanam-pikasana hanao asa fitoriana Rahavavy Cordón saingy niova ny drafiny rehefa nihaona tamin'i Valeri izy. Taty aoriana dia tadidin-drahavavy Cordón izy hoe ilay tovolahy nahasarika ny masony rehefa hitany tao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana ny sariny taona maro tany aloha tany. Manan-janaka vavy telo izy ireo.

Nahazo mari-pahazaina licence avy tao amin'ny Mariano Galvez University tany Guatemala tamin'ny 2010 ny Loholona Cordón ary mari-pahaizana maîtrise en adminitration d'entreprise avy tao amin'ny Massachusetts Institute of Technology tamin'ny 2012. Talen'ny système d'information tao amin'ny orinasa fivarotam-panafody iray izy ary niasa tao amin'ny Pepsico Foods misahana ny faritr'i Mexique sy Amerika Afovoany ary any Caraïbes nanomboka tamin'ny 2012.

Nanompo tao amin'ny Kôlejy fahefatry ny Fitopololahy tany amin'ny Vondrom-paritr'i Amerika Afovoany ny Loholona Cordón tamin'ny fotoana niantsoana azy. Nanompo tao amin'ny fiadidian'ny misiônan'i San José Atsinanana, Costa Rica izy tamin'ny 1998 ka hatramin'ny 2000. ■



## Loholona Joaquin E. Costa

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*



## Loholona Massimo De Feo

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Namana iray nanao izay hiarahany tamin'ny olona iray no nametraka an'i Joaquin Esteban Costa teo amin'ny lalana izay nitondra tamin'ny fiovampony ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fanambadiana tany amin'ny tempoly ary ny andraikitra maha-mpitarika ao amin'ny Fiangonana.

I Joaquin Costa dia teraka tamin'ny 8 martsa 1965 ary zanak'i Eduardo J. Costa sy Graciela M. Fassi. I Alin Spannaus, izay mpianatry ny oniversite tao Buenos Aires Argentine, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra amin'izao fotoana izao, no nampifankahalala azy tamin'i Renee Varela. I Renee izay zanaka mpikambana Olomasin'ny Andro Farany dia nisalasala talohan'ny nanekeny hampiaraka tamin'ilay lehilahy 21 taona izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa avy nampiaraka intelo taminy i Renee dia nanapa-kevitra fa "tiany be loatra ilay lehilahy" ka dia tsapany fa tsy tokony hampiaraka intsony izy ireo.

Nanaiky ny antso hanao asa fitoriana tany amin'ny Misiônan'i Chili Osorno i Renee. Taorian'ny nodian'i Renee dia nataon-drahalahy Spannaus izay hanatrehan'izy sy i Joaquin fety iray, ary tao amin'izany fety izany no nangatahan'i Joaquin azy hampiaraka taminy. "Nivavaka aho dia nanapa-kevitra ny hanome azy fahafahana," hoy Rahavavy Costa.

Vetivety i Joaquin dia nianatra mikasika ny Fiangonana. Rehefa nianatra niaraka tamin'ny misiônera izy dia nangataka azy hivavaka sy hamaky ny Bokin'i Môrmôna hatrany amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany i Renee.

"Tsy voavakiny hatramin'ny farany akory izany dia efa nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka izy," hoy Rahavavy Costa. "Tsy natao batisa mba hamalifaliana ahy fotsiny izy. Mbola nampiaraka nandritra ny taona iray fanampiny izahay ary taorian'izay dia nivady tao amin'ny Tempolin'i Buenos Aires Argentine.

Nahazo mari-pahaizana licence en économie tamin'ny 1987 avy tao amin'ny University of Buenos Aires ny Loholona Costa. Nifindra tany Provo Utah Etazonia izy ireo raha vao nivady ary tany izy no nahazo mari-pahaizana maîtrise en administration d'entreprise tamin'ny 1994 avy ao amin'ny Brigham Young University. Nipetraka tao Chicago Illinois Etazonia izy ireo sy ilay fianakaviany vao nitombo, izay nahitana zanaka efatra, ary tamin'izany izy dia niasa tao amin'ny orinasa mampindram-bola orinasa any amin'ny firenena maro sy nahitana sampan-draharaha misahana ny lafiny rehetra ara-bola. Ny asany tany amin'ny banky dia nampiverina ny fianakaviany tany Argentine nandritra ny taona vitsy ary taorian'izay dia tany amin'ny Repoblika Tchèque sy ny Sultanat d'Oman. Nandritra ireo roa taona lasa dia nipetraka tany Lima Pérou izy sy ny fianakaviany, izay toerana niasany niaraka tamin'ny orinasa Danois mpampindram-bola iray izay nifantoka tamin'ny fampindramam-bola orinasa madinika. ■

Fotoana fohy talohan'ny nanekeny antso hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia nianatra lesona manan-danja mikasika ny fahafoizan-tena sy ny fitiavana avy tamin'ny rainy Vittorio De Feo ny Loholona Massimo De Feo.

Kely ny loharano fampidiram-bolan'ny fianakaviana De Feo, ary na i Vittorio na i Velia vadiny dia samy tsy mpikambam'ny Fiangonana. Kanefa najain'i De Feo rainy ny fanirian'ny zanany lahy hizara ny filazantsara.

"Nanontany ahy ny raiko hoe: 'Tena te hanao izany ve ianao?'" hoy ny Loholona De Feo raha nahatsiaro. "Nilaza aho hoe: 'Eny, amin'ny foko manontolo no haniriako hanompo ny Tompo.'"

Nampanantena ny hanao izay rehetra azony natao i Vittorio mba hanefa ny saran'ny fandaniana amin'ny asa fitoriana hataony mandritra ny roa taona any amin'ny Misiônan'i Rome Italie.

"Noraisiko ho masina izany vola izany—vokatry ny fahafoizan-tena lehibe avy amin'ny lehilahy iray izay tsy nino ny fahamarinan'ny Fiangonana izany," hoy ny Loholona De Feo. "Noho izany dia nanao ny asa fitoriako tamin'ny foko sy ny heriko sy ny saiko ary ny heriko rehetra aho satria tiako ny Tompo ary tiako ny raiko."

Ny fitsipiky ny filazantsara toy ny fahafoizan-tena, ny asa mafy, ny fianakaviana ary ny asa fanompoana dia nanampy mba hamaritana hoe iza ny Loholona De Feo.

Ny Loholona Massimo De Feo, izay teraka tao Taranto Italie tamin'ny 14 desambra 1960, dia nahalala ny fisian'ny Fiangonana fony izy sivy taona rehefa nandondona ny varavaran'ny tranony ny misiônera roa. Vetivety dia natao batisa i Massimo sy i Alberto zokiny lahy.

Nahazo ny fitiavana sy ny fanampian'ireo mpitarika feno fanoloran-tena tao amin'ny sampana ireo zazalahy avy ao amin'ny fianakaviana De Feo rehefa nanatrika tao amin'ny Kilonga, ary nanatrika ny Fiaraha-mientana Ifanakalozana taty aoriana. Lasa mpinamana nandritra ny fiainana tamin'ny zatovo hafa tao amin'ilay sampana koa i Massimo—ka tafiditra tao anatin'izany i Loredana Galeandro izay namana niova fo, ka nalainy vady taorian'ny asa fitoriana nataony. Nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Bern Suisse tamin'ny 14 aogôsitra 1984 izy ireo. Manan-janaka telo ry De Feo.

Talohan'ny nahalasa Fitopololahy Manampahefana Ambony azy dia nipetraka tany Rome ny Loholona De Feo ka niasa 30 taona mahery ho an'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Amerikana. Efa filohan'ny sampana, filohan'ny distrika, filohan'ny tsatòka, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. ■



## Loholona Peter F. Meurs

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Fony izy zatovo dia nipetraka teo akaikin'ny mpifanolobodirindrina iray izay nanana tsena "fanamboarana izay rehetra simba" ho an'ny fitaovana fambolena i Peter Meurs sy ny fianakaviany. Nandany fotoana betsaka tao amin'ilay tsena i Peter sy ny namany akaiky nanamboamboatra ireo fitaovana fambolena ka nanamboatra bisikileta kely sy nandeha nilalao kalesa. Nianatra ho injienera momba ny mekanika tao amin'ny Monash University tany Melbourne Australie i Peter taty aoriana.

Raha mbola nanohy ny fianarany izy teo amin'ny faha-18 taonany dia nampahafantatra an'ilay oniversite fa mila miato roa taona izy mba hanao asa fitoriana filazantsara ho an'ny Fiangonana. Nolazaina azy fa herintaona ihany no azony hanemorana ny fianarany. Ny fanemorana izany maharitra kokoa dia nidika fa tsy afaka hanohy ny fianarana nataony intsony izy. Nanapa-kevitra ny tsy hanompo izy.

Fotoana fohy taorian'izay anefa dia nandre ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) izy nanambara nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana fa tokony hanao asa fitoriana ny filazantsara ny zatovolahy mendrika rehetra (jereo ny "Planning for a Full and Abundant Life," *Ensign,* mey 1974, 87).

"Toy ny hoe niresaka tamiko izy. Niantraika mafy tamiko izany," hoy ny Loholona Meurs rehefa nitantara izany. Napa-kevitra ny hanompo ihany izy nony farany. Herinandro talohan'ny nandehanany dia nahazo taratasy avy amin'ilay oniversite izy, izay namela azy hanemotra ny fianarany roa taona.

Niverina nianatra i Peter taorian'ny asa fitoriana nataony, kanefa ny asa fitoriana nataony hoy izy no "fanabeazana tsara indrindra azoko." Ny filazantsara dia nampianatra azy fa "ny fanampiana ny olona hahomby no fitsipiky ny fitarihana izay manan-danja indrindra."

Rehefa nahazo licence tamin'ny fianarana ho injienera mikasika ny mekanika ny Loholona Meurs dia injeniera mpisahana tetikasa tao amin'ny Esso Australia no asany ary izy dia mpiara-miasa nanorina ny WorleyParsons Limited. Vao haingana izy no talen'ny fampandrosoana ara-bola tao amin'ny Fortescue Metals Group.

Taorian'ny asa fitoriana nataony dia nanambady an'i Maxine Evelyn Thatcher, teraka tamin'ny 2 janoary 1979 tao amin'ny tempolin'i Hamilton Nouvelle Zélande izy, izay vehivavy iray antsoiny hoe namany akaiky. Manan-janaka 4 izy ireo ary zafikely sivy.

Ny Loholona Meurs—teraka tamin'ny 21 desambra 1956 tao Warrnambool Victoria, Australie, izay zanak'i Frederik sy Lois Jones Meurs—dia nanompo tao amin'ny antso maro, ka tao anatin'izany dia efa filohan'ny kôlejin'ny loholona izy, mpitendry ôrga tao amin'ny paroasy, filohan'ny Zatovolahy tao amin'ny paroasy sy sampana, talen'ny affaires publiques, filohan'ny sampana sy distrika, eveka, filohan'ny tsatòka, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Loholona K. Brett Nattress

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Mamaritra ny tenan'izy ireo ho toy ny "olona tsy tonga lafatra mitady fotoana tonga lafatra" ny Loholona K. Brett Nattress sy i Shauna Lee Adamson Nattress vadiny.

Nahita fotoana maro toy izany izy ireo nandritra ny fiainany—mifandray amin'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana ny zavatra rehetra na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, hoy ny Loholona Nattress.

Nilaza ny Loholona Nattress fa nateraka ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo izy, dia i David sy Judy Sorensen Nattress izany, ary mahatsiaro ny reniny izay mamaky ny Bokin'i Mômôna amin'ny fianakaviana isan'andro.

Nody tany an-trano izy indray mandeha nandritra ny fialantsasatry ny oniversite. Nifantoka tany amin'ireo fanadinana famaranana ho avy ny sainy ka toy ny nahatsapa hoe hafahafa izy na dia tsy nahatsapa aza hoe marary.

"Raha mahatsapa hoe tsy marary ianao fa mahatsapa ho hafahafa," hoy ny reniny taminy "dia mila mandeha manompo olona ianao."

Natsipin'i Brett tao aorian'ilay fiarakodiaben'ny fianakaviana ilay lapely fisorohana ranomandry, dia nandeha nihodinkodina nisoroka ireo lalana manokana fidirana eo amin'ny tranon'ireo mananotena tao amin'ny paroasy izy. Nahazo aina kokoa izy.

"Diso nifantoka loatra tamin'ny tenako sy ny fanadinana famaranana aho ka hadinoko hoe ny tena tanjon'ny fiainana dia ny manompo ny hafa," hoy izy.

Teraka tamin'ny 4 martsa 1965 tany Pocatello, Idaho, Etazonia ny Loholona Nattress. Nifindra tany Lehi, Utah, Etazonia ny fianakaviana izay toerana niainan'izy sy ny iray tampo aminy miisa dimy fiainana tany amin'ny toeram-pambolena sy fiompiana kely.

Nihaona tamin'ilay ho vadiny izy fony izy roa samy mpianatra tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa tany akaiky tany. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 24 aprily 1987 rehefa niverina avy nanompo tany amin'ny Misiônan'i Sacramento Californie nanomboka tamin'ny 1984 ka hatramin'ny 1986 izy. Manan-janaka fito izy ireo.

Nianatra tany amin'ny Brigham Young University tany Provo, Utah izy ary nahazo mari-pahaizana momba ny thérapie physique avy tao amin'ny Oniversite an'i Utah tamin'ny 1990. Niara-nanorina tamin'ny rahalahiny David ny Health Care Corp. izy tamin'ny taona 2000.

Nanompo tao anatin'ny antso maro tao amin'ny Fiangonana ny Loholona Whiting, ka tao anatin'izany dia efa filohan'ny Zatovolahy teo anivon'ny paroasy, eveka, filohan'ny Zatovolahy teo anivon'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. Niahy ilay Misiônan'i Gilbert Arizona vao naorina izy tamin'ny fotoana niantsoana azy. ■



## Loholona S. Mark Palmer

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Sarobidy sy tsy dia nananam-piry ny fotoana ho an'ny Loholona S. Mark Palmer sy i Jacqueline vadiny tamin'ny 1992. Nanompo tao amin'ny filankevitra avon'ny tsatòka ny Loholona Palmer tamin'izany fotoana izany. Niasa mafy koa izy mba hananany asa tsara. Feno dia feno ny fotoan-drahavavy Palmer. Nitaiza zanaka enina ry Palmer mivady tany amin'ny toeram-ponenany tany Austin, Texas, Etazonia—ka nisy zazalahy kely enim-bolana tamin'izy ireo.

Rehefa notoloran'ny filohan'ny tsatòkany fanasana izy ireo mba ho mpiasa ao amin'ny Tempolin'i Dallas Texas, dia tsy fantatr'izy ireo hoe ahoana no fomba ahafahana misahana andraikitra iray hafa indray. Kanefa neken'izy ireo ilay antso—ary dia nivavaka mba hahazo ny fanampian'ny Tompo izy ireo.

Nitaky fahafoizan-tena sy fanaovana drafitra tsara ny fanaovana dia isam-bolana mba hanompo mandritra ny iray andro manontolo any amin'ny tempoly. "Saingy nitondra fitahiana be dia be teo amin'ny fiainanay izany," hoy ny Loholona Palmer.

Nampiany hoe, nanomana azy ara-panahy tamin'ireo antso ao amin'ny fisoronana taty aoriana ny fanompoana tany amin'ny tempoly. Nahatonga azy ho vady sy ray tsara kokoa ihany koa izany—ary nahita filaminana izy tao anatin'ilay fiainana feno zavatra atao.

Hoy izy hoe: "Ny fandehanana matetika any amin'ny tempoly dia manampy anao hametraka indray ireo laharam-pahamehanao ary hahatsiaro ireo fanekempihavanana nataonao."

Teraka tamin'ny 11 febroary 1956 tany Te Puke, Nouvelle Zélande i Stanley Mark Palmer. Zanak'i Kenneth sy Jill Palmer izy. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny fianakaviany fony izy ankizilahy. Nanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno tany amin'ny Misiônan'i Wellington Nouvelle Zélande izy.

Taorian'ny nahazoany mari-pahaizana licence tany amin'ny University of Auckland, dia nirotsaka nanaraka ilay fandaharam-pianarana hahazoana maîtrise en administration d'entreprise tao amin'ny Brigham Young University izy. Rehefa nipetraka tao Provo, Utah, Etazonia izy, dia nihaona tamin'ny misiônera iray vao avy nahavita asa fitoriana antsoina hoe Jacqueline Wood nandritra ny fampihaonana olon-droa tsy mifankafantatra iray. Nivady tamin'ny 18 desambra 1981 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo. Manan-janaka enina ry Palmer mivady ary zafikely sivy.

Nanorina ny SMP Ventures ny Loholona Palmer ary filohan'izany izay orinasa iray mpividy sy mpivarotra trano aman-tany. Efa eveka, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Spokane Washington (2009–12) izy, sy filoha vonjimaikan'ny Misiônan'i Sydney Atsimo Australie (2014), ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Loholona Gary B. Sabin

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Misy hazon'ny Krismasy telo izay mitoetra ao anatin'ny fahatsiarovan'ny Loholona Gary B. Sabin.

Ny voalohany dia ilay hazon'ny Krismasy tsara tarehy fony izy zatovo. Rehefa nianika ilay hazo mba hanakatra vatomamy sarin-tehina iray izy dia nianjera tamin'ny tany ilay hazo iray manontolo.

Ny faharoa dia rantsan-kazo tsy malazo ravina mandavantaona izay hitany fony izy misiônera nanompo tany Belgique sy Pays-bas tamin'ny 1973 ka hatramin'ny 1975. Nentin'ny Loholona Sabin sy ny mpiara-mitory taminy tany amin'ny efitrano fonenany ilay rantsan-kazo ary naankiny nanodidina ireo karatra misy fiarahabana noho ny fahatongavan'ny Krismasy izay voarain'izy ireo avy any amin'ny tokantrano niaviany.

Ny fahatelo dia ilay hazo izay namboarina tamin'ny alalan'ireo jiron'ny Krismasy izay nahantona teo amin'ilay pied à perfusion teo akaikin'ny fandrian'ny zanany vavy tao amin'ny hôpitaly. Iray tamin'ireo zanaky ry Sabin mivady anankitelo io zanany vavy tratran'ny aretina fibrose kistyque io izay nanaovana transplantation pulmonaire bilatérale herintaona taorian'ny nahafatesan'ny anadahiny izay tratran'io aretina io ihany.

Hahatsiaro ireo hazon'ny Krismasy sy ireo lesona nianarany avy amin'izy ireo izy amin'ny maha-Manampahefana Ambony azy. Nampisongadina ampahan-javatra niseho teo amin'ny fiainany ny hazo tsirairay—nanomboka tamin'izy zatovolahy te hahazo ilay vatomamy, dia avy eo tamin'izy ilay misiônera nampianatra ny drafitry ny famonjena hatrany amin'ilay izy raim-pianakaviana niantehitra tamin'ilay drafitra sy fitiavan'ny Mpamonjy mba hanohanana ny fianakaviany tao anatin'ireo fitsapan'ny fiainana an-tany.

Teraka tao Provo, Utah, Etazonia i Gary Byron Sabin tamin'ny 7 aprily 1954. Zanak'i Marvin E. sy Sylvia W. Sabin izy. Nanambady an'i Valerie Purdy izy ny volana aogositra 1976. Manan-janaka dimy izy ireo ary zazarano ny fahenina.

Rehefa avy nahazo mari-pahaizana tao amin'ny Brigham Young University tao Provo ny Loholona Sabin dia nahazo mari-pahaizana master en gestion avy tao amin'ny Stanford University izy.

Nanompo tao anatin'ny antso maro tato amin'ny Fiangonana ny Loholona Sabin, ka tao anatin'izany dia efa eveka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. Mpanorina, filoha mpitantana, tale jeneraly teo anivon'ny orinasa maro izy ka anisan'izany ny Excel Realty Trust, Price Legacy, Excel Realty Holdings, ary Excel Trust.

Tamin'ny 1993 dia nanorina ny Sabin Children's Foundation ny Loholona sy Rahavavy Sabin, fikambanana iray misahana manokana ny fitsaboana ny ankizy. ■



## Loholona Evan A. Schmutz

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Ny Loholona Evan Antone Schmutz dia feno fankasitrahana noho ireo traikefa nitondra fanambarana nankinin'ny Tompo taminy. Ny fiovampony ho an'ny filazantsara dia nihalalina tamin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina tsy tapaka, ny fanompoana ao amin'ny fanjakana, ary ny fankatoavany ny fanoloran-tenany tamin'Andriamanitra.

Ny Loholona Schmutz, izay teraka tamin'ny 6 jona 1954 tao St. George Utah, Etazonia ary zanak'i Richard sy Miriam Schmutz, dia nianatra hatramin'ny mbola kely mikasika ny herin'ny vavaka. Fony izy Lovitao dia nahavita nivarotra tapakila nitotaly $17 tao amin'ny fivoriana lehibe iray izy saingy tsy hitany mihitsy izay nisy ilay vola rehefa tonga ny fotoana hamerenana izany. Namporisika azy hivavaka ny reniny ka dia nampahafantarin'ny Tompo azy ny tena toerana nisy ilay vola. Izany dia fanamafisana tamin'ny fomba mahery vaika ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahalalan'Andriamanitra azy.

Teo amin'ny faha-18 taonany ny Loholona Schmutz dia namoy ny zokiny vavy noho ny lozam-piarakodia. Nisy fiantraikany goavana teo aminy izany, ka niteraka zavatra niainana ara-panahy tena manan-danja.

Fotoana fohy taorian'izay dia nahazo antso hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno izy ka lasa nanaraka fampiofanana. Nivavaka izy mba hahazo fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana momba ny filazantsara. Rehefa nandinika ny mpampianatra sasany nampianatra momba ny Fahitana Voalohany izy dia nilaza hoe: "Nahazo fijoroana ho vavolombelona mahery vaika tokoa aho ka saika tsy afaka nijanona tao amin'ilay efitra intsony."

Rehefa avy nanompo tao amin'ny Misiônan'i Greensboro Caroline Avaratra ny Loholona Schmutz dia nataony izay hanohizana ny fandalinana ny soratra masina isan'andro mandritra ny androm-piainany sisa. "Nahazo fifaliana lehibe sy nianatra ho an'ny tenako manokana ary nahazo fahatakarana aho tamin'ny alalan'ny fandalinana isaky ny vao maraina nandritra ny fotoana maharitra dia maharitra."

Nanambady an'i Cindy Lee Sims ny 3 febroary 1978 tao amin'ny tempolin'i Provo Utah ny Loholona Schmutz. Nahazo mari-pahaizana momba ny teny Anglisy sy doctorat momba ny lalàna avy tao amin'ny Brigham Young University ny Loholona Schmutz. Niasa tao amin'ny orinasa maro misahana ny lalàna izy nanomboka tamin'ny 1984 ka hatramin'ny 2016.

Tao anatin'ny fikarakarana ireo zavatra nilain'ireo zanaka dimy, ny Loholona Scmutz dia efa mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, eveka, mpikambana tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Cebu Philippines (2011–14), filohan'ny sampana tao amin'ny ivontoerana fanofanana misiônera, ary mpikambana tao amin'ny Kôlejy fahadimy ao amin'ny Fitopololahy. ■



## Rahavavy Joy D. Jones

*Filohan'ny Kilonga Maneran-tany*

Ho an'i Joy D. Jones dia ireo ray aman-dreniny no olona be herimpo ho azy.

"Tsapako ho toy ny hoe afaka nanao ny zavatra rehetra ny dadako," hoy Rahavavy Jones mikasika ny rainy, izay mpahaiherinaratra. Mahakasika ny reniny dia hoy izy: "Vehivavy mahatalanjona ny reniko" izay nanao ny zavatra rehetra nanomboka tamin'ny sakafo nohanin'ny fianakaviana ka hatramin'ny akanjo nanaovan'izy ireo—avy amin'ny zavatra kely dia kely. "Olomasina izy ho ahy, ary naniry ny ho lasa toa azy aho rehefa lehibe."

Ankoatra ny fankamamiany ireo fahatsiarovana momba an'i Aldo Harmon sy Eleanor Ellsworth Harmon ray aman-dreniny dia ankamamiany ny fahatsiarovana tamin'ny fahazazany an'ilay fihainoany ny Loholona Robert L. Backman Rahavavy Jones rehefa nanao lahateny tao amin'ny fihaonamben'ny disitrika tao Oregon, Etazonia izy io. Ny Loholona Backman, izay Fitopololahy Manampahefana Ambony nisaorana tamim-boninahitra ankehitriny, dia filohan'ny misiôna tamin'izany fotoana izany.

"Nahatsapa zavatra tena nahery vaika aho rehefa niteny izy," hoy Rahavavy Jones. "Nahatsapa zavatra tena hafa mihitsy noho izay tsapako teo aloha aho. . . . Feno fankasitrahana tokoa aho noho izany satria nahazo fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy aho fa marina ireo zavatra nolazainy."

Teraka tamin'ny 20 jolay 1954 tao Dalles Oregon i Joy Diane Harmon. Samy lehibe tao Oregon izy sy i Robert Bruce Jones izay ho vadiny, saingy tao Brigham Young University, tao Provo, Utah, Etazonia izy ireo no nihaona. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Manti Utah izy ireo tamin'ny 14 aogositra 1974. Manan-janaka dimy sy zafikely 17 izy ireo.

Fotoana fohy taorian'ny nahazoany diplaoma fahavitana fianarana ambony nandritra ny roa taona momba ny fiainampianakaviana dia nifindra tany Portland Oregon izy ireo, ary taty aoriana dia tany Santa Rosa Californie, Etazonia, ka tao ny Rahalahy Jones, izay chiropracticienne no niasa. Nahatsapa ho nentanim-panahy hifindra tany Draper Utah Rahalahy sy Rahavavy Jones 22 taona lasa izay. Nankafy ilay fitahiana amin'ny fipetrahana any akaikin'ny tempoly Rahavavy Jones nanomboka teo.

"Ny Tempolin'i Jordan River Utah no nanjary toerana masina ho ahy," hoy izy. "Manana fijoroana ho vavolombelona momba ny herin'ny tempoly sy ny fiadanana ary ny fitarihana nentin'izany teo amin'ny fiainako aho."

Ny Rahavavy Jones dia efa filohan'ny Fikambanana Ifanampiana sy filohan'ny Kilongan'ny paroasy ary mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy ary ny Kilongan'ny paroasy sy ny tsatòka. Vao haingana izy no nanompo tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany. ■



## Rahavavy Jean B Bingham

*Mpanolotsaina Voalohany, Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany*

Rahavavy Jean Barrus Bingham dia nankafy nanompo tao amin'ilay antsony tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany nandritra ny enin-taona latsaka. Nitsidika ny tokantranon'ireo mpikambana izy ary nanatrika tany amin'ny Kilonga ka nahita maso ny finoana matanjaka ananan'ireo Olomasin'ny Andro Farany—indrindra ny ankizy ao amin'ny Kilonga—manerana an'izao tontolo izao.

Ny Rahavavy Bingham, izay vao notohanana vao haingana ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany dia nandany ny ankamaroan'ny fotoana teo amin'ny fiainany nampianarana sy nikolokoloana ary nitiavana ny ankizy. Mpiaro ny hafa sy loharanon-kery ho an'ny maro izy na ho an'ireo zandriny izany rehefa teo am-pitomboana, na ho an'ireo zanany vavy anankiroa, na ho an'ireo zanany vavy natsangany, na ho an'ireo zafikeliny, na ho an'ireo mpamangy azy tany an-tokantranony, na ho an'ireo izay nifanerasera taminy tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany.

"Manana hery anaty tena tsara ny ankizy tsirairay ary rehefa jerentsika amin'ny fomba ijeren'ny Ray any An-danitra azy izy ireo dia afaka manampy azy ireo isika mba ho lasa tahaka ilay tian'ny Ray hahatongavan'izy ireo," hoy izy.

Teraka tamin'ny 10 jona 1952, tany Provo, Utah, Etazonia ny Rahavavy Bingham. Zanak'i Edith Joy Clark sy Robert Rowland Barrus ary fahatelo amin'ireo zanaka sivy izy. Fony izy telo volana dia nifindra tany Indiana ny fianakaviany mba hahafahan'ny rainy manohy ny fianarany.

Taorian'ny nahazoany mari-pahaizana tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa tany New Jersey, dia nifindra tany Provo, Utah ny Rahavavy Bingham mba hianatra ao amin'ny Brigham Young University. Nihaona tamin'i Bruce Bryan Bingham ilay ho vadiny izy ny taona faharoa nipetrahany tany. Tovolahy nipetraka tany amin'ny toeram-piompiana sy fambolena avy any Illinois izy izay natao batisa niaraka tamin'ny ray amandreniny fony izy zatovolahy. Nivady tamin'ny 22 desambra 1972 tao amin'ny tempolin'i Provo Utah izy ireo.

Ireto avy ireo asa fanompoana tao amin'ny Fiangonana nataony nandritra ny fiainany: filohan'ny Kilongan'ny paroasy, filohan'ny Zatovovavy, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana, filohan'ny Zatovovavin'ny tsatòka, mpiasa tao amin'ny tempoly ary mpampianatra seminera vao maraina.

"Ny lamina hitako narahiny teo amin'ny fiainany tao anatin'izay 43 taona mahery nivadianay izay, dia ny fanarahana tsy tapaka ny bitsiky ny Fanahy," hoy Rahalahy Bingham mikasika ny vadiny. "Namerimberina nanao izay tian'ny Tompo hataony izy." ■



## Rahavavy Bonnie H. Cordon

*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany*

Nandritra ny fahazazany tao Idaho atsimo atsinanana, tao Etazonia dia nianatra lesona manan-danja maro mikasika ny fiainana i Bonnie Hillam Cordon. Ny fiasana sy ny filalaovana ary ny fiainana tao amin'ny toeram-pambolena sy fiompiana iray dia nampianatra azy ny fahavitan-tena, ny asa mafy ary nampianatra azy "tsy hatahotra hanandrana zavatra," hoy ilay mpanolotsaina faharoa vaovao ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Ny lesona tena manan-danja indrindra anefa dia avy amin'i Harold sy Carol Rasmussen Hillam ray aman-dreniny, izay nampianatra azy fa afaka manao na inona na inona izy rehefa ampian'ny Tompo. "Tsy voafetra ny zavatra azo atao," hoy ny rainy rehefa niteny.

Niantehitra tamin'izany fahalalana izany Rahavavy Cordon raha vao nantsoina ho misiônera tany Lisbonne, Portugal ka sahirana nianatra ny fiteny Pôrtogey. "Nandohalika nivavaka foana aho mba hisy fahagagana. Kanefa noho ny raiko dia nianatra aho fa afaka manao zavatra tena sarotra aho."

Rehefa avy nivavaka sy niasa mafy ary nanam-paharetana be izy dia lasa nahay niteny tsara tsimoramora ny fiteny Pôrtogey, izay nitahy azy taona maro taty aoriana rehefa nantsoina hanompo tany Curitiba Brésil izy sy ny vadiny.

"Tena mahaliana ny fomba hanomanan'ny Tompo antsika sy hanorenany antsika tsikelikely," hoy izy. "Manan-danja kokoa foana izany rehefa ataontsika jery todika. Mila manana finoana fotsiny isika."


Teraka tamin'ny 11 martsa 1964 tao Idaho Falls, Idaho i Bonnie Hillam. Taorian'ny asa fitoriana nataony dia nianatra momba ny fanabeazana tao amin'ny Brigham Young University tao Provo Utah, Etazonia izy. Tao izy no lasa mpinamana be tamin'i Derek Lane Cordon. Namelana ho fitiavana ny finamanan'izy ireo ka dia nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy roa tamin'ny 25 aprily 1986. Manan-janaka efatra izy ireo—telo lahy sy vavy iray—ary zafikely lahy telo.

Nanompo tao anatin'ny antso maro tato amin'ny Fiangonana izy ireo nandritra ny taona maro. Niara-nanompo tamin'ny vadiny tao amin'ny Misiônan'i Curitiba Brésil izy nanomboka tamin'ny 2010 ka hatramin'ny 2013, ary efa filohan'ny Zatovovavin'ny Tsatòka, mpitarika tao amin'ny kilasin'ny zaza madinika, mpampianatra seminera , ary efa tao amin'ireo rafitry ny Zatovovavy sy ny Fikambanana Ifanampiana ary ny Kilongan'ny paroasy.

Ary amin'ny andraikitra vaovao nomena azy dia nilaza ny Rahavavy Cordon fa manantena ny hampianatra fahamarinana iray manan-danja amin'ireo ankizy ao amin'ny Kilongan'ny Fiangonana izy dia ny hoe: "Tia azy ireo ny Ray any Andanitra." ■







# Fitopololahy sy Fiadidian'ny Kilonga vaovao notohanana

Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao iraika ambin'ny folo sy Fitopololahin'ny Vondromparitra 62 ary Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany vaovao no notohanana nandritra ny fivoriana sabotsy tolakandro tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, aprily 2016.

Nantsoina ho Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao ny Loholona isany W. Mark Bassett, Mark A. Bragg, Weatherford T. Clayton, Valeri V. Cordón, Joaquin E. Costa, Massimo De Feo, Peter F. Meurs, K. Brett Nattress, S. Mark Palmer, Gary B. Sabin, ary Evan A. Schmutz.

I Joy D. Jones no notohanana ho filohan' ny Kilonga maneran-tany niaraka tamin'i Jean B. Bingham ho mpanolotsaina voalohany ary Bonnie H. Cordon ho mpanolotsaina faharoa.

Azo jerena manomboka ao amin'ny pejy 131 ny tantaram-piainan'ireo mpitarika vaovao ireo. ■

# Namboarina hanana endrika vaovao indray ny fizarana mikasika ny fihaonambe ao amin'ny LDS.org

Ho mora kokoa mihoatra ny hatramin'izay ny fitadiavana sy ny fandalinana ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany en ligne amin'izao fotoana izao noho ny fanamboarana indray ny fizarana mikasika ny fihaonambe ao amin'ny LDS.org. Ireto avy ny zavatra hita ao anatin'izany:

- Famantarana haingana ireo lahateny irina ho azo, miaraka amin'ny sarin'ny mpandahateny tsirairay eo akaikin'ny lohatenin'ilay lahateny.
- "Barre de navigation" tokana ihany eo ambonin'ny pejy rehetra, izay ahafahana (1) miditra ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany rehetra nanomboka tamin'ny taona 1971 ka hatramin'izao, (2) mikaroka amin'ny alalan'ny anaran'ilay mpandahateny, ary (3) mikaroka ireo lahateny araka ireo lohahevitry ny filazantsara.
- Fanehoana amin'ny fomba tsotra ny lahateny tsirairay ka ahitana sary famantarana eo amin'ny tampon'ilay pejy ho an'ireo izay maniry ny hihaino, na hisintona, na hanao printy, na hizara.

Ilay endriny vaovao dia mahomby kokoa ho an'ireo mpampiasa fitaovana toy ny ordinateur de bureau sy ny ordinateur portable ary ny finday. Efa vita ny fanovana amin'ny teny Anglisy sy Espaniôla ary Pôrtogey, ary hisy ny fanovana atao amin'ny fiteny 80 mahery ao anatin'ireo volana ho avy. ■

*Jereo ireo fanovana ao amin'ny* **conference.lds.org**.

## Fanambarana misiôna vaovao

Nisy misiôna telo vaovao naorina ka ny roa any Afrika ary ny anankiray any Azia. Ny Misiônan'i Mbuji-Mayi Repoblika Demôkratikan'i Congo sy ny Misiônan'i Owerri Nigéria ary ny Misiônan'i Hanoi Vietnam izy ireo. Ireo misiôna vaovao tsirairay ireo dia haorina amin'ny alalan'ny fanamboarana ny sisintanin'ireo misiôna efa misy ary ho vonona ny hiasa ny 1 jolay 2016 na alohan'izany. ■

## Loharanon-kevitra vaovao momba ny asa fanompoana

Misy lohahevitra efatra vaovao nampidirina ao amin'ny Loharanon-kevitra momba ny asa fanompoana (ministering.lds.org) mba hanampiana ireo mpitarika ao amin'ny tsatòka sy paroasy rehefa manompo ireto vondrona manaraka ireto izy ireo: mpikarakara olona, misiônera nody aloha, mpivady sahirana amin'ny fifandirana eo amin'ny mpivady, ary ireo olona sahirana amin'ny aretin-tsaina.

Afaka mampiasa ireo loharanon-kevitra ireo ny mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy mba hanampy azy ireo hahalala ny fomba hanampiana tsara kokoa ireo mpikambana. Misy amin'ny teny Anglisy ireo loharanon-kevitra ary hadika amin'ny fiteny sivy fanampiny tsy ho ela. ■

## Fanovana ny fianarana sy fampianarana ny filazantsara

Tena zava-dehibe eo amin'ny fivoarantsika manokana ary lafin-javatra tena ilaina ao anatin'ny fitsaohantsika mandritra ny andro Sabata ny fianarana sy ny fiainana ary ny fampianarana ny filazantsara. Ao anatin'ilay ezaka mitohy atao mba hanampiana ireo mpikambana hivoatra eo Amin'ny fanorenany ny finoana ny Ray any an-danitra sy an'i Jesoa Kristy ary eo amin'ny fanatsarany ny fitsaohany amin'ny Sabata dia nampahafantatra ezaka vaovao mba hanatsarana ny fampianarana sy ny fianarana ny filazantsara ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tao anatin'ny fivorian'ireo mpitarika nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Asaina ny mpikambana mba:

1. Hampihatra ireo fitsipika ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy*. Io boky vaovao io dia mifantoka amin'ireo fitsipika tsotra nefa mahery vaika izay nampiasain'ilay Mpampianatra Lehibe. Ny tanjon'ny mpampianatra rehetra araka ny nambara ao anatin'ilay boky dia ny "hampianatra ny fotopampianarana madion'ny filazantsara amin'ny alalan'ny Fanahy mba hahafahana manampy ny zanak' Andriamanitra hanorina finoana ao amin'ny Mpamonjy sy hitovy bebe kokoa Aminy."

Na dia natao ho an'ireo izay manana antso mba hampianatra aza ilay boky dia ho hitan'ny rehetra fa tena ilaina izany eo amin'ny fianarana mampianatra araka ny fomba nampianaran'ny Mpamonjy. Afaka mahazo tombontsoa avy amin'ny fampiharana ireo fitsipika ao anatin'ilay bokikely ny ray aman-dreny rehefa mampianatra any an-tokantrano.

2. Handray anjara amin'ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra. Ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia tsy mitovy amin'ireo fampianarana hampivoarana ny mpampianatra teo aloha. Amin'ny maha-filankevitra azy dia hanome fahafahana ireo mpampianatra hiaraka hifanakalo hevitra sy hifampianatra mikasika ireo fitsipika ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* ireo fivoriana ireo. Hotanterahina maneran-tany mandritra ny 2016 ireo fivoriana ireo izay hatao indray mandeha isam-bolana ao anatin'ireo fotoam-pivoriana isaky ny Alahady.

3. Ho mpianatra filazantsara mavitrika. Samy amporisihina ny mpikambana sy ny mpampianatra mba ho mpianatra filazantsara mavitrika any an-tokantrano. Ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsara mandritra ny herinandro dia manomana ny mpikambana handray anjara amin'ireo lesona isaky ny alahady, izay afaka mitondra traikefa ara-pianarana manan-danja kokoa ho an'ny rehetra.

Amin'ny maha-zanaky ny Ray any An-danitra antsika dia manana hery ho tonga tahaka Azy isika rehetra. Na iza na iza vonona ny hianatra sy hiaina ny filazantsara dia afaka ny hitovy bebe kokoa amin'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra ary hiverina hiaraka hiaina amin'izy ireo. Manampy antsika hanorina izany karazana finoana ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy izany ny fitsaohana any am-piangonana sy any an-tokantrano. ■

*Jereo ilay boky vaovao ary mianara bebe kokoa momba izany ao amin'ny* **teaching.lds.org**.



# Edisiônan-tsoratra masina bebe kokoa azo ampiasaina

Misy soratra masina navoaka vao haingana amin'ny fiteny maro. Amin'izao fotoana izao dia misy edisiôna iray vita printy ho an'ny Baiboly sy edisiôna nasiam-panovana ho an'ny triptika amin'ny fiteny Pôrtogey. Misy edisiôna "numérique" efa azo nampiasaina nanomboka tamin'ny septambra 2015 ao amin'ny **asescrituras.lds.org** sy ao amin'ny application Gospel Library ho an'ny finday. Misy fanazavana fanampiny amin'ny teny Pôrtogey ao amin'ny **bibliasagrada.lds.org**.

Ho an'ny fiteny Espaniôla dia misy edisiôna nasiam-panovana "en ligne" ho an'ireo soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana ao amin'ny **escrituras.lds.org** sy ao amin'ny application Gospel Library ho an'ny finday. Hanomboka ho azo ampiasaina amin'ny faran'ny volana Jona 2016 ireo boky vita printy.

Ny triptika vaovao amin'ny fiteny Marsalizy, Xhosa, ary Zulu sy ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteny Tsokizy dia efa vita printy ary hita manerana ireo ivontoerana mpaninjara sy ao amin'ny store.lds.org. Hita "en ligne" sy ao amin'ny Application Gospel Library ho an'ny finday ihany koa izy ireo.

Ireo fandikana soratra masina tamin'ny fiteny 16 fanampiny izay tsy nisy afatsy tamin'ny endrika vita printy teo aloha dia navoaka ao amin'ny LDS.org sy ao amin'ny application Gospel Library: ny triptika amin'ny teny Afrikaans, Armeniana, Boligariana, Kambôdiana, Fante, Igbo, Lativiana, Litoaniana, Shona, ary Swahili; sy ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Hindoa, Hmong, Serbiana, Tok Pisin, Twi, ary Yapizy. ■

# Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

Manomboka amin'ny mey 2016 ka hatramin'ny ôktôbra 2016, ny lesona ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahefatra dia tokony homanina avy amin'ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana volana aprily 2016. Amin'ny ôktôbra 2016, dia azo fantenina avy ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana volana aprily na ôktôbra ireo lahateny. Ny filohan'ny tsatòka sy distrika no mifidy ireo lahateny izay ho ampiasaina any amin'ny faritra misy azy ireo , na azon'izy ireo omena ny eveka na ny filohan'ny sampana izany andraikitra izany. ■


*Misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny* **conference.lds.org** *ireo lahateny.*

# Tsodranon'ny patriarika en ligne

Misy fitaovana vaovao en ligne izay hanome fahafahana ny mpikambana mba hahazo amin'ny fomba mora kokoa ny tsodranon'ny patriarika nomena azy ireo. Afaka mangataka ny tahadikan'ny tsodranon'ny patriarika nomena azy ireo amin'ny endriny numérique ny mpikambana ary afaka mangataka tahadikan'ny tsodrano avy amin'ireo razambe (raisina amin'ny alalan'ny taratasy na email). Afaka mandefa en ligne ireo fahazoan-dalana handray tsodrano ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana, dia afaka mijery ireo fahazoan-dalana handray tsodrano ireo ny patriarika ary mandefa ny lahatsoratry ny tsodrano amin'ny endriny numérique aorian'ny fanomezana ilay tsodrano.

50 isan-jato maherin'ny tsatòkan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao no afaka mampiasa izany fitaovana izany amin'ny teny Anglisy, Espaniôla ary Pôrtogey. Amin'ny herintaona dia tokony hisy amin'ny fiteny 14 izany ary ho afaka ny hampiasa izany ny tsatòka rehetra. ■

*Raha te hahafantatra bebe kokoa mikasika izany na raha hangataka ny tahadikan'ny tsodranon'ny patriarika nomena anao dia mandehana ao amin'ny* **apps.lds.org/pbrequest**.





# Fanampiana ireo mpitsoa-ponenana: "Mpivahiny aho"

Rehefa nankatoavin'ny Fiadidiana Voalohany, ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy ary ny Kilonga maneran-tany dia manasa ny vehivavy amin'ny sokajin-taona rehetra mba hanompo ireo mpitsoa-ponenana eo amin'ny faritra misy azy ireo sy eo amin'ny fiarahamonina eo an-toerana amin'ny alalan'ny asa fifanampiana antsoina hoe "Mpivahiny aho" (jereo ny Levitikosy 19:34; Matio 25:35).

"Maro amintsika no afaka ny hahazo fitahiana amin'ny alalan'ny finamanana sy ny fanampiana akaiky ary fanehoana fitiavana sy fanaovana fanompoana tahaka ny an'i Kristy," hoy Rahavavy Linda K. Burton izay filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany. "Ny fanaovana asa fanompoana toy izany dia ampahany fototra amin'ny filazantsara.

"Nampahatsiahivina ahy ilay soratra masina izay milaza fa isika dia tsy tokony '[h]anadino ny fampiantranoam-bahiny; fa tamin'izany dia nampiantrano anjely ny sasany, nefa tsy fantany' [Hebreo 13:2]," Hoy Rahavavy Burton. "Entaninay ireo rahavavy hikatsaka amim-bavaka ireo fahafahana hanompo sy hikaroka fomba hanohanana ireo fikambanana azo antoka eo anivon'ny fiarahamonina sy fikambanana mpanao asa ho an'ny mpiara-belona. Mety hahita hevitra hanampy anao ianao ao amin'ny IWasAStranger.lds.org, ary afaka mizara traikefa amin'ny fandefasana email any amin'ny IWasAStranger@ldschurch.org."

Nisy taratasy avy any amin'ny Fiadidiana Voalohany mikasika ny "Mpivahiny aho " nalefa tany amin'ireo filankevitry ny tsatòka sy paroasy ary sampana tamin'ny faran'ny volana martsa. Misy torolalana ho an'ny mpitarika nampiarahana tamin'ilay taratasy. "Ireo rahavavy dia afaka mandray anjara amin'ity ezaka ity rehefa mamela azy hanao izany ny fotoana ananany sy ny toe-javatra misy azy," hoy ny torohevitra avy amin'ilay taratasy "ary ilaina ny maka antoka fa tsy misy na iza na iza takina '[hihazakazaka]haingana kokoa noho izay tratry ny heriny' ary 'ireo zavatra rehetra [dia atao] amin'ny fahendrena sy ny filaminana' (Môsià 4:27)." Nisy taratasy iray avy amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 27 ôktôbra 2015 izay namporisika ihany koa ny mpikambana rehetra hanao asa fanompoana tahaka ny an'i Kristy ho an'ireo izay mila fanampiana.

Vao haingana ihany koa no nozaraina mandritra ny fivorian'ireo rafitra ireo ny taratasy iray avy amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy ary ny Kilonga maneran-tany izay manome fanazavana bebe kokoa momba ny "Mpivahiny aho ". ■









# Miisa 150 ny tempoly am-perinasa

Nandritra ny fivoriana alahady maraina tao anatin'ny fihaonambe dia nanambara ny fisian'ny drafitra hanorina tempoly efatra fanampiny ny Filoha Thomas S. Monson: any Belém, Brésil; Quito, Équateur; Lima, Pérou; ary Harare, Zimbabwe.

Ireto ireo zava-nitranga mahakasika ny tempoly izay taorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany:

**Fanokanana sy famerenana ny fanokanana**

Niaraka tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Provo City Center any Provo, Utah, Etazonia dia miisa 150 izao ny tempoly am-perinasa manerana an'izao tontolo izao. Notokanana tamin'ny 20 martsa 2016 ilay tempoly, izay andro vitsy talohan'ny tsingerintaona faha-180 ny 27 martsa 1836 nitokanana ny Tempolin'i Kirtland, izay tempoly voalohan'ny Famerenana tamin'ny laoniny.

Tempoly telo hafa no notokanana na naverina notokanana: ny Tempolin'i Montréal Quebec tamin'ny nôvambra 2015, ny Tempolin'i Tijuana Mexique tamin'ny desambra 2015, ary ny Tempolin'i Suva Fidji tamin'ny febroary 2016.

Efa mipetraka koa ireo fotoana hanaovana ny fanokanana ho an'ny Tempolin'i Sapporo Japon Temple, izay hatao ny 21 aogôsitra 2016; ny Tempolin'i Philadelphia Pennsylvanie izay hatao ny 18 septambra 2016; ny Tempolin'i Fort Collins Colorado izay hatao ny 16 ôktôbra 2016; ny Tempolin'i Star Valley Wyoming izay hatao ny 30 ôktôbra 2016; ary ny Tempolin'i Hartford Connecticut izay hatao ny 20 nôvambra 2016.

Haverina hotokanana amin'ny 4 Septambra 2016 ny Tempolin'i Freiberg Allemagne izay nohavaozina.

**Fanorenana sy Fanavaozana**

Mitohy ny fanorenana ny Tempolin'i Concepción Chili, ny Tempolin'i Paris France, ny Tempolin'i Rome Italie, ary ireto tempoly manaraka ireto any Etazonia: Cedar City Utah, Meridian Idaho, ary Tucson Arizona. Manomboka 2016 ka hatramin'ny 2018 ireo daty famitana ny asa. Efa mananontanona ireo asa fanorenana lehibe ho an'ny Tempolin'i Fortaleza Brésil. Mandalo fanavaozana ireo tempoly any Franckfort Allemagne, Jordan River Utah, ary Idaho Falls Idaho.



**Fangadiana fototra**

Nisy ny fangadiana fototra natao ho an'ny Tempolin'i Lisbonne Portugal tamin'ny desambra 2015 ary ho an'ny Tempolin'i Barranquilla Colombia sy ny Tempolin'i Kinshasha Repoblika Demôkratikan'i Congo tamin'ny febroary 2016. Natao ny 9 aprily 2016 ny fangadiana fototra ho an'ny Tempolin'i Durban Afrika Atsimo.

**Fanaovana drafitra sy fanomanana**

Ireto tempoly ireto dia efa nambara saingy mbola ao anatin'ilay dingana hoe fanaovana drafitra sy fanomanana izy ireo: Abidjan Côte d'Ivoire, Arequipa Pérou, Bangkok Thailande, Port-au-Prince Haiti, Rio de Janeiro Brésil, Urdaneta Philippines, ary Winnipeg Manitoba. ■

*Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa momba ireo tempoly ireo dia midira ao amin'ny temples.lds.org.*

AVY ENY AMIN'NY TAMPONY: SARIN'NY TEMPOLIN'I TIJUANA MEXIQUE; TEMPOLIN'I ROME ITALIE (EO AN-DALAM-PIORENANA); ARY FANGADIANA NY FOTOTRY NY TEMPOLIN'I REPOBLIKA DEMÔKRATIKAN'I CONGO





## Manao asa fanompoana ireo mpaminany sy apôstôly

Amin'ny maha-"vavolombelona manokan'ny anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao" (F&F 107:23) azy ireo dia manohy manompo manerana izao tontolo izao ireo mpaminany sy apôstôly. Hatramin'ilay fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany, ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanao izao manaraka izao, ankoatra ireo asa nampanaovina hafa:

- Nampiasa tambazotra ifanerasera sy hetsika nifampiresahana mivantana mba hanolorana tanana amin'ireo zatovo sy tanora (jereo ny **lds.org/youth/activities**).
- Nanao lahateny tao amin'ireo fihaonambe nanoherana ny pôrnôgrafia sy niresahana momba ny tantaram-pianakaviana.
- Nanao lahateny tany amin'ireo oniversite mikasika ny fahatongavana ho "tena zanaky ny arivotaona" sy ny fiarovana ny finoana sy ny soatoavina ara-pitondrantena.
- Nihaona tamin'ireo mpikambana sy mpitarika ao amin'ny Fiangonana, ireo manampahefana ao amin'ny governemanta, ary ireo mpitondra fivavahana tao Argentine, Botswana, Chili, République Démocratique du Congo, Équateur, Mozambique, Pérou, Philippines, Uruguay, Zambie, ary Zimbabwe. ■

*Mba hahalalana bebe kokoa mikasika ny asa fanompoana ataon'ireo mpaminany sy apôstôly dia tsidiho ny* **prophets.lds.org**.

## Mitombo ny Fiangonana any Afrika


Nitohy niakatra ambony ny fitomboan'ny Fiangonana any Afrika tao anatin'izay 30 taona lasa izay. Niisa 1600 ny isan'ireo rantsana tao Afrika tany am-piandohan'ny taona 2016, ary dimy hetsy mahery ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana—izany hoe nitombo avo 11 heny ny paroasy sy sampana ary nitombo avo 20 heny ny mpikambana raha oharina tamin'ny taona 1985.

Nanorina tsatòka miisa 17 nanerana an'i Afrika ny Fiangonana tamin'ny 2015.

Ny fifantohan'ny filazantsara amin'ny fianakaviana no lazain'ny mpitarika fa anisan'ny farafahakeliny loharano nahazoana izao fitomboana izao. Hoy i João Castenheira, filohan'ny tsatòka any Maputo, Mozambique hoe: "Mitady fiangonana mitondra fifaliana ho azy ireo ny mpikambana ary ny filazantsaran'i Kristy naverina tamin'ny laoniny dia mitondra fifaliana ho an'ny fianakaviana."

"Tena mahatsapa aho fa izao no fotoana ho an'i Afrika," hoy ny Loholona Edward Dube ao amin'ny Fitopololahy, izay terak'i Zimbabwe. "Miasa ao amin'ny kaontinanta ny tanan'ny Tompo." ■









## Manao soa manerana izao tontolo izao

Manohy manaraka ny ohatry ny Mpamonjy "[mandehandeha] manao soa" (Asan'ny Apostoly 10:38) ny Olomasin'ny Andro Farany. Misy ohatra vitsivitsy vao haingana ireto.

Tao Abu Dhabi, Émirats Arabes Unis, dia nivory tao anatin'ny fihaonambe sy tetikasa fanampiana olona iraisam-pinoana ny mpikambana sy ny naman'ny Fiangonana avy amin'ny firenena sivy tao Moyen-Orient—izay avy ao amin'ny faritany lehibe miisa enina. Nivondrona izy ireo ka nizara fitaovana fidiovana sy fonosan-tsakafo miisa 8.500.

Tao Ouganda, ny mpitsabo nify miisa roa sy ny manam-pahaizana manokana momba ny fanadiovana ny ativava ary ireo Olomasin'ny andro farany rehetra dia nandany herinandro nanampy sy nanala ary nanadio nify, nampianatra mikasika ny fikarakarana tsara ny ativava, ary nampianatra ireo mpitsabo nify sy ireo mpianatra ho mpitsabo nify teo an-toerana mikasika ireo fomba fitsaboana tsara indrindra.

Tao Malaisie, dia nifantoka tamin'ny fianakaviana ireo mpikamban'ny Fiangonana nandritra ny fankalazana ny Taom-baovao Sinoa, ka tafiditra tao anatin'izany hetsika izany efa hatramin'izay ny fitsidihana toerana fandevenana izay hahatsiarovana sy hanomezam-boninahitra sy fanajana ireo razambe.

Tao Thaïlande, dia nivory tao Bankok ireo mpikambana 18 ka hatramin'ny 35 taona mba hanao fifaninanana fandrahoan-tsakafo sy tetikasa fanompoana.

Tao Fidji, dia nanao asa fanampiana ho an'ireo niharam-boina tamin'ny Rivodoza Winston ireo mpikambana sy ireo misiônera. Niara-niasa tamin'ireo fikambanana ara-panjakana sy tsy miankina ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana mba hanome sakafo, rano, trano lay, fitaovana fidiovana, ary vatsy hafa ilaina maika. ■









## Fiovana eo amin'ny tantarampianakaviana sy ny asa fanompoana any amin'ny tempoly

Misy fitaovana sy fomba fiasa vaovao izay hanampy ny olona tsirairay sy ny fianakaviana eo amin'ny fanaovana tantarampianakaviana sy asa fanompoana any amin'ny tempoly:

- Azon'ny mpikambana atao izao ny manao printy amin'ny taratasy fotsy ireo karatra hanatanterahana ôrdônansin'ny tempoly dia entiny any amin'ny tempoly.
- Manana fotoana natokana ho an'ny fianakaviana ny tempoly izay manome fahafahana ny fianakaviana hametraka fotoana mba hiarahana manatanteraka ôrdônansy ka tsy mila miandry ela.
- Ireo mpikambana vaovao izay hanatanteraka vao voalohany batisa isoloana tena dia afaka mametraka fotoana mba hahafahan'ny tempoly miomana handray azy ireo.
- Misy fahazoan-dalana voafetra vaovao izay azo amboarina en ligne ary ataon'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana printy. Ampandehanina ilay fahazoan-dalana rehefa vita printy ary manan-kery rehefa voasonian'ilay mpikambana sy ny eveka. ■



*Ny Episkôpà Mpiahy*

*Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany; Gérald Caussé, Eveka Mpiahy; W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa*



"Enga anie isika hihazona hatrany ilay herimpo hanoherana ny fironan'ny besinimaro. Enga anie isika hisafidy hatrany ny tsara izay mety ho sarotra atao kokoa toy izay ilay ratsy izay mety ho mora atao kokoa," hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-186. "Rehefa mandinika ireo fanapahan-kevitra raisintsika eo amin'ny fiainantsika isan'andro isika—hoe hanao ity safidy ity na iry safidy iray iry—raha misafidy an'i Kristy isika dia efa nanao ny safidy tsara."

MALAGASY
4 02132 85654 6

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY